

NY Fiangonan'i Jesoa Kristy Ho an'ny olomasin'ny Andro Farany • Novambra 2014

# Liahona



Lahateny tamin'ny  
Fihaonamben'ny  
Fiangonana

Nanao ny lahateniny  
tamin'ny tenim-pireneny  
ny Loholona Gavarret,  
Godoy, Martinez  
ary Wong



I Kristy teo anivon'ireo Boka, nataon'i J. Kirk Richards

Tamin ny alalan'i Jesoa Kristy dia "mahiratra ny jamba, ary afaka ny mandringa, diaovina ny bokta, ary malady ny marenina, atsangana ny maty, ary ny malahelo dia itoriana ny filazantsara" (Matio 11:5).

# Votoatin'ny Nôvambra 2014

Boky 14 • Laharana faha-4

## FIVORIANA SABOTSY MARAINA

- 4 Tonga Soa eto amin' ny Fihaonambe  
*Filoha Thomas S. Monson*
- 6 Ny Anton'ny Fanantenantsika  
*Filoha Boyd K. Packer*
- 9 Mitodika Mankaiza lanao?  
*Loholona Lynn G. Robbins*
- 12 Ny Fanasan'ny Tompo—  
Fanavaozana ho an'ny Fanhay  
*Cheryl A. Esplin*
- 14 Manavotra ao anatin'ny  
Firaisankina  
*Loholona Chi Hong (Sam) Wong*
- 16 Afaka Mandrakizay, Hihetsika  
ho Azy  
*Loholona D. Todd Christofferson*
- 20 Mandray Fijoroana ho Vavolom-  
belona momba ny Fahazavana sy  
Fahamarinana  
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*

## FIVORIANA SABOTSY TOLAKANDRO

- 24 Fanohanana ireo Mpandraikitra  
ato amin'ny Fiagonana  
*Filoha Henry B. Eyring*
- 25 Fifiavana ny Hafa sy Fianana ao  
anatin'ny Fahasamihafana  
*Loholona Dallin H. Oaks*
- 28 Joseph Smith  
*Loholona Neil L. Andersen*
- 32 Ray aman-dreny: Mpampianatra  
Voalohany ny Filazantsara ho  
an'ny Zanany  
*Tad R. Callister*
- 34 Manatona ny Seza Fiandrianan'An-  
driamanitra Amim-pahatokiana  
*Loholona Jorg Klebingat*
- 37 Eny, Tompo ô, Hanaraka Anao Aho  
*Loholona Eduardo Gavarret*
- 40 Moa Tsy Mpangataka Avokoa  
Va Isika?  
*Loholona Jeffrey R. Holland*
- 43 Mitady Fiadanana Maharitra sy Ma-  
norina Fianakaviana Mandrakizay  
*Loholona L. Tom Perry*

## FIVORIAMBEN'NY FISORONANA

- 46 Misafidiana Amim-pahendrena  
*Loholona Quentin L. Cook*
- 50 Ny Tenako [dia] Mahafantatra Ireny  
Zavatra Ireny  
*Loholona Craig C. Christensen*

- 53 Ny Lalàn'ny Fifadian-kanina:  
Andraikitrity ny Tena Manokana  
mba Hikarakara ny Mahantra  
sy ny Sahirana  
*Eveka Dean M. Davies*
- 56 "Moa izaho va izany, Tompoko?"  
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*
- 59 Ny Fisoronana Fiomanana  
*Filoha Henry B. Eyring*
- 67 Voatarika ka Tody Soa any An-trano  
*Filoha Thomas S. Monson*

## FIVORIANA ALAHADY MARAINA


- 70 Fanambarana Mitohy  
*Filoha Henry B. Eyring*
- 74 Fanohanana ireo Mpaminany  
*Loholona Russell M. Nelson*
- 77 Miaina Araka ny Tenin'ireo  
Mpaminany  
*Carol F. McConkie*
- 80 Ny Fianana Mandrakizay—ny  
Mahafantatra ny Raitsika any an-  
danitra sy i Jesoa Kristy Zanany  
*Nataon'ny Loholona Robert D. Hales*
- 83 Ny Fanasan'ny Tompo sy ny  
Sorompanavotana  
*Loholona James J. Hamula*
- 86 [Saino Tsara izay] alehan'ny  
Tongotrao  
*Filoha Thomas S. Monson*

## FIVORIANA ALAHADY TOLAKANDRO

- 89 Mijanòna ao anaty Sambo dia  
Mamikira!  
*Loholona M. Russell Ballard*
- 92 Ataovy Voalohany amin'ny  
Laharam-pahamehanareo ny  
Fampiasana Finoana  
*Loholona Richard G. Scott*
- 96 Manana Drafitra ho Antsika  
ny Tompo!  
*Loholona Carlos A. Godoy*
- 99 Ilay Boky  
*Loholona Allan F. Packer*
- 102 Ny Asa Fanompoana Ataon'ny  
Tenantsika Manokana  
*Loholona Hugo E. Martinez*
- 104 Aza Hamaivanina ireo Zava-Masina  
*Loholona Larry S. Kacher*
- 107 Avia fa ho Hitanareo  
*Loholona David A. Bednar*
- 110 Mandra-pihaonantsika Indray  
*Filoha Thomas S. Monson*

## FIVORIAMBEN'NY VEHIVAVY MANERAN-TANY

- 111 Vita Omana tamin'ny Fomba Izay  
Tsy Fahita Na Oviana na Oviana  
*Linda K. Burton*
- 114 Zanakavavin'Andriamanitra Nanao  
Fanekempihavanana Taminy  
*Jean A. Stevens*
- 117 Mizara ny Fahazavanao  
*Neill F. Marriott*
- 120 Miaina ny Filazantsara  
Amim-pifaliana  
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*
- 124 Manampahefana Ambony sy  
Mpandraikitra Ambony ao amin'Ny  
Fiagonan'i Jesoa Kristy ho an'ny  
Olomasin'ny Andro Farany
- 125 Vaovaom-piangonana



# Famintinana ny Fihaonamben'ny Fiangonana Maneran-tany Fanao isaky ny Tapa-taona faha 184

## FIVORIANA SABOTSY MARAINA, 4 ÔKTÔBRA 2014, FIVORIANA HO AN'NY DAHOLOBE

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.  
Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring.  
Vavaka fanokafana: Bonnie L. Oscarson.  
Vavaka Famaranana: Loholona Bradley D. Foster. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika; Richard Elliott sy Andrew Unsworth, mpitendry ôrga: "Le jour parait, chassant la nuit," *Cantiques*, no. 1; "An-tendrombohitra," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, lah. 59, narindran'i Wilberg, tsy navoaka; "Beautiful Zion, Built Above," *Hymns*, no. 44, narindran'i Wilberg, tsy navoaka; "Vers Sion, cité promise," *Cantiques*, no. 39; "If I Listen with My Heart," DeFord, narindran'i Murphy, tsy navoaka; "From All That Dwell below the Skies," *Hymns*, no. 90, narindran'i Wilberg, tsy navoaka.

## FIVORIANA SABOTSY TOLAKANDRO, 4 ÔKTÔBRA 2014, FIVORIANA HO AN'NY DAHOLOBE

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.  
Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf.  
Vavaka fanokafana: Loholona Wilford W. Andersen. Vavaka famaranana: Loholona Edward Dube. Hira nataon'ny amboarampeo mitambatra avy ao amin'ireo Tsatôkan'i Tooele, Grantsville, sy Stansbury Park, Utah; Hollie Bevan, mpitarika; Linda Margetts, mpitendry ôrga: "Arise, O God, and Shine," *Hymns*, no. 265, narindran'i Wilberg, navoakan'i Oxford; "Velona ilay Mpanavotra Ahy," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, lah. 76, narindran'i Huff, tsy navoaka; "Ry Mpanavotra," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, lah. 9; "Demeure auprè de moi Seigneur," *Cantiques*, no. 93, narindran'i Gates, navoakan'i Jackman.

## FIVORIANA SABOTSY HARIVA, 4 ÔKTÔBRA 2014, FIVORIAMBEN'NY FISORONANA

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.  
Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring.  
Vavaka fanokafana: Loholona Bruce A. Carlson. Vavaka Famaranana: Loholona James B. Martino. Hira nataon'ny amboarampeon'ny fisoronana avy ao amin'ny ivontoerana Fanofanana ny misiônera ao Provo; Ryan Eggett sy Elmo Keck, mpitarika; Clay Christiansen, mpitendry ôrga: "Rise Up, O Men of God," *Hymns*, no. 324, narindran'i Wilberg, tsy navoaka; Hira Tambatra mikasika ny Asa Fitoriana: "J'espere qu'on m'enverra en mission," *Chants pour les enfants*, 91; "Je serai vaillant," *Chants pour les enfants*, 85; "Proclamons la vérité," *Chants pour les enfants*, 92; "Appelés à servir," *Chants pour les*

*enfants*, 94, narindran'i Evans sy Eggett, tsy navoaka; "Misaotra Anao noho ny Mpamiany," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, lah. 72; "Anciens d'Israël," *Cantiques*, no. 202, narindran'i Spiel, tsy navoaka.

## FIVORIANA ALAHADY MARAINA, 5 ÔKTÔBRA 2014, FIVORIANA HO AN'NY DAHOLOBE

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.  
Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf.  
Vavaka fanokafana: Loholona Don R. Clarke. Vavaka famaranana: Rosemary M. Wixom. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg, mpitarika; Andrew Unsworth sy Clay Christiansen, mpitendry ôrga: "Sing Praise to Him," *Hymns*, no. 70; "Que chacun, de tout son coeur," *Cantiques*, no. 36; "Dera ho an'ilay Nandre an'i Jehovah," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, lah. 100, narindran'i Wilberg, tsy navoaka; "Ndaio, ry zanaky ny Tompo," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, lah. 7; "Softly and Tenderly," Thompson, narindran'i Wilberg, tsy navoaka; "Fototra Mafy Orina," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, lah. 12, narindran'i Wilberg, tsy navoaka.

## FIVORIANA ALAHADY TOLAKANDRO, 5 ÔKTÔBRA 2014, FIVORIANA HO AN'NY DAHOLOBE

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.  
Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring.  
Vavaka fanokafana: Loholona David F. Evans. Vavaka famaranana: John S. Tanner. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika; Bonnie Goodliffe sy Linda Margetts, mpitendry ôrga: "Lo, the Mighty God Appearing!" *Hymns*, no. 55, narindran'i Murphy, tsy navoaka; "Isao ireo Fitahiana," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, lah. 16; "Zanaky ny Ray Aho," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, lah. 113, narindran'i Murphy, tsy navoaka; "We Ever Pray for Thee," *Hymns*, no. 23, narindran'i Wilberg, tsy navoaka.

## SABOTSY HARIVA, 27 SEPTAMBRA 2014, FIVORIAMBEN'NY VEHIVAVY MANERAN-TANY

Mpiahy: Filoha Thomas S. Monson.  
Mpitarika: Rosemary M. Wixom.  
Vavaka fanokafana: Dorah Mkhabela. Vavaka famaranana: Amy Caroline White. Amboarampeo mitambatry ny Kilonga sy ny Zatovovavy ary ny Fikambanana Ifanampiana avy ao amin'ireo tsatôkan'i Magna, Hunter, sy Taylorsville, Utah; Erin Pike Tall, mpitarika; Linda Margetts, mpitendry ôrga: "On This Day of Joy and Gladness," *Hymns*, no. 64, narindran'i. Tall sy Margetts, tsy navoaka; "Oh, j'aime voir le temple," *Chants pour les*

*enfants*, 99, nataon'ny amboarampeon'ny kilonga avy any Séoul, Corée, narindran'i Zabriskie, tsy navoaka; Hira Tambatra: "Je sais que Mon Sauveur m'aime," Bell sy Creamer; "Velona ilay Mpanavotra Ahy," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, lah. 76, narindran'i. Tall sy Margetts, tsy navoaka; "Zanaky ny Ray Aho," *Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, 133, narindran'i Zabriskie, tsy navoaka; "Let Zion in Her Beauty Rise," *Hymns*, no. 41, narindran'i Ward, tsy navoaka.

## FOMBA HAHAZOANA IREO LAHATENIN'NY FIHAONAMBEN'NY FIANGONANA

Mba hahazoana ireo lahateny tamin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana amin'ny fiteny maro ao amin'ny Internet dia tsidiho ny conference.lds.org ary misafidiana fiteny iray. Hita amin'ny Application Gospel Library ihany koa ireo lahateny tamin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana. Amin'ny ankapobeny dia enina herinandro aorian'ny fihaonamben'ny Fiangonana no hita ao amin'ireo foibe fanapariahana ireo raki-peo. Misy fampahala-lana mikasika ny Fihaonamben'ny Fiangonana Maneran-tany izay azo alaina amin'ny endrin'y maromaro ho an'ireo olona manana fasembanana ao amin'ny disability.lds.org.

## HAFATRA HO AN'NY FAMANGIANA SY FAMPIANARANA ISAN-TOKANTRANO

Ho an'ny hafatra ho an'ny famangiana sy ny fampianarana isan-tokantranoo, dia mba misafidiana lahateny iray izay tena mifanarakana amin'ny zavatra ilain'ireo izay vangianao.

## EO AMIN'NY FONONY

Eo aloha : Sary nalain'i Nathaniel Ray Edwards.  
Ao ambadika: Sary nalain'i Leslie Nilsson.

## SARY NANDRITRA NY FIHAONAMBÉ

Ireto sary nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tao Salt Lake City dia nalain'i Welden C. Andersen, Cody Bell, Janae Bingham, Randy Collier, Weston Colton, Craig Dimond, Nathaniel Ray Edwards, Ashlee Larsen, August Miller, Brian Nicholson, Leslie Nilsson, Matthew Reier, Christina Smith, ary Byron Warner; nalain'i Chance Hammock ny tao Alexandria, Virginie, Etazonia; nalain'i Jenifer Ann Lee ny tao Verona, Wisconsin, Etazonia; Nalain'i David Winters ny tao Peachtree Corners, Georgie, Etazonia; nalain'i Rebeca Rios Benites ny tao San Lorenzo, Paraguay; nalain'i Del Benson ny tao Saipan, îles Mariannes du Nord; nalain'i Niltza Beatriz Santillan Castillo ny tao Cuauhtémoc, Mexique; nalain'i Wesley Dias ny tao Sobral, Brésil; nalain'i Daniel Sanchez Labajo Jr ny tao Las Piñas, Philippines; nalain'i Eymard Martin ny tao Waterford, Irlande; nalain'i Michael Morris Jr ny tao Canoas, Brésil.; nalain'i Josué Peña ny tao Bariloche, Argentine; ary nalain'i Samantha Scales ny tao Cape Town, Afrika Atsimo.

## NÔVAMBRA 2014 BOKY. 14 LAH. 4

### LIAHONA 10991 654

Gazetiboky iraisam-pirenena an' Ny Fianganon'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

**Ny Fiadiana Voaholany:** Thomas S. Monson,  
Henry B. Eyring, Dieter F. Uchtdorf

**Ny Kôlejin'ny Apôstoly Roambinifolo:** Boyd K. Packer,  
L. Tom Perry, Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard,  
Richard G. Scott, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A.  
Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson,  
Neil L. Andersen

**Mpanomana ny fanontana:** Craig A. Cardon

**Mpanorohivitra:** Mervyn B. Arnold, Christoffel Golden,  
Larry R. Lawrence, James B. Martino, Joseph W. Sitati

**Tale mpitantana:** David T. Warner

**Talen'ny Fanohanana ny Fianakaviana**

**sy ny Mpikambana:** Vincent A. Vaughn

**Talen'ny Gazetibokin'ny Fianganona:** Allan R. Loyborg

**Mpitantana ny Fandrahaharaha:** Garff Cannon

**Mpitantana ny Fanontana:** R. Val Johnson

**Mpitantana Mpampamy amin'ny Fanontana:** Ryan Carr

**Mpanampy amin'ny famoahana:** Lisa C. López

**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:**

Brittany Beattie, David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flilton, Lori Fuller, Garrett H. Garff, LaRene Porter Gaunt, Mindy Ann Leavitt, Michael R. Morris, Sally Johnson Odekirk, Joshua J. Perkey, Jan Pinborough, Richard M. Romney, Paul VanDenBerghe, Marissa Widdison

**Tali Mpitantana ny Hai-tao:** J. Scott Knudsen

**Talen'ny Hai-tao:** Tadd R. Peterson

**Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao:** Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, Mandie M. Bentley, C. Kimball Bott, Thomas Child, Nate Gines, Colleen Hinckley, Eric P. Johnson, Susan Lofgren, Scott M. Mooy, Mark W. Robison, Brad Teare, K. Nicole Walkenhorst

**Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:**

Collette Nebeker Aune

**Talen'ny Famoahana:** Jane Ann Peters

**Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana:** Connie Bowthorpe Bridge, Julie Burdett, Katie Duncan, Bryan W. Gygi, Denise Kirby, Ginny J. Nilson, Gayle Tate Rafferty

**Mpanara-masa Alohan'ny Fanontana:** Jeff L. Martin

**Talen'ny Fanaovana Printy:** Craig K. Sedgwick

**Talen'ny Fanapariahana:** Stephen R. Christiansen

**Tompon' andraikirity ny fandikan-teny:**

Rakotondrasoa Ziva Lalarivelos

**Mpandika teny:** Raberamalata Lucia, Ifano Rasolondraibe, Ramamonjisoa Hanitra, Andriamanehintsoa Tatamo, Hanitriniony Cynthia Rakotoarivelo

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanadâ dia manatona ny mpiandraikitra ny foibe fanapariahana any amin'ny Fianganona eo amin'ny toerana misy ana no na ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampaana misy ana.

**Ny taratasy ny fanontaniana** dia alefasa amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny liahona.lds.org; amin'ny alalan'ity e-mail ity liahona@ldschurch.org; na amin'ny alalan'ity adresity ny Liahona, Rm. 2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA. Ny Liahona (teny ayo amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompa" na "mpitari-dalana") dia avoka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglis, Armenian, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniola, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Griska, Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Isilandyen, Italiana, Japonéy, Kambojana, Kiribatia, Koreana, Kroasianna, Lativiana, Lituaniana, Malagasy, Marisalzy, Mongolian, Norveziana, Okirenniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notsorina), Soaily, Soedoa, Tagalogoy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tsaky ary Vietnamiana (Ny fivoahany boky dia miaoavao araka ny tenim-pirenena nanoratana azy.)

© 2014 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia.

Ny Lahatsoratra sy ny sary ao amin'ny Liahona dia azo adika raha sendra iaina any am-piangoanana na ao an-tokantrano ka tsy atao itadiavam-bola. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovanana famararihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahaozan-dalana tamin'ny fandikania dia alefaso amin'izao adresity izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150, USA; e-mail: cor-intellectualproperty@ldschurch.org.

**For Readers in the United States and Canada:**

November 2014 Vol. 14 No. 4, LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is \$2.00 per year; Canada, \$2.40 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address must be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 707.4.12.5).

NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368, USA.



## LISIT'RIREO MPANDAHATENY MANARAKA NY ABIDIA

Andersen, Neil L., 28  
Ballard, M. Russell, 89  
Bednar, David A., 107  
Burton, Linda K., 111  
Callister, Tad R., 32  
Christensen, Craig C., 50  
Christofferson, D. Todd, 16  
Cook, Quentin L., 46  
Davies, Dean M., 53  
Esplin, Cheryl A., 12  
Eyring, Henry B., 24, 59, 70  
Gavarret, Eduardo, 37  
Godoy, Carlos A., 96  
Hales, Robert D., 80  
Hamula, James J., 83  
Holland, Jeffrey R., 40  
Kacher, Larry S., 104  
Klebingat, Jörg, 34  
Marriott, Neill F., 117  
Martinez, Hugo E., 102  
McConkie, Carol F., 77  
Monson, Thomas S., 4, 67, 86, 110  
Nelson, Russell M., 74  
Oaks, Dallin H., 25  
Packer, Allan F., 99  
Packer, Boyd K., 6  
Perry, L. Tom, 43  
Robbins, Lynn G., 9  
Scott, Richard G., 92  
Stevens, Jean A., 114  
Uchtdorf, Dieter F., 20, 56, 120  
Wong, Chi Hong (Sam, 14

## FANOROAM-PEJY ARAKA NY LOHAHEVITRA

Ahiahy, 104  
Andriamanitra Ray, 20, 34, 80, 120  
Apôstazia, 9, 89  
Asa atao any amin'ny tempoly, 92, 99  
Asa Fampahavirihana, 14  
Asa Fanompoana, 53, 59, 102, 110, 120  
Asa fitoriania, 4, 37, 107  
Batista, 114  
Drafity ny famonjena, 16, 86, 96  
Fahafahana misafidy, 16, 46, 86, 92, 96, 104  
Fahamarinana, 16  
Fahamarinana, 46, 67  
Fahamarinana, 20, 25, 107  
Fahamendrehana, 67  
Fahazavana, 20, 117  
Fahendrena, 46  
Fahoriania, 89, 110  
Fakam-panahy, 67, 86  
Famelan-keloka, 6, 12, 34  
Famerenana amin' ny laoniny, 28  
Famindrampo, 6, 16  
Fanahy Masina, 70, 80, 104  
Fanajana, 25  
Fanambadiana, 46, 114  
Fanambarana, 70, 77, 111  
Fanantenana, 6  
Fanasan'ny Tompo, 12, 83  
Fanatanjahantena fampihenam-batana, 34  
Fandalinana soratra masina, 20, 50, 89, 92  
Fanekempihavanana, 114  
Fanetrentena, 56  
Fankatoavana, 34, 37, 86, 111  
Fiainam-panahy, 34  
Fianakaviana, 32, 43, 92, 99, 117  
Fibebahana, 16, 34  
Fieboeboana, 56  
Fifadian-kanina, 40, 53  
Fifanampiana, 40, 53

Fifandirana, 25  
Fihaonamben'ny Fianganana Manerantany, 4, 110  
Fijoroana ho vavolombelona, 6, 20, 28, 50, 80, 104  
Filankevitra, 14  
Finoana, 14, 50, 77, 92  
Fiomanana, 59, 111  
Fiovampo, 37, 56, 104  
Fiovana, 34, 56  
Firafitry ny Fianganana, 74  
Firaisankina, 14, 80  
Fisoronana, 67  
Fisoronana Aharonâ, 53, 59  
Fitarihana, 74  
Fitavana, 25, 80, 102, 120  
Fizakantena, 3  
Fomba fijery, 56, 96  
Hatsaram-panahy, 25, 110  
Herimpo, 9  
Ireo Didy, 120  
Jesoa Kristy, 6, 9, 9, 14, 16, 20, 25, 37, 43, 46, 67, 77, 80, 83, 86, 92, 102, 107, 117  
Joseph Smith, 6, 9, 28, 50, 53, 70, 80, 96  
Maha-Mpanaradia, 40, 46, 56, 86, 102, 110  
Maha-ray, 43  
Maha-reny, 43  
Maha-tompon'andraikitra, 16  
Mampianatra, 32  
Mpaminany, 9, 70, 74, 77, 89  
Ohatra, 32, 67, 86, 104  
Sorompanavotana, 6, 12, 16, 34, 83, 92, 107, 117  
Takarivan'ny mpianakavy, 92  
Tanjona, 46  
Tantaram-pianakaviana, 99  
Tempoly, 4, 111, 114, 117  
Tsindry avy amin'ny namana, 9  
Tsodranon'ny Patriarika, 96  
Vavaka, 20, 32, 40, 92



Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

# Tonga Soa eto amin'ny Fihaonambe

*Eo am-pihainoantsika dia enga anie mba ho voakasika ny fontsika ary hitombo ny finoantsika.*

Ry rahalahy sy anabaviko isany, amin'ny fo feno fifaliana no hia-rahabako anareo tonga soa eto amin'ity fihaonambe maneran-tany goavana ity. Miara-mivory amin'ny toerana maro manerana izao tontolo izao isika mba hihaino sy hianatra avy amin'ireo rahalahy sy rahavavy izay notohanantsika ho Manampahefana Ambony sy mpiandraikitra ambony ato amin'ny Fiagonana. Nikatsaka fanampiana avy any an-danitra izy ireo mikasika ireo hafatra izay hatolony antsika, ary nahatsapa fitaomam-panahy izy ireo mikasika izay horesahana eto.

Manamarika ny faha 90 taonan'ny fampitana ny fihaonamben'ny Fiagonana amin'ny alalan'ny onjam-peo ity fihaonambe ity. Nandritra ny fihaonamben'ny Fiagonana natao tamin'ny volana Oktôbra 1924 dia nampitaina voalohany tamin'ny onjam-peo ireo favoriana tamin'ny alalan'ny KSL izay an'ny Fiagonana. Ity fihaonambe ity koa dia manamarika ny faha 65 taonan'ny fampitana ny fihaonambe tamin'ny alalan'ny fahitalavitra. Tamin'ny fihaonamben'ny Fiagonana natao tamin'ny volana Oktôbra 1949

no nampitana voalohany an'ireo fivoriana tamin'ny fahitalavitra nanerana ny faritr'i Salt Lake tamin'ny alalan'ny televiziona KSL.

Tsikaritsika ireo fitahiana avy amin'ny haino aman-jery maoderina izay mamela ny mpikamban'ny Fiagonana an-tapitrisany maro hijery na hi-haino ny Fihaonamben'ny Fiagonana maneran-tany. Ireo favoriana mandritra ity faran'ny herinandro ity dia ampi-taina amin'ny alalan'ny televiziona, onjam-peo, câble sy fampitana amin'ny alalan'ny zanabolana ary ny Internet, ka anisan'izany ny fampitana amin'ireo fitaovana entina mandehandeha.

Nandritra ny enim-bolana lasa izay nihaonantsika farany, dia nisy tempoly vaovao iray notokanana sy anankiray izay neverina notokanana. Tamin'ny volana Mey dia notokanan'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf ny Tempolin'i Fort Lauderdale Floride. Nisy fankalazana ara-kolontsaina mahafinaritra nataon'ny tanora izay naseho tamin'ny andro nialoha ny fanokanana. Ny ampitson'io, tamin'ny Alahady 4 Mey dia notokanana nandritra ny favoriana telo ilay tempoly.



Vonihahitra ho ahy, vao roa herinandro lasa izay, ny nanokana indray ny Tempolin'i Ogden Utah, izay notokanan'ny Filoha Joseph Fielding Smith tany am-boalohany tamin'ny 1972, niaraka tamin'ny tanora maro dia maro nandray anjara ka fampisehoana roa niavaka tsara no natao, ary andian-tanora samy hafa no nandray anjara tamin'ny tsirairay tamin'izany. Raha atambatra dia tanora 16.000 no nandray anjara. Ny ampitson'io andro io no na-naovana ny famerenana ny fanokanana, niaraka tamin'ny fandraisana anjaran'i-reo Mpitarika maro ato amin'ny Fiagonana sy ireo mpitarika ao amin'ireo vondrona fanampiny sy ny filohan'ny tempoly ary ireo mpanolotsaina azy



miaraka amin'ny vad'in'izy ireo avy.

Miroso amim-kery ny fananganantsika tempoly. Amin'ny volana ambony dia hotokanana ny Tempolin'i Phoenix Arizona, ary amin'io taona ho avy io, amin'ny 2015 dia miandry ny fanokanana na famerenana ny fanokanana ny tempoly miisa dimy farafahakeliny isika, na mihoatra izany aza, miankina amin'ny fahavitan'ny fanamboarana azy.

Araka ny nambarako tamin'ny volana Aprilly lasa teo, rehefa voavoatra sy voatokana avokoa ireo tempoly rehetra izay nambara dia hanana tempoly amperinasa miisa 170 isika manerana izao tontolo izao. Noho isika mampiompana ny ezaka ataontsika amin'ny famitana ireo tempoly izay nambara tany aloha

dia tsy manambara tempoly vaovao isika amin'izao fotoana izao. Amin'ny fotoana manaraka anefa, rehefa mahafantatra ny filâna izany sy mahita toerana izahay, dia hanao fambarana ny amin'ireo tempoly fanampiny.

Mitohy ny fitomboan'ny Fiagonana. Ankehitriny isika dia 15 tapitrisa mahery, izay sady matanjaka no tsy mitsaha-mitombo. Mandroso tsy voasakan-tsana ny ezaka ataontsika amin'ny asa fitoriana. Manana misiônera maherin'ny 88.000 isika, izay manompo sy mizara ny hafatry ny filazantsara manerana izao tontolo izao. Mamerina milaza indray izahay fa adidin'ny fisoronana ny asa fitoriana, ary mamporisika ireo zatovalahy mendrika rehetra sy afaka manao

izany izahay mba hanompo. Feno fankasirahana izahay amin'ireo zatovovavy izay manompo ihany koa. Mitondra anjara biriky goavana izy ireo, na dia tsy eo ambanin'ilay didy mba hanompo tahaka ireo zatovolahy aza izy ireo.

Izao aho dia manasa anareo mba hihaino tsara ireo rahalahy sy rahavavy izay handray anjara amin'ireo fivorian'ny fihaonambentsika anio sy rahampitso. Mahatsapa andraikitra lehibe mba hanao izany ireo izay nangatahina handahateny. Eo ampihainoantsika dia enga anie mba ho voakasika ny fontsika ary hitombo ny finoantsika, izany no vavaka ataoko amim-pane trentena amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



Nataon'ny Filoha Boyd K. Packer  
Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ny Anton'ny Fanantenantsika

Zavatra tsy azo refesina na isaina ny fijoroana ho vavolombelona momba ny fanantenana ny fanavotana. I Jesoa Kristy no loharanon'izany fanantenana izany.

Taona maro lasa izay, nitsidika ny Oniverstite Oxford izaho sy Rahavy Packer. Nikaroka ireo rakitsoratra ahitana ny rain'ny razambeko fahasivy tany alohako izahay. Feno hatsaram-panahy i Dr. Poppelwell, filohan'ny Christ's College tao Oxford ka naniraka an'ilay mpiandraiki-tahirintsoratry ny toeram-pianarana hitondra ireo rakitsoratra. Hitanay tao amin'ny firaketana momba ny taona 1583 ny anaran'ilay razambeko, dia i John Packer.

Talohan'ny nanolorako azy ilay mpitondra fivavahana dia nosokafako teo amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina ilay soratra masina ary nasehoko azy ny lohahevitra iray: 18 pejy, tarehintsoratra madinika kely,

elanelan'andalana tokana, mitanisa ireo andinin-tsoratra masina amin'ny lohahevitra hoe "Jesoa Kristy." Io no anisan'ny andian-tsoratra masina mazava indrindra voangona hatramin'izay mikasika ny Mpamony teo amin'ny tantaran'izao tontolo izao—tenivavolombelona iray avy amin'ny Testamenta Taloha sy Vaovao, avy amin'ny Bokin'i Môrmôna, ny Fotopampiana-rana sy Fanekepihavanana ary ny Voahangy Lafo Vidy.

"Na amin'ny fomba ahoana na fomba ahoana ny hanarahanao ireo andinin-tsoratra masina ireo," hoy aho taminy, "na andaniny sy ankilany, na avy eny ambony mankany ambany, na boky iray oharina amin'ny boky iray, na isaky ny lohahevitra—dia ho hitanao fa vavolombelona mari-pototra sy mirindra izy ireo mikasika ny maha-masina ny iraka nampa-naovina ny Tompo Jesoa Kristy—ny Fahaterahany, ny Fiainany, ny Fam-pianarany, ny Fanomboana Azy, ny Fitsanganany amin'ny maty, ary ny Sorompanavotany."

Taorian'ny nizarako tamin'ilay mpitondra fivavahana ny sasantsasany ami'ireo fampianaran'ny Mpamony dia

nihanalefaka ny fandraisany anay ary nentiny nitsidika ilay toeram-pianarana izahay, ka anisan'izany ny fitsidihana lavaka iray vao nohadiana izay na-hitana rindrina naoriana tamin'ny andron'ny Rômana.

Isan'ireo andinin-tsoratra masina voatanisa ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina ity iray ity izay hita ao amin'ny Bokin'i Môrmôna: Testamenta Iray Hafa momba an'i Jesoa Kristy: "Ary miresaka an' i Kristy isika, mifaly amin' i Kristy, mitory an' i Kristy, maminany ny amin' i Kristy, ary manoratra araka ny faminantsika mba hahafantaran' ny zanatsika ny loharano azony andrandraina ho famelana ny fahotany" (2 Nefia 25:26).

Tamin'ny teniny manokana no nanambaran'ny Mpamony hoe: "Izaho no lâlana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako" (Jaona 14:6).

Ary ao amin'ny Bokin'i Môrmôna Izy no manambara hoe: "Indro, Izaho no Ilay efa nomanina hatry ny fano-renana izao tontolo izao mba hanavotra ny oloko. Indro, Izaho no Jesoa Kristy. . . . Ao Amiko no hananan' ny olona rehetra fiainana, ary izany dia mandrakizay, dia ireo izay hino ny anarako; ary ho tonga zanako lahy sy vavy ireo" (Etera 3:14).

Misy andinin-tsoratra masina maro dia maro hafa manerana ny soratra masina ankatoavin'ny Fiango-nana manontolo izay manambara ny anjara asa masin'i Jesoa Kristy amin'ny maha-Mpanavotra ny olon-drehetra izay efa teraka na mbola ho teraka eto amin'ny fiainana an-tany.

Amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy no anavotana antsika rehetra amin'ny Fahalavoan'ny olombelona izay nitranga tamin'ny nihinan'i Adama sy i Eva ilay voankazo voarara tao amin'ny Sahan'i Edena, araka ny voalaza ao amin'i 1 Korintiana, "Fa tahaka ny ahafatesan'ny olona rehetra ao amin'i Adama no ahaveloman'ny olona rehetra kosa ao amin'i Kristy" (1 Korintiana 15:22).

Mampianatra ny Bokin'i Môrmôna hoe: "Fa ilaina ny hanaovana ny sorompanavotana . . . , fa raha tsy izany dia tsy azo ihodivirana ny tsy maintsy

hahafaty ny olombelona rehetra; eny, mafy fo ny rehetra; eny, lavo sady very ny rehetra, ary tsy maintsy ho faty raha tsy noho ny sorompanavotana, . . . ny sorona lehibe sady farany" (Almà 34:9-10).

Mety tsy manana fainana tonga lafatra isika ary misy sazy vokatry ny fahadisoantsika, kanefa talohan'ny nahatongavantsika teto an-tany dia nanaiky isika fa hanaraka ny Lalàny sy hanaiky ireo famaizana noho ny fandikana ireo lalàna ireo.

"Fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra;

"Nefá hamarinina maimaimpoana amin'ny fahasoavany izy noho ny fanavotana izay ao amin'i Kristy [Jesoa]" (Romana 3:23-24).

Nao ny Sorompanavotana ny Mpamony, izay fomba iray hahafantsika ho lasa madio. I Jesoa Kristy no ilay Kristy nitsangana tamin'ny maty. Mitsaoka sy manaja Azy isika noho ny fanaintainana nozakainy ho antsika rehetra ary noho ny fanaintainana niaretany ho antsika tsirairay avy, tao amin'ny Sahan'i Getsemane sy teo amin'ny hazofijaliana. Nizaka ny zava-drehetra tamim-panetrentena lehibe Izy sy tamin'ny fahatakarana mandrakizay ny anjara asany sy ny tanjony masina.

Ireo izay mibebaka sy mahafoy ny ota dia hahita fa vonona hanampy hatrany ilay sandriny feno famindrampo. Ireo izay mihaino sy mankato ny teniny sy ny tenin'ireo mpanompo voafidiny dia hahita fiadanana sy fahatakarana, na dia ao anatin'ny ratrampo sy fahoriambe aza. Hanafaka antsika amin'ny vokatr'ireo ota ny sorona nataony mba hahafahan'ny helotsika ho voafafa ka hananantsika fanantena.

Raha tsy nanatanteraka ny Sorompanavotana Izy dia tsy ho nisy ny fanavotana. Ho tontolo izay sarotra hiainana tokoa ity izao tontolo izao ity raha toa ka tsy afaka ny ho voavela amin'ny fahadisoantsika mihitsy isika, raha toa ka tsy afaka ny ho voadio na oviana na oviana ary hanohy ny fainantsika indray.

Tsy voafetra ho an'ireo izay nanota noho ny fanaovana ny ratsy

amim-panahy iniana na noho ny fandinoana manao ny tsara fotsiny ihany ny famindrampo sy fahasoavan'i Jesoa Kristy, fa tafiditra ao anatin'izany ilay fampanantenana ny fiadanana mandrakizay ho an'ireo rehetra izay manaiky sy manaraka Azy sy ny fampianarany. Ny famindrampony no mpanasitrana mahery, eny fa na ho an'ireo voaratra noho ny otan'ny hafa aza.

Vao tsy ela aho no nandray taratasy avy tamin'ny vehivavy iray izay nilaza fa nizaka fijaliana lehibe izy teo amin'ny fainany. Nisy zavatra ratsy dia ratsy natao taminy, izay tsy tiany nambara mivantana. Niaiky izy fa sahirana nanoloana ny fahatezerana goavana tsapany. Tao anatin'izany hatezerany izany no nanozonany tao an-tsainy hoe: "Tsy maintsy misy olona manonitra zavatra ratsy dia ratsy natao tamiko izao." Nandritra izany fotoan'ny alahelo sy ahiahy lehibe izany no nanoratany fa tonga tao am-pony teo no ho eo ny valiny, dia hoe: "Efa nisy olona nanonitra izany."

Raha tsy takatsika ny zavatra azon'ny soron'ny Mpamony hatao ho antsika dia mety handia ny fainantsika anatin'ny nenina isika hoe nanao zavatra tsy nety na nafintohana olona. Azo diovina ilay fahatsapana ho meloka avy amin'ny hadisoana. Hanana fanajana lalina isika ho an'ny Tompo Jesoa Kristy sy ny asa nanirahana Azy teto an-tany

ary ny asa masina nataony amin'ny maha-Mpamony Azy raha toa ka mikatsaka ny hahatakatra ny tanjon'ny Sorompanavotany.

Naverina amin'ny laoniny Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany mba hanaparitaka eran'izao tontolo izao ny fahalalana momba ny fainan'ny Mpamony sy ny fampianarany. Ity fihalonambe goavana ity dia ampitaina amin'ny alalan'ny zanabolana amin'ny fiteny miisa 94 manerana ny firenena 102 ary azo jerena koa amin'ny Internet any amin'ny firenena tsirairay izay misy ny Fiagonana. Manana tsatòka mihoatra ny 3.000 isika. Mihoatra ny 88.000 ireo misiônerantsika manompo amin'ny fotoana feno ary mihoatra ny 15 tapitrisa ny totalin'ny isan'ny mpikamban'ny Fiagonana. Manaporofa ireo tarehimarika ireo fa ilay "vato izay nendahina hiala tamin'ny tendrombohitra nefá tsy nendahan-tanana" dia mandroso hatrany ary amin'ny farany hanenika "ny tany manontolo" (F&F 65:2).

Kanefa na lasa lehibe manao ahoana na manao ahoana aza ny rafitry ny Fiagonana, na firy tapitrisa na firy tapitrisa no tonga manatevin-daharana antsika, na firy na firy ireo kaontinanta sy firenena hitorian'ireo misiônera, na firy na firy ireo fiteny samihafa hifampiresahantsika, ny tena fahombiazan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia tombanana amin'ny tanjaka





### Saipan, Nosy Mariannes Avaratra

ara-panahin'ireo mpikambana tsirairay. Ilaintsika ny tanjaky ny finoana izay miorina ao am-pon'ny mpianatra tsirairay mahatokin'i Kristy.

Zavatra tsy azo refesina na isaina ny fijoroana ho vavolombelona momba ny fanantenana ny fanavotana. I Jesoa Kristy no loharanon'izany fanantenana izany.

Katsahantsika ny hampatanjaka ny fijoroana ho vavolombelon'ireo tanora sy ireo olon-dehibe, ireo manambady sy ireo tsy manambady. Mila mampianatra ny filazantsaran'i Jesoa Kristy amin'ireo lehilahy, sy vehivavy ary ankizy isika, sy amin'ireo olona manana flaviána sy zom-pirenena samihafa, ary amin'ireo manankarena sy ireo mahantara. Mila ireo olona mpikambana vao haingana isika sy ireo eo anivontsika izay taranak'ireo mpamaky lay. Mila mikaroka ireo izay nivily lâlana isika ary manampy azy ireo hiverina ato amin'ny vala. Mila ny fahendren'ny tsirairay isika sy ny fomba fijeriny ary ny tanjany ara-panahy. Singa manan-danja eo amin'ny rafitry ny Fiagonana

manontolo ny mpikambana tsirairainity Fiagonana ity.

“Fa tahaka ny tena iray ihany, anefa maro no momba ny tena, ary ireo rehetra momba ny tena ireo, na dia maro aza, dia tena iray ihany, dia tahaka izany koa Kristy.

“Fa Fanahy iray ihany no nanaovambatisa antsika rehetra ho tena iray. . . .

“Nefy ny momba ny tena tsy iray, fa maro” (1 Korintiana 12:12–14).

Mijoro ho vavolombelona ny fianan'i Jesoa Kristy sy ny fampianarany ny mpikambana tsirairay. Mifanandrina amin'ny herin'ny fahavaloo isika ary mila ny tsirairay avy raha toa ka maniry ny hahomby eo amin'ny asa izay na-sainy Mpamonjy hataotsika.

Mety hanontany tena ianao hoe: “Inona no azoko atao? Olona tokana ihany aho.”

Azo antoka fa nahatsiaro ho tena irery i Joseph Smith indraindray. Nison-drotra tamin'ny avo izy saingy nanomboka izany fony izy zazalahy kely 14 taona izay nametraka fanontaniana iray hoe: “Iza amin'ireo [antokom-pivavahana] rehetra ireo no marina?”

(jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:10). Ny finoana sy ny fijoroana ho vavolombelona nananan'i Joseph momba ny Mpamonjy dia nitombo tahaka ny tsy maintsy hitomboan'ny antsika koa dia “andalan-tsortrata anampy andalan-tsortrata, fitsipika anampy fitsipika, etsy kely ary eroa kely” (2 Nefia 28:30; jereo koa ny F&F 128:21). Nandohalika nivavaka i Joseph ary endrey ny zavamahatalanjona nitranga vokatr'izany vavaka sy Fahitana Voalohany izany.

Amin'ny maha-iray amin'ireo Apôstôly Roambinifolo ahy dia mijoro ho vavolombelona momba ny Tompo Jesoa Kristy aho. Velona Izzy. Mpanavotra sy Mpamonjy antsika Izzy. “Noho ny Sorompanavotan'i Kristy dia azo vonjena ny olombelona rehetra” (Fanekem-pinoana 1:3). Lohan'ity Fiagonana ity Izzy. Fantany ny mpanompony. Hiaraka amin-tsika ny Fanahiny eo am-pirosoantsika amim-pahatokiana mankany amin'ny hoavy. Tsy manam-petra ny Heriny entimitahy sy mitarika ny fainan'ireo izay mikatsaka ny rariny sy ny fahamarinana. Mijoro ho vavolombelona ny Aminy aho amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



Nataon'ny Loholona Lynn G. Robbins  
Ao amin'ny Fiadian'ny Fitopololahy

# Mitodika Mankaiza Ianao?

*Famadihana ny filaharan'ny didy lehibe voalohany sy faharoa ny fanaovana izay hahafaly ny hafa aloha, vao izay hahafaly an'Andriamanitra.*

“Mitodika Mankaiza Ianao?” Notairin’ny Filoha Boyd K. Packer tamin’io fanontaniana nahasanganehana io aho raha niaraka tamiko izy nandritra ny iraka voalohany nampanaovala ahy tamin’ny naha-Fitopololahy vaovao ahy. Nikorontantsaina teo aho rehefa tsy nanana fana-zavana nentina nanomezana hevitra manodidina izany fanontaniana izany. “Ny Fitopololahy,” hoy izy nanohy, “dia tsy misolo tena ny olona eo anatrehan’ny mpaminany, fa misolo tena ny mpaminany eo anatrehan’ny olona. Aza adino velively hoe mitodika mankaiza ianao!” Lesona tena nafonja izany.

Mampifamadika ny filaharan’ny *didy lehibe voalohany sy faharoa* (jereo ny Matto 22:37–39) ny fanaovana izay hahafaly ny hafa aloha, vao izay hahafaly an'Andriamanitra. Manadino izay tokony hitodihantsika ny fanaovana izany. Nefia dia samy nanao izany fahdisoana izany daholo isika noho ny fahatahorana ny olona. Ao amin’ny Isaia dia mampitandrina antsika ny Tompo hoe: “Aza matahotra ny fanomezantsinin’ny olona” (Isaia 51:7; jereo koa ny 2 Nefia 8:7). Tao anatin’ny fahitan’i Lehia io tahotra io dia nanomboka


tamin’ny *rantsantanana mamingavinga* izay nanondro avy teny amin’ilay trano mijoalajoala sy malalaka, ka nahatonga ny maro hanadino hoe mitodika mankaiza izy ireo sy hanalavitra ilay hazo tao anatin’ny henatra (jereo ny 1 Nefia 8:25–28).

Io *faneriterena* ataon’ny hafa io dia miezaka manova ny fijerin’ny olona sy ny fitondrantenany mihitsy amin’ny fanaovana izay hahatsiarovan’ny olona

iray ho meloka noho ny fanafintohi-nana nataony. Mikatsaka fiaraha-miaina amim-panajana amin’ireo izay mandrabiraby antsika isika, saingy rehefa maka fanahy antsika tsy hiraharaha ny fahotana io fahatahorana ny olona io dia lasa “fandrika” araka ny bokin’ny Ohabolana (jereo ny Ohabolana 29:25). Mety natao amin-kafetsena izay hahatsara endrika izany fandrika izany mba hisarika ilay toetrantsika tia mangoraka mba handefitra na hanaiky mihitsy aza ny zavatra iray izay nomelohin’Andriamanitra. Mety ho vato misakana lehibe ho an’izay marefo ara-pinoana izany. Ohatra, misy misiônera sasany izay mitondra izany fahatahorana ny olona izany hatrany amin’ny sahan’ny misiona ka dia tsy sahy manao tatitra any amin’ny filohan’ny misionany mikasika ny fandikan-dalàna mibaribary nataon’ny mpiara-mitory aminy satria tsy te hanafintohina ilay mpiara-mitory aminy izay tsy manara-dalàna. Avy amin’ny fahatsiarovana ny filaharana marin’ny didy lehibe voalohany sy faharoa no hananana toetra mafy orina tsara (jereo ny Matto 22:37–39). Rehefa tsapan’ireo misiônera misafotofoto saina ireo fa tompon’andraikitra amin’izay ataony eo anatrehan’Andriamanitra izy fa tsy eo anatrehan’ny mpiara-mitory aminy, dia tokony hanome herimpo azy ireo izany *hitodi-doha*.

Tao anatin’ny fahatanorany fony izy 22 taona, dia na i Joseph Smith aza dia tsy nahatadidy izay tokony hitodihany tamin’izy nangataka lava tamin’ny Tompo mba hamela an’i Martin Harris hindrana ireo 116 pejy tamin’ilay rakitsoratra. Angamba te haneho fankasitrahana an’i Martin i Joseph noho ny fanohanana nataony. Fantatsika fa nitady mafy vavolombelona hafa nahita maso i Joseph mba hiara-hijoro aminy hanohitra ireo zavatra tsy marina sy lainga nandrera-tsaina izay naely momba azy.

Na inona na inona antony nanaovana i Joseph izany ary na ara-drariny aza ny fijery azy dia tsy nomen’ny Tompo rariny izany ary notezerany mafy izy: “Impiry akory no efa nandikanao ny didy . . . ka efa nanekenoa ny fandresen-dahatry ny olona. Fa indro,



tsy tokony ho *natahotra* ny olona mihoatra noho Andriamanitra ianao” (F&F 3:6–7; nampiana fanamasifana). Nanampy an’i Joseph io toe-javatra mafy niainany io hahatsiaro mandrakariva taty aoriana hoe aiza izy no tokony hitodika.

Ny olona rehefa miezaka ny *mitandro ny voninahiny* eo anatrehan’ny olona dia ho *very voninahitra* tsy fidiny eo anatrehan’Andriamanitra izy. Ny fieritreretana hoe afaka manao izay hahafaly an’Andriamanitra ianao no sady afaka tsy miraharaha izay fandikan-dalàna atao’ny olona dia tsy fanehoana velively hoe tsy mirona amin’ny andaniny na ny ankilany ianao fa fivadiham-pitokiana izany na *fihatsarambelatsihy* na fiezahana “manompo tompo roa” (Matio 6:24; 3 Nefia 13:24).

Na dia mila herimpo tokoa aza ny fiatrehana zavatra mety hampidi-doza, ny tena mariky ny fananana herimpo dia ny fandresena ny fahatahorana ny olona. Ohatra, nanampy an’i Daniela hiatrika ireo liona ny vavaka nataony, fa ny tena nahitana hoe tsy nahatahotra izy dia izy sahy nihantsy an’i Dariosy Mpanjaka (jereo ny Daniela 6). Izany karazana herimpo izany dia fanomezam-pahasoavan’ny Fanahy omena ny olona *matahotra an’Andriamanitra* izay nanolotra vavaka. Ireo vavaka nataon’ny Mpanjakavavy Estera koa dia nahazoany io herimpo io mba hiatrehana ny Mpanjaka Ahasoerys vadiny, na dia fantany aza fa mety hamoizany ny ainy ny fanaovana izany (jereo ny Estera 4:8–16).

Tsy iray amin’ireo soatoavina fototra fotsiny ny fananana herimpo fa raha arak’i C. S. Lewis: “Ny herimpo . . . dia maneho ny endriky ny soatoavina rehetra rehefa ao anatin’ny fotoam-pisedrana. . . . Feno famindrampo foana i Pilato mandra-pahitany fa mety hampidi-doza izany.”<sup>1</sup> Nalahelo i Heroda Mpanjaka rehefa nangatahina mba hotapahina ny lohan’i Jaona Mpanao Batisa saingy nanao izay hahafaly “ny olona niara-nipetraka nihinana teo aminy” izy (Matio 14:9). Vonona ny hamotsotra an’i Abinadia ny Mpanjaka Noà saingy lasa nisalasala izy noho ny faneriterena nataon’ireo mpisorona ratsy fanahy (jereo ny Môsià

17:11–12). Tsy nankato ny tenin’ny Tompo i Saoly Mpanjaka satria tsy foiny naringana nandritra ny ady ireo zavatra tsara noho ny “[fahatahorany] ny vahoaka, [ka dia nohenoiny] ny feony” (1 Samoela 15:24). Mba ham-pitoniana an’i Israely izay nikomy teo am-pototry ny Tendrombohitra Sinay dia nanao ombilahy kely volamena i Arona noho ny fanadinoany hoe aiza izy no tokony hitodika (jereo ny Eksodosy 32). Maro tamin’ireo mpanapaka ao amin’ny Testamenta Vaovao “no nino [ny Tompo]; nefo noho ny Fariseo dia nanaiky ireo; fandrao havoaka hiala amin’ny synagoga: fa tia ny voninahitra avy amin’ny olona izy ireo fa tsy ny voninahitra avy amin’Andriamanitra” (Jaona 12:42–43). Feno ohatra tahaka izany ny soratra masina.

Henoy izao ireto ohatra vitsivitsy manentana ny fanahy ireto:

- Voalohany, Môrmôna: “Indro, miteny amim-pahasahiana aho, rehefa nahazo fahefana avy tamin’Andriamanitra; ary *tsy atahorako* izay azon’ny olona atao; fa ny fitiavana tanteraka mandroaka ny tahotra rehetra” (Môrônîa 8:16; nampiana fanamasifana).
- Nefia: “Koa tsy hanoratra zavatra izay mahafinaritra izao tontolo izao aho, fa ny zavatra kosa izay mahafaly an’Andriamanitra sy ireo izay tsy an’izao tontolo izao” (1 Nefia 6:5).
- Kapiteny Môrônîa: “Indro, izaho dia i Môrônîa, lohan’ny kapiteteninareo. Tsy mikatsaka fahefana aho, fa ny handrodana izany kosa. Tsy mikatsaka ny voninahitr’izao tontolo izao

aho, fa ny voninahitr’Andriamanitra kosa sy ny fahafahana ary ny fiadan’ny taniko” (Almà 60:36).

Nanana herimpo lehibe tokoa i Môrônîa teo amin’ny fahatsiarovana hoe aiza no tokony hitodihany ka nahatonga ny filazana hoe: “Raha ny olon-drehetra no efa nitovy sy nitovy ary ho nitovy mandrakizay tamin’i Môrônîa dia indro, ny fahefan’ny helo mihitsy no efa nohozongozonina mandrakizay; eny, ny devoly dia tsy ho nanam-pahefana na oviana na oviana tamin’ny fon’ny zanak’olombelona” (Almà 48:17).

Niharan’ny fanalam-baraka hatrany ireo mpaminany. Nahoana? Araka ny soratra masina dia satria “sarotra ho an’ny olo-meloka ny mandray ny fahamarinana, satria manatrobaka azy hatrany anatin’ny izany” (1 Nefia 16:2), ary hoy ny filazan’ny Filoha Harold B. Lee azy hoe: “Izay mahatsiaro ho voatsindrona no tohina!”<sup>2</sup> Ny fihetsika feno fankahalana asehon’izy ireo, raha ny marina, dia fahamelohna tsapa izay sarontsaronana, tsy misy hafa amin’i Kôrihôra, izay niaiky ihany tamin’ny farany hoe: “Nahafantatra mandrakariva aho fa nisy Andriamanitra” (Almà 30:52). Nandresy lahatra tokoa ny famitahana nataon’i Kôrihôra ka na izy aza nino ny lainga nataony (jereo ny Almà 30:53).

Matetika ny mpankahala no miam-panga ireo mpaminany hoe tsy miaina ao anatin’ny taonjato faha 21 na hoe tery saina. Manandrana mandresy lahatra na manery mihitsy ny Fiango-nana izy ireo mba hampidina ireo fenit’Andriamanitra hifanaraka amin’ny fitondrantena tsy mendrika ataon’izy ireo, izay araka ny tenin’ny Loholona Neal A. Maxwell, dia “hampitombo ny fanomezana fahafaham-po ny tena raha tokony hitady izay hampivoarana ny tena”<sup>3</sup> sy ny fibebahana. Apôstazia ny fampidinana ireo fenit’Andriamanitra hifanaraka amin’ny fitondrantena tsy mendrika misy eo amin’ny fiarahamonina. Maro tamin’ireo Fiango-nana teo anivon’ny Nefita taonjato roa tao-rian’ny namangian’ny Mpamony azy ireo no nanomboka “nanatsotsota” ny fotopampianarana, raha hindrana



ny tenin'ny Loholona Holland aho.<sup>4</sup>

Eo am-pihainoana ity andinin'y amin'ny 4 Nefia ity, dia mitadiava zavatra mitovy amin'izany amin'izao andrantsika izao: "Ary ny zava-nitrange, nony efa lasana ny folo amby roanjato taona, dia nisy fiangonana maro izay nihambo ho mahalala an'i Kristy, ary nolaviny anefa ny ampahany betsaka tamin'ny filazantsarany, hany ka nekeny ny karazana faharatsiana rehetra ary nanomezany izay masina ho an'i-zay efa nandrarana izany noho ny tsy fahamendrehana" (4 Nefia 1:27).

Mitovy amin'izany ny mitrange amin'izao andro farany izao! Misy mpi-kambana sasany izay tsy mahatsapa fa tafalatsaka ao anatin'ny fandrika toy izany izy ireo rehefa manery ny hanekena ny "fomban-drazan[al]" eo an-toerana na an'ny foko iray (F&F 93:39) izay tsy mifanaraka amin'ny kolontsain'ny filazantsara. Mbola misy koa olona hafa izay mamita-tena sy mitsipaka tsy hanao ny tokony hatao, ka miangavy na mangataka ny eveka mba hanamaivana ny fepetra takina mba hahazoana ny fahazoan-dalana hidirana ny tempoly, na mba hahazoana fankatoavana hidirana any amin'ny sekoly iray na mba hirotsahana ho misiōnera. Tsy mora izany hoe eveka rehefa iharan'ny karazana fanerena toy izany. Kanefa, toy ny Mpamonyj izay nandio ny tempoly mba hiarovana ny fahamasinany (jereo ny Jaona 2:15–16), dia voantsso amin'izao fotoana izao ireo eveka mba hiaro ny fepetra takina hidirana ny tempoly. Ny Mpamonyj no nilaza hoe: "Izaho haneho ny tenako amin'ny vahoakako amin'ny famindram-po . . . raha mitandrina ny didiko ny vahoakako ary tsy mandoto ity trano masina ity" (F&F 110:7–8).

Nitodika tany amin'ny Rainy foana ny sain'ny Mpamonyj, ilay Ohatra lehibe ho antsika. Nitia sy nanompo ny mpiara-belona taminy Izy saingy nilaza hoe: "Tsy mandray laza avy amin'olona Aho" (Jaona 5:41). Tiany hanaraka Azy ireo olona nampianariny, saingy tsy nikatsaka ny hahazo laza avy amin'izy ireo Izy. Rehefa nanao asa fanasoavana Izy, toy ny fanasitranana ny marary, dia matetika izany fanomezana izany no nampiarahana tamin'ny fiangaviana



hoe, "tandremo mba tsy hilaza amin'olona" (Matio 8:4; Marka 7:36; Lioka 5:14; 8:56). Amin'ny lafiny iray dia natao izany mba hisorohana io laza io mihitsy, izay nanaraka Azy teny na dia teo aza ny ezaka nataony hisorohana izany (jereo ny Matio 4:24). Nomelohiny ireo Fariseo izay nanao asa soa mba ho hitan'ny olona fotsiny (jereo ny Matio 6:5).

Olona faran'izay tsy mba natahotra ny Mpamonyj, izay hany olona laverary niaina teto an-tany. Nifanehatra tamin'ny mpanenjika maro izy teo amin'ny fainany, kanefa tsy mba nillavo lefona velively teo anatrehan'ny fanalam-baraka nataon'izy ireo. Izy no hany tsy mba nanadino velively na dia indray mandeha aza hoe aiza Izy no tokony hitodika: "Izaho manao izay sitraky ny [Ray] *mandrakariva*" (Jaona 8:29; nampiana fanamafisana), ary "tsy mitady ny sitrapoko Aho fa ny sitrapon'izay naniraka Ahy" (Jaona 5:30).

Eo anelanelan'ny 3 Nefia toko faha 11 sy ny 3 Nefia toko faha 28, dia nampiasa ny anarana hoe *Ray* farafahakeliny in 150 ny Mpamonyj, izay nampiseho mazava tsara tamin'ny Nefita fa ny hisolo tena ny Ray no nahatongavany teo. Ary manomboka eo amin'ny Jaona toko faha 14 ka hatramin'ny faha 17, dia nampiasa ny anaran'ny Ray farafahakeliny in 50 ny Mpamonyj. Mpianatra lavorarin'ny Rainy Izy tamin'ny fomba rehetra azo neverina. Tena tonga lafatra tokoa Izy tamin'ny fisoloany tena ny Ray, ka rehefa mahalala ny Mpamonyj dia mahalala koa ny Ray. Izay mahita ny Zanaka dia

mahita ny Ray (jereo ny Jaona 14:9). Izay mandre ny Zanaka dia mandre ny Ray (jereo ny Jaona 5:36). Raha ny tena marina dia lasa tsy hay ny manavaka Azy amin'ny Rainy. Iray Izy sy ny Rainy (jereo ny Jaona 17:21–22). Fantany tanteraka hoe nitodika mankaiza Izy.

Enga anie ilay ohatra manentana ny fanahy nasehony hampatanjaka antsika eo anatrehan'ny fandriky ny fandokafana avy amin'ny hafa na ny fieboeboana avy ao anatintsika ihany. Enga anie izany hanome antsika herimpo tsy hahatahotra velively sy tsy handokadoka fahatany eo anatrehan'ny fampitahorana ataon'ny hafa. Enga anie izany hanosika antsika handehandeha hanao soa amimpahanginana araka izay azo atao ary tsy "hiandranda ny voninahitry ny olona" (F&F 121:35). Ary enga anie ny ohatra tsy manam-paharoa nasehony hanampy antsika hahatsiaro lalandava hoe *iza amin'ireo didy* no ilay "didy lehibe voalohany" (Matio 22:38). Raha mangataka ny hanekena ny faniratsirana ny didin'Andriamanitra ny hafa dia enga anie kosa isika hahatsiaro lalandava hoe mpianatr'iza isika ary aiza isika no tokony hitodika. Izany no vavaka ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

## FANAMARIHANA

1. C. S. Lewis, *The Screwtape Letters*, rev. ed. (1982), 137–38.
2. Harold B. Lee, *ao amin'ny Mine Errand from the Lord: Selections from the Sermons and Writings of Boyd K. Packer* (2008), 356.
3. Neal A. Maxwell, "Repentance," *Ensign*, Nov. 1991, 32.
4. Jeffrey R. Holland, "The Call to Be Christlike," *Liahona*, Jona 2014, 35.



Nataon'i Cheryl A. Esplin

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny  
Fiadidian'ny Kilonga Maneran-tany

# Ny Fanasan'ny Tompo—Fanavaozana ho an'ny Fanahy

*Manasitrana sy manavao ny fanahintsika ny Fanahy Masina. Ny fitahiana ampanantenain'ny fanasan'ny Tompo dia ny "hananantsika mandrakariva ny Fanahiny miaraka [amintsika]."*

Indray mandeha nisy andian-jatovovavy nanontany ahy hoe: "Inona no irinao hoe mba tokony ho efa fantatrao fony ianao nitovy taona taminay?" Raha izaho no mamaly izany fanontaniana izany dia ampidiriko ao ity eritreritra ity hoe: "Iriko raha mba nahatakatra bebe kokoa ny maha-zava-dehibe ny fanasan'ny Tompo aho fony aho nitovy taona tamareo. Iriko raha mba takatro tamin'ilay fomba namaritan'ny Loholona Jeffrey R. Holland izany ny fanasan'ny Tompo. Hoy izy hoe: 'Anisan'ireo fanasana tsy afamisaraka amin'ny fanasan'ny Tompo ny mba hahatonga izany ho zavatra iainana tena ara-panahy sy ho fifandraisana masina ary ho fanavaozana ho an'ny fanahy.<sup>1</sup>"

Ahoana no ahatongavan'ny fanasan'ny Tompo ho "zavatra iainana tena ara-panahy sy ho fifandraisana masina ary ho fanavaozana ho an'ny fanahy" isan-kerinandro?

Lasa zavatra iainana mampatanjaka ny ara-panahy ny fanasan'ny Tompo

rehefa mihaino ny vavaka amin'ny fanasan'ny Tompo isika ka manolo-tena indray amin'ny fanajana ireo fanekepihavanantsika. Mba hanaovana izany dia tsy maintsy vonona hitondra ny anaran'i Jesoa Kristy eo amintsika isika.<sup>2</sup> Raha niresaka momba izany fampanantenana izany ny Filoha Henry B. Eyring dia nampianatra izy hoe: "Midika izany fa tokony hihevitra isika hoe Azy ny tenantsika. Ho ataontsika lohalaharana eo amin'ny fainantsika Izy. Haniry kokoa ny zavatra iriny isika toy izay hitady izay irintsika na izay ampianarin'izao tontolo misy antsika izao mba hiantefan'ny fanirantsika."<sup>3</sup>

Rehefa mandray ny fansan'ny Tompo isika dia manao



fanekempihavanana ihany koa mba "hahatsiaro mandrakariva"<sup>4</sup> an'i Jesoa Kristy. Tamin'ilay alina nialoha ny nanomboana Azy dia namory ny Apôstôliny nanodidina Azy i Kristy ka nanao ny fanasan'ny Tompo. Namaky mofo Izy dia nanamasina izany ka nilaza hoe: "Raiso, hano; izao dia ho fahatsiarovana ny vatako izay homeko ho onitra ho anareo."<sup>5</sup> Avy eo dia nan-dray ny kalisin-divay Izy dia nisaotra sy nanome izany an'ireo Apôstôliny mba hisotroany ary niteny hoe "Izao dia ho fahatsiarovana ny rako. . . , izay alatsaka ho an'izay rehetra hino ny anarako."<sup>6</sup>

Naiveriny teo anivon'ny Nefita ary avy eo indray dia tamin'ny Famerenena tamin'ny Laoniny ny Fianganany tamin'ny andro farany fa tokony handray ny fanasan'ny Tompo isika ho fahatsiarovana Azy.<sup>7</sup>

Rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo isika dia mijoro ho vavolombelona amin'Andriamanitra fa hahatsiaro mandrakariva ny Zanany, fa tsy mandritra ilay fotoana fohy hanaovana ny ôrdônansin'ny fanasan'ny Tompo ihany. Midika izany fa hiantehitra mandrakariva amin'ny ohatra sy ny fampianaran'ny Mpamony isika mba hitarika ny eritreritsika sy ny safidintsika ary ny asantsika.<sup>8</sup>

Mampahatsiahy antsika ihany koa ny vavaka amin'ny fanasan'ny Tompo fa tsy maintsy "mitandrina ny didiny"<sup>9</sup> isika.

Hoy i Jesoa hoe: "Raha tia ahy hianareo, dia hitandrina ny didiko."<sup>10</sup> Ny fanasan'ny Tompo dia manome antsika fahafahana handinihan-tena sy fahafahana hampitodika ny fontsika sy ny sitrapontsika amin'Andriamanitra. Mitondra ny herin'ny filazantsara eo amin'ny fainantsika ny fankatoavana ireo didy sady mitondra fiadanana bebe kokoa sy mampitombo ny ara-panahy.

Ny fanasan'ny Tompo dia manome fotoana hiaianana traikera tena ara-panahy rehefa misaintsaina mikasika ny hery manavotra sy manafaky ny Mpamony tamin'ny alalan'ny Sorompanavotany isika. Vao haingana izay ny mpitarika iray ao amin'ny Zatovavavy no nianatra momba ny tanjaka azontsika rehefa miezaka mandray

amim-pisaintsainana tsara ny fana-san'ny Tompo isika. Raha niezaka namita zavatra iray izay takina ao amin'ny Mon Progrès Personnel izy dia nametraka tanjona mba hifantoka amin'ny tononkira sy ny teny ao anatin'ny vavaka amin'ny fana-san'ny Tompo.

Nanao fanombantombanana ny tenany izy isan-kerinandro nandritra ny fanasan'ny Tompo. Tadidiny ireo fahadioana nataony, ary nanolo-tena izy ny ho lasa tsaratsara kokoa ny herinandro manaraka. Feno fankasitrhana izy tamin'ny fahafahany nanitsy ny lalany ka nanjary voadio. Rehefa nanao jery todika momba ilay zavatra niainany izy dia niteny hoe: "Nanao ilay fibebahana izay ampahany amin'ny Sorompanavotana aho."

Indray Alahady taorian'ny nanaovany fanombantombanana ny tenany manokana dia nanomboka nahatsapa ho kivy sy tsisy fanantenana izy. Hitany fa namerina ny fahadioana efa nataony hatrany hatrany izy, isan-kerinandro izao. Saingy tamin'izay dia nanana fahatsapana niavaka izy fa nanao tsinontsinona ny ampahany lehibe iray ao amin'ny Sorompanavotana—ilay hery manafaka izay an'i Kristy. Adinony ireo fotoana rehetra nanampian'ny Mpamonjy azy ho tonga ilay olona tiany hahatongavana sy hanompo mihoatra noho ny fahafahamanao nananany.

Teo am-pisaintsainana izany dia nieri-treritra ny herinandro lasa indray izy. Hoy izy hoe: "Nisy fahatsapana fifaliana nipoitra avy tao anatin'ilay fahatsapako alahelo rehefa tsikaritro fa nanome fahafahana sy fahaizana maro ho ahy Izy. Tsikaritro tamim-pankatelemana ny fahaizana nananako hahafantatra mora foana ny zavatra nilain'ny zanako izay tsy hita nibaribary tamin'izany fotoana izany. Tsikaritro fa tamin'ny andro nahatsapako hoe tsy afaka nanatontosa aho na dia zavatra iray aza dia afaka nanolotra teny fankaherezana tamin'ny namana iray aho. Nampiseho fahare-tana aho tamin'ny zava-nitrange izay mazàna niteraka tsy fananana fahare-tana tato anatiko."

Dia nofaranany hoe: "Rehefa nisaotra an'Andriamanitra aho tamin'ny

hery izay an'ny Mpamonjy izay misy eo amin'ny fainako dia nahatsapa ho nanana fanantenana kokoa aho tamin'ny dingan'ny fibebahana izay notontosaiko ary niandrandra ny herinandro manaraka tamin'ny fanantenana nohavaozina aho."

Nampianatra ny fomba ahafahan'ny fanasan'ny Tompo ho tonga traikera manasitrana sy manadio ny Loholona Melvin J. Ballard. Hoy izy hoe:

"Iza amintsika no tsy mandratra ny fanahiny amin'ny alalan'ny teny, eritreritra na asa mandritra ireo andro eo anelanelan'ny Sabata roa? Manao zavatra izay anenenantsika isika dia maniry ny ho voavela heloka. . . . Ny fomba ahazoana famelan-keloka dia . . . ny mibebaka amin'ny fahotantsika, mandeha any amin'ireo izay nanaovantsika ny tsy mety na tohina noho ny amintsika ka mangataka ny famelan'izy ireo ary miverina eo amin'ny latabatry ny fanasan'ny Tompo izay hamelana ny helotsika, raha tena nibe baka tamin-kitsimpo tokoa isika ary nanatsara ny toe-javatra iainan'ny tenantsika, dia ho tonga amin'ny fanahintsika ny fanasitrana ara-panahy. . . .

"Vavolobelona iray aho," hoy ny Loholona Ballard "fa misy fanahy iray manatrika ny fanatanterahana ny fanasan'ny Tompo izay manafana ny vatana iray manontolo hatrany antampon-doha ka hatrany am-paladia; tsapanao fa sitrana ireo ratran'ny fanahy, ary nohamaivanina ny entamvesatra. Tonga amin'ny fanahy izay mendrika sy tena maniry ny handray ity sakafo ara-panahy ity ny fiononana sy fahsambarana."<sup>11</sup>

Azo sitrana sy havaozina ny fanahintsika izay maratra satria tsy mampahatsihy antsika ny fanoloran'ny Mpamonjy ny vatany sy ny rany ho sorona fotsiny ihany ny mofo sy ny rano fa mampahatsihy antsika koa ireo tandindona ireo fa ho "monfon'aina"<sup>12</sup> sy ho "rano velona"<sup>13</sup> ho antsika mandrakariva Izy.

Taorian'ny nanatanterahany ny fanasan'ny Tompo teo amin'ny Nefita dia hoy i Jesoa hoe:

"Izay mihinana ity mofo ity dia mihinana amin'ny vatako ho an'ny

fanahiny; ary izay misotro amin'ity divay ity dia misotro amin'ny rako ho an'ny fanahiny; ary tsy ho noana na hangetaheta na oviana na oviana ny fanahiny, fa hovokisana kosa.

"Ankehiririny, rehefa avy nihinana sy nisotro avokoa ny valalabemandry, dia indro, heniky ny Fanahy izy ireo."<sup>14</sup>

Mampianatra antsika i Kristy amin'i-reo teny ireo fa ny Fanahy dia manasitrana sy manavao ny fanahintsika. Ny fitahiana ampanantenain'ny fana-san'ny Tompo dia ny "hananan[tsika] mandrakariva ny Fanahiny miaraka amin[tsika]."<sup>15</sup>

Rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo aho dia alaiko sary an-tsaina indraindray ny sary hosodoko iray izay mampiseho ny Mpamonjy nitsangana tamin'ny maty miaraka amin'ny sandrin mitsotra, toy ny hoe vonona handray antsika ka hamihina antsika am-pitiavana. Tiako io sary hosodoko io. Rehefa mieritreritra izany aho mandritra ny fanatanterahana ny fanasan'ny Tompo dia mahazo hery ny fanahiko ka toy ny afaka maheno ny tenin'ny Mpamonjy aho hoe: "Indro, ny sandrin'ny famindram-poko dia mitsotra aminareo, ary na zovy na zovy no ho avy dia izy no horaisiko; ary hotahiana ireo izay mankaty Amiko."<sup>16</sup>

Misolo tena ny Mpamonjy ireo mpihazona ny Fisoronana Aharôna rehefa manomana sy mitsodrano ary mizara ny fanasan'ny Tompo. Rehefa maninjitra ny sandrin hanolotra antsika ireo tandindona masina ny mpihazona ny fisoronana iray dia toy ny hoe ny Mpamonjy Izy tenany mihtisy no maninjitra ny sandrin'ny famindram-pony, ka manasa ny tsirairay amintsika handray amin'ireo fanomezana sarobidin'ny fitiavana izay nomena tamin'ny alalan'ny sorompanavotany—ireo fanomezan'ny fibebahana, ny famelan-keloka, sy ny fampiononana ary ny fanantenana.<sup>17</sup>

Arakaraky ny hisaintsainantsika ny maha-zava-dehibe ny fanasan'ny Tompo no maha-manan-danja izany amintsika. Izao no nambaran'ny raimpianakaviana 96 taona iray rehefa nanontany ny zanany lahy hoe: "Dada a! Fa inona no antony andehananao any

am-piagonana? Tsy afaka mahita ianao, tsy afaka mandre, sarotra aminao ny mandehandeha. Inona no antony andehananao any am-piagonana?" Namaly ilay raim-pianakaviana nanao hoe: "Ny fanasan'ny Tompo. Mandeha any aho mba handray ny fanasan'ny Tompo."

Enga anie ny tsirairay amintsika mba ho tonga amin'ny favoriana fanasan'ny Tompo ary vonona ny hahatsapa "zavatra iainana tena ara-panahy sy fifandraisana masina ary fihazaovan'ny fanahi[ntsika]."<sup>18</sup>

Fantattro fa velona ny Raintsika any an-danitra sy ny Mpamonjintsika. Feno fankasitrahana aho amin'ny fahafahana omen'ny fanasan'ny Tompo mba hahatsapana ny fitiavann'Izy ireo sy handraisana ny Fanahy. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### **FANAMARIHANA**

1. Jeffrey R. Holland, *Christ and the New Covenant: The Messianic Message of the Book of Mormon* (1997), 283.
2. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77.
3. Henry B. Eyring, "That We May Be One," *Ensign*, Mey 1998, 67.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77, 79.
5. Dikantenin'i Joseph Smith, Matio 26:22 (ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina).
6. Dikantenin'i Joseph Smith, Matio 26:24 (ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina); jereo ihany koa ny Matio 26:26–28; Marka 14:22–24; Lioka 22:15–20.
7. Jereo ny 3 Nefia 18:7, 11; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:75.
8. Jereo ny "Comment est-ce que Je Respecte Mon Alliance de Toujours Me Souvenir du Sauveur?" *Viens et Suis-Moi* Fandaharam-pampianaran'ny Sekoly Alahady; lds.org/youth/learn/ss/ordinances-covenants/remember; *Miorim-paka amin'ny Finoana: Boky Fanovozan-kevitra amin'ny Filazantsara* (2004), 147–48.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77.
10. Jaona 14:15.
11. Melvin J. Ballard, in Melvin R. Ballard, *Melvin J. Ballard: Crusader for Righteousness* (1966), 132–33.
12. Jaona 6:48.
13. Jaona 4:10.
14. 3 Nefia 20:8–9.
15. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77.
16. 3 Nefia 9:14.
17. Feno fankasitrahana an'i Ann Madsen aho noho ny hevi-baovao narosony mikasika ity fitsipika ity.
18. Jeffrey R. Holland, *Christ and the New Covenant*, 283.



**Nataon'ny Loholona Chi Hong (Sam) Wong**  
Ao amin'ny Fitopololahy

# Manavotra ao anatin'ny Firaissankina

*Mba hanampiana ny Mpamonjy dia mila miara-miasa ao anatin'ny firaissankina sy filaminana isika. Manan-danja ny olona rehetra sy ny toerana iandraiketana rehetra ary ny antso rehetra.*

**M**atetika isika no maheno ny Filoha Thomas S. Monson miteny hoe: "Mandehana manavotra"<sup>1</sup> Tonga ato an-tsaiko ny tantara iray ao amin'ny Testamenta Vaovao. Ohatra tsara indrindra amin'ny fomba ahafahan'ny mpikambana sy ny misiônera miara-miasa ao anatin'ny firaissankina izany amin'ny alalan'ireo filankevity ny paroasy mba handeha ka hanavotra. Hita ao amin'ny Marka 2:1–5 ilay tantara. Hitako fa tena mitaona fanahy sy mora takarina foana ireo zavatra nianana nampiasain'i Jesoa mba hampianarana antsika fotopampianarana sy fitsipika sasantsasany.

Anisan'ireo olona ao amin'ity tantara ity ny lehilahy iray mararin'ny paralysisa, olona tsy afaka nihetsika raha tsy nisy mpanampy. Tsy nahavita afa-tsy ny mijanona ao an-trano izy, miandry olona hanavotra.

Amin'izao androntsika izao dia mety ho toy izao no fitrangan'izany. Olona efatra no nanatanteraka asa nampandraiketin'ny evekany azy mba hamangy lehilahy iray izay voan'ny

paralysisa any an-tranony. Azoko sary an-tsaina ny iray amin'izy ireo avy ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana, ny iray avy ao amin'ny kôlejin'ny loholona, ny iray avy ao amin'ny Fisoronana Aharôna, ary ny iray farany fa tsy ny kely indrindra, misiônera amin'ny fotoana feno. Nandritra ny filankevity ny paroasy farany indrindra, rehefa avy nifanakalo hevitra momba ny zavatra ilaina tao amin'ny paroasy izy ireo dia nampiandraikitra asa "fanavotana" ny eveka. Nasaina hanampy ity lehilahy mararin'ny paralysisa ity ireto olona efatra ireto. Tsy




afaka niandry azy ho tonga irery any am-piagonana izy ireo. Nila nandeha nankany an-tranony izy ireo hamangy azy. Nila nitady azy izy ireo, ka dia nandeha. Nentina ho eo amin'i Jesoa ilay lehilahy.

"Ary nisy nanatona nitondra ny anankiray mararin'ny paralysisa ho eo aminy, izay nolanjain'efa-dahy" (Marka 2:3).

Hipoka anefa ilay efitrano. Tsy afaka niditra tao avy teo am-baravarana izy ireo. Azoko antoka fa nanandrana izay rehetra tonga tao an-tsainy izy ireo, saingy tsy tafiditra tsotra izao. Tsy nizotra mora foana araka ny neritreretin'izy ireo ny fandehan-javatra. Nisy vato misakana teny amin'ny lalan'izy ireo handeha "hanavotra." Saingy tsy nilavo lefona izy ireo. Tsy navelan'izy ireo teo am-baravarana ilay lehilahy mararin'ny paralysisa. Niara-nikaon-doha izy ireo ny amin'ny zavatra hatao manaraka—ahoana no fomba ahafahan'izy ireo mitondra ilay lehilahy eo amin'i Jesoa Kristy mba hositranina? Ho azy ireo aloha, dia tsy sarotra be na oviana na oviana ny asa mba hanampy an'i Jesoa Kristy amin'ny fanavotana fanahy. Nahita drafitra iray izy ireo—drafitra tsy mora, saingy notanterahany izany.

"Ary satria tsy afaka nanakaiky Azy izy noho ny habetsahan'ny vahoaka, dia nanesorany ny tafon'ny trano nitoeran'i Jesoa, ka nony efa voasokatra, dia nampidininy teo ny fandriana izay nandrian'ilay nararin'ny paralysisa (Marka 2:4).

Nentin'izy ireo tany ambony tafo izy. Raha atao hoe tsy nisy tohatra niakarana avy any ivelany dia mety ela ihany izy rehetra vao tafakatra teo ambony tafo. Mieritreritra aho hoe mety ho toy izao no fitrangan'izany: nihanika voalohany tany an-tafon-trano aloha ilay zatovolahy avy ao amin'ny paroasiny. Noho izy tanora sy feno tanjaka dia tsy dia ho sarotra loatra taminy izany. Nanosika mafy avy aty ambany ilay mpiara-mamangy aminy avy ao amin'ny kôlejin'ny loholona sy ilay misiônera manompo amin'ny fotoana feno izay lava sy matanjaka. Nampatsiah yazy ireo mba hitandrina ilay rahavavy avy ao



amin'ny Fikambanana Ifanampiana ary nanome teny fankaherezana ho azy ireo. Dia nanaisotra ny tafo ireo lehilahy raha ilay rahavavy kosa nanohy nankahery ilay lehilahy izay niandry hositranina—mba ho afaka hihetsika irery ka ho afaka.

Nila ny fiaraha-miasan'ny olona rehetra io asa fanavotana io. Tao anatin'ny fotoana tena sarotra dia nilaina ny fifandrindrana tsara ny fampidinana ilay lehilahy mararin'ny paralysisa avy any ambony tafo. Nila niasa tao anatin'ny firaissankina sy ny firindrana izy efatra. Tsy nisy toerana ho an'ny fifandrana teo amin'izy ireo. Nilaina nampitoviana ny hafainganan'ny fampidinan'izy ireo ilay lehilahy mararin'ny paralysisa. Raha toa ka nisy olona iray namotsotra ny tady haingana kokoa noho ireo telo hafa dia ho nianjera avy teo amin'ny fandriany ilay lehilahy. Tsy ho afaka nitazona izy noho ny toe-batany malemy.

Mba hanampiana ny Mpamony dia mila miara-miasa ao anatin'ny firaissankina sy firindrana isika. Manan-danja ny olona rehetra sy ny toerana iandrainketana rehetra ary ny antso rehetra. Mila miray hina ao amin'i Jesoa Kristy Tomponsika isika.

Farany dia napetraka teo ano-loan'i Jesoa ilay lehilahy mararin'ny paralysia. "Ary Jesoa, nony nahita ny finoan'izy ireo, dia nanao tamin'ilay mararin'ny paralysisa hoe: Anaka, voavela ny helokao." Nampiseho famindram-po taminy i Jesoa ka

nanasitrana azy—tsy ara-batana ihany fa ara-panahy koa: "Anaka, voavela ny helokao" (Marka 2:5). Tsy mahafinritra ve izany? Tsy tiantsika hitranga amintsika rehetra koa ve izany? Tiako hitranga amiko izany.

Mahafantatra olona mararin'ny paralysisa ara-panahy ve isika eo amin'ny fainantsika, olona izay tsy afaka miverina irery fotsiny izao any am-piagonana? Mety ho iray amin'ireo zanatsika izany, iray amin'ireo ray aman-drenintsika, na vady, na namana.

Noho ireo misiônera amin'ny fotoana feno betsaka lavitra kokoa hita any amin'ny vondrona tsirairain'ny Fiagonana ankehitriny dia tsara raha ampiasain'ny eveka sy ny filohan'ny sampana amin'ny fomba tsara kokoa ny filankevitry ny paroasy sy ny sampan'izy ireo. Afaka manasa ny mpikambana tsirairay ao amin'ny filankevitry ny paroasy ny eveka mba hitondra ny lisitry ny anaran'ireo izay mety mila fanampiana. Hiara-hikaon-doha tsara mikasika ny fomba ahafahan'izy ireo manampy amin'ny fomba tsara indrindra ireo mpikambana ao amin'ny filankevitry ny paroasy. Hihaino tsara ireo tolokevitra ny eveka dia hizara andraikitra.

Loharano lehibe ho an'ny paroasy amin'ireo asa fanavotana atao ireo ny misiônera manompo amin'ny fotoana feno. Tanora izy ireo ary feno tanjaka. Tian'izy ireo ny manana lisitra misy ny anaran'ireo olona hanaovana asa.

Ankafizin'izy ireo ny fiarahana miasa amin'ny mpikambana ao amin'ny paroasy. Fantatr'izy ireo fa fomba tena tsara ahafahan'izy ireo mahita olona izany. Feno fanolorantena izy ireo amin'ny fananganana ny fanjakan'ny Tompo. Manana fijoroana ho vavolombelona matanjaka izy ireo fa ho tonga tahaka an'i Kristy bebe kokoa rehefa mandray anjara amin'ireo asa fanavotana ireo.

Ho famaranana dia te hizara aminareo harena miafina iray fampiny aho izay hita ao amin'ity tantara ao amin'ny soratra masina ity. Ao amin'ny andininy faha 5 izany: "Ary Jesoa, nony nahita ny finoan'-ireo (nampiana fanamafisana). Tsy tandriko io taloha—ny finoan'-ireo. Ny finoantsika mitambatra dia hitondra soa koa eo amin'ny fainan'ny hafa.

Iza moa ireo olona izay nolazain'i Jesoa ireo? Azo ampidirina tsara ao anatin'izany ireo olona efatra nilanja ilay lehilahy mararin'ny paralysisa, sy ilay lehilahy marary, sy ny olona izay nivavaka ho azy, ary ireo olona rehetra izay nihaino ny fampianaran'i Jesoa sy nifaly mangina tany ampon'izy ireo ny amin'ilay fahagagana ho avy tsy ho ela. Azo ampidirina ao koa ny vady, ny ray aman-dreny iray, na zanakalahy na zanakavavy iray, misiônera iray, ny filohan'ny kôlejy iray, ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana iray, ny eveka iray, ary ny namana lavitra iray. Afaka mifanampy isika rehetra. Tokony hazoto hirotsaka hatrany amin'ny fikatsahana hanavatra ireo sahirana isika.

Mijoro ho vavolombelona aho fa Andriamaniry ny fahagagana i Jesoa Kristy. Tia antsika rehetra i Jesoa Kristy ary manana hery hanavotana sy hanasitranana antsika Izy, na ara-batana na ara-panahy. Rehefa manampy Azy isika amin'ny asa fanavotana fanahy ataony dia havotana ihany koa isika ao anatin'izany dingana izany. Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ohatra ny Thomas S. Monson, "Ilay Andraikitsika mba Hanavotra," *Liahona*, Okt. 2013, 5.



Nataon'ny Loholona D. Todd Christofferson  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

## Afaka Mandrakizay, Hihetsika ho Azy

*Ny sitrapon'Andriamanitra dia ny hahatonga antsika ho lehilahy sy vehivavy mahaleo tena afaka manakatra tanteraka ilay tena maha-izy azy antsika na ara-nofo na ara-panahy.*

lay tantara an-tsehatra nosoratan'i William Shakespeare hoe *The Life of King Henry V* (Ny fainan'ny Mpanjaka Henri Fahadimy) dia ahitana sehatra iray mitranga amin'ny alina ao amin'ny tobini'ny miaramila Anglisy ao Agincourt, mialoha kelin'ny adin'izy ireo tamin'ny tafika frantsay. Nandehan-deha teny anivon'ireo miaramilany ny Mpanjaka Henri ka tsy fantatr'izy ireo noho ny andro maizimaizina sy noho izy nanova endrika. Niresaka tamin'izy ireo izy ka niezaka nanombantombana ny tokinaïn'ireo miaramila izay vitsy an'isa raha oharina amin'ny fahavaloo. Ary satria tsy tsikaritr'izy ireo hoe iza izy dia tsy niyahafaha izy ireo teo amin'ny fanehoany hevitra. Nandritra ny ady hevitra dia niresaka izy ireo momba ny hoe iza no tompon'andraikitra amin'izay mitranga amin'ny olona any an'ady—ny mpanjaka sa ny miaramila tsirairay.

Nisy fotoana nanambaran'ny Mpanjaka Henri hoe: "Raha ny hevitro dia mahafaly ahy kokoa ny hoe maty ato anivon'ny tafiky ny mpanjaka toy izay any amin'ny toerana hafa satria rariny ny foto-kevitra ijoroany."

Namaly i Michael Williams hoe: "Mihoatra noho ny zavatra fantatray izany."

Niombon-kevitra taminy ny namany ary nilaza hoe: "Eny, na mihoatra noho ny zavatra tokony hezahinay ho fantarina; satria ampy ho anay ny maha-fantatra fa mpanompon'ny mpanjaka izahay. Raha diso ny foto-keviny dia tsy meloka amin'izany izahay satria mankatô azy fotsiny."

Nampian'i Williams hoe: "Raha tsy marina ny foto-keviny dia ny mpanjaka ihany no tompon'andraikitra amin'izay rehetra natao hanatanterahana izany."

Tsy nahagaga raha tsy niombon-kevitra ny Mpanjaka Henri. "Manana adidy amin'ny Mpanjaka ny mpanompony tsirairay; saingy ny olona tsirairay dia tompon'andraikitra amin'ny fanahiny ihany."<sup>1</sup>

Tsy nanandrana namaha io ady hevitra io i Shakespeare ao amin'io tantara an-tsehatra io, ary na amin'ny endriny manao ahoana na manao ahoana dia ady hevitra mbola mitohy izy io hatramin'izao androntsika izao—iza no tompon'andraikitra amin'izay mitranga eo amin'ny fainantsika?

Rehefa miharatsy ny toe-draharaha dia misy fronana hanome tsiny ny hafa na an'Andriamanitra mihitsy aza. Indraindray dia manomboka maha-tsapa ny olona hoe misy mikarakara izy ary miezaka ny manilika andraikitra amin'olon-kafa na amin'ny fanjakana mikasika izay hahatsara ny fainany. Eo amin'ny resaka ara-panahy dia misy ny mihevitra fa tsy ilain'ny lehilahy sy ny vehivavy ny mikatsaka izany fahamarinan'ny tena manokana izany satria tian'Andriamanitra isika ary vonjeny "fotsiny araka izay toetra ananantsika eo."

Saingy ny tanjon'Andriamanitra dia ny hiasan'ireo zanany araka ny fahafhana misafidy izay nomeny azy ireo, ka ny olona tsirairay dia ho azo ampamoahina ny amin'ny fahotany amin'ny andro fitsarana.<sup>2</sup> Ny tanjony sy ny faniriany dia ny mba hihazonantsika ilay anjara milalao ny mpandray fanapahan-kevitra voalohany eo amin'ny tantaran'ny fainantsika. Tsy haka ny toerantsika mba hiaina ny fainantsika Andriamanitra na hifehy antsika toy ny mariônety, izay zavatra efa naroson'i Losifera tamintsika indray mandeha. Ary na ireo mpaminany aza dia tsy hanaiky izany anjara asa hoe "mpampihetsika mariônety" eo amin'ny toeran'Andriamanitra izany. Nilaza i Brigham Young: "Tsy tiako ho afa-po amin'izay zavatra atao ny Olomasin'ny Andro Farany eto amin'ity izao tontolo izao ity na any an-danitra raha tsy hoe ataon'ny Fanahin'i Jesoa Kristy Tompo—ilay fanahin'ny fanambarana, afa-po izy. Tiako izy hahafantatra ho an'ny tenany manokana sy hahazo fahatakarana ho an'ny tenany manokana.<sup>3</sup>

Noho izany dia tsy mamonjy antsika "araka izay toetra ananantsika eo," Andriamanitra satria raha "izay toetra ananantsika eo" no jerena dia tsy madio isika ary "tsy misy zavatra tsy madio afaka mitoetra . . . eo anatrehan; fa amin'ny fitenin'i Adama dia Lehilahin'ny Fahamasinana no anarany ary ny anaran'ny Lahitokany dia Zanak'Olon'ny Fahamasinana."<sup>4</sup> Ary faharoa, Andriamanitra dia tsy hanao izay hahatonga antsika amina zavatra iray izay tsy nosafidantsika akory tam'in'ny alalan'ny fanaovantsika asa mba hahatongavana any amin'izay tiantsika hahatongavana. Tena tia antsika Izy ary



noho izay fitiavany antsika izay dia tsy mba manery na manary antsika Izy. Fa manampy sy mitantana aza Izy. Raha ny marina ny fanehoan'Andriamanitra ny fitiavany dia ny didiny.

Tokony hifaly isika (ary tena mifaly) amin'ilay drafitra napetrak'Andriamanitra izay ahafahantsika manao safidy mba hihetsika ho an'ny tenantsika sy hiaina ny vokany, na araka ny filazan'ny soratra masina azy hoe "manandrana ny mangidy mba hahaizantsika mankamamy ny tsara."<sup>5</sup> Velom-panksitrahaha mandrakizay isika fa nandresy ilay fahotana tany am-piandohana ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy ka nahafahantsika ho teraka eto amin'ity izao tontolo izao ity kanefa tsy ho saziana noho ny fandikan-dalân'i Adama.<sup>6</sup> Rehefa navotana tahaka izany tamin'ny Fahalavoana isika dia manomboka ny fainana tsy manan-tsiny eo anatrehan'Andriamanitra ary "tonga afaka mandrakizay, mahalala ny tsara sy ny ratsy; mihetsika ho azy fa tsy etsehina."<sup>7</sup> Afaka misafidy ny ho lasa izay tiantsika hahatongavana isika, ilay karazan'olona hahatongavantsika ary noho ny fanampian'Andriamanitra aza dia afaka ny ho tonga tahaka Azy mihitsy.<sup>8</sup>

Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy no manokatra ny lalana ho an'izay mety ahatongavantsika. Amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'ny Jesoa Kristy sy ny fahasoavany no ahafahan'ny tsy fahombiazantsika eo amin'ny fanarahana tanteraka hatrany ny lalâna celestially eto an-tany ho voafafa ka dia afaka mahazo toetra iray tahaka ny an'i Kristy isika.

Ny fahamarinana anefa dia mitaky ny tsy hitrangan'izany rehetra izany raha tsy misy ny fanekentsika an-tsitrupo sy ny fandraisantsika anjara. Efa toy izany hatramin'izay. Ny fahatongavantsika eto ambony tany amin'ny maha-olombelona manana vatana antsika dia vokatry ny safidy iray izay nataontsika mba handray anjara amin'ny drafity ny Ray.<sup>9</sup> Noho izany ny famonjena dia tsy vokatry ny haitraitran'Andriamanitra nefà tsy zavatra izay tanteraka araka ny sitrapon'Andriamanitra fotsiny ihany koa izany.<sup>10</sup>

Ny fahamarinana dia toetra manandanja iray an'Andriamanitra. Afaka mino an'Andriamanitra isika satria azo itokisana tanteraka Izy. Mampianatra antsika ny soratra masina hoe "Andriamanitra tsy mandeha amin'ny lalana miolikolika, ary tsy mitodika any ankavanana na any ankavia Izy ary tsy mivadika amin'izay efa nolazainy, koa mahitsy ny lalany ary hodina mandrakizay ny diany"<sup>11</sup> ary koa hoe "tsy mizaha tavan'olona Andriamanitra."<sup>12</sup> Miantehitra amin'ilay toetra maha-araka an'Andriamanitra ny fahamarinana isika mba hananana finoana sy fahatokiantena ary fanantenana.

Saingy noho ny maha-marina tanteraka an'Andriamanitra dia misy zavatra sasany izay tsy azon'Andriamanitra atao. Tsy azony atao kisendrasendra ny hoe hamonjena ny sasany ary hanamelohana ny hafa. "Tsy afaka hijery ny fahotana amin'ny hamoram-po faran'izay bitika indrindra"<sup>13</sup> Izy. Tsy afaka mamela ny famindrampo Izy hanitsakitsaka ny fahamarinana.<sup>14</sup>

Porofo mandresy lahatra ny maha-marina an'Andriamanitra ny nametrahany ny fitsipiky ny famindram-po. Noho Izy marina no nametrahany fomba ahafahan'ny fahamarinana hampiasa ny anjara asany tena ilaina indrindra eo amin'ny anjarantsika mandrakizay. Koa ankehitriny "ny fahamarinana dia mampihatra ny fitakiany rehetra, ary ny famindrampo koa dia mitaky izay rehetra azy."<sup>15</sup>

Fantatsika fa "ny fijaliana sy ny fahafatesan' Ilay tsy nanota, izay nankasitranan' [ny Ray] tokoa; . . . ny ran'ny Zana[ny] izay nalatsaka"<sup>16</sup> no manefa ny fitakian'ny fahamarinana sy manolotra famindrampo ary manavatra antsika.<sup>17</sup> Noho izany, "*araka ny fahamarinana*, ny draftry ny fanavatana dia tsy ho azo notanterahina, *raha tsy noho ny fibebahana*."<sup>18</sup> Ny fepetra takian'ny fibebahana sy ny fahafahana mibebaka no ahafahan'ny famindrampo hampihatra ny asany kanefa tsy mandrava ny fahamarinana.

Maty i Kristy tsy hoe mba hanavotra ny olona araka ny kisendrasendra fa mba hanolorana fahafahana mibebaka. Isika dia miantehatra "tanteraka amin'ny fahamendrehan'ilay Mahery ka mahavonjy"<sup>19</sup> ao anatin'ny fizotran'ny fibebahana saingy ny firosoana hibebaka dia fiovana an-tsitrano. Noho izany rehefa nanao ny fibebahana ho toy ny fepetra takina mba handraisana ny fahasoavana Andriamanitra, dia manome fahafahana antsika hitazona ny andraikitra amin'ny tenantsika Izy. Ny fibebahana dia manaja sy manohana ny fahafahantsika misafidy: "Ary araka izany, ny famindram-po dia afaka manefa ny fitakian' ny fahamarinana sy mamihina azy ireo amin' ny sandrin' ny fiantohana, fa izay tsy mampihatra finoana ho amin' ny fibebahana kosa dia mankahala ny lalàna manontoloni' ny fitakian' ny fahamarinana; koa amin' izay manana finoana ho amin' ny fibebahana ihany no tanterahina ny draftry ny famonjena lehibe sy mandrakizay."<sup>20</sup>

Zavatra iray ny tsy fahatakarana ny fahamarinan' Andriamanitra sy ny famindrampony; zavatra iray hafa ny fandavana ny fisian' Andriamanitra sy ny maha-fahefana faratampony Azy,



saingy tsy dia hitondra vokany izany —indraindray aza zara raha hitondra vokany—raha oharina amin'ilay hery anaty ananantsika. Ny Andriamanitra iray izay tsy mitaky na inona na inona dia tsy misy hafa amin'ny Andriamanitra iray tsy misy. Ny tontolo iray izay tsy manana Andriamanitra, ilay Andriamanitra velona izay nametraka lalàna ara-pitondrantena hitantanana sy handavorariana ny zanany, dia tontolo izay tsy misy fahamarinana sy rariny mitombona. Tontolo izay anjakan'ny hoe samy manana ny tsara sy ny ratsy aminy ny tsirairay.

Izany hoe samy manana ny ratsy sy ny tsara aminy izany ny tsirairay dia midika fa ny olona tsirairay no fahefana faratampony mifehy ny tenany ihany. Mazava ho azy fa tsy ireo izay manda an' Andriamanitra fotsiny ihany no manohana izany fotokevitra izany. Misy olona sasany izay mino an' Andriamanitra kanefa dia mino fa izy tenany no manapa-kevitra hoe ity no marina ary ity no diso. Toy izao no fomba nambaran'ny tanora iray an'izany: "Herveriko fa ny tenako dia tsy afaka milaza hoe diso ny Hindoisma na hoe diso ny finoana Katôlika na diso ny Episkôpalianina—Miankina fotsiny amin'izay inoanaio araka ny eritrerito. . . . Tsy mino aho hoe misy ny marina sy ny diso."<sup>21</sup> Ny iray hafa indray raha nanontaniana mikasika izay fototry ny zavatra inoany momba ny fivavahana dia namaly hoe: "Ny tenako ihany no inoako—tena izay mihitsy no hiafarany. Ny tiako ho lazaina dia hoe ahoana no hisian'ny fahefana iray izay hifehy ny zavatra inoanao?"<sup>22</sup>

Ho an'ireo izay mino fa mety ho marina daholo ny zava-drehetra na inona na inona, dia miendrika ho fane-rena ny fahamarinana tsy mitongilana sy mafy orina ary manan-kery amin'izao rehetra izao—"Tsy tokony ho terena aho hino zavatra iray ho marina kanefa tsy tiako." Saingy tsy manova ny zava-misy izany. Ny fankahalana ny lalàna herintsinton'ny tany dia tsy hanakana ny olona iray hianjera raha mitsambikina amin'ny hantsana izy. Marina koa izany ho an'ny lalàna mandrakizay sy ny fahamarinana. Tsy ny fanoherana ny lalàna mandrakizay sy ny fahamarinana no ahazoana ny fahafahana fa ny fampiharana azy. Fototra manan-danja iorenan'ny heri-n' Andriamanitra izany. Raha tsy noho ny fisian'ireo fahamarinana mafy orina sy tsy miovaova, dia ho tsy misy dikany ny fanomezan'ny safidy satria tsy ho vitantsika mihitsy ny hahita mialoha sy ny hitsinjo ny vokatry ny zavatra ataontsika. Araka ny nanambaran'i Lehia azy hoe: "Raha milaza ianareeo fa tsy misy lalàna, dia milaza koa ianareeo fa tsy misy ota. Raha milaza ianareeo fa tsy misy fahotana, dia milaza koa ianareeo fa tsy misy fahamarinana. Ary raha tsy misy fahamarinana dia tsy misy fahasambarana. Ary raha tsy misy na fahamarinana na fahasambarana, dia tsy misy famaizana na fahoriania. Ary raha tsy misy ireo zavatra ireo, dia tsy misy Andriamanitra. Ary raha tsy misy Andriamanitra, dia tsy misy na isika na ny tany; satria tsy ho nisy ny fahariana ny zavatra na ny mietsika na ny hetse-hina izany; noho izany dia tsy maintsy ho nanjavona ny zava-drehetra."<sup>23</sup>

Na eo amin'ny resaka ara-nofo na ny resaka ara-panahy, ny maha-tompon'andraikitra amin'ny tenantsika dia fanomezana avy amin' Andriamanitra izay raha tsy nisy dia tsy ho afaka isika hahatratra ny fahafenoan'ny hery anatintsika amin'ny maha-zanakavavy sy zanakalahin' Andriamanitra antsika. Ny maha-tompon'andraikitra ny tena dia lasa sady zo no adidy izay tsy maintsy arovantsika hatrany hatrany; notaifhana hatrany izany efa hatrany alohan'ny Fahariana. Tsy maintsy miaro ny maha-tompon'andraikitra ny tena isika eo anatrehan'ireo olona sy ireo

zavatra aroso (indrindra omban'ny faniriana tena tsara) izay manao izay hampiankin-doha antsika amin'izy ireny. Ary tokony harovantsika izy io eo anatrehan'ny fironan'ny tenantsika ihany hiala amin'ny asa takina mba hikolokoloana ireo talenta sy fahaizamanao ary toetra tahaka ny an'i Kristy.

Misy tantara iray voalaza momba ny lehilahy iray izay tsy te hiasa tsotra izao. Tiandy hoe hisy olon-kafa foana hikarakara ny zavatra rehetra ilainy. Araka ny fiheviny dia manana adidy ny Fianganana na ny fanjakana, na izy roa tonta ireo, hiantoka ny fainany satria hono izy nandoa ny hetrany sy ny fahafolokarenany. Tsy nanana hanin-kohanina izy saingy nandà tsy hiasa hikarakarana ny tenany. Kivy sy rikoriko ireo izay niezaka nanampy azy ka dia nanapa-kevitra, noho izy tsy te hanao na dia ezaka kely monja aza hikarakarana tena, fa azon'izy ireo atao koa ny milanja azy ho eny am-pasana ary hamela azy ho faty ho azy. Teny an-dalana ho eny am-pasana, dia nisy olona iray niteny hoe: "Tsy azontsika atao izao. Manana katsaka aho ao homena azy."

Ka dia nohazavain'izy ireo tamin'ilay lehilahy izany ary nanontany izy hoe: "Efa nesorina ve ny hodiny?"

#### **Bariloche, Argentine**



Dia namaly ireo hoe: "Tsia."

"Raha izany," hoy izy, "dia tohizo ny dia."

Sitrak'Andriamanitra ny haha-lehilahy sy vehivavy afaka antsika, afaka manakatra tanteraka ilay tena maha-izy azy antsika na ara-batana izany na ara-panahy, mba ho afaka amin'ireo fetra mahamenatry ny fahantrana sy ny famatoran'ny fahotana, mba hananantsika hajan'ny tenantsika manokana sy fahaleovantena, ka ho vonona amin'ny zava-drehetra ny hiaraka Aminy ao amin'ny fanjakana Selestialiny.

Tsy inoako ilay hevi-diso hoe azo tratarina amin'ny alalan'ny ezaka ataontsika samirery izany, tsy mila fanampiana mivaingana sy tsy tapaka avy Aminy. "Fantatsika fa noho ny fahasoavany no hamonjena antsika rehefa ataontsika ny zavatra rehetra azontsika atao."<sup>24</sup> Ary tsy mila maneho fahaiza-manao kely na hatsaram-panahy kely akory isika dia efa tonga ny fanampian'Andriamanitra—fanampiana avy Aminy izay afaka ny ho azontsika isan'andro isan'ora, na aiza na aiza misy antsika eo amin'ilay lalan'ny fankatoavana. Saingy fantatro fa ankoatra ny fanirantsika hahazo ilay fanampiany, dia tsy maintsy miezaka,

mibebaka, ary misafidy an'Andriamanitra isika mba hahafahany miasa eo amin'ny fainantsika araka ny rariny sy ny fahafahantsika misafidy. Ny fiangaviako dia ny hoe ho tompon'an-draikitra fotsiny ary mandeha miasa mba hisy hahafahan'Andriamanitra manampy antsika.

Mijoro ho vavolombelona aho fa velona Andriamanitra Ray, fa i Jesoa Kristy Zanany no Mpanavotra antsika ary miaraka amintsika ny Fanahy Massina. Azo antoka fa maniry hanampy antsika Izy Ireo, ary tsy misy fetra ny fahafahan'izy ireo manampy. Aoka isika "hifoha ary hiarina avy ao amin'ny vovoka, . . . mba hahazoana manantanteraka ny fanekempihavanana'ny Ray Mandrakizay, izay efa nataony tamin[tsika]."<sup>25</sup> Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### **FANAMARIHANA**

1. William Shakespeare, *The Life of King Henry V*, fizarana faha 4, tantara aseho an-tschatra 1, andininy 127–29, 131–37, 183–85.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 101:78.
3. Brigham Young, "Sermon," *Deseret News*, 31 Okt 1855, 267; notanisaina tao amin'ny Terryl Givens and Fiona Givens, *The Crucible of Doubt: Reflections on the Quest for Faith* (2014), 63.
4. Mosesy 6:57.
5. Mosesy 6:55.
6. Jereo ny Fanekem-pinoana 1:2; jereo ihany koa ny 2 Nefia 2:25; Mosesy 6:53–56.
7. 2 Nefia 2:26; jereo ihany koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:38.
8. Jereo ny 3 Nefia 12:48; 27:27; jereo ihany koa ny Romana 8:16–17; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:37–38.
9. Jereo ny Apôkalypsy 12:7–9; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:36–38; Mosesy 4:3–4.
10. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:29–31.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 3:2.
12. Asan'ny Apôstôly 10:34.
13. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:31.
14. Jereo ny Almà 42:25.
15. Almà 42:24.
16. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:4.
17. Jereo ny Môsià 15:9.
18. Almà 42:13; nampiana fanamasifana.
19. 2 Nefia 31:19.
20. Almà 34:16.
21. Ao amin'ny Christian Smith, *Souls in Transition: The Religious and Spiritual Lives of Emerging Adults* (2009), 156.
22. Ao amin'ny Smith, *Souls in Transition*, 156.
23. 2 Nefia 2:13.
24. 2 Nefia 25:23.
25. Môrônia 10:31.



Nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Mandray Fijoroana ho Vavolombelona momba ny Fahazavana sy ny Fahamarinana

*Tsy vitan'ny hoe hitahy anareo sy ny taranakareo eto amin'ity fiaianana ity fotsiny ny fijoroana ho vavolombelona manokana anananareo momba ny fahazavana sy ny fahamarinana, fa hanaraka anareo mandrakizay koa izany.*

**F**ony aho mpanamory fiaramnidina, dia maro ny ora laniko namakivakina kaontinanta sy ranomasimbe maro teny ambony fiaramnidina tao anatin'ny alina maizina. Ny fitazanana

ny lanitra amin'ny alina avy eo amin'ny varavarankelin'ny mpanamory fiaramnidina, indrindra ny Vahindanitra, dia matetika nahatonga ahy ho talanjona noho ny haben'ny velaran'ny faharian'Andriamanitra sy ny halaliny—izay lazain'ny soratra masina hoe “tontolo tsy hita isa.”<sup>1</sup>

Zato taona latsaka tany aloha tany dia nihevitra ny ankamaroan'ireo manam-pahaizana momba ny haikintana fa ny “voie lactée” misy antsika no hany vahindanitra na “galaxie” misy manerana izao zavatra ary rehetra izao.<sup>2</sup> Nieritreritra izy ireo fa ankoatra ny vahindanitra misy antsika dia habakabaka goavana izay foana tsy manam-petra no manenika ny ambiny rehetra—foana, mangatsiaka, tsy misy kintana na hazavana na aina.

Rehefa nivoatra ny masolavitra fijerena ny habakabaka—anisan'izany

ireo izay azo alefa any ambony tsy taka-maso—dia nanomboka nahataktatra fahamarinana iray izay tena mam-pitolagaga ary mila tsy ho takatry ny saina ireo manam-pahaizana momba ny haikintana: izao zavatra ary rehetra izao dia lehibe lavitra noho izay noheverina hatrizay, ary feno vahindanitra tsy hita isa ny lanitra, tsy azo eritreretina ny halavirany amintsika, ary ahitana kintana an-jato lavitrisany maro ny tsirairay amin'izy ireo.<sup>3</sup>

Tao anatin'ny vanim-potoana fohy monja dia niova tanteraka ny fahatakrantsika izao zavatra ary rehetra izao.

Amin'izao fotoana izao isika dia afaka mahita ny sasany amin'ireo vahindanitra lavitra dia lavitra ireo.<sup>4</sup>

Fantatsika fa misy izy ireo.

Fotoana ela dia ela no efa nisia-n'izy ireo.

Saingy talohan'ny nananan'ny zanak'olombelona fitaovana ary fomba nahafahana nanangona ny hazavana avy any an-danitra ka nahatonga ireo vahindanitra ireo ho hita maso, dia tsy nino isika fa mety hisy ny zavatra toy izany.

Tsy niova tampoka tsy akory ny halehibehin'izao zavatra ary rehetra izao, fa ny fahafahantsika mahita sy mahataktatra io fahamarinana io no niova tamin'ny fomba mahagaga. Ary rehefa nahazo io fahatakarana misimisy kokoa io ny zanak'olombelona dia nomena fahitana tena lehibe, izay tsy mbola azontsika sary an-tsaina mihtsy hatrizay.

## Sarotra Amintsika ny Hino ny Zavatra tsy Hitantsika

Eritrerereto hoe afaka miverina mankany amin'ny lasa ianao ka miresaka amin'ireo olona izay niaina arivo taona lasa na zato taona lasa fotsinyaza. Alao sary an-tsaina ianao milazalaza amin'izy ireo ny sasany amin'ireo teknôlôjia maoderina izay tsy maha-taitra antsika sy ianao ankehitriny. Ohatra, inona no mety ho eritreretin'ireo olona ireo momba antsika raha resahantsika momba ny fiaramnidina goavana izy ireo, sy ny lafaoro micro-onde, sy ny fitaovana entina mandehandeha izay ahitana tahirimboky elektronika midadasika, ary ireo



**Ny fitazanana ny lanitra amin'ny alina dia matetika nahatonga ahy ho talanjona noho ny haben'ny velaran'ny faharian'Andriamanitra.**

horonan-tsary misy ireo zafikelintsika izay azontsika zaraina eo no ho eo amin'ny olona an-tapitrisany manerana izao tontolo izao?

Mety hino antsika ny sasany. Ny ankamaroany kosa dia hanao tsinontsinona sy hanohitra antsika na mety hanampina ny vavatsika na hanisy ratsy antsika mihitsy aza. Ny sasany mety hikasa ny hanazava amin'ny fomba tsara lahatra, sy hitaona amin'ny teny voalanjalanja tsara ary hilaza zava-misy araka izay fahafatarany azy mba hanehoana fa diso lalana isika, na adaladala, na atahorana mihitsy aza. Mety hiampanga antsika izy ireo hoe mikasa ny hitarika ny hafa amin'ny lalan-diso.

Mazava ho azy anefa fa diso tante-raka ireo olona ireo. Mety miezaka ny hanampy izy ireo sy mandeha amin'ny fahatsorampo. Mety resy lahatra tan-teraka izy ireo fa marina ny heviny. Kanefa tsy ho afaka ny hahita mazava tsara izy ireo satria tsy mbola nahazo ilay fahazavan'ny fahamarinana feno kokoa.

### **Ny Fampantanenana hahazo Fahazavana**

Toa efa toetran'ny zanak'olombe-lona mihitsy ny mieritreritra fa manana ny rariny isika na dia diso aza. Ary raha izay no izy, inona no fanantenana ho antsika? Moa ve isika voatery hiaina anatin'ny tsy fahalalana ny fahamarinana noho ireo hevitra maro mifanohitra izay mifamahofaho ka izay takatry ny saintsika sy izay inoantsika ihany no hohazonintsika?

Mety ho hita ve ny fahamarinana?

Ny tanjon'ny lahateniko dia ny hanambara ilay hafatra mahafaly hoe Andriamanitra mihitsy—Ilay Tompon'ny maro izay mahafantatra ny fahamarinana rehetra—no nanome fampantanenana ho an'ireo Zanany fa afaka mahafantatra ny fahamarinana ho azy manokana izy ireo.

Saintsaino ny maha zava-dehibe ity fampantanenana ity:

Hiteny amin'ireo rehetra izay mananta Azy amin-kitsimpo omban'ny tena finiavana ilay Andriamanitra Mandrakizay sy Tsitoha, ilay Mpahary izao zavatra ary rehetra izao.



Hiteny amin'izy ireo amin'ny nofy, sy fahitana, sy eritreritra ary fahatsapa Izy.

Hiteny amin'ny fomba izay tsy azo disoina ary tsy takatry ny traikingan'ny olombelona Izy. Hanome torolalana avy any an-danitra ho azy ireo Izy ary hanome valim-panontaniana ho an'ny fainan'izy ireo manokana.

Mazava ho azy fa tsy maintsy misy ny olona izay hamingavinga sy hilaza fa tsy misy ny zavatra toy izany, fa raha misy Andriamanitra, dia tsy handany fotoana hihaino sy hamaly vavak'olona anankiray monja Izy.

Izao anefa no lazaiko anao: tena miraharaha anao Andriamanitra. Hihaino sy hamaly ireo fanontaniana manokana Izy. Ny valin'ireo vavaka ataonao dia ho tonga amin'ny fotoany sy araka ny fombany, ary noho izany dia mila mianatra mihaino ny Feony ianao. Tian'Andriamanitra ianao hahita ny lalanao miverina mankany Aminty, ary ny Mpampony no lalana.<sup>5</sup> Tian'Andriamanitra ianao hianatra amin'i Jesoa Kristy Zanany ary hiaina ilay fiadanana sy fifaliana lehibe izay azo amin'ny fanarahana ny lalana izoran'ny mpianatry ny Tompo.

Ry namako malala isany, ity misy fanandramana tsotra azo atao, ary nahaizoana toky avy amin'Andriamanitra,

izay hita ao amin'ny rakitsoratra masina fahiny iray izay azon'ny lehilahy sy vehivavy ary ankizy rehetra andramana:

*Volahany*, mila mikatsaka ny teni'ndriamanitra ianao. Izany hoe maimaky ny soratra masina sy mandalina ny tenin'ireo mpaminany taloha sy maderina mikasika ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny—tsy ombar'ny fikasana hiahayahy na hitsikera fa ombar'ny faniriana marina hahafantatra ny fahamarinana. Diniho ireo zavatra izay ho tsapanao, ary omano ny sainao handray ny fahamarinana.<sup>6</sup> “Na dia tsy afa-manao mihoatra noho ny maniry ny hino aza ianareo, dia avelao izany faniriana izany hiasa ao aminareo, . . . hahafahanareo manisa toerana ho an'ny [tenin'Andriamanitra].”<sup>7</sup>

*Faharoa*, tokony hihevitra, sy hisaintsaina, ary hiezaka ny hino tsy amin-tahotra ianao<sup>8</sup> ary hankasitraka noho ny famindrampo nasehon'ny Tompo ho an'ireo Zanany nanomboka tamin'ny vanim-potoan'i Adama ka hatramin'izao vanim-potoana misy antsika izao tamin'ny fanomezana mpampinany sy mpahita ary mpanambara mba hitarika ny Fianganony sy hanampy antsika hahita ny lalana miverina any Aminty.

*Fahatelo*, tokony hangataka amin'ny Rainao any an-danitra ianao, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Zanany, mba haneho aminao ny fahamarinan'ny Fianganan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olo-masin'ny Andro Farany. Manontania amin-kitsimpo omban'ny tena finiavana sady manam-pinoana an'i Kristy.<sup>9</sup>

Misy dingana *fahefatra* ihany koa, izay nomen'ny Mpamony ho antsika: "Raha misy olona ta-hanao ny sitrapon'[Andriamanitra], dia hahalala ny amin'ny fampianarana izy, na avy amin'Andriamanitra izany, na miteny ho Ahy aho."<sup>10</sup> Izany hoe, rehefa miezaka ny hanamarina ny fahamarinan'ireo fitsipiky ny filazantsara ianao, dia tokony hainanao aloha ireo fitsipika ireo. Tsapao eo amin'ny fainanao ny fitsipiky ny filazantsara sy ireo fampianaran'ny Fianganana. Ataovy miaraka amin'ny tena finiavana sy fananana faharetana amin'ny finoana an'Andriamanitra izany.

Raha manao ireo zavatra ireo ianao dia mahazo fampanantenana avy amin'Andriamanitra—izay voafatotry ny teny nolazainy<sup>11</sup>—fa haneho ny fahamarina aminao Izy amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina. Homeny fahazavana bebe kokoa ianao izay hahafhanao hijery ny ao anatin'ny haizina sy hanana fahitana tena lehibe tsy takatry ny saina izay tsy hita raha amin'ny fijerin'olombelona fotsiny.

Mety misy hilaza hoe sarotra loatra ireo dingana ireo na koa hoe tsy ahitam-bokatsoa ny fanaovana azy. Kanefa izaho dia milaza fa io fijoroana ho vavolombelon'ny tena manokana momba ny filazantsara sy ny Fianganana io no zavatra manan-danja indrindra tokony ho azonao amin'ity fainana ity. Tsy vitan'ny hoe hitahy sy hitarika anao amin'ity fainana ity izany, fa hisy fiantraikany mivantana amin'ny fainanao ho amin'ny mandrakizay ihany koa.

#### **Ny Zavatry ny Fanahy dia tsy azo takarina raha tsy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina**

Sahirana ireo mpahay siansa niezaka nahatakatra ny halehiben'izao zavatra ary rehetra izao, mandrapahatongan'ireo fitaovana ho ary

fomba araka ny tokony ho izy mba hanangonana fahazavana bebe kokoa ka nahafahan'izy ireo nahatakatra fahamarinana feno kokoa.

Nampianatra fitsipika mifandraika amin'izany i Paoly Apôstôly mikasika ny fahalalana ara-panahy. "Ny olona izay araka ny nofo ihany dia tsy mba mandray izay an'ny Fanahin'Andriamanitra," hoy ny nosoratany ho an'ny Korintiana, "fa fahadalana aminy izany sady tsy azony, satria araka ny Fanahy no amantarana izany."<sup>12</sup>

Izany hoe raha tianao ny hamantatra fahamarina ara-panahy, dia mila mampiasa ny fitaovana mety amin'izany ianao. Tsy afaka mahatakatra ny fahamarina ara-panahy ianao raha mampiasa fitaovana izay tsy afaka mahita izany.

Nilaza tamintsika amin'izao vanim-potoana misy antsika izao ny Mpamony hoe: "Izay avy amin'Andriamanitra dia fahazavana; ary izay mandray fahazavana, sy mitoetra ao amin'Andriamanitra, dia handray hazavana misimisy kokoa; ary izany hazavana izany dia mihamamiratra hatrany mandra-pitataovovanon'ny andro."<sup>13</sup>

Arakaraky ny hampanantonantsika ny fontsika sy ny saintsika an'Andriamanitra, no hirotsahan'ny fahazavana avy any an-danitra ho amintsika. Ary isak'izay mikatsaka izany fahazavana izany amim-pahazotoana sy amimpahamatorana isika, dia maneho amin'Andriamanitra ny fahavononantsika handray fahazavana misimisy kokoa. Ny zavatra izay toa nanjavozavo sy maizina ary saro-takarina taloha dia miova tsikelikely ho lasa mazava sy mamiratra ary fantatsika tsara.

Tahaka izany koa, raha miala amin'ny fahazavan'ny filazantsara isika, dia mihena ny fahazavantsika—tsy ao anatin'ny indray andro na herinandro fa tsikelikely—ambarapanaovantsika jery todika ka tsy hahazoantsika loatra ny antony ho nahatonga antsika hino fa marina ny filazantsara. Ny fahalalana nanantsika teo aloha aza dia mety ho raisintsika ho hadalana satria ny zavatra izay nazava fahiny dia lasa niverina ho manjavozavo sy maizina ary saro-takarina.

Izany no nahatonga an'i Paoly nani-zingizina fa ny hafatry ny filazantsara dia fahadalana ho an'izay ho very, "fa herin'Andriamanitra kosa amin' [ireo] izay hovonjena."<sup>14</sup>

#### **Tsy Zavatra Tokana no Entina Mitsara**

Tsy natao ho an'ny olona tanteraka ihany ny Fianganana fa natao ho an'ny rehetra mba "[hanatona] an'i Kristy ary [...] hatao tanteraka ao aminy"<sup>15</sup> Natao ho an'ny olona toa ahy sy ianao ny Fianganana. Toerana handraisana sy hikolokoloana ny Fianganana fa tsy toerana hampizarazarana sy hitsikerana. Toerana izay hanolorantsika tana mba hifamporisika sy hifankahery ary hifanohana eo am-pikatsahantsika manokana ny fahamarinan'Andriamanitra izany.

Farany, mpivahiny isika rehetra izay mikatsaka ny fahazavan'Andriamanitra eo am-pandehanana amin'ilay lalana izoran'ireo mpiantry ny Tompo. Tsy manameloka ny hafa isika noho ny habetsaky ny hazavana izay mety ananany na tsy ananany; fa kolokolointsi kosa, ary amporisihintsika izay fahazvana rehetra mandra-pahatongan'izany ho mazava sy mamiratra ary marina.

#### **Fampanantenana ho an'ny Rehetra**

Aoka isika hiaiky fa matetika ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona dia tsy vita ao anatin'ny iray minitra, na adiny iray na andro iray. Tsy hoe rehefa tontosa indray mandeha izany dia vita

hatreо. Ny dingana arahina amin'ny fananganana fahazavana dia katsahina mandritra ny androm-piainana manontolo.

Mety tsy ho tonga faingana araka izay irianao ny fijoroanao ho vavolombelona momba ny Zanak'Andriamanitra velona sy ny Fiagonany naverina tamin'ny laoniny, dia Ny Fiagonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, kanefa kosa izao no azoko ampanantenaina anao: raha manao ny anjaranao ianao dia ho tonga izany.

Ary hahatalanjona tokoa izany.

Atolotro anareo ny fijoroako ho vavolombelona manokana fa ny fahamarinana ara-panahy dia hameno ny fonareo ary hitondra fahazavana ho an'ny fanahinareo. Hanolotra faharanitan-tsaina madio ho anareo izany sy fifaliana mahagaga ary fiadan'an'ny lanitra. Efa niaina izany ny tenako tamin'ny herin'ny Fanahy Masina.

Araka ny efa nampanantenain'ny soratra masina fahiny, ny fanatrehan'ny Fanahin'Andriamanitra izay tsy hay tenenina dia hahatonga anao hikalo ny hiran'ny ftiavana manavatra,<sup>16</sup> sy hampitraka ny masonao ho any an-danitra, ary hanandratra ny feonao hidera an'Andriamanitra avo indrindra, izay Fialofanao, sy Fanantenanao, sy Mpiaro anao, ary Rainao. Nampanantena ny Mpamonjy fa raha mitady ianareo dia hahita.<sup>17</sup>

Mijoro ho vavolombelona aho fa marina izany. Raha mikatsaka ny fahamarinan'Andriamanitra ianareo, izay zavatra toa manjavozavo, sy tsy taka-maso ary saro-takarina amin'izao fotoana izao dia hambara sy hohazavaina tsikelikely ary ho lasa akaikin'ny fonareo amin'ny alalan'ny fahavan'ny fahasoavan'Andriamanitra izany. Fahitana ara-panahy tena lehibe ho an'ny mason'ny zanak'olombelona no haseho anareo.

Mijoro ho vavolombelona aho fa izany fahazavana ara-panahy izany dia mety ho azon'ny zanak'Andriamanitra rehetra. Hanazava ny sainareo izany, sy hitondra fanasitranana ho an'ny fonareo sy fifaliana ho an'ny androm-piainanareo. Ry namako malala isany, aoka tsy hahemotraeo ny fotoana



hikatsahanareo sy hanamafisanareo ny fijoroanareo ho vavolombelona manokana momba ny asa masin'Andriamanitra, dia ilay asan'ny fahazavana sy fahamarinana.

Tsy vitan'ny hoe hitahy anareo sy ny taranakareo eto amin'ity fainana ity fotsiny ny fijoroana ho vavolombelona manokana anananareo momba ny fahazavana sy ny fahamarinana, fa hanaraka anareo mandrakizay koa izany eny anivon'ny tontolo tsisy fiafarana. Izany no ijoroako ho vavolombelona sy hametrahako aminareo ny tsodranoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Mosesy 1:33.
2. Jereo ny Marcia Bartusiak, *The Day We Found the Universe* (2009), xii.
- Mahavariana ahy hatrany hoe matoky tena erý isika ny amin'ny tsoa-kevitra avoakantsika. Indraindray dia lehibe tokoa ny fahatokianentsika hany ka mieritriritra isika fa ananantsika avokoa ny fahamarinana rehetra misy. Ohatra: "Simon Newcomb, izay lehibe indrindra amin'ny mpahay haikintana Amerikana tamin'ny faramparan'ny taonjato fahasivy ambin'ny folo, dia nilaza nandritra ny fanokanana toerana fitiliana ny habakabaka tamin'ny taona 1887 hoe 'hatreto aloha raha ny resaka
- haikintana . . . dia toa manakaiky haingana ny fara-fahalalana azontsika takarina isika. . . . Vokatr'izany dia ny asa izay ifantohan'ny mpahay kintana dia tsy ny fahitana zava-baovao loatra fa ny famelabelarana izay zavatra efa fantatra" (Bartusiak, xv).
3. Mahaliana ny mandinika ny Mosesy 1:33, 35 raha jerena ity zava-baovao izay hita "vao haingana" ity. Tamin'ny volana Jona 1830 no nambara tamin'ny Mpaminany Joseph Smith ny bokin'i Mosesy ao amin'ny Voahangy Lafo Vidy, efa ho zato taona talohan'ny nanambaran'i Edwin Hubble ny zavatra hitany mikasika ireo vahindanitra lavitra antsika.
4. Jereo, ohatra, ny Andian-tsary momba ny Lova napetrak'i Hubble ao amin'ny heritage.stsci.edu/gallery/gallery.html.
5. Jereo ny Jaona 14:6.
6. Jereo ny 3 Nefia 17:3.
7. Alma 32:27.
8. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 67:3.
9. Jereo ny Môrônîa 10:3-5.
10. Jaona 7:17; jereo koa ny Salamo 25:14; Jaona 3:21.
11. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:10.
12. 1 Korintiana 2:14.
13. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:24.
14. 1 Korintiana 1:18.
15. Môrônîa 10:32; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:59.
16. Jereo ny Alma 5:26.
17. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:63.



### Atolotry ny Filoha Henry B. Eyring

Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Fanohanana ireo Mpiandraikitra ato amin'ny Fiangonana

Aroso amintsika ny hanohantsika an'i Thomas Spencer Monson amin'ny maha-mpaminany sy mpahita ary mpanambara azy, ary Filohan'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany; i Henry Bennion Eyring amin'ny maha-Mpanolotsaina Voalohany azy ao amin'ny Fiadidiana voalohany; ary i Dieter Friedrich Uchtdorf amin'ny maha-Mpanolotsaina Faharoa azy ao amin'ny Fiadidiana Voalohany.

Ireo izay manohana dia afaka maneho izany.

Ireo izay manohitra, raha misy, dia afaka maneho izany.

Aroso amintsika ny hanohantsika an'i Boyd Kenneth Packer amin'ny maha-Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo azy sy ireto manaraka ireto amin'ny maha-mpikambana azy ireo ao amin'io kôlejy io: Boyd K. Packer, L. Tom Perry, Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Richard G. Scott, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, ary Neil L. Andersen.

Ireo izay manohana dia aoka maneho izany.

Izay manohitra dia afaka maneho toy izany koa.

Aroso amintsika ny hanohantsika ireo mpanolotsaina ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ireo Apôstôly Roambinifolo ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara.

Ireo rehetra manohana dia aoka maneho izany.

Izay manohitra, raha misy, dia afaka maneho amin'izay fomba izay ihany.

Aroso amintsika ny hisaorantsika miaraka amin'ny fankasitrahana ny Loholona isany Carlos H. Amado sy William R. Walker noho ny asa fanompoana tena tsara nataony tamin'ny naha-mpikambana azy ireo tao amin'ny Kôlejy Voalohany ary manendry azy ireo ho Manampahefana Ambony naahavita ny asany tamim-pahamendrehana.

Ireo izay maniry ny hiaraka aminay maneho fankasitrahana noho ny asa fanompoana feno fanolorantena nataon'izy ireo dia aoka maneho izany.

Ny Loholona isany Arayik V. Minasyan sy Gvido Senkans dia nisarana tamin'ny naha-Fitopololahin'ny Vondrom-paritra azy ireo. Aroso amintsika ny hanolorantsika fanehoampankasitrahana noho ny asa fanompoana nataon'izy ireo.

Ireo rehetra manohana dia angatana mba maneho izany.


Aroso mba hotohanantsika ireo Manampahefana Ambony hafa sy ireo Fitopololahin'ny Vondrom-paritra ary ireo fiadidian'ny vondrona fanampiny maneran-tany araka izay misy ankehitriny.

Ireo izay manohana dia aoka mba maneho izany.

Raha misy manohitra dia afaka maneho izany.

Misaotra anareo ry rahalahy sy rahavavy noho ny finoanareo sy ny vavaka ataoanareo ho anay. ■





Nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Fitiavana ny Hafa sy Fiainana ao anatin'ny Fahasamihafana

*Amin'ny maha-mpanaradia an'i Kristy antsika dia tokony  
hiaraka hiaina amim-pahatoniana amin'ny hafa izay tsy  
mitovy soatoavina amintsika isika na izay tsy manaiky  
ireo fampianarana izay ifotoran'izany.*

## I.

Tamin'ireo andro faramparany tamin'ny asa fanompoan'i Jesoa tetra an-tany dia nomeny an'ireo mpianany ilay nantsoiny hoe "didy vaovao" (Jaona 13:34). Naverina in-telo io didy io ary tsotra saingy sarotra: "[Mifankatiava ianareol], tahaka ny nitiavako anareo" (Jaona 15:12; jereo koa ny andininy 17). Ilay fampianarana hoe tokony hifankatia dia fampianarana iray manan-danja indrindra teo amin'ny asa fanompoan'ny Mpampony. Ilay didy lehibe faharoa dia hoe "Tiava ny namanao tahaka ny tenanao" (Matio 22:39). Nampianatra mihitsy aza i Jesoa hoe "Tiava ny fahavalonareo" (Matio 5:44). Saingy ilay didy hoe *tiava ny hafa tahaka ny nitiavany ny vahoakany* dia fanamby iray izay miavaka ho an'ireo Mpianany—ary ho antsika koa. "Raha ny marina," dia nampianatra antsika ny Filoha Thomas S. Monson tamin'ny volana aprily teo hoe: "ny fitiavana no ampahany manan-danja indrindra

amin'ny filazantsara, ary i Jesoa Kristy no ohatra ho antsika. Lovam-pitiavana ny fiainany."<sup>1</sup>

Nahoana no sarotra toy izany ny manana fifankatiavana tahaka ny an'i Kristy? Sarotra izany satria isika tsy maintsy miaina eo anivon'ireo izay tsy miray finoana sy soatoavina ary adidy amin'ny fanekempihavanana amintsika. Tao amin'ilay vavaka lehibe nataon'i Jesoa ho an'ireo mpianany, izay

nataony taloha kelin'ny nanomboana Azy, dia nivavaka ho an'ireo mpanaradia Azy i Jesoa: "Efa nomeko azy ny teninao; ary halan'izao tontolo izao izy, satria tsy naman'izao tontolo izao, tahaka Ahy tsy naman'izao tontolo izao" (Jaona 17:14). Avy teo Izy dia nitalaho tamin'ny Ray hoe "Izaho tsy mangataka aminao mba hampiala azy amin'izao tontolo izao, fa ny mba hiaro azy amin'ny ratsy" (andininy 15).

Tokony hiaina *ao amin'* izao tontolo izao isika fa tsy ho *anisan'* izao tontolo izao. Tsy maintsy miaina ao amin'izao tontolo izao isika, araka ny nampianarain'i Jesoa tao anaty fanoharana iray, hoe ny fanjakany dia toy ny "masirasira," izay ny asany dia ny mampitombo ilay koba noho ny fiantraikany (jereo ny Lioka 13:21; Matio 13:33; jereo ihany koa ny 1 Korintiana 5:6–8). Tsy afaka manao izany ireo mpanaradia Azy raha tsy mifandray afa-tsy amin'ireo izay iray finoana sy iray fomba aminy. Saingy nampianatra ihany koa ny Mpampony fa raha tia Azy isika dia hitandrina ny didiny (jereo ny Jaona 14:15).

## II.

Ahitana fampianarana maro mikasika ny fitandremana ny didy ny filazantsara rehefa miaina eo anivon'ny olona hafa finoana sy hafa fomba fanao. Manan-danja indrindra ireo fampianarana momba ny fifandirana. Rehefa nahita an'ireo Nefita nifanditra mikasika ny fomba fanaovana batista i Kristy dia nanome torolalana mazava Izy mikasika ny fomba tokony hanatanterahana io ôrdônansy io. Avy eo Izy dia nampianatra ity fitsipika lehibe ity:





"Ary tsy hisy fifanjihirana eo anivonareo, toy izay efa nisy hattrizao; tsy hisy koa fifanjihirana eo anivonareo, momba ny lafiny amin'ny fotopampianarako toy izay efa nisy hattrizao.

"Fa lazaiko aminareo marina dia marina tokoa, *izay manana ny fanahin' ny fifandirana dia tsy Ahy fa an' ny devoly kosa, izay rain' ny fifandirana, ary mamoky ny fon' ny olona izy mba hifanditra amim-pahatezerana, izy samy izy.*

"Indro, . . . izao . . . no fotopampianarako dia ny hampitsaharana ny zavatra toy izany" (3 Nefia 11:28–30; nampiana fanamafisana).

Tsy noferan'ny Mpamonjy ho an'ny fifandirana amin'ireo izay tsy mitandrina ny didy mikasika ny batisa ihany ny fampitandremana nataony. Norarany ny fifandirana na avy amin'iza na avy amin'iza. Na ireo izay mitandrina ny didy aza dia tsy mahazo mamoky ny fon'ny olona hifanditra amim-pahatezerana. Ny devoly no "rain'ny fifandirana"; ny Mpamonjy no Andrian'ny Fiadanana.

Mitovy amin'izany koa ny Bai-boly dia mampianatra fa "ny hendry mampionona fahatezerana" (Ohabolana 29:8). Ireo Apôstôly fahiny dia nampianatra fa isika dia tokony "hitady ny momba ny fiadanana" (Romana 14:19) ary "[hanambara] ny marina amin'ny fitiavana" (Efesiana 4:15), "fa ny fahatezeran'ny olona tsy ahefana izay marina eo imason' Andriamanitra" (Jakoba 1:20). Ao amin'ny fanambaranana maoderina ny Tompo dia nandidy fa ny vaovao mahafalin'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny dia tokony hambaran' "ny olona tsirairay ny namany amin' ny fahamorana sy amin' ny

halemem-panahy" (F&F 38:41), "amimpanten-tena tanteraka, . . . tsy manebaka ireo mpanebe" (F&F 19:30).

### III.

Na dia rehefa miezaka ny ho malemy fanahy sy hanalavitra ny fifandirana aza isika, dia tsy tokony hanao marimaritra iraisana na hafangarontsika amin'ny fanolorantena hafa ny fanolrantenantsika amin'ireo fahamarinana izay takatsika. Tsy tokony hamoy ny toerantsika isika na ireo soatoavina tandrovantsika. Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy ireo fanekempihavanana nataantsika dia tsy azo ihodivirana fa mametraka antsika amin'ny toeran'ny mpiady eo amin'ilay ady mandrakizay eo amin'ny fahamarinana sy ny fahadozoa. Tsy misy ny sady tsy an'ny atsy no tsy an'ny eroa eo amin'io ady io.

Nasehon'ny Mpamonjy ny lalana rehefa nampifanatrehan'ireo fahavalony tamin'ilay vehivavy "azo olan-tanana nijangajanga" (Jaona 8:4) izy. Rehefa afabara noho ny fihatsarambelatsihiny ireo mpanameloka dia nisitaka ary namela an'i Jesoa ho irery niaraka tamin'ilay vehivavy. Noraisiny tamin-katsaram-panahy izy ary nanda tsy hanameloka azy tamin'io fotoana io. Saingy nomeny toromarika hentitra izy hoe "aza manota intsony" (Jaona 8:11). Takina ny hatsaram-panahy feno fitiavana, saingy ny mpanaradia an'i Kristy—tsy misy hafa amin'ilay Mpampianatra—dia ho hentitra amin'ny fahamarinana.

### IV.

Toy ny Mpamonjy, ireo mpanaradia Azy koa indraindray dia mifanehatra amin'ny fitondrantena feno fahotana,

ary ankehitriny rehefa manambara ny tsara na ny ratsy araka izay fahatakarany azy izy ireo indraindray dia antsoina hoe "mpanavakavaka" na "jamban'ny fivavahana." Fomba fisainana sy fanao maro izay an'izao tontolo izao no mametraka fanamby toy izany ho an'ireo Olomasin'ny Andro Farany. Misongadina amin'ireo fanamby ireo ankehitriny ilay fironana mahery vaika mamadika ho ara-dalàna ny fanambadiana eo amin'ny samy lahy na samy vavy any amin'ny fanjakana sy faritany maro eto Etazonia sy Kanadà ary any amin'ny firenena maro hafa eto an-tany. Isika dia miaina ihany koa eo anivon'ireo sasantsasany izay tsy mino mihitsy ny mahatsara ny fanambadiana. Ny sasany dia tsy mino ny tokony hananana zanaka. Ny sasany dia manohitra an'izay mety ho famerana ny pôrnôgrafia na ny zava-mahadomelina mampididoza. Ny ohatra iray hafa—tsy vaovao amin'ny ankamaroan'ireo mpino—dia ny olana amin'ny fiarahana mitoetra amin'ny vady na olona ao amin'ny fianakaviana izay tsy mpino na ny fiarahana amin'ny mpiara-miasa izay tsy mpino.

Any amin'ny toerana notokanana toy ny tempoly sy ny trano fivavahana ary ny tokantranantsika isika dia tokony hampianatra mazava tsara ary antsakany sy andavany ny fahamarinana sy ny didy araka ny fahatakarantsika azy avy amin'ny drafity ny famonjena voambara ao amin'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. Ny zontsika hanao izany dia voaron'ny antoka ao amin'ny lalampanorenana ny amin'ny fahalahana hiteny sy fahalahana ara-pivavahana, ary voaron'ny zo hitokana izay voahaja na dia any amin'ireo firenena izay tsy manana antoka ôfisialy avy amin'ny lalampanorenana aza.

Eo imasom-bahoaka, izay ambara na atao'ireo olom-pivavahana dia mitaky fandinohana fanampiny. Misahana ny ankamaroan'ireo fepetra raisina eo amin'ny fiarahamonina mba haname-lohana ny fandikan-dalàna iray ny fiananana ny fivavahana amin-kalalahana, saingy miankina amin'ny fahaizamao takina mba hampifanarakana ny

zavatra inoan'ny hafa sy ny fomba fanaony izany. Ny lalàna dia afaka mandrara ny fitondrantena izay eken'ny rehetra ho ratsy na tsy azo ekena, toy ny fanararaotana ara-nofo, ny herisetra, ny fitondrantena hafa mampihorohoro, na dia rehefa ataon'i-reo mahery fihetsika amin'ny anaran'ny fivavahana aza. Ny fitondrantena izay tsy dia mampidi-doza loatra, na dia tsy azo ekena aza ho an'ny mpino sasany, dia mety ho tokony hiaretana tsotra izao raha lasa eken'ny lalàna noho ilay antsoin'ny mpaminany ao amin'ny Bokin'i Môrmôna hoe "feon'ny vahoaka" (Môsià 29:26).

Eo amin'ny resaka lahateny imasom-bahoaka, dia tokony harahintsika rehetra ny fampianaran'ny filazantsara hoe mitia ny namana sy manalavitra ny fifandirana. Ireo mpanaradia an'i Kristy dia tokony ho ohatra amin'ny fahalalam-pomba. Tokony ho tia ny olon-drehetra isika, hahay hihaino, ary haneho fahalanna ho an'ny zavatra inoan'izy ireo amin-kitsimpo. Na dia tsy miombonkevitra aza isika dia tsy tokony hanafintohina. Ny fanehoantsika hevitra sy ny filazana ataontsika mikasika ny lohahevitra mampiady hevitra dia tsy tokony hiteraka fifandirana. Tokony ho hendry isika rehefa manazava sy mijoro amin'ny fotokevitsika sy rehefa mitaona ny hafa. Rehefa manao izany dia hangatahantsika ny hafa mba tsy ho tafintohina noho ny zavatra inoantsika amin-kitsimpo sy ny fainantsika amin-kalalahana ny fivavahantsika. Mamporisika antsika rehetra izahay hampihatratra ilay fitsipika volamena an'ny Mpamonjy hoe: "Na inona na inona tianareo hataon'ny olona aminareo, dia mba ataovy aminy kosa tahaka izany" (Matio 7:12).

Rehefa mifanohitra amin'ny fenitra arahantsika ny fironan'ny daholobe sy ny lalàna dia tokony hoekentsika amim-pahalalam-pomba izay vokadratsiny ary haneho fahalalam-pomba isika amin'ireo fahavalantsika. Na inona na inona mitranga dia tokony ho olona tsara fanahy amin'ny rehetra isika, mandà rehefa mety karazana fanenjehana, tafiditra ao anatin'izany ny fanenjehana mifototra amin'ny

volon-koditra, ny foko, ny finoana ara-pivavahana na ny tsy finoana, ary ny fahasamihafana eo amin'ny fironana eo amin'ny maha-lahy na ny maha-vavy.

## V.

Fitsipika ankapobeny no noresa-hako teo. Izao aho dia hiresaka momba ny fomba tokony hampiharana ireo fitsipika ireo eo amin'ny karazana toe-javatra mahazatra samihafana izay tokony hanarahana amim-pahatokiana kokoa ireo fampianaran'ny Mpamonjy.

Atomboko amin'izay ianaran'i-reo zanatsika rehefa milalao izany. Matetika loatra ireo tsy Môrmôna aty Utah no tafintohina na navakava-han'ny sasany amin'ireo mpikambana ato amintsika izay tsy mamele ny zanany hinamana amin'ireo ankizy hafa finoana. Azo antoka fa afaka mampianatra soatoavina sy fitsipi-pitondrantena amin'ireo zanatsika isika kanefa tsy manao izay hampihatara azy ireo na izay hanehoan'izy ireo tsy fanajana amin'izay mety ho tsy mitovy aminy.

Mpampianatra maro ato ampiangonana na any an-tsekoly no malahelo eo anatrehan'ny fomba fifampitondran'ireo zatovo sasants-sany, tafiditra amin'izany ireo zatovo Olomasin'ny Andro Farany. Azo antoka fa ilay didy hoe mifankatiava dia ahitana fitiavana sy fanajana eo amin'ny samy hafa finoana ary koa eo amin'ny samy hafa foko sy kolontsaina ary fari-piainana. Omenay fanamby ireo zatovo rehetra mba hiala amin'ny fanaovana tsindry hazo lena, ny fitenenan-dratsy na fiteny sy fomba fanaao izay minia manao izay hampihatara azy hafa. Izany rehetra izany dia mandika ilay didin'ny Mpamonjy hoe mifankatiava.

Nampianatra ny Mpamonjy fa ny fifandirana dia fitaovan'ny devoly. Tena mampianatra zavatra mifanohitra amin'ny fiteny sy ny fomba fanaon'ny mpanao pôlitika ankehitriny izany. Ny fifandraisana amin'ny olona na ny firehana izay tsy manaraka ny zavatra inoanao dia ilaina amin'ny pôlitika, saingy ny tsy fitoviana ara-pôlitika dia tsy voatery hisy fifamelezana

manokana izay manakantsakana ny fizotran'ny fitantanam-panjakana ary manasazy ireo mandray anjara. Isika rehetra dia tokony hiala lavity ny fanaovana fanambarana feno fankahlala-pomba rehefa misy tsy fitovian-kevitra.

Ohatra iray hafa eo amin'ny fifandraisana'ny mpianakavy no hamaranako azy. Tamin'ny fihaonamben'ny tsatòka iray tany amin'ny faritra afovoan'i Etazonia teo amin'ny 10 taona lasa izay, dia nihaona tamin'ny rahavavy iray aho izay nilaza tamiko fa ny vadiny, izay tsy mpikambana, dia nanaraka azy tany am-piangonana nandritra ny 12 taona kanefa tsy niditra ho mpikamban'ny Fianganana mihitsy. Inona no tokony hataony hoy izy. Notoroiko hevitra izy hanohy ny zavatra tsara rehetra ary hanam-paharetana sy ho tsara fanahy amin'ny vadiny.

Teo amin'ny iray volana taty aoriane dia toy izao no nosoratany taty amiko: "Eny, nihevitra aho fa efa fanehoana faharetana ampy ireo 12 taona ireo, saingy tsy fantattro raha toa ka tena tsara fanahy aho tamin'izany. Ka dia tena nampihatratra mafy izany aho nadritra ny iray volana mahery, dia lasa natao batisa izy."

Mahery ny hatsaram-panahy, indrindra eo amin'ny sehatry ny

fianakaviana. Toy izao no tohin'ny taratasiny: "Mbola miezaka ny ho tsara fanahy kokoa ihany aho ankehitriny satria miomana ny ho fehezina any amin'ny tempoly izahay amin'ity taona ity!"

Enin-taona taty aoriana izy dia naroratra taratasy iray hafa ho ahy: "[Vao] avy nantsoina ho evekan' [ny paroasi-nay] ny vadiko."<sup>2</sup>


## VI.

Eo amin'ny fifandraisana maro sy ny toe-javatra maro tokoa eo amin'ny fiainana dia tsy maintsy miara-miaina amin'olona tsy mitovy amintsika isika. Raha mihatra aman'aina dia tsy tokony ho lavina na hafoy ny lafiny avy aty amintsika amin'ireo tsy fitoviana ireo, saingy amin'ny maha-mpanaradia an'i Kristy antsika dia tokony hiaraka hiaina amim-pahatoniana amin'ny hafa izay tsy mitovy soatoavina amintsika isika na izay tsy manaiky ireo fampianarana izay ifotoran'izany. Ilay drafity ny famonjena an'ny Ray, izay fantatsika avy amin'ny fanambarana ara-paminaniana, dia mamestraka antsika ao anatin'ny toe-javatra iainana eto an-tany izay natao hitandremantsika ny didiny. Tafiditra ao anatin'i-zany ny mitia ireo mpiara-belona izay hafa kolontsaina sy finoana amin'ny fomba nitavany antsika. Araka ny nampianarin'ny mpaminany iray ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, dia tsy maintsy mibosesika mandroso isika, ka manana "fitiavana an'Andriamanitra sy ny olon-drehetra" (2 Nefia 31:20).

Na sarotra tahaka izany aza ny miaina ao amin'ny sahotaka manodidina antsika dia azo lazaina fa ilay didin'ny Mpamorintsika hoe mifankatiava tahaka ny itiavany antsika no fanamby lehibe indrindra hatrehantsika. Mivavaka aho mba hahatakrantsika izany sy hiezahantsika miaina izany eo amin'ny fifandraisantsika rehetra sy ny zavatra rehetra ataontsika, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

### FANAMARIHANA

1. Thomas S. Monson, "Ny Fitiavana—Fitsipika Fototry ny Filazantsara," *Liahona*, Mey 2014, 91.
2. Taratasy ho an'i Dallin H. Oaks, 23 Jan. 2006, sy 30 Okt. 2012.



Nataon'ny Loholona Neil L. Andersen  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Joseph Smith

*Nifyd lehilahy masina anankiray i Jesoa Kristy, lehilahy marina mba hitarika ny Famerenana amin'ny laoniny ny fahafenoan'ny Filazantsarany. Nifyd an'i Joseph Smith Izy.*

Tamin'ny famangiana voalohany nataon'ny anjely iray tamin'ny Mpaminany Joseph Smith fony izy 17 taona dia niantso an'i Joseph tamin'ny anarany ilay anjely ary nilaza taminy fa izy, izay i Môrônia no anarany, dia iraka avy teo anatrehan'Andriamanitra ary nanana asa hampanaorina an'i Joseph Andriamanitra. Alaivo sary an-tsaina ny zavatra tsy maintsy neritreretin'i Joseph rehefa nilaza taminy ilay anjely fa "ho tsara sy ho ratsy laza eo anivon'ny firenena sy ny foko ary ny samy hafa fiteny rehetra ny anarany."<sup>1</sup> Ny fahatairana hita teny amin'ny mason'i Joseph angamba no nahatonga an'i Môrônia namerina indray fa sady hankalazaina izy no ho-haratsiana eo anivon'ny olon-drehetra.<sup>2</sup>

Tonga tsimoramora ireo zavatra tsara nolazaina mikasika an'i Joseph Smith; fa ireo fanaratsiana azy kosa dia nanomboka avy hatrany. Nanoratra i Joseph hoe: "Nampieritreritra ahy matetika hattramin' izay ny mahahafahafa ery izany hoe tovolahy tsy fantatra . . . no neverina ho ampy fahalehibeazana mba hisarika . . . ny fanenjehana mivaivay indrindra."<sup>3</sup>

Rehefa nihatia an'i Joseph bebe ko-ko ny olona sasany dia nihanankahala azy koa ny olona sasany. Teo amin'ny faha 38 taonany izy dia maty novonoin'ireo andian'olona mpihetraketraka miisa 150 izay nihosotra loko mainty.<sup>4</sup>

Na dia nifarana tampoka toy izany aza ny fiainan'ny Mpaminany dia mbola vao nanomboka ny fankalazana sy ny fanaratsiana an'i Joseph.

Tokony hahagaga antsika ve ny fanaratsiana azy? Nantsoina hoe very saina ny Apôstôly Paoly.<sup>5</sup> Nopetahana anarana hoe fatra-pitia hanina sy mpisotro divay ary manana demonia ilay Mpamorintsika, dia ilay Zanak'Andriamanitra.<sup>6</sup>

Nolazain'ny Tompo an'i Joseph izay hiafarany:

"Hamotopotora ny momba ny anaranao ireo faran' ny tany, ary haneso anao ireo adala, ary ho romotra aminao ny helo;

"Raha ny madio am-po sy ny hendry ary . . . ny tsara toetra kosa hikatsaka . . . fitahiana lalandava avy eo ambanin' ny tananao."<sup>7</sup>

Fa nahoana no avelan'ny Tompo hiara-hitranga amin'ny fanaratsiana ny filazana zavatra tsara momba ny olona iray? Ny antony iray dia ny hoe ny fanoherana ireo zavatra avy amin'Andriamanitra no mamporisika ireo mpi-katsaka ny fahamarinana handohalika hivavaka mba hahazoana valiny.<sup>8</sup>

I Joseph Smith no mpaminanin'ny Famerenana amin'ny laoniny. Niantomboka tamin'ny fisehoan'ny Ray sy ny Zanaka taminy ny asany ara-panahy,

naranan'ireo famangian'ny iraka maro avy any an-danitra. Izy no fitaovana teo am-pelataanan'Andriamanitra tamin'ny famoahana soratra masina sy fampahafantarana fotopampianarana nesorin'ny olona ary famerenana amin'ny laoniny ny fisoronana. Mitaky zavatra bebe kokoa noho ny fandinhana amin'ny alalan'ny saina ny maha-zavadehibe ny asan'i Joseph; mitaky antsika "hanontany an'Andriamanitra" tahaka ny nataon'i Joseph izany.<sup>9</sup> Mendrika valinteny ara-panahy avy amin'Andriamanitra ireo fanontaniana ara-panahy.

Maro amin'ireo izay tsy mino ny asan'ny Famerenana amin'ny laoniny no tsy mino tsota izao fa afaka miresaka amin'ny olona ety an-tany ny olona avy any an-danitra. Tsy azo neverina hoy izy ireo ny nisian'izany hoe takela-bolamena naterin'ny anjely iray ary nadika tamin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra izany. Noho izany tsy finoana izany dia mitsipaka haingana ny fijoroan'i Joseph ho vavolombelona izy ireo ary mampalahelo fa misy aza olona vitsivitsy izay manao ratsy amin'ny alalan'ny fanalana baraka ny fiainan'ny Mpaminany sy milaza lainga mikasika ny toetrary.

Ary tena malahelo isika, indrindra fa rehefa misy olona iray izay nanaja an'i Joseph teo aloha kanefa miala amin'ny finoany ary avy eo dia mitsikera ny Mpaminany.<sup>10</sup>

"Hoy ny Loholona Neal A. Maxwell indray mandeha izay hoe "Ny fanadihadiana ny Fiagonana . . . amin'ny alalan'ireo olona niala tao dia toy ny manontany an'i Jodasy mba hahatakarana ny zavatra nataon'i Jesoa. Ny momba ny tenan'izy ireo manokana foana no resahan'ireo olona niala ireo bebe kokoa amintsika fa tsy izay mahakasika ilay fikambanana izay nianlan'izy ireo."<sup>11</sup>

Hoy i Jesoa hoe, "Tiava ny fahavalonareo, ary mivavaha ho an'izay manenjika anareo."<sup>12</sup> Aoka isika haneho hatsaram-panahy amin'ireo izay mitsikera an'i Joseph Smith, amin'ny fahafantarana ao am-pontsika fa mpaminanin'Andriamanitra izy ary hionona satria efa ela izany rehetra izany no voalazan'i Môrônia mialoha.

Inona no tokony havalintsika amin'ny olona iray izay mikatsaka

marina ny hahafantatra kanefa manahy ny amin'ireo fanamarihana ratsy izay reny na novakiny mikasika ny Mpaminany Joseph Smith? Mazava ho azy fa raisintsika tsara hatrany izay fanontaniana vokatry ny fo sy mahitsy.

Ho an'ireo fanontaniana momba ny toetran'i Joseph dia afaka mizara ny teni-n'ireo olona an'arivony nahafantatra azy manokana isika ary nanolotra ny ain'izy ireo hanaovana ny asa izay napetrany. I John Taylor, izay inefatra voatifitr'ireo andian'olona mpihetraketraka namono an'i Joseph, dia nanambara taty aorianao hoe: "Mijoro ho vavolombelona aho eo anatrehan' Andriamanitra sy ireo anjely ary ny olona fa [i Joseph] dia lehilahy tsara sy mendri-piderana [ary] tsara toetra— . . . [ary] ny fitondrantenany teo amin'ny fiaiany manokana sy teny imasombahoaka dia nadio—ary olon'Andriamanitra izy nandritra ny androm-piaiany ka mandra-pahafatiny."<sup>13</sup>

Afaka mampahatsiah an'ilay olona mikatsaka marina ny hahafantatra isika fa tsy misy sivana hanesorana ireo fampahalalana tsy marina ao amin'ny Internet. Ny fampahalalana sasany, na dia mandresy lahatra toy ny ahoana aza, dia tsy marina tsota izao.

Taona maro lasa izay dia namaky lahatsoratra tao amin'ny *Time* magazine aho, izay niresaka mikasika ny fahitana taratasy iray izay nolazaina fa nosoratan'i Martin Harris hono, izay mifanohitra amin'ny fitantaran'i Joseph Smith ny nahitana ireo takelaka nirakitra ny Bokin'i Môrmôna.<sup>14</sup>

Mpikambana vitsivitsy no niala tato amin'ny Fiagonana noho ilay taratasy.<sup>15</sup>

Nampalahelo fa niala haingana loatra izy ireo. Volana maromaro taty aorianao dia hitan'ireo manam-pahaizana (ary niaiky ireo tompon'antoka) fa sandoka tanteraka ilay taratasy.<sup>16</sup> Tsy mampaninona raha mety hoe miahayah ny amin'ireo zavatra renao avy amin'ny fampahalalam-baovao ianao, kanefa tsy tokony hoahiahianao mihitsy ny fijoroa'ireo mpaminanin' Andriamanitra ho vavolombelona.

Azontsika atao ny mampahatsiah an'ilay olona mikatsaka marina ny hahafantatra fa ireo fampahalalana mikasika an'i Joseph, na marina aza, dia mety haseho amin'ny endrinhy mîvaona tanteraka

amin'ny hevitranofonosiny tamin'ny andro niaianany sy ny toe-javatra niaianany.

Naneho an'io toe-javatra io ny Loholona Russell M. Nelson. Hoy izy hoe: "Niasa tamin'ny haha-mpanoro hevitra ahy tao amin'ny Governemantan'i Etazonia aho tao amin'ny Ivontoerampireneny izay Manara-maso ny Aretina ao Atlanta Géorgie. Raha niandry fiara kretsaka aho indray mandeha mba hanatitra ahy ho any amin'ny seranampiaramanidina rehefa tapitra ny favorianay dia nitsotsotra teo amin'ny bozaka mba haka aina sy hafanana avy amin'ireo tara-masoandro vitsy mialohan'ny hiverenana tany amin'ny . . . toetrandro mivolon-dririn'in Utah. . . . Kelikely taty aorianao aho dia naharay sary, niaraka tamin'ireo taratasiko, izay nalain'ny mpaka sary iray tamin'ny fakan-tsary afaka maka sary akaiky avy eny amin'ny toerana lavitra, izay naka sary ilay fo-toana nakako aina teo amin'ny bozaka. Nisy soratra kely teo ambanin'ilay izy hoe 'mpanoro hevitra ao amin'ny Governemanta tao amin'ny Ivontoerampirenena.' Marina ilay sary ary marina ilay teny voasoratra teo ambany, saingy nampiasaina ilay fahamarinana mba hanentanana ny olona hieritreritra zavatra tsy marina."<sup>17</sup> Tsy mandà ny zavatra fantatsika fa marina isika noho ny zavatra izay tsy mbola takatsika.

Afaka mampahatsiah an'ilay olona mikatsaka marina ny hahafantatra isika fa tsy irety i Joseph tamin'izy novangan'ny anjely.

Ireo vavolombelon'ny Bokin'i Môrmôna dia nanoratra hoe: "Amin-kitsimpo tanteraka no ilazanay fa ny anjelin'Andriamanitra iray dia nidina avy tany an-danitra ka . . . nobanjini-nay sy nojerenay [ireo takelaka] ireo."<sup>18</sup> Afaka mitanisa tenin'olona hafa maro koa isika.<sup>19</sup>

Ny olona mikatsaka marina ny hahafantatra dia tokony hahita fa ny fielezan'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny dia vokatry ny asan'ny Tompo amin'ny alalan'ny Mpaminany.

Amin'izao fotoana izao dia misy fitandremana Maherin'ny 29.000 sy misiônera 88.000 izay mampianatra ny filazantsara manerana izao tontolo izao. Olomasin'ny Andro Farany antapirisany no mikatsaka ny hanaraka

an'i Jesoa Kristy, sy haina fainana mendrika, sy hikarakara ny mahantra, ary hahafoy amin'ny fotoany sy ny talentany mba hanampiana ny hafa.

Hoy i Jesoa hoe:

"Ny hazo tsara tsy mety mamaoa voa ratsy, ary ny hazo ratsy tsy mety mamaoa voa tsara. . . .

". . . Ka dia ny voany no hahafantaranareo azy."<sup>20</sup>

Mandresy lahatra ireo fanazavana ireo saingy tsy tokony hiantehitra amin'izy ireo fotsiny ny olona mikatsaka marina ny hahafantatra raha te hampiorina ny fikarohany ny fahamarinana.

Ny mpino tsirairay dia mila fanamafisana ara-panahy mikasika ny iraka masina nampanaochina ny Mpaminany Joseph Smith sy mikasika ny toetrany. Marina izany ho an'ny taranaka rehetra izay mifandimby. Mendrika valinteny ara-panahy avy amin'Andriamanitra ireo fanontaniana ara-panahy.

Raha nandeha tany amin'ny moron-tsiraka Atsinanan'i Etazonia aho vao haingana izay, dia nisy misiônera efa tafaverina iray izay niresaka tamiko mikasika ny namany iray izay lasa tofoka noho ny fampahalalana azony mikasika ny Mpaminany Joseph Smith. Efa niresaka im-betsaka izy ireo ka toa lasa nanana ahiahy vitsivitsy ilay misiônera efa tafaverina noho ireo resaka nifanaovan'izy ireo.

Na dia nanantena aza aho hoe ho afaka ny hanamafy orina ilay namany izy dia manahy ny amin'ny fijoroany ho vavolombelona manokana aho. Ry rahalahy sy rahavavy, inty misy fampitandremana omeko anareo: tsy dia hitondra fanampiana firy ho an'ny hafa ianareo raha toa ka tsy tsara fototra ny finoana anananareo manokana.

Herinandro vitsivitsy lasa izay dia nandeha fiaramanidina nankany Amerika Atsimo aho. Nisarika ny sainay hijery horonan-tsary mikasika ny fiarovan-tena ny mpikarakara mpandeha fiaramanidina iray. Nampitandremana izahay hoe: "Mety tsy hisy an'izany, kanefa raha miova ny tosiky ny rivotra ato anatin'ny fiaramanidina dia hisokatra ireo takela eo ambonin'ny sezanareo ary hivoaka avy ao ireo saron-tava fifohana oksizena. Raha mitranga izany dia takaro ary sintony

mankany aminao ny saron-tava. Apetaho eo amin'ny oronao sy ny vavanao izany. Atsofohy amin'ny lohanao ilay tady minazona ilay saron-tava ary tereo na alalaho ilay izy raha ilaina." Dia avy eo izy nampitandrina hoe: "Apetaho tsara aloha ny saron-tavanao izay vao manampy ny hafa ianao."


Hitombo ireo fanaratsiana atao momba ny Mpaminany Joseph Smith arakaraky ny hanakaikezantsika ny Fiavian'ny Mpamonjy Fanindroany. Tsy hihena ny filazana zavatra tsy tena marina sy ny famitahana miharo hafetsena. Hisy olona ao amin'ny fianakaviana sy namana izay hila ny fanampianao. Izao no fotoana hame-tahanao tsara ny saron-tava fifohanao oksizena ara-panahy mba hahafahanao ho vonona hanampy ny hafa izay mikatsaka ny fahamarinana.<sup>21</sup>

Mety ho tonga amintsika tsirairay amin'ny fomba samy hafa ny fijoroana ho vavolombelona momba ny Mpaminany Joseph Smith. Mety ho tonga izany rehefa mandohalika mivavaka ianao ary mangataka amin'Andriamanitra mba hanamafisany fa mpaminany marina i Joseph Smith. Mety ho tonga izany rehefa mamaky ny fitataran'ny Mpaminany ny Fahitana Voalohany ianao. Mety hitsika ao amin'ny fanhinao ny fijoroana ho vavolombelona iray rehefa mamerimberina mamaky ny Bokin'i Môrmôna ianao. Mety ho tonga izany rehefa mizara ny fijoroana ho vavolombelona manokana mikasika ny Mpaminany ianao, na rehefa mijoro

ao amin'ny tempoly ianao ka mahafantatra fa naverina tamin'ny laoniny teto ambonin'ny tany tamin'ny alalan'i Joseph Smith ny hery masin'ny famehezana.<sup>22</sup> Ho mafy orina amin'ny alalan'ny finoana sy ny hitsimpo ny fijoroana ho vavolombelona momba ny Mpaminany Joseph Smith. Mety handena anao indraindray ny rano avy amin'ny balonina misidina izay misy foana eny amin'ny sisin-dalana, saingy tsy tokony hahafaty na oviana na oviana ilay afom-pinoana miredareda anananao izany.

Fanamby voafaritra mazava tsara no omeko an'ireo tanora izay mihaino an'ireto teny ireto amin'izao fotoana izao na mamaky ireto teny ireto any aorianea: Ataovy izay hahazoana fijoroana ho vavolombelona an'ny tenanao manokana momba ny Mpaminany Joseph Smith. Aoka ny feonareo hanampy amin'ny fanatanterahana ireo teny faminanian'i Môrônia ka hanatsara ny lazan'ny Mpaminany. Ireto misy hevitra roa: Voalohany dia mitadiava soratra masina maromaro ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay tsapanareo sy fantatrareo hoe marina tanteraka. Avy eo dia zarao amin'ny fianakavianareo na ny namanareo izy ireo mandritra ny takarivan'ny mpianakavy sy ny seminera ary ny kilasin'ny Zatovolahy sy Zatovovavy, miaraka amin'ny fanekena fa fitaovana teo am-pelatagan' Andriamanitra i Joseph. Faharoa dia vakio ny fijoroan'ny Mpaminany Joseph Smith ho vavolombelona ao amin'ny

### **Ny Tenivavolobelon'ny Mpaminany Joseph Smith dia misy amin'ny fiteny 158 amin'izao andro izao.**



Voahangy Lafo Vidy na ao anatin'ity bokikely ity, izay efa misy amin'ny fiteny 158 amin'izao fotoana izao. Azonao alaina en ligne ao amin'ny LDS.org izany na any amin'ireo misiônera. Izy ity dia fijoroan'i Joseph ho vavolombelona mikasika izay tena niseho marina. Vakio matetika izany. Raketo amin'ny raki-peo amin'ny feonao manokana ny fijoroan'i Joseph Smith ho vavolombelona, henoy matetika izany ary zarao amin'ireo namanao. Ny fihainoana ny fijoroan'ny Mpaminany ho vavolombelona amin'ny feonao manokana dia hanampy amin'ny fitondrana ilay tenivavolombelona katsahinao.

Ho avy ireo andro lehibe sy mafinaria. Hoy ny Filoha Thomas S. Monson hoe: "Ity tanjona lehibe . . . ity dia hitohy handroso hatrany, hanova sy hitahy fainana. . . . Tsy hisy . . . hery hafa eto amin'izao tontolo izao afaka hanakana ny asan'Andriamanitra. Na inona na inona zavatra hiseo, ity tanjona lehibe ity dia tsy maintsy handroso hatrany."<sup>23</sup>

Omeko anareo ny tenivavolombeloko fa i Jesoa no Kristy, Mpamony sy Mpanavotra antsika. Nifidy lehilahy masina anankiray Izy, lehilahy marina mba hitarika ny Famerenana amin'ny laoniny ny fahafenoan'ny filazantsarany. Nifidy an'i Joseph Smith Izy.

Mijoro ho vavolombelona aho fa lehilahy marin-toetra sy tsara toetra i Joseph Smith, mpianatr'i Jesoa Kristy Tompo. Niseho taminy Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Zanany. Nandika ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny alalan'ny fanomezam-pahasaoavana sy ny herin'Andriamanitra izy.

Aorian'ny fahafatesantsika dia ho takatsika mazava tsara ny antso masina sy ny iraka masina notanterahan'ny Mpaminany Joseph Smith. Amin'izay fotoana tsy dia lavitra loatra izay dia "hahafantatra 'an-dRahalahy Joseph' indray [izaho sy ianao] sy ny olona antapitrisany maro."<sup>24</sup> Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

## FANAMARIHANA

1. Joseph Smith—Tantara 1:33.
2. Jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:29–46.
3. Joseph Smith—Tantara 1:23.
4. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 135:1.
5. Jereo ny Asan'ny Apostoly 26:24.

6. Jereo ny Matio 11:19; Jaona 10:20.
7. Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 122:1–2.
8. Hoy ny Filoha Dieter F. Uchtdorf hoe: "Ny ahiahinareo aloha no ahiaho alohan'ny hiahiahianareo ny finoanareo. Tsy tokony hamela ny ahiahintsika mihitsy isika hanagdra sy hanakana antsika tsy hahazo ilay fitiavan'Andriamanitra sy ny fiadanany ary ireo fanomezam-pahasaoavana izay tonga amin'ny alalan'ny finoana ny Tompo Jesoa Kristy" ("Andao Hiaraka Aminay," *Liahona*, Nôv. 2013, 23). Hoy ny Loholona Jeffrey R. Holland hoe: "Asan'Andriamanitra eo an-dalam-pahatanaeraha izy ity ary ny fisehony sy ny fitahiana maro avy amin'izany dia hita na aiza na aiza, koa miangavy anareo aho, aza diso sahiran-tsaina loatra raha toa ka misy olana mitranga indraindray, izay tokony hodinihina sy hotakarina ary hovhana. Hitranga tokoa izany ary tsy maintsy atao izany. *Ato amin'ity Fiagonana ity, ny zavatra izay fantatsika dia hanan-danja kokoa hatrany noho izay mety ho zavatra tsy fantatsika*" ("Tompo ô, Mino Aho," *Liahona*, Mey 2013, 94).
9. Jakoba 1:5; jereo koa ny Joseph Smith—Tantara 1:11–13.
10. Nampahatsiay i Daniel Tyler hoe: "[Nitsidika ny Mpaminany] tany an-tranony izaho sy Rahalahy Isaac Behunin. Niompana tamin'ny fanenjehana azy ny resaka. Naveriny ireo teny fanoherana maro izay diso sy misafotofoto avy amin'ireo mpikambana nihemotra. . . . Noresahany ihany koa fa ireo manam-pahefana izay . . . efa [vonona] ny hamono azy, rehefa voasambotra izy, dia nomba azy indray rehefa [nahafantatra azy bebe kokoa]. . . .
11. Nilaza Rahalahy Behunin hoe: 'Raha tsy maintsy hiala ato amin'ity Fiagonana ity aho dia tsy hanao tahaka izay nataon'i-reo lehilahy ireo: handeha any amin'ny toe-rana faran'izay lavitra aho izay tsy mbola nandrenesana mikasika ny fivavahana Môrmôna mihitsy dia hipetraka ao ary tsy hisy olona hahafantatra mihitsy hoe mahalala zavatra mikasika izany aho.'
12. Namaly avy hatrany i [Joseph] hoe: 'Rahalahy Behunin, tsy mahafantatra izay ho ataonao ianao. Azoko antoka fa efa nanana eritreritra tahaka anao ireo rahalahy ireo. Talohan'ny nidiranao ho mpikambana tato amin'ity Fiagonana ity dia tsy an'ny atsy tsy an'ny aroa ianao. . . . Rehefa niditra ho mpikambana tato amin'ity Fiagonana ity ianao dia niotsaka mba hanompo an'Andriamanitra. Rehefa nanao izany ianao dia niala tamin'ilay hoe tsy an'ny atsy tsy an'ny aroa, ary tsy afaka ny hiverina ho amin'izany intsony. Raha miala amin'ilay Tompo izay nirotsahanao mba hotompoina ianao dia avy amin'ny alalan'ny famporosihan'ilay ratsy izany, dia hanaraka ny baikony ianao ka ho lasa mpanompony'" (ao amin'ny *Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* [2007], 324).
13. Neal A. Maxwell, "All Hell Is Moved" (fampaherezam-panahy natao tao amin'ny Brigham Young University, 8 Nôv. 1977), 3; speeches.bry.edu.
14. Jereo ny Richard N. Ostling, "Religion: Challenging Mormonism's Roots," *Time*, 20 Mey 1985, 44.
15. Jereo ny Ostling, "Challenging Mormonism's Roots," 44; Jereo koa ny Gordon B. Hinckley, "Lord, Increase Our Faith," *Ensign*, Nôv. 1987, 52; Neil L. Andersen, "Fitsapanany Finoanao," *Liahona*, Nôv. 2012, 41.
16. Jereo ny Richard E. Turley Jr., *Victims: The LDS Church and the Mark Hofmann Case* (1992).
17. Russell M. Nelson, "Truth—and More," *Ensign*, Jan. 1986, 71.
18. "Ny Tenivavolombelon'ireo Vavolombelona Telo," Bokin'i Môrmôna.
19. Jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:71, fanovozan-kevitra; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 76:23.
20. Matio 7:18, 20.
21. Hoy ny Filoha Henry B. Eyring raha niresaka mikasika ireo izay ao anatin'ny fisalsalana hoe: "Noho ny fitiavanareo azy ireo dia mety manapa-kevitra ny hanandrana hanome azy ireo izay angatahiny ianareo. Mety ho alaim-panahy ianareo ny hiaraka amin'izy ireo ao anatin'izany fisalsalany izany amin'ny fanantenana fa afaka hahita porofo na rafi-pisainana ianareo mba hanesorana ny ahiahin'izy ireo. Matetika ny olona ao anatin'ny fisalsalana no maniry ny hiresaka mikasika izay heverin'izy ireo fa zava-misy na porofo izay niteraka ny ahiahin'izy ireo, ary hoe hatraiza ny mahankaray fo ilay izy. . . .
22. Afaka manatsara zavatra izaho sy ianao raha toa ka tsy milona elabe amin'izay heverin'ireo mpianatsika fa loharanon'ny ahiahin'izy ireo. . . . Tsy ao amin'ny zavatra heverin'izy ireo fa hitany no misy ny fototry ny olan'izy ireo fa ao amin'ny zavatra izay tsy mbola hitany. . . . Tsara kokoa raha avaditsika haingana ny resaka amin'ireo zavatra ny fo, ireo fiovampo izay manokatra ny maso ara-panahy" ("And Thus We See": Helping a Student in a Moment of Doubt" [Lahateny natao ho an'ireo mpampianatra eo anivon'ny departemantan'ny fampianaran'ny Fiagonana, 5 Feb. 1993], 3–4; si\_lds.org).
23. Hoy ny Filoha Gordon B. Hinckley hoe: "Taona maro lasa izay rehefa notendrena ho diakona aho teo amin'ny faharao ambin'ny folo taonako dia nentin'ny raiko, izay filohan'ny tsatôkanay, tany amin'ny favoriamben'ny fisoronana an'ny tsatôka aho izay favoriana natrehako voalohany. . . . [Ny hira fanokafana dia ny "Dera ho an'ilay Nandre an'i Jehovah."] Nihira mikasika ny Mpaminany Joseph Smith izy ireo, ary teo am-pihiran'izy ireo an'izany dia injao tonga tato am-poko ny fitiavana miboiboiaka sy ny finoana an'ilay Mpaminany lehibe an'ity fotoampitantanana ity. . . . Fantattro tamin'izay, tamin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina fa mpaminan' Andriamanitra tokoa i Joseph Smith" ("Praise to the Man," *Tambuli*, Jan. 1984, 1–2).
24. Thomas S. Monson, "Tafahaona Indray Isika Izao," *Liahona*, Mey 2012, 4.
25. Dera ho an'ilay Nandre an'i Jehovah," *Fihiranay sy Hirany'ny Ankizy*, p. 100.



Nataon'i Tad R. Callister  
Filohan'ny Sekoly Alahady Maneran-tany

# Ray aman-dreny: Mpampianatra Voalohany ny Filazantsara ho an'ny Zanany

*Raha ny marina dia ny tokantrano no toerana tsara  
indrindra hampianarana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.*

zao no nolazain'i Ben Carson maha-kasika azy hoe: "Izaho no tsy nahay indrindra tamin'ireo mpianatra tao amin'ny kilasy fahadimy." Nanao fitsapam-pahaizana momba ny matematika izay nahitana lazaolana miisa 30 i Ben indray andro. Notsarain'ilay mpianatra nipetraka tao aoriany izany dia neveriny avy eo. Nanomboka niantso ny anaran'ny mpianatra tsirairay ilay mpampianatra, Ramatoa Williamson, mba hahalalany ny naoty azon'ny tsirairay. Nony farany dia tonga teo amin'i Ben ny fanontaniany. Noho ny fahamenarany dia niteny moramora kely izy mba tsy hahenoana tsara ny valiny. Noheverin-dRamatoa Williamson fa niteny hoe "9" i Ben ka dia namaly izy hoe fivoarana tsara no nataon'i Ben raha toa ka 9 amin'ny 30 ny naotiny. Ka dia nihakiaka ilay mpianatra tao aorian'ny

Ben hoe: "Tsy sivy izany! . . . Tsy nisy . . . marina ny zavatra nataony." Nilaza i Ben fa nisitrika tany ambanin'ny tany izy raha azony natao.

I Sonya renin'i Ben koa anefa tamin'izay fotoana izay dia nanana ny olany manokana. Efatra amby roapolo izy mpiray tampo, ary teo amin'ny kilasy fahatelo izy no nijanona nianatra ka tsy nahay namaky teny. Nanambady izy re-hefa 13 taona, dia nisara-panambadiana taty aoriana ary nanan-janaka roalahy izay notaizany tany amin'ny fari-toerana tsy milamina sy sahirana tany Détroit. Na dia izany aza dia tena nahay nizaka tena izy ary nanana finoana mafy orina fa hampian'Andriamanitra izy sy ireo zanany lahy raha toa ka manao ny anjary izy ireo.

Indray andro dia nisy toe-javatra nitranga izay nitondra fiovana teo

amin'ny fainan'izy sy ny zanany. Tonga saina izy fa nanana tranomboky ireo olona tafta izay niasany amin'ny mahampanadio trano azy—namaky boky izy ireo. Rehefa avy niasa izy dia nody tany an-trano ary namono ilay fahitlavitra nojeren'i Ben sy ny rahalahiny. Izao no nolazainy raha tsorina: Mijery fahitalavitra be loatra ianareo roalahy. Manomboka izao dia fandaharana telo ihany no azonareo jerena ao anatin'ny herinandro. Mandeha mankany amin'ny tranomboky ianareo amin'ny fotoana mampalalaka anareo iny—mamakia boky roa isan-kerinandro dia omeo tatitra aho.

Nivarahontsana izy roalahy. Nilaza i Ben fa tsy mbola namaky boky velively izy teo amin'ny fainana iray manontolo raha tsy hoe nangatahina hanao izany tany am-pianarana. Nanohitra izany sy nimenomenona izy ireo ary nila ady saingy tsy nisy vokany izany. Dia nieritreritra i Ben hoe: "Napetrany mazava tsara ny fitsipika. Tsy tiako ilay izy saingy nanova ny lalam-piainako ny finiavany te hahita anay hivoatra."

Dia niteraka fiovana lehibe tokoa izany. Lasa voalohany tao amin'ny kilasiny izy tany amin'ny kilasy fahafito. Nanohy fianarana tao amin'ny Universite Yale izy rehefa nahazo vatsim-pianarana, avy eo izy dia nianatra tao amin'ny sekoly fianarana ho mpitsabo Johns Hopkins, ary tao izy, nony 33 taona, no lasa lehiben'ny neurochirurgie pédiatrique sy mpandidy malaza eran-tany. Ahoana no nahatanterahan'izany? Ny antony lehibe indrindra dia noho ny renim-pianakaviana iray izay nilofo tamin'ilay antsiony amin'ny maha-ray aman-dreny azy na dia tsy nanankarena teo amin'ny fainana aza.<sup>1</sup>

Miresaka momba ny andraikitrity ny ray aman-dreny ny soratra masina—hoe andraikitr'izy ireo ny mampianatra ny zanany ny "fotopampianarana momba ny fibebhana, ny finoana an'i Kristy, Zanak'ilay Andriamanitra velona, ary momba ny batisa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina," (F&F 68:25).

Amin'ny maha-ray aman-dreny antsika dia isika no tokony ho mpampianatra voalohany ny filazantsara ho an'ny zanatsika sy ho ohatra ho azy

ireo—tsy ny eveka na ny ao amin'ny Sekoly Alahady, na ny ao amin'ny Zatovovavy, na ny Zatovolahy, fa ireo ray aman-dreny. Amin'ny maha-tompon'andraikitra antsika voalohany amin'ny fampianarana azy ireo dia azontsika ampianarina azy ireo ny herin'ny Sorompanavotana sy ny tena fisiany marina—ny mikasika ny hoe iza marina izy ireo ary inona ilay hoavy araka an'Andriamanita miandry azy—ary rehefa manao izany isika dia manome fototra mafy mba hiorenan'izy ireo. Raha ny marina dia ny tokantrano no toerana tsara indrindra hampianarana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Nirahina handeha ho any Beyrouth, Liban aho herintaona lasa izay. Rehefa tonga tany aho dia nahafantatra ny momba ny ankizivavy iray 12 taona nantsoina hoe Sarah. Niditra ho mpi-kamban'ny Fiagonana ny ray aman-dreniny sy ny zokiny anankiroa fony izy ireo tany Roumanie saingy voatery niverina ho any an-tanindrazany izy ireo raha mbola 7 taona monja i Sarah. Tsy nisy Fiagonana, na vondrona natsangana, na Sekoly Alahady, na fandaharan'asan'ny Zatovovavy tany antanindrazany. Dimy taona taty aoriana dia naheno ny fisian'ny sampana iray tany Beyrouth ity fianakaviana ity ary taloha kelin'ny nahatongavako dia nlefany'ireo tany i Sarah izay 12 taona niaraka tamin'ireo zokiny mba hatao batisa. Nanao fampaherezam-panahy momba ny drafity ny famonjena aho rehefa tonga tany. Nanangan-tanana matetika i Sarah mba hamaly ireo fanontaniana.

Taorian'ny favoriana aho rehefa nahafantatra fa zara raha nifandray tamin'ny Fiagonana izy dia nanatona azy aho ary nanontany hoe: "Ahoana ry Sarah no nahafantarao ny valin'ireny fanontaniana rehetra ireny?" Tonga izy dia namaly hoe, "Ny reniko no nampianatra ahy." Tsy nisy Fiagonana tany amin'ny toerana nipetrahan'izy ireo saingy nanana ny filazantsara tao an-tranony izy ireo. Ny reniny no mpampianatra voalohany ny filazantsara ho azy.

I Enôsa no nilaza hoe: "Ny teny izay efa reko matetika notenenin-draiko momba ny fainana mandrakizay sy ny fifalian'ny olomasina dia tafalatsaka

lalina tato am-poko" (Enôsa 1:3). Ma-zava be hoe iza no mpampianatra voalohany ny filazantsara ho an'i Enôsa.

Tsaroako ny raiko nitsotsota teo akaikin'ny cheminée sady namaky soratra masina sy boky mahasoa hafa, dia mba nitsotsota teo akaikiny koa aho. Tsaroako ireo karatra kely note-hiriziny tao am-paosin'ny lobany izay nahitana teny avy ao amin'ny soratra masina sy teny nolazain'i Shakespeare ary teny vaovao hafa izay nataony tsianjery ary nohalalininy. Tsaroako ireo fanontaniana sy fifanakalozan-kevitra momba ny filazantsara natao teo ambony latabatra nandritra ny sakafu hariva. Tsaroako ireo fotoana maro nitondran'ny raiko ahy hamangy be antitra—ny fijanonanay hividy gilasy ho an'ny anakiray na akoho atao sakafu hariva ho an'ny iray hafa na ny fandraisany tanan'olona iray hanao veloma sady manisika vola kely. Tsaroako ilay fahatsapana zavatra tsara sy ny faniriana mba ho toe azy.

Tsaroako ny reniko tamin'izy 90 taona teo ho eo izay nahandro sakafu tao amin'ilay lakozian'ny trano iombonany amin'olon-kafa, dia avy eo izy nivoaka niaraka tamin'ny vilia fisaka lehibe nisy sakafu. Nanontaniako azy izay halehany, dia novaliany hoe: "Handeha hanatitra sakafu kely ho an'ny be antitra aho." Dia hoy aho tao an-tsaiko hoe: "Mama a! Ianao anie no be antitra e!" Ho feno fankasitrhana foana ny ray aman-dreniko aho noho izy ireo mpampianatra voalohany ny filazantsara ho ahy.

Ny iray amin'ireo zavatra manandanja indrindra azontsika atao ho an'ny zanatsika dia ny mampianatra azy ireo ny herin'ny vavaka fa tsy ny fahazarana mivavaka fotsiny. Fony aho 17 taona teo ho eo, dia nando-halika teo akaikin'ny fandriko aho mba hanao ny vavaka hariva. Hay! ny reniko nijoro teo am-baravarana fa tsy hitako. Rehefa nahavita ilay vavaka aho dia hoy izy hoe: "Mba mangataka ny Tompo hanampy anao hahita vady tsara ve ianao ry Tad?"

Tena nanaitra ahy ilay fanontaniany. Izany no zavatra faran'izay lavitry ny saiko indrindra. Ny basket sy ny fianarana no tao an-tsaiko. Ka dia namaly

aho hoe, "Tsia," izay novaliany hoe, "Tokony hanao izany ianao anaka; izany no fahapanan-kevitra lehibe indrindra horaisinao. Tafalatsaka lalina tao am-poko ireo teny ireo, ka noho izany aho, nanditra ny enin-taona manaraka, dia nivavaka mba hanampian'Andriamanitra ahy hahita vady tsara. Ary eny, tena novaliany tokoa moa izany vavaka izany.

Amin'ny maha-ray aman-dreny antsika dia afaka mampianatra ny zanatsika isika mba hivavaka momba ireo zavatra hisy vokany maharitra mandrakizay—hivavaka mba hanana hery ho madio ara-pitondrantena ao anatin'ity izao tontolo izao izay feno zava-tsarotra ity, ary mba hankato sy ho sahy hijoro amin'ny fahamarinana.

Tsy hisalasalana fa manao vavaka hariva ny ankamaroan'ny tanorantsika, saingy mety maro amin'izy ireo no sahirana amin'ny fizarana manao vavaky ny tena manokana isa-maraina. Afaka manitsy izany isika amin'ny maha-ray aman-dreny mpampianatra voalohany ny filazantsara ho azy ireo. Ray aman-dreny iza moa ao amin'ny Bokin'i Môrmôna no mba namela fotsiny ny zanany handeha any amin'ny vavan'ny ady tsy misy saron-tratra sy ampinga ary sabatra mba hiarovana azy ireo amin'ny fanafihana mety tena hahafaty hataon'ny fahavaloo? Kanefa firy amintsika no mamela ny zanatsika hivoaka ny trano isa-maraina handeha any amin'ireo sahan'ady mampidi-doza indrindra, hiatrika an'i Satana sy ireo fakam-panahiny tsy tambo isaina nefy tsy manao ireo saron-tratra sy ampinga ary sabatra ara-panahy izay azo avy amin'ilay hery miaro entin'ny vavaka? Hoy ny Tompo hoe: "Mivavaha mandrakariva, . . . mba hahazoanao mandresy an'i Satana" (F&F 10:5). Afaka manampy ny zanatsika isika amin'ny maha-ray aman-dreny antsika hampifaka ao anatin'ny fahazarana manao vavaka maraina sy ny hery entin'izany.

Afaka manampy ny zanatsika koa isika hampiasa ny fotoany amimpahendrena. Ilaintsika indraindray, tahaka an'i Sonya Carson, ny mandray fanapanan-kevitra amim-pitiavana nefy hentitra mba hametra ny fotoana hijeren'ny zanatsika ny fahitalavitra sy

hampiasany ireo fitaovana elektrônika hafa, izay matetika no mandany ny ankamaroan'ny fotoan'izy ireo. Mety ilaintsika kosa anefa ny mampifantoka indray ny fotoan'izy ireo amin'ny zavatra mahasoa kokoa miompana amin'ny filazantsara. Mety hisy ny fanoherana sy fimenomenonana amin'ny voalo-hany, saingy mila manana fijery lavitra isika sy fahavononana hanohy izany hatrany, tahaka an'i Sonya Carson. Hahatakatra sy hankasitraka ny zavatra nataontsika ny zanatsika indray andro any. Raha tsy hanao izany isika dia iza moa no hanao azy eo?

Mety manontany tena isika rehetra hoe: Moa ve ny zanatsika mahazo ny fanampiana tsara indrindra ara-panahy sy ara-pahalalana ary ara-pamoronana avy amintsika sa ny ambinkambin'ny fotoantsika sy ny talentantsika no atolotsika azy ireo rehefa natolotsika ho an'ny antsantsika aty am-piangonana sy ny asa fivelomantsika ny ankamaroan'ny herintsika? Tsy haiko raha haharitra any amin'ny fainana ho avy izany antso hoe eveka na filohan'ny Fikambanana Ifanampiana izany, fa ny fantattro dia hipetraka sy ho hajaina foana any amin'ny tontolo tsisy fiafarana ilay anarana entina hoe vady, ary ray sy reny. Izany no antony iray maha-zava-dehibe tokoa ny fanajana ny andrakitsika amin'ny maha-ray aman-dreny eto an-tany mba hahafahantsika hiomana hiatrika adidy lehibe kokoa nefo mitovy ihany any amin'ny fainana ho avy.

Amin'ny maha-ray aman-dreny antsika dia afaka manohy ny ezaka isika miaraka amin'ny fahatokiana fa tsy hamela antsika ho irery velively Andriamanitra. Tsy manome andraikitra ho antsika velively Andriamanitra raha tsy manolotra fanampiana avy an-danitra—azoko ijoroana ho vavolombelona izany. Enga anie isika eo amin'ilay anjara asantsika masina amin'ny maha-ray aman-dreny antsika sy mpiara-miasa amin'Andriamanitra mba ho lasa mpampianatra voalohany ny filazantsara ho an'ny zanatsika sy ho ohatra ho azy ireo. Izany no vavaka ataoko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny Ben Carson, *Gifted Hands: The Ben Carson Story* (1990).



**Nataon'ny Loholona Jörg Klebingat**  
Ao amin'ny Fitopololahy

# Manatona ny Seza Fiandriana-n'Andriamanitra Amim-pahatokiana

*Rehefa mampihatra ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ianao dia afaka manomboka mampitombo ny fahatokianao tena ara-panahy anio raha toa ianao ka vonona ny hihaino sy hanatanteraka.*

Raha mampiasta maridrefy iray eo anelanelan'ny 1 sy 10, dia omenao firy eo ho eo ny fahatokianao tena ara-panahy eo anatrehan'Andriamanitra? Moa ve ianao manana fijo-roana ho vavolombelona manokana fa ny fandraisanao anjara sy ny zavatra ataonao ankehitriny amin'ny maha-Olomasin'ny Andro Farany anao dia ampy handovanao ny fainana mandrakizay? Afaka miteny ve ianao hoe faly aminao ny Ray any An-danitra? Inona no mety ho tonga ao an-tsaina raha toa ianao ka hanao tafa sy dinika manokana amin'ny Mpamonijy anao afaka iray minitra aorian'izao? Moa ve ho fahotana sy nenina ary fahalemena no hibahaha eo amin'ny fomba fijerinao ny tenanao, sa ve ianao hiaina fanantenana feno fifaliana tsotra izao. Moa ve ianao hiatrika sa handositra ny fijeriny. Moa ve ianao hisalasala

eo am-baravarana sa hanatona Azy amim-pahatokiantena?

Isaky ny tsy mahavita mandresy lahatra ireo Olomasina tsy tonga lafatra nefo miezaka tahaka anao ilay fahavaloha handà ny finoanao an'ilay Andriamanitra iray tena ho anao manokana sy feno fitiavana, dia mampiasta tetikady feno hafetsena izy mba hanisy elanelana lehibe araka izay azo atao eo aminao sy Andriamanitra. Fantatr'ilay fahavaloha fa ny finoana an'i Kristy—ilay karazana finoana izay miteraka famindrampo tsy tapaka sy fahagagana lehibe mihitsy aza—dia mifandray amin'ny fahatokiantena fa miezaka misafidy ny tsara ianao. Noho io antony io no hikatsahany hiditra ao anatinao mba hilazana lainga aminao—lainga toy ny hoe diso fanantenana aminao ny Ray any An-danitra, tsy ho azonao ireo fitahian'ny Sorompanavotana, tsy

misy antony akory ny hiezahana, tsara noho ianao ny olona hafa rehetra, tsy mendrika ianao, sy ny karazan-javatra an'arivony mifandray amin'io lohahevitra ratsy io ihany.

Raha mbola avelanao koa ireo feo ireo hihaodihaody eo amin'ny fanahinano, dia tsy ho afaka hanatona ny sezafianiran'Andriamanitra ao anatin'ny tena fahatokiantena marina ianao. Na inona na inona ataonao, na inona na inona angatahinao amim-bavaka, na inona na inona fanantenana fahagagna mety anananao, dia mbola hisy hatrany ampahana fiahiahiana izay ampy handrava tsikelikely ny finoanao—tsy ny finoanao an'Andriamanitra ihany, fa ny fahatokianao tena ihany koa. Ny fainana ny filazantsara amin'izany fomba izany dia tsy mahafiniritra sady tsy dia mahasoa loatra. Ary ambonin'izany dia tsy misy ilana izany mihitsy! Anao ny fanapahan-kevitra ny hiova—ary anao samiry.

Te hizara sosokevitra tsotra miisa enina aho izay raha arahana dia handroaka ireo feo ratsy ireo ary hamerina ao aminao ilay karazana fananan-toky mampilamin-tsaina sy ilay fahatokiantena ara-panahy izay azonao ananana raha toa ka tianao hananana. Na manao ahoana na manao ahoana ny fomba nitsaranao ny tenanao teo amin'ilay maridrefy 1 ka hatramin'ny 10, rehefa mampihatra ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ianao dia afaka manomboka mampitombo ny fahatokianao tena ara-panahy izao anio izao raha toa ianao ka vonona ny hihaino sy hanatanteraka. Hiteny amimpahasahiana aho, sady manantena ny hanazava ny saina amam-panahy fa tsy ny hanafintohina.

*1. Mandraisa andraikitra mikasika izay mahasoa anao ara-batana.* Atsaharo ny fanomezana tsiny ny hafa na ny toe-javatra iainanao, atsaharo ny fanamarinan-tena, ary atsaharo ny fialantsiny mikasika izay antony mahatonga anao tsy hiezaka tante-raka ny ho mpankatô. Ekeo fa "afaka [ianao] araka ny nofo" ary "afaka [...] hifidy ny fahafahana sy ny fainana mandrakizay" (2 Nefia 2:27). Fantatry ny Tompo tsara ny toe-javatra iaina-nao, kanefa fantany tsara ihany koa



raha hoe misafidy fotsiny ny tsy hiaina tanteraka ny filazantsara ianao. Raha izany no izy dia aoka ianao ho marin-toetra ka hiaiky izany, ary hikatsaka ny mba ho lavorary ao anatin'ny toe-javatra manokana iainanao. *Mitombo ny fahatokiantena ara-panahy rehefa raisinao ny andraikitra mikasika izay mahasoa ny tenanao manokana ara-panahy amin'ny alalan'ny fampiharana ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy isan'andro.*

*2. Mandraisa andraikitra mikasika izay mahasoa anao ara-batana.* Ny vatanao sy ny fanahinano no mandrafitra ny maha-olombelona anao (jereo ny F&F 88:15). Ny famahanana ny fanahy kanefa manao tsinontsinona ny vatana, izay tempoly, dia mazâna miteraka fifandrortana ara-panahy sy fihenan'ny lanjan'ny tena manokana. Raha tsy metimety ianao ara-batana, raha tsy mahazo aina tsara ianao ao anatin'ny vatanao ka afaka manao zavatra mikasika izany dia ataovy izany! Ny Loholona Russell M. Nelson dia nampianatra fa isika dia tokony "handray ny vatantsika ho toy ny tempolin'ny tenantsika mihitsy" ary tokony "hifehy ny sakafo hohanintsika ary hanao fampiasam-batana mba hahatomombana izany [isika]" ("We Are Children of God," *Liahona*, Jan. 1999, 103).

Ny Filoha Boyd K. Packer dia nampianatra fa "ny fanahintsika sy ny vatantsika dia natambatra amin'ny fomba iray mba hahatongavan'ny vatantsika ho lasa fitaovana ho an'ny saintsika ary fototry ny toetrantsika"

("The Instrument of Your Mind and the Foundation of Your Character," Fampaherezam-panahy an'ny Departemantan'ny Fampianaran'ny Fian-gonana, Feb. 2, 2003], 2; speeches. byu.edu). Noho izany dia aoka ianao handanjalanja ny zavatra hohaninao ary indrindra indrindra ny habetsany, ary atolory ny vatanao ilay fampiasam-batana izay ilainy sy mendrika azy. Raha vitanao, eo amin'ny lafiny arabatana izany dia manapaha hevitra anio ny ho mpifehy ny vatanao ihany, ary hanomboka drafitra hanaovana fampiasam-batana tsy tapaka sy maharitra, mifanarako amin'ny fahafahanao ary ampiarahana amin'ny sakafo ara-pahasalamana kokoa. *Mitombo ny fahatokianao tena ara-panahy rehefa ny fanahinao miaraka amin'ny fanampian'ny Mpamony, no tena mpifehy marina an'ilay maha-olona araka ny nofo anao.*

*3. Ekeo ka omeo toerana eo amin'ny fainanao ny fankatoavana an-tsitraptanteraka.* Ekeo fa tsy afaka ny ho tia an'Andriamanitra ianao raha tsy tia ihany koa ireo didiny. Mazava ary tsotra ny fenitry ny Mpamony: "Raha tia Ahy hianareo, dia hitandrina ny didiko" (Jaona 14:15). Rehefa ny didy sasantsany ihany no ankatoavina dia fitahiana sasantsasany ihany no azo, ary raha zavatra ratsy iray no safidina fa tsy ilay zavatra ratsy kokoa dia mbola safidy ratsy ihany izany. Tsy afaka ny hijery horonan-tsary ratsy ianao ka hanantena hahatsiaro ho feno fahamendrehana satria hoe tsy horonan-tsary *tena* ratsy be



no nojerenoa. Ny fankatoavana amimpahatokiana ny didy sasany dia tsy manamarina ny tsy firaharahiana ireo didy hafa. Marina ny voalazan'i Abraham Lincoln hoe: “Rehefa manao ny tsara aho, dia mahazo aina tsara. Rehefa manao ny ratsy aho, dia tsy mahazo aina tsara” (tao amin’ny William H. Herndon sy Jesse William Weik, *Herndon’s Lincoln: The True Story of a Great Life*, 3 vols. [1889], 3:439).

Ankoatra izany, manaova ny tsara noho ny antony tsara. Ny Tompo, izay “mitaky ny fo sy saina marisika” (F&F 64:34) sy “mpamantatra ny eritreritra sy ny fisainan’ny fo” (F&F 33:1), dia mahafantatra ny antony andehananao any am-piagonana—hoe ny vatanao fotsiny ve no manatrika eo sa ve hoe tena midera marina ianao. Tsy afaka ny hihira ianao ny Alahady hoe: “O Babylone, ô Babylone, à toi [mes] adieux” ary fotoana fohy avy eo dia hikatsaka na hanaiky ny hiaraka aminy indray (“Anciens d’Israël,” *Cantiques*, no. 202). Tsarovy fa ny fanaovana antselika ny zavatra ara-panahy dia tsy nitondra fahasambarana velively hatramin’izay. Ataovy lasa fainanao manontolo ny Fiagonana sy ny filazantsara naverina tamin’ny laoniny, fa tsy hoe ampanhan’ny fainanao hita ety ivelany na eo amin’ny fiarhamonina fotsiny. Ny fisafidiananao anio izay hotompoinao dia fanompoana eo imolotra fotsiny ihany—raha tsy tena miaina mifanaraka amin’izany ianao (jereo ny Joso 24:15). *Mitombo ny fahatokiantena ara-panahy rehefa mifofotra mafy*

*noho ny antony marina ianao, mba hanana fainana masina, na dia eo aza ireo tsy fahatanterahanao!*

4. *Aoka ianao ho lasa hahay mibebaka lalina sy haingana.* Noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy tena azo tsapain-tanana dia tokony hampiharnao andro aman'alina izany, satria tsy mety ritra ny fitahiana entiny. Raiso ho toy ny zavatra izay ankasitrahana sy ampiharina isan'andro ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy sy ny fibebhana, araka ny torolalan'ilay Mpitsabo Lehibe. Manàna toe-panahy tia mibebaka tsy tapaka sy amim-pifaliana ka ataovy ho toy ny fomba fainana tena tsara ho anao izany. Eo am-panaovanao izany dia tandremo ny fakam-panahy hanemotra, ary aza manantena an'izao tontolo izao hanohana anao. Afantohy amin'ny Mpamony ny masonao ka asio lanjany kokoa ny fomba fijeriny anao, ary avelao hitranga izay ho vokany. *Mitombo ny fahatokiantena ara-panahy rehefa mibebaka amin-kitsimpo sy amim-pifaliana ianao noho ireo fahotana kely na lehibe ary eo no ho eo, amin'ny alalan'ny fampiharana ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.*

5. *Aoka ianao ho lasa tena mahay mamela heloka.* “Izaho Tompo dia hamela izay tiako havela heloka, fa takiana aminareo kosa ny hamela ny olon-drehetra” (F&F 64:10). Mamela ny olon-drehetra, ny zava-drehetra, amin’ny fotoana rehetra, na faraharatsiny miezaha hahavita izany, mba hahafahanao mampiditra ny famelan-keloka eo amin’ny fainanao

manokana. Aza mitahiry lolom-po, aza mora tafintohina, mamele ary mahaiza manadino haingana, ary aza mieritre-ritra velively hoe tsy mihatra aminao io didy io. *Mitombo ny fahatokiantena ara-panahy rehefa mahafantatra ianao fa fantagy ny Tompo ianao hoe tsy manana alahelo amin'olon-kafa.*

6. *Ekeo ireo fitsapana sy ireo tsy fahombiazana ary ireo “zavatra tsy ampoizina” ho isan’ny zavatra ianao eto an-tany.* Tsarovy fa tonga eto ianao mba hosedraina sy hotsapaina, “hahitana raha toa [ianao] ka hanao ny zava-drehetra handidian’ny Tompo Andriamanitrao anao” (Abrahama 3:25)—ary andeha ampiako fotsiny hoe: “na manao ahoana na manao ahoana toe-java-misy.” Rahalahy sy anabavintsika an-tapitrisany no nosedraina na mbola sedraina toa izany, koa nahoana ianao no haningana? Ny fitsapana sasany dia tonga noho ny tsy fankatovanao na noho ny tsy fitandremanao ihany. Ny fitsapana hafa dia tonga noho ny tsy fitandreman’ny hafa na fotsiny hoe noho ity izao tontolo izao efa lavo ity. Rehefa tonga ireny fitsapana ireny dia manomboka aelin’ireo mpanaradia an'ilay fahavaloo ny hoe nanao zavatra tsy nety ianao, hoe famaizana izao, fambara fa tsy tia anao ny Ray any An-danitra. Aza raharahiana izany! Fa miezaha kosa hitsiky ihany, ary mitodiha any amin’ny lanitra ka lazao hoe “Takatro izao ry Tompo. Fantatro hoe inona izao. Fotoana hisedrana ahy, sa tsy izany?” Avy eo dia miaraha miasa Aminy mba haharetana tsara hatramin’ny farany. Mitombo ny fahatokiantena ara-panahy rehefa manaiky ianao fa “matetika avela hitranga eo amin’ny faina[nao] ny fitsapana sy ny fahorianana noho ny zavatra izay atao[nao] tsara” (Glenn L. Pace, “Crying with the Saints” [Fampaherezam-panahy tao amin’ny Oniversiten'i Brigham Young, 13 Des. 1987], 2; speeches.byu.edu).

Fony aho nitantana ny Misionan'i Kiev, Ukraine, dia nanontaniako indray mandeha ny iray tamin’ireo rahavavy mahatoky indrindra notarihiko mikasika ny antony mahatonga azy hanome tsiny be tokoa ny tenany, sy ho be fanakianana ny tenany amin’ny zavatra faran’izay bitika. Ny valinteniny dia

ohatra mahazatra maneho olona iray izay mihaino feo tsy izy, raha namaly izy hoe: "Mba tsy hisy hanakina ahy momba izany."

Ry rahalahy sy anabavy, ny torohetivro nomeko an'io rahavavy misiônera io no torohevivro omeko anareo: ekeo ary atreho ireo fahalemenao, fa aza ireny no atao hanakana anao tsy handroso, satria ny sasany amin'izy ireny dia tsy ho afaka aminao mandrapandaozanao ity fainana an-tany ity. Na manao ahoana na manao ahoana toerana misy anao ankehitriny, raha vantany vao misafidy an-tsitrano ianao ny hibebaka amin-kitsimpo sy amimpifaliana isan'andro, amin'ny alalan'ny fizezana ny hanao izay tsara indrindra sy ny ho tonga amin'izay tsara indrindra tratan'ny herinao, dia ny Sorompanavotan'ny Mpamony, no hanenika sy hanaraka anao araka izany na aiza na aiza alehanao. Raha izany no fomba fainanao, dia ho afaka marina tokoa ianao "hitana mandrakariva ny famelana ny fahota[nao]" (Môsiâ 4:12) amin'ny ora rehetra anatin'ny andro tsirairay, amin'ny segondra rehetra ao anatin'ny minitra tsirairay, ka ho tonga madio tanteraka sy ankasitrahana eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra.

Manana tombontsoa manokana ianao, raha tianao, ny ho afaka hahafantatra amin'ny herin'ny tenanao ihany, anio na atsy ho atsy, fa mahafaly an'Andriamanitra ianao na dia eo aza ny tsy fahatanerahanao. Mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ny Mpamony iray izay manantena antsika haina ireo didy. Mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ny Mpamony iray feno fitiavana izay tsindrindaona tokoa handrotsaka ny fahasoavany sy ny famindrampony. Mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ny Mpamony iray izay mifaly rehefa mampihatrala isan'andro ny Sorompanavotany isika, omban'ilay fananana toky mifono fahatoniana sy fifaliana fa mitodika any amin'ilay lâlana marina isika. Mijoro ho vavolombelona ny amin'ilay Mpamony iray aho izay miandrandra ny "[hampahery] ny fahatokiantenanao eo anatrehan'Andriamanitra" (F&F 121:45). Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



Nataon'ny Loholona Eduardo Gavarret  
Ao amin'ny Fitopololahy

## Eny, Tompo ô, Hanaraka Anao Aho

*Manasa antsika ny Tompo amin'ny fampiasana matoanteny samihafa: "Mankanesa aty amiko," "Manaraha Ahy," "Miara-mandeha Amiko." Amin'ireo tranga tsirairay ireo izany dia fanasana hihetsika.*

"**F**a indro, ny Tompo dia manome ny firenena rehetra olona avy amin'ny firenena sy ny fiteniny avy ihany mba hampianatra ny teniny."<sup>1</sup> Mbola tanteraka indray io soratra masina io androany satria nomena fahafahana aho hanambara ny fahatsapako amin'ny fitenin-drazako.

Tamin'ny taona 1975 tamin'izay, misiônera tanora nanompo tao amin'ny misionan'i Uruguay Paraguay aho tamin'izany. Nandritra ny volana voalohany tany amin'ny misiona dia nikarakara firaha-mientana iray ireo misiônera mpitarika ny faritra, mba hanehoana fitsipika iray ao amin'ny filazantsara. Notampenana ny mason'ny misiônera tsirairay tao amin'ny faritra mba tsy hahita ary nolazaina taminay fa asaina izahay hanaraka lalana iray izay mitondra mankany amin'ny kianja mitafo natokana ho an'ny kolontsaina. Tokony hanaraka ny feon'ny mpitarika iray voafidy manokana izahay, feo izay ef ahenonay talohan'ny hanombohanay ny dia. Kanefa nampitandremana izahay fa mandritra ny dia, dia haheno feo maromaro izahay izay hiezaka

hanakorontana anay sy hampivily lalana anay.

Rehefa avy naheno tabataba sy feo miteny nandritra ny minitra vitsy izahay, ary—teo anivon'izany rehetra izany—feo iray izay nilaza hoe "Manaraha ahy," dia natoky tena aho hoe ilay feo tena izy no narahiko. Nony tonga tao amin'ny kianja mitafo natokana ho an'ny kolontsaina tao am-pianganana izahay dia nasaina nanaisotra ireo lamba nanakona ny masonay. Rehefa nanao izany aho dia nahatsikaritra fa nizara ho andiany roa izahay ary izaho dia tao amin'ilay andiany izay nanaraka ilay feo tsy izy. "Tena nitovy be tamin'ilay feo tena izy ilay izy teo," hoy aho anakam-po.

Io zavatra niainako 39 taona lasa io dia nisy fiantraikany naharitra tamiko. Nivoady tamin'ny tenako aho hoe "Tsy mba hanaraka ilay feo diso intsony intsony aho." Ary dia hoy aho anakam-po hoe "Eny, Tompo ô, hanaraka Anao aho."

Tiako ny hampifandray io zavatra niainako io amin'ilay fanasana feno fitiavana omen'ny Mpamony antsika hoe:

"Izaho no MPIANDRY Tsara; ary fantatro ny [ondriko]. . . .

"Ny ondriko mihaino ny feoko, ary Izaho mahalala azy, ary izy manaraka Ahy."<sup>2</sup>

Ilay fanasana "hanaraka Azy" dia fanasana faran'izay tsotra sy mivantana ary mahery mety ho voaraintsika. Avy amin'ny feo mazava izay tsy mety afangaro amin'ny hafa izay.

Manasa antsika ny Tompo amin'ny fampiasana matoanteny samihafa: "Mankanesa aty amiko," "Manaraha Ahy," "Miaraha-mandeha Amiko." Amin'ireo tranga tsirairay ireo dia tsy fanasana hiandry ny hohetsehina izany fa fanasana hihetsika. Miantefa amin'ny olombelona rehetra izany avy amin'ilay iray izay Mpaminanin'ny mpaminany, ilay Mpampianatry ny mpampianatra, ilay Zanak' Andriamitra, ilay Mesia.

### **Ilay Fanasana hoe "Mankanesa aty Amiko"**

"Mankanesa aty amiko, hianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana."<sup>3</sup>

Ianareo izay tsy mbola mpikamban'ny Fiagonana dia hahazo io fanasana io amin'ny alalan'ny feon'ireo misiônera manao hoe "Hamaky ny Bokin'i Môrmôna ve ianao? Hivavaka ve ianao? Handeha hiara-hiangona aminay ve ianao? Hanaraka ny ohatr'i Jesoa Kristy ve ianao ka hataon'ireo izay manana fahefana batisa?"<sup>4</sup> Ahoana no havalinao io fanasana io anio?<sup>5</sup>

Manasa anao aho hihaino sy hanaiky ilay hafatra amin'ny fitenennana hoe, "Eny, Tompo ô, hanaraka Anao aho!"

Nihaona tamin'ireo misiônera i Carlos Badiola sy ny fianakavians, any Minas, Uruguay. Koa satria nametraka fanontaniana marobe ireo elder nandritra ny lesona, dia nanapakevitra ilay fianakaviana hanasa mpifanolobodirindrina iray izay tsy mpikambana—zazavavy tsara tarehy 14 taona antsoina hoe Norma—mba hanampy azy ireo hamaly fanontaniana. Mpianatra nahafatra-po tany amin'ny lycée i Norma izay nandalina

ny Baiboly tany am-pianaranana tamino taona io, ka rehefa nametraka fanontaniana ireo misiônera dia avy i Norma hamaly. Naman'ny Fiagonana "tena mahavelom-bolo" izy. Mikasika ny Tenin'ny Fahendrena ny lesona tamin'izay andro izay.

Rehefa nody tany an-trano izy taorian'ny lesona niaraka tamin'ireo misiônera, dia fantatr'i Norma izay tokony hataony. Hoy izy tamin-dreniny: "Neny a, manomboka izao dia tsy kafe amin-dronono intsony ny ahy. Ronono fotsiny." Io fihetsika io no ahitana ety ivelany ny faniriany hanaiky ilay fanasana hanaraka an'i Kristy, araka izay nataon'ireo misiônera.

Samy natao batisa i Carlos Badiola sy i Norma. Taty aoriana dia nanaraka ny ohatr'i Norma ny reniny sy ny rainy ary ireo iray tampo aminy ka natao batisa ihany koa. Niara nitombo tao amin'io sampana kely kanefa natanjaka io izaho sy i Norma. Taty aoriana, rehefa nody avy nanao asa fitoriana aho, dia nivady izahay. Efa fantattro hatrami-n'izay fa ho mora kokoa ny manaraka ny Mpamonjy raha eo anilako izy.

Ireo izay mpikamban'ny Fiagonana ary efa nanaiky io fanasana io dia manavao izany fanolorantena izany isan-kerinandro amin'ny alalan'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo.<sup>6</sup> Ao anatin'izany fanolorantena izany ny fitandremana ny didy, ary rehefa manao izany ianareo dia milaza hoe "Eny, Tompo ô, hanaraka Anao ahol!"<sup>7</sup>

### **Ilay Fanasana hoe "Manaraha Ahy"**

Izany fanasana "Manaraha Ahy" izany dia nataon'ny Tompo tamin'ilay mpanan-karena vao herotrerony. Nitandrina ireo didy ilay zatovolahy mpanan-karena nandritra ny andrompiainany. Rehefa nanontany izy hoe inona koa no mbola azony hatao, dia nahazo valiny izay nahitana fanasana mazava izy hoe: "Avia hanaraka Ahy."<sup>8</sup> Kanefa, na dia tsotra aza ilay fanasana, dia tsy hoe tsy nitaky fahafoizana. Nitaky ezaka izany—niampy fanapanahakevitra sy asa.

I Nefia mpaminany dia nanasa antsika handini-tena raha nanontany hoe "Ary niteny tamin' ny zanak' olombelona [i Jesoa] hoe: Manaraha

Ahy. Noho izany ry rahalahiko malala, ahoana no ahazoantsika manara-dia an'i Jesoa raha tsy vonona ny hitandrina ny tenin' ny Ray isika?"<sup>9</sup>

Ilay fanasana hankany Aminy, mba hihaino ny feony sy hanaraka izany no hafatr'ireo misiônera hatrany ampiandohana, ka nanampy ny maro hanova ny fainany ho tsara kokoa.

Dimampolo taona lasa izay no nideran'ireo misiônera tao amin'ny trano fanamboarana famantaranandro an'ny raiko, mba hametraka famantaranandro ho amboarina. Toy ny fanaon'ireo misiônera mahafatra-po dia nararao-tin'izy ireo io fotoana io hiresahana tamin'ireo ray aman-dreniko momba ny filazantsara. Nandray ireo misiônera ny raiko ary nanaiky ilay hafatra sy ilay fanasana hanaraka an'i Kristy ny reniko. Nanomboka tamin'io andro io ka hatramin'izao dia nianona ho mavatrika tao amin'ny Fiagonana hatrany ny reniko. Hoy izy hoe: "Eny, Tompo ô, hanaraka Anao aho!"

Rehefa mizezaka manaraka Azy ianao dia hahazo hery hahazakana ireo enta-mavesatry ny fainana, na arabatana izany na ara-panahy, *sy haina fiovana tsara ao anaty izay hanampy anao ho sambatra kokoa.*

### **Ilay fanasana hoe "Miaraha-mandeha Amiko"**

I Enôka dia nantsoina hitory filazantsara tamin'ny vahoaka iray mafy hatoka sy mafy fo. Tsy nahatsiaro tena ho mendrika hanao izany izy. Banana ahiahay izy hoe hahavita izany sa tsia. Nampitony ny ahiahiny ny Tompo ary nampatanjaka ny finoany tamin'ny alalan'ny fanasana hoe "Miaraha-mandeha Amiko"—fanasana izay toy ny tehin'ny jamba na ny sandrin'ny namana iray, afaka mitarika ny dian'ny olona iray izay tsy azo antoka ny famindrany. Rehefa nandray ny tanan'ny Tompo i Enôka ka niara-nandeha Taminy, dia nahita fa lasa nihamarina ny famindrany ary dia lasa misiônera lehibe sy mpaminany izy.<sup>10</sup>

Ny fanapanahakevitra hanaraka ilay hoe "mankanesa aty Amiko" sy ny hoe "manaraha Ahy" dia an'ny tena samiry. Rehefa manaike io fanasana io isika dia miha avo lenta

ny fanolorantenantsika, ary amin'izay fotoana izay isika no afaka "miaramandeha Aminy." Io haavo io dia manorina fifandraisana akaiky kokoa an'ny Mpamony—ilay vokatry ny fanekeksika ilay fanasana voalohany.

Samy nanaiky tsirairay ilay fana-sana hoe "mankanesa aty Amiko" sy hoe "manaraha Ahy" izaho sy i Norma. Avy eo dia niaraka nifanohana izahay ka niara-nianatra ny hiara-mandeha Aminy.

Ny ezaka sy ny finiavana hikatsaka Azy sy hanaraka Azy dia ho valiana soa amin'ny alalan'ny fanomezana ireo fitahiana izay ilaintsika.

Izany no nitranga tamin'ilay ve-hivavy izay nahavita, rehefa niezaka mafy, nikasika ny fitafin'ny Mpamony<sup>11</sup> sy tamin'i Bartimeo, ilay jamba, izay ny finiavany no nahatonga ilay fahagagana izay nitranga teo amin'ny fiaianany.<sup>12</sup> Amin'ireo tranga roa ireo dia fanasitranana vatana sy fanahy no tanteraka.

Atsory ny tananao, ka kasiho ny fitafin'ny Tompo, ekeo ny fanasany, ary mitenena hoe "Eny, Tompo ô, hanaraka Anao ahol!"—miaraha-mandeha Aminy.

Ny "Mankanesa aty Amiko," sy ny "Manaraha Ahy," ary ny "Miara-mandeha Amiko" dia fanasana izay hitana hery anaty—ho an'ireo izay

manaiky izany—mba hanova ny fia-nanao sy hiteraka *fiovana ao anatinao* izay hitaona anao hanambara hoe "tsy manana fironana hanao ratsy intsony [aho] fa ny hanao soa lalan-dava kosa."<sup>13</sup>

Ho fanehoana ivelany izany fiovana eo aminao izany dia hahatsapa fani-riana mafy ianao "[hamonjy] ny osa, [hampiakatra] ny tanana izay mira-viravy, ary [hanatanjakal] ny lohalika malemy."<sup>14</sup>

Inona avy ireo dingana azontsika atao ankehitriny mba "[hiarahana] mandeha Aminy"?

1. *Fahano ilay faniriana* te ho mpanaradia tsara kokoa an'i Kristy.<sup>15</sup>
2. *Mivavaha* ho an'io faniriana io mba ho afaka hitombo ny finoanao Azy.<sup>16</sup>
3. *Manovoza fahalalana* avy ao amin'ny soratra masina, izay mana-zava ny lalana sy mampahery ny fanirianao hiova.<sup>17</sup>
4. *Raiso izao ankehitriny izao ny fanapahan-kevitra* hihetsika ary mitenena hoe "Eny, Tompo ô, hanaraka Anao ahol!" Ny fahala-lana fotsiny ny fahamarinana dia tsy hanova ny tontolonao raha tsy avadikao ho lasa *hetsika* ny fahalalanao.<sup>18</sup>



**Bariloche, Argentine**

5. *Mitozoa* amin'ilay fanapahan-kevitra noraisinao amin'ny fanarahana ireo fitsipika ireo isan'andro.<sup>19</sup>

Enga anie ireo tenin'ny mpaminany malalantsika, ny Filoha Thomas S. Monson, ka handrisika antsika hanao zavatra eo amin'ny faniriantsika ha-naiky ny fanasan'ny Mpamony. Hoy ny Filoha Monson hoe "Iza moa ity Mpanjakan'ny voninahitra izay Jehovah Tompon'ny maro ity? Izy no Tomponsika. Izy no Mpamonyjintsika. Izy no Zanak'Andriamanitra. Izy no mpanantanteraka ny Famonjena antsika. Miantso Izy hoe 'Manaraha Ahy.' Maniraka Izy hoe 'Mandehana hianao, ka mba manaova toy izany koa.' Mitalaho Izy hoe '[Tandremo] ny didiko.'<sup>20</sup>

Enga anie isika handray ny fanapahan-kevitra androany mba hampitombo ny haavon'ny fiderantsika an'Andriamanitra sy ny fanolorantenantsika Aminy, ary enga anie ka ho re mafy sy mazava ny valintenintsika amin'ny fanasany, manao hoe: "Eny, Tompo ô, hanaraka Anao ahol!"<sup>21</sup> Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy Tompo, amena. ■

## FANAMARIHANA

1. Almà 29:8.
2. Jaona 10:14, 27.
3. Matio 11:28; jereo ihany koa ny Isaia 55:3.
4. Jereo ny *Torio ny Filazantsarako: Torolalana ho an'ny Asa Fanompoan'ny Misiónera* (2004), 36, 233–242.
5. Jereo ny Asan'ny Apôstoly 2:37–38.
6. Jereo ny Fotopampianaranana sy Fanekempihavanana 20:77–79.
7. Jereo ny Fotopampianaranana sy Fanekempihavanana 42:29.
8. Marka 10:21.
9. 2 Nefia 31:10.
10. Jereo ny Mosesy 6:33–35.
11. Jereo ny Lioka 8:43–48.
12. Jereo ny Marka 10:46–52.
13. Môsià 5:2.
14. Fotopampianaranana sy Fanekempihavanana 81:5, jereo koa ny Isaia 35:3.
15. Jereo ny Almà 22:15–16; Dallin H. Oaks, "Ny Faniriana," *Liahona*, Mey 2011, 42–45.
16. Jereo ny Almà 34:17–27; 37:37.
17. Jereo ny Salamo 119:105; Helamàna 3:29.
18. Jereo ny Môsià 5:5.
19. Nilaza i Ralph Waldo Emerson hoe "Izay zavatra hikirizantsika atao dia lasa mora atao kokoa, tsy hoe niova ny toetran'ilay zavatra fa ny herintsika hanaovana azy no nitombo" (ao amin'ny Heber J. Grant, *Gospel Standards*, comp. G. Homer Durham [1941], 355).
20. Thomas S. Monson, "Mahita Fifaliana eo amin'ilay Dia," *Liahona*, Nôv. 2008, 88.
21. Jereo ny "Seigneur, je te suivrai," *Cantiques*, no. 141.



Nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Moa Tsy Mpangataka Avokoa Va Isika?

*Na manan-karena isika na mahantra dia tokony  
“hanao izay azontsika atao” rehefa sahirana ny hafa.*

**M**ahatalanjona izao zava-baovao nampidirina tato amin’ny fi-haonambentsika maneran-tany izao. Bien hecho, ry Eduardo.

Tamin’ilay fotoana nahatalanjona indrindra teo amin’ny asa fanompoana nataon’i Jesoa teto an-tany dia nitsangana tao amin’ny synagoga tao Nazaretia izay nahalehibe azy Izy ka namaky ireto teny naminanian’i Isaia ireto ary voarakitra ao amin’ny Filazantsaran’i Lioka izany: “Ny Fanahin’i Jehovah no ato amiko, satria nanosotra Ahy history teny soa mahafaly amin’ny malahelo Izy; Naniraka Ahy history fandefasana amin’ny mpifatotra, . . . [ary] hanafaka izay nampahoriana.”<sup>1</sup>

Tamin’ny alalan’izany no nanaovan’ny Mpamonjy fanambarana ampa-hibemaso voalohany momba ny asa fanompoany amin’ny maha-Mesia Azy. Manazava ihany koa anefa ity andininy ity fa teny an-dalana nitondra nankany amin’ilay sorompanavotany tsy manam-petra sy ny Fitsanganany amin’ny maty, dia ny hitahy ny mahantra, ka anisan’i-zany ireo mahantra ara-panahy, no adi-din’i Jesoa voalohany sy manan-danja indrindra amin’ny maha-Mesia Azy.

Hatrany am-piandohan’ny asa fanompoany dia nitia ireo mahantra

sy sahirana tamin’ny fomba niavaka i Jesoa. Nateraka tao an-tranon’ny roa tamin’ireny Izy ary lehibe teo anivon’ny maro tamin’izy ireny. Tsy fantatsika ny ambangovangon’ny fainany teto an-tany, saingy niteny Izy indray mandeha hoe: “Ny amboahaolo manan-davaka; ary ny voro-manidina manana fialofana; fa ny Zanak’olona tsy mba manana izay hipetrahan’ny lohany.”<sup>2</sup> Toa tsy nanan-kialofana ilay Mpahary ny lanitra sy ny tany “sy ny zava-drehetra eo aminy, farafaharatsiny aloha nandritra ny fainany tamin’ny naha-olon-dehibe Azy.”<sup>3</sup>

Tao anatin’ny tantara rehetra hatrizay ka hatramin’izao dia ny fahantrana no anisan’ny olana lehibe sy mihana-ka indrindra atrehin’ny olombelona. Ny olana aterany hita mazava dia mazàna ara-batana, kanefa mety handrendrika bebe kokoa aza ny fahasim-bana ara-panahy sy ara-pihetsehampo entiny. Na manao ahoana na manao ahoana dia tsy nanao antso maharitra kokoa noho ny fiantsoana antsika hiara-hanaisotra Aminy ity entamavesatra ity eo amin’ny olona ilay Mpanavotra lehibe. Amin’ny maha-Jehovah Azy dia nilaza Izy fa hitsara an’i Israely amim-pahasiahana tokoa

satria “ao an-tranonareo ny fananan’ny [mahantra].”

“Ahoana ny hevitraiseo” hoy ny Tompo “no dia hosihosenareo ny oloko, ary torotoroinareo ny tavan’ny malahelo?”<sup>4</sup>

Nilaza izany tamin’ny fomba tena mazava tsara ny mpanoratra ny Ohabolana: “Izay mampahory ny mahantra dia manala baraka ny Mpanao azy” ary “izay manetsin-tadiny amin’ny fitrainan’ny malahelo dia mba hitaraina [ihany koa] izy, fa tsy hohenoina.”<sup>5</sup>

Amin’izao androntsika izao, raha mbola tsy feno herintaona akory ny Fianganan’i Jesoa Kristy naverina tamin’ny laoniny dia efa nandidy ireo mpikambana tao ny Tompo mba “hikarakara ny mahantra sy ny sahirana . . . ka hisahana ny fanampiana azy ireny mba tsy hijaliany.”<sup>6</sup> Mariho ilay fomba fiteny mibaiko ao amin’io andininy io—mba tsy hijaliany.” Toy izany no firesaky ny Tompo rehefa hentitra mikasika ny zavatra iray.

Eo anatrehan’ny fanamby goavana amin’ny fandresena ny tsy rariny eto amin’izao tontolo izao dia inona no azon’ny lehilahy iray na ny vehivavy iray atao? Ilay Mpampianatra mihitsy no nanolotra valinteny. Rehefa nohosoran’ i Maria diloilo lafo dia lafo fanao amin’ny fandevenana ny lohan’i Jesoa, mialohan’ny namadihana Azy sy ny nanombohana Azy, dia tsy nankistraka ity fampiasana diloilo lafo vidy ity i Jodasy ka “tezitra taminy.”<sup>7</sup>

Fa hoy i Jesoa:

“Nahoana ianareo no mampalahelo azy? Asa soa no nataony tamiko. . . .

“Efa nanao izay azony natao izy.”<sup>8</sup>

“Efa nanao izay azony natao izy”!

Fanazavana fohy sady mahery vaika izany! Nisy mpanao gazety indray andro nanontany an’i Mère Teresa avy any Calcutta mikasika ny asa fana-votana tsy nisy fanantenana nataony tamin’ireo mahantra tao amin’io tanàna io. Hoy izy hoe, raha tarehimarika no jerena dia tsy misy dikany ny zavatra vitan’i Mère Teresa. Namaly mafy ity vehivavy mahatalanjona ity hoe fitiavana no tanjon’ny asany, fa tsy tarehimarika. Na dia teo aza ireo olona tsy tambo isaina tsy azony nam-piana dia nilaza izy fa afaka nitandrina

ny didy hoe ho tia an'Andriamanitra sy ny namany tamin'ny alalan'ny fanoipoana ireo izay *azony* nampiana tamin'izay mba teo am-pelatanany.

"Tsinontsinona ny zavatra atao-tsika fa toy ny rano indray mitete ao anatin'ny ranomasina," hoy izy indray mandeha. "Saingy raha tsy nataontsika anefa izany dia ho tsy ampy rano indray mitete ny ranomasina."<sup>9</sup> Tamimpahamatorana no namaranan'ilay mpanao gazety fa *tsy* asa fanenjehana isa no atao'nny Kristianina. Nambarany fa raha toa ka hisy fifaliana lehibe kokoa any an-danitra noho ny mpanota iray izay mibebaka toy izay noho ny olona sivy amby sivifolo, izay tsy misy tokony hibebahany, dia tsy resaka isan-jato izany no zava-dehibe ho an'Andriamanitra raha ny marina.<sup>10</sup>

Koa ahoana izany no ahafahantsika "manao izay azontsika atao"?

Voalohany indrindra dia tsy tokony hofihinintsika intsony ny fanampiana eo am-pelatanantsika araka izay nampianaran'ny Mpanjaka Benjamina, noho ny fiheverantsika fa ny olona no nahatonga ny fahantrany teo amin'ny tenany ihany. Angamba ho an'ny sasany dia ny tenany ihany *no efa* niteraka ny olana mianjady aminy, saingy tsy efa mba nanao izany zavatra izany mihitsy ve isika rehetra? Tsy izany ve no antony anontanian'ity mpanapaka feno famindrampo ity hoe: "Moa tsy mpangataka avokoa va isika?"<sup>11</sup> Tsy mitalaho mba hahazo fanampiana sy fanantenana ary valim-bavaka avokoa va isika? Tsy mangataka mba hahazo famelana ireo hadisoana nataontsika sy ireo olana vokatry ny nataontsika avokoa ve isika? Tsy mitalaho avokoa ve isika mba ny famindrampo no hanonitra ny fahalementsika, mba ny famindrampo no handresy ny rariny na dia eo amin'ny zava-mitranga amintsika fotsiny aza? Tsy mahagaga izany raha niteny ny Mpanjaka Benjamina hoe *mahazo* famelana ny fahotantsika isika amin'ny alalalan'ny fitalahoana amin'Andriamanitra, izay mamaly amin'ny indrafo, kanefa *mitana* ny famelana ny fahotantsika isika amin'ny alalan'ny famaliana amim-pangorahana ny fitalahoan'ireo mahantra amintsika.<sup>12</sup>



Ankoatra ny fanehoana fihetsika feno indrafo amin'izy ireo, dia tokony hivavaka ho an'ireo izay sahirana koa isika. Nisy andiana Zôramita izay noraisin'ireo mpiara-mivavaka aminy ho "fahalotoana" sy toy ny "tain-drendrika"—teny ao amin'ny soratra masina ireo—ka noroahina hiala ny trano fivavahan'izy ireo "noho ny fitafiany maraorao." Hoy i Môrmôna hoe "nahantra izy ireny raha ny amin'ny zavatr'izao tontolo izao; ary nahantra am-po koa"<sup>13</sup>—toe-javatra roa izay saika tafaraka hatrany. Notoherin'i Almà sy Amioleka izay misiônera mpiara-mitory io fanilikilihana an'ireo izay ratsy fitafiana io tamin'ny filazana tamin'izy ireo fa afaka mivavaka foana izy ireo—any an-tsahany sy any an-tranony, ary ao amin'ny ankohonany sy ao am-pony.<sup>14</sup>

Saingy niteny tamin'ity andian'olona izay voaroaka ity mihitsy i Amioleka avy eo hoe: "Rehefa avy [nivavaka] ianareo, raha manosi-bohontanana ny mahantra sy ny mitanjaka *ianareo*, ary tsy mamangy ny marary sy ny ory, ary tsy mizara amin'ny fanananareo *nefa manana[izany]* *ianareo*, ho an'ireo izay mila izany—lazaiko *aminareo*, . . . zava-poana ny vavakareo sady tsy mahasoa anareo na amin'inona na amin'inona izany, ary ianareo dia tahaka ny mpihatsaravelatsihy izay mandà ny finoana."<sup>15</sup> Fampahatsiahivana mahery vaika tokoa izany hoe na manan-karena isika *na* mahantra dia tokony "hanao izay azontsika atao" rehefa sahirana ny hafa.

Ankehitriny, sao dia enjehina aho hoe manolotra fandaharan'asa arapirahamonina goavambe nefo tsy azo tanterahina, na koa hoe manambara fa asa tsara ny fangatahana

eny an-dalana, dia aleoko manome antoka anareo indray fa ny fanajako ireo fitsipiky ny fahazotoana, sy ny fitsitsiana, sy ny fizakan-tena ary ny faniriana hahita fahombiazana dia mafy orina toy ny an'ny lehilahy na vehivavy velona na iza na iza izany. Takina hatrany isika hanampy ny tenantsika mialohan'ny hikatsahantsika hanampy ny hafa. Ankoatra izany dia tsy fantatro mazava tsara hoe ahoana no fomba tokony hanatanterahan'ny tsirairay aminareo ny adidinareo amin'ireo izay tsy manampy na tsy afaka manampy ny tenany. Kanefa fantattro fa mahafantatra izany Andriamanitra, ary hanampy sy hitarika anareo Izy amin'ireo asa feno famindrampo atao amin'ny maha-mpianatra rehefa vonona sy mivavaka mafy ianareo ka mikatsaka fomba hitandrovana didy iray izay naverimberiny nomena antsika.

Takatraiseo fa eto aho dia miresaka momba ireo zavatra ilain'ny fiaraha-monina izay tena manahirana ka tsy ny mpikamban'ny Fianganana ihany akory no voakasik'izany fa ny rehetra. Soa ihany fa tsotra kokoa ny fomba entin'ny Tompo manampy ireo mpikambana ato amintsika: izay rehetra afaka mitandrina ny lalàñ'ny fifadian-kanina dia tokony hitandrina izany. Nanoratra i Isaia hoe:

"Tsy izao va no fifadiana izay ankastritrako? . . .

"Moa tsy ny hizara ny mofonao ho an'ny noana va, sy ny hampiantrano ny ory manjenjena, ary mba hanafianao izay hitanao mitanjaka . . . ? [ny] hanabora[hanaol] ny fehin'ny zioga, sy [ny] handefa[sanaol] ny ampahorina ho afaka. . . ?"<sup>16</sup>

Mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ireo fahagagana na ara-panahy na ara-batana izay tonga amin'ireo



izay miaina ny lalàn'ny fifadian-kanina. Mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ireo fahagagana izay tonga teo amiko. Tena marina, araka ny nora-keatin' i Isaia, fa mihoatra ny indray mandreha no nanandratra ny feoko nandritra ny fifadian-kanina ary tena namaly tokoa Andriamanitra hoe "Inty Aho".<sup>17</sup> Ankafizo io tombontsoa masina io farafaharatsiny isam-bolana, ary aoka ianao ho malala-tanana araka izay azonao atao rehefa manolotra fanatitra amin'ny fifadian-kanina sy mandrotsaka anjara biriky natokana ho an'ny asa fanasoavana sy ny fianarana ary ny asa fitoriana. Mampanantena anareo aho fa ho malala-tanana aminareo Andriamanitra, ary ho ataon'ireo izay nahita fanampiana avy tamin'ny tananareo hoe sambatra mandrakizay ny anaranareo. Mpikambana mihoatra ny dimy alina sy fito hetsy no nahazo fanampiana tamin'ny alalalan'ny fanta-tritra amin'ny fifadian-kanina tamin'ny taon-dasa, izay notanterahina tamin'ny alalan'ireo eveka sy filohan'ny Fikambanana Ifampiana feno fanolorantena. Olomasin'ny Andro Farany marobe feno fankasitrahana izany.

Ry rahalahy sy anabavy isany, ny toriteny toy izany dia mitaky ahy hiaiky ampahibemaso momba ireo fitahiana tsy novidiam-bola, tsy mendrika ho ahy sy tsy misy fiafarany eo amin'ny fainako, na ara-batana

izany na ara-panahy. Toa anareo dia nisy fotoana aho niahayah mikasika ny lafiny ara-bola, saingy tsy mbola nahantara aho hatramin'izay, ary tsy mahafantatra akory hoe toy ny ahoana izany mahantara izany. Ankoatra izany dia tsy fantatro ny antony rehetra hisian'ny fahasamihafana lehibe eo amin'ireo toe-javatra iainana mahakasika ny fahaterahana, ny fahasalamana, ny fianarana sy ireo fahafahana mihary ara-bola eto amin'ny fainana an-tany, kanefa rehefa mahita ny zavatra tsy ampy eo amin'ny olona maro tokoa aho dia fantattro fa raha tsy noho ny famindrampon'Andriamanitra dia mety ho toy izany koa ny toe-javatra nisy teo amiko.<sup>18</sup> Fantattro ihany koa anefa fa na tsy voatery ho mpiahy ny rahalahiko aza aho, dia rahalahin'ny rahalahiko, ary satria "nomena betsaka aho, dia tokony hanome ihany koa."<sup>19</sup>

Mikasika an'izany no hanome-zako voninahitra manokana ny Filoha Thomas Spencer Monson. Nitondra fitahiana ho ahy ny niarahako niasa tamin'io lehilahy io nandritra ny 47 taona izao ary ny sary hotsaroako foana mandra-pahafatiko momba azy dia ilay izy nandeha fiaramanidina hody avy tany Alemana Atsinanana izay nianjadian'ny fitotonganana aratoekarena, niaraka tamin'ny kapany satria tsy ny palitao sy ireo lobaka fanampiny nananany fotsiny ihany no

nomeny olona fa ilay hany kiraro teny an-tongony koa. "Akory ny hatsaran'ny tongotrirèvè erèvè an-tendrombohitra sy [notaritarihina koa teny amin'ny seranam-piaramanidina] izay an'ilay mitondra teny mahafaly sady mitory fiadanana."<sup>20</sup> Izaho mahafantatra mi-hoatra noho ny olon-kafa, fa ny Filoha Monson dia "nanao izay rehetra azony natao" hatrany, ho an'ireo reny mananotena sy ireo kamboty ray, ho an'ireo mahantara sy ireo ory.

Tao amin'ny fanambarana nomena ny Mpaminany Joseph Smith tamin'ny 1831 dia nilaza ny Tompo fa ny manantra dia hahita ny fanjakan'Andriamanitra ho avy mba hanafaka azy ireo "amin-kery sy voninahi-dehibe."<sup>21</sup> Enga anie isika mba hanampy hanatanterraka izany faminaniana izany amin'ny alalalan'ny fahatongavana ao amin'ny hery sy voninahitra amin'ny maha-mpikambana antsika ato amin'ny Fianganana marin'i Jesoa Kristy ka hanao izay azontsika hatao rehetra mba hanafaka izay rehetra azontsika hafahana ao amin'ny fahantrana izay mamatotra azy ireo sy mandrava ireo nofinofiny maro tokoa. Izany no vavaka atao amin'ny anarana feno famindrampon'i Jesoa Kristy, amena. ■

## FANAMARIHANA

1. Lioka 4:18.
2. Matio 8:20.
3. 2 Nefia 2:14; 3 Nefia 9:15.
4. Isaia 3:14–15.
5. Ohabolana 14:31; 21:13.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:35.
7. Jereo ny Marka 14:3–5; jereo koa ny Matio 26:6–9; Jaona 12:3–5.
8. Marka 14:6, 8; nampiana fanamafisana.
9. Mère Teresa avy any Calcutta: *My Life for the Poor*, ed. José Luis González-Balado and Janet N. Playfoot (1985), 20.
10. Jereo ny Malcolm Muggeridge, *Something Beautiful for God* (1986), 28–29, 118–19; jereo koa ny Lioka 15:7.
11. Môsià 4:19.
12. Jereo ny Môsià 4:11–12, 20, 26.
13. Almà 32:2–3.
14. Jereo ny Almà 34:17–27.
15. Almà 34:28; nampiana fanamafisana.
16. Isaia 58:6–7.
17. Isaia 58:9.
18. Voalaza fa nelazain'i John Bradford, jereo ny *The Writings of John Bradford*, ed. Aubrey Townsend (1853), xlili
19. "Seigneur J'ai Tant Reçu" *Cantiques*, no. 139, © Harper San Francisco.
20. Isaia 52:7.
21. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 56:18; jereo koa ny andininy 19.



Nataon'ny Loholona L. Tom Perry  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Mitady Fiadanana Maharitra sy Manorina Fianakaviana Mandrakizay

*Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy no manome ilay fototra izay ahafahantsika mahita fiadanana maharitra sy manorina rafitra fianakaviana mandrakizay.*

**N**y fainantsika eto an-tany dia sady ahitana fotoana mahafanitra no ahitana fotoan-tsarotra. Samy ahitana olana isan-karazany ny tsirairay amin'ireo. Miankina amin'ny fototra hanorenantsika zavatra no fomba hianarantsika miaina mifanaraka amin'ireo fiovana izay tonga eo. Manome fototra azo antoka sy mafy ny filazantsaran'ny Tompo sy Mpamony antsika. Aorina tsikelikely izany rehefa mahazo fahalalana momba ny drafitra mandrakizain'ny Tompo ho an'ireo zanany isika. Ny Mpamony no Mpampianatra Lehibe. Manaraka Azy isika.

Mijoro ho vavolombelona momba Azy ny soratra masina ary manolotra ohatra momba ny fahamarinana tonga lafatra mba harahantsika. Noresahako tamin'ny mpikamban'ny Fiagonana nandritra ny fihaonambe iray tany aloha fa manana kahie fandraisana

an-tsoratra maromaro aho izay niraktec'ny reniko ireo zavatra nampiasainy mba hanomanana ireo lesony tao amin'ny Fikambanana Ifanampiana. Mbola mety tsara amin'izao vaninandro izao tahaka ny tamin'izany fotoana izany ireo zavatra nosoratany. Ny iray amin'ireo dia teny notsongaina izay nosoratan'i Charles Edward Jefferson tamin'ny 1908 mikasika ny toetran'i Jesoa Kristy. Mivaky toy izao izany:

“Ny maha-Kristiana dia ny mitia an'i Jesoa Kristy amin-kitsimpo sy amin'ny zotompo tokoa ka mirona any Aminy daholo ny fainantsika amin'ny fiezahana ho tonga tahaka Azy.

“... Afaka mahazo fijoroana ho vavolombelona momba Azy isika amin'ny alalan'ireo teny nolazainy sy ireo zavatra nataony ary ireo zavatra tsy nolazainy ihany koa. Afaka mahafantatra Azy ihany koa isika

amin'ny alalan'ny zavatra tsapan'ny olona momba Azy, voalohany ireo namany, faharoa ireo fahavalony, ary fahatelo ireo vahoaka niaina tamin'ny androny. . . .

“Lafin-javatra iray nisongadina teo amin'ny fainana nandritra ny taonjato faharoapolo ny tsy fahafahampo sy [ny korontandrotana]. . . .

“... Maniry zavatra iray ny olona kanefa zara raha fantany hoe inona izany. Tonga ny harena, . . . [ary] feno zavatra . . . noforonina avy amin'ny talenta sy ny fahaiza-mamorona anan'an'ny olombelona izao tontolo izao, saingy . . . [mbola] mitebiteby sy tsy afa-po [ary] tapi-dalan-kaleha ihany isika. . . . [Raha manokatra] ny Testamenta Vaovao isika dia [hahita ireto teny ireto], ‘Mankanesa aty amiko, . . . fa Izaho no hanome anareo fitsaharana, Izaho no mofon'aina, Izaho no Fahazavan'izao tontolo izao. Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy ka hisotro, ny Fiadanako no omeko anareo. Hahazo hery hianareo. Ho faly ny fonareo’” (*The Character of Jesus* [1908], 7, 11, 15–16).

Ny toetran'ny lehilahy sy ny vehivavy dia voatefy amin'ny ampahany amin'ny alalan'ireo olona izay safidian'izy ireo hiaraha-monina. Manefy ny toetran'izy ireo koa ireo olona izay raisin'izy ireo ho toy ny ohatra ka tian'izy ireo halain-tahaka. I Jesoa Kristy no Ohatra tsara indrindra. Ny hany fomba hahitana fiadanana maharitra dia ny mijery Azy ka ho velona.

Inona mikasika an'i Jesoa no mendrika ny hohalalinintsika?

“Ireo mpanoratra ny Testamenta Vaovao . . . dia tsy niraharaha momba ny endriky ny vatan'i [Jesoa], na ireo akanjo nanaovany, na ireo trano nipetrahany. . . . Teraka tao an-tranon'omby Izy, niasa tao amin'ny tsena fandrafetana fanaka, nampianatra nandritra ny telo taona, ary avy eo dia maty teo amin'ny hazofijaliana iray. . . . Ny Testamenta Vaovao dia nosoratan'ireo lehilahy izay tena tapakevitra fa hanao izay . . . hifantohantsika [Aminy]” (*The Character of Jesus*, 21–22) miaraka amin'ny fahazoana antoka fa tena Izy marina ilay Zanak'Andriamanitra, ilay Mpamony sy Mpanavotra izao tontolo izao.

Mino aho fa miante manokana amin'izao andrantsika izao ny iray amin'ireo fanoharana nataon'ny Mpamony.

Hita ao amin'ny Matio toko faha 13 izany, ary mivaky toy izao:

"Fa raha natory ny olona, dia avy ny fahavalony ka namafy voantsimparifary teny amin'ny vary, dia lasa nandeha.

"Ary rehefa naniry ny vary ka nitraka dia nipo saka koa ny tsimparifary.

"Dia avy ny mpanompon-dralehilahy ka nanao taminy hoe: Tompoko, tsy voa tsara va no nafafinao tany an-tanimbarinao? Koa avy taiza kosa ny tsimparifary?

"Dia hoy izy taminy: Fahavaloo no nanao izany. Ary ny mpanompony nanao taminy hoe: Koa tianao va handehananay hanongotra sy hanan-gona azy?

"Fa hoy izy: Tsia, fandrao, raha manongotra ny tsimparifary hianareo, dia hongotanareo miaraka aminy koa ny vary.

"Aoka ihany hiara-maniry izy roroa ambara-pihavin'ny fararano; ary amin'ny fararano dia holazaiko amin'ny mpijinjo hoe: Angony aloha ny tsimparifary, ka ataovy amboarany mba hodorana; fa ny vary dia taomy ho any an-tsompitro" (Andininy 25-30).

Io fahavalon'ny olombelona rehetra efa hatrizay io dia nahita tetikady marobe araka izay azony neritre-retina mba hamafazana ireo voantsimparifary manerana ny tontolo. Nahita fomba izy mba hampidirana azy ireo na dia ao anatin'ny toetra masina ananan'ny tokantranotsika manokana mihitsy aza. Lasanahazo vahana tokoa ireo fomba feno haratsiam-panahy sy araka izao tontolo izao ka nanjary toa tsy misy fomba tena azo hanaisorana azy ireo tanteraka. Tonga amin'ny alalan'ny tariby izy ireo ary koa avy eny amin'ny rivotra ka tafiditra ao amin'ireo fitaovana elektronika izay namboarintsika mba fampianaranana sy hampialana voly antsika. Niara-naniry sy nifanakaiky teo ny vary sy ny tsimparifary. Ny olona iray mpiandraikitra ny fikarakarana ilay tanimboly dia tsy

maintsy mikolokolo amin'ny heriny rehetra ilay voly tsara ary manao izay hampatanjaka sy hahatsara tarehy tokoa izany mba tsy hahafahan'ireo tsimparifary misarika ny maso na ny sofina. Sambatra tokoa isika amin'ny maha-mpikambana antsika ao amin'ny Fianganan'ny Tompo noho ny fannantsika ilay filazantsara sarobidin'ny Tompo sy Mpamjintsika mba ho fototra azontsika hanorenana ny fainantsika.

Misy an'izao ao amin'ny Bokin'i Môrmôna ao amin'ny 2 Nefia hoe: "Fa indro, lazaiko aminareo indray faraha te hiditra ny lalana ianareo ary handray ny Fanahy Masina, dia Izzy no hampiseho aminareo ny zavatra rehetra izay tokony hataonareo" (2 Nefia 32:5).

Tsy tokony havelantsika handresy sy hanarona io feo tony sy malefaka io mihitsy ny fitaoman'izao tontolo izao.

Azo antoka fa efa nomena fampitandremana isika mikasika ireo zavatra hitranga izay hohatrehantsika amin'izao andrantsika izao. Ny fanamby ho antsika dia ny fomba hiomanantsika amin'ireo zavatra hitranga izay voalan'ny Tompo fa mbola vao hitranga marina tokoa.

Olona maro eo anivon'ny fiaraha-monintsika izay feno tebiteby no mahatakra fa ny faharavan'ny fianakaviana dia tsy hitondra afa-tsy alahelo sy fahadisoam-panantenana ao anatin'ny tontolo mikorontana. Amin'ny maha-mpikamban'ny Fianganana antsika dia manana andraikitra isika ny hikajy sy hiaro ny fianakaviana amin'ny maha-rafitra fototra azy eo amin'ny fiaraha-monina sy ny mandrakizay. Ireo mpaminany dia efa nampitandrina sy nilaza mialoha mikasika ny vokadratsy tsy azo sakana sy manimba avy amin'ny fihenan'ny hasin'ny fianakaviana.

Koa satria mbola manohy mijery antsika mpikamban'ny Fianganana izao tontolo izao dia tokony ho azontsika antoka fa ny ohatra asehontsika dia hanohana ilay drafitra namboarin'ny Tompo ho an'ireo zanany eto amin'ny fainana an-tany. Ny fampianaranana tena tsara indrindra dia tokony ho avy amin'ny fanehoana ohatra tsara.

Tokony ho toerana masina ny tokantranontsika mba hanoherana ireo fanerena ataon'izao tontolo izao. Tsarovy fa ny fitahiana tena tsara indrindra avy amin'ny Tompo dia tonga amin'ny alalan'ireo fianakaviana marina ary omena azy ireo koa.

Tokony hanohy hanao tomban'e-zaka amim-pitandremana isika mikasika ny fahaizantsika ny andraikitra amin'ny maha-ray aman-dreny antsika. Ny fampianaranana mafonja indrina izay horaisin'ny zanaka iray dia hipoitra avy amin'ireo ray sy reny tia miahysy marina. Andeha hojerentsika aloha ny anjara asan'ny reny. Henoy ity teny nambaran'ny Filoha Gordon B. Hinckley ity:

"Ireо vehivavy izay mamadika ny trano iray ho lasa tokantrano dia mitondra anjara biriky lehibe lavitra eo amin'ny fiaraha-monina noho ireo izay mibaiko miaramila marobe na mpitondra orinasa goavana. Iza no afaka milaza ny sarany azo hividianana ilay hery mitarika ananan'ny reny iray amin'ireo zanany, na ananan'ny renibe iray amin'ireo taranany, na ananan'ireo nenitoa sy rahavavy amin'ireo havany lavitra?

"Isika dia tsy afaka manomboka mandrefy na manao kajy ny hery mitarika ananan'ireo vehivavy izay manorina, amin'ny fombany manokana, fainam-pianakaviana mafy orina sy mitaiza ireo taranaka ho avy mba hitondrana soa maharitra mandrakizay ho azy ireo. Ireo fanapanhan-kevitra raisin'ireo vehivavy ao anatin'ity taranaka ity dia hanana fiantraikany mandrakizay. Te hilaza aho hoe tsy misy tombontsoa lehibe kokoa ary tsy misy fanamby goavana kokoa ho an'ireo reny amin'izao fotoana izao noho ny fanaovan'izy ireo izay rehetra azony atao mba hanamafisana orina ny [tokantranol]" (*Standing for Something: 10 Neglected Virtues That Will Heal Our Hearts and Homes* [2000], 152).

Izao isika dia hijery ny anjara asan'ny ray eo amin'ny fainantsika:

Ireо raim-pianakaviana dia manome tsodrano sy manatanteraka ireo ôrdô-nansy masina ho an'ireo zanany. Ho lasa fotoana sarobidy ara-panahy eo amin'ny fainan'izy ireo izany.

Ireo raim-pianakaviana dia voakasika mivantana mihitsy amin'ny fitarihana ny vavaky ny mpianakavy sy ny famakiana soratra masina isan'andro ary ny takarivam-pianakaviana isan-kerinandro.

Ireo raim-pianakaviana dia mandrafitra fomba fanaon'ny mpianakavy amin'ny alalan'ny fandraisana anjara amin'ny fanaovana draftra momba ireo fandehanana miala sasatra sy ireo fivoahana izay handraisany olona rehetra ao amin'ny fianakaviana anjara. Tsy hiala ao amin'ireo zanany mihitsy ny fahatsiarovana ireo fotoana miavaka niarahana ireo.

Ireo raim-pianakaviana dia miresaka amin'ny zanany tsirairay ary mampianatra azy ireo ny fitsipiky ny filazantsara.

Ireo raim-pianakaviana dia mampianatra ireo zanany lahy sy vavy ny hasarobidin'ny asa ary manampy azy ireo hametraka tanjona mendrika eo amin'ny fainan'izy ireo manokana.

Ireo raim-pianakaviana dia maneho ohatra amin'ny fanompoana amimpahatokiana araka ny filazantsara.

Aoka mba hotsaroanareo ry rahalahy ny antsonareo masina amin'ny maha-ray anareo ao amin'ny Israely—ny antsonareo manan-danja indrindra amin'izao fainana izao sy mandrakizay—izay antso tsy hisaorana anareo mihitsy.

Taona maro lasa izay nandritra ny fihaonamben'ny tsatôka dia nampiseho horonantsary kely iray izahay mba hanehoana ny lohahevitry ny hafatra nozarainay. Nandritra ny taona iray, rehefa nitety ireo toerana misy ny Fiagonana izahay nandritra ny fanta-trehana ireo fihaonamben'ny tsatôka izay nampandraiketina anay, dia lasa hainay tsara ny votoatin'ilay horonantsary ary saika hainay tsianjery izany. Tsaroako lalandava ilay hafatra tao anatin'izay taona maro izay. Ny Filoha Harold B. Lee no mitantara ao amin'ilay horonan-tsary, ary izy ity dia mitantara ny zavatra nitranga tao an-tranon'ny zanany vavy. Tahatahaka izao ilay izy:

Indray hariva ilay renim-pianakaviana dia somokotra tamin'ny fiezahana nmita ny fampidirany voankazo tao anaty



tavoahangy. Vonona ny hatory ihany ireo zanany nony farany ary nilamina amin'izay. Tonga amin'izay ny fotoana hamitana ny fampidirana ny voankazo ao anaty tavoahangy. Rehefa nanomboka namaofy sy nanala ny voan'ireo voankazo izy dia tonga tao an-dakozia ny zazalahy kely anankiroa ka nilaza fa hoe vonona ny hanao ny vavaka alohan'ny hatoriany izy ireo.

Tsy te hanajanona ny zavatra nataony ilay renim-pianakaviana ka niteny haingana tamin'ireo zazalahy kely hoe "Fa maninona raha ataonareo irery aloha ny vavakareo androany alina dia i Neny manohy mampiditra voankazo ihany?"

Tsy nanaiky handeha ilay zokiny tamin'izy roalahy sady nanontany hoe, "Fa inona no manan-danja indrindra, ny vavaka sa ny voankazo?" (Jereo ny *Enseignements des Présidents de l'Eglise Harold B. Lee* [2000], 143–44.)

Indraindray isika dia tojo toe-javatra izay hananantsika fahafahana hampianatra lesona amin'ny zanaka, lesona izay hisy fiantraikany maharitra eo amin'ny fainanay izay vao miandoha. Mazava ho azy fa manan-danja kokoa noho ny voankazo ny vavaka. Ny ray

aman-dreny mahomby dia tsy tokony hoe sahirana loatra izany mihitsy ka hoe tsy afaka hanararaotra fotoana iray eo amin'ny fainan'ny zanaka hahafahana mampianatra lesona iray manan-danja.

Tena mino tokoa aho fa tsy mbola nisy fotoana tao anatin'ireo taona maro niainako ka hoe nilan'ireo zanaky ny Raintsika any an-danitra bebe kokoa toy ny amin'izao tanana mitrika avy amin'ireo ray aman-dreny mahatoky sy manolo-tena. Manana lova lehibe sy mendrika isika dia ireo ray aman-dreny izay mahafoy ny ankamaroan'ny zavatra ananany mba hahitany toerana hahafahan'izy ireo manabe ny fianakaviany amim-pinoana sy amin'ny herimpo, mba hahazoan'ireo taranaka manaraka tombontsoa bebe kokoa noho izay nananan'izy ireo. Tokony hanana io toe-tsaina feno fahasahiana io ao anatintsika isika ary handresy ireo olana hatrehantsika amin'ny fananana toe-tsaina vonona hahafoy tena toy izany. Tokony hataontsika mifaka ao am-pon'ireo taranaka ho avy ny fiateherana mafy kokoa hatrany amin'ireo fampianaran'ny Tompo sy Mpamonjintsika.

"Ary ankehitriny, ry zanako, tsarovy, tsarovy fa eo amin' ny vatompin' ny Mpanavotra antsika, dia i Kristy, Ilay Zanak' Andriamanitra, no tsy maintsy anorenanareo ny fototra-reo; ka rehefa handefa ny rivo mahe-riny ny devoly, eny, ny zana-tsipikany ao amin' ny tadio, eny, rehefa hamely anareo ny havandrany rehetra sy ny tafiotra maheriny, dia tsy hanankery aminareo izany mba hisintonia anareo hidina any amin' ny hantsan' ny fahoriana sy ny loza tsisy farany, noho ilay vatolampy izay iorenanareo eo amboniny, izay fototra azo antoka, dia fototra izay tsy ahafahan' ny olona mianjera raha miorina eo amboniny izy" (Helamâna 5:12).

Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy no manome io fototra io, izay ahafahantsika mahita fiadanana maharitra sy manorina rafitra fianakaviana mandrakizay. Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho amin'ny anaran'ilay Tompontsika sy Mpamonjitsika, dia i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'ny Loholona Quentin L. Cook**  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Misafidiana Amim-pahendrena

*“[M]andà ny ratsy sy [m]ifidy ny tsara” (Isaià 7:15).*

**R**y rahalahiko malala, ny hizara torohevitra vitsy mikasika ny fanapahan-kevitra sy ny safidy no faniriako amin’ity takariva ity.

Fony aho mpisоловava vao herotreny tany amin’ny Farit’i San Francisco Bay dia nanao asa momba ny lalàna ny orinasanay ho an’ilay orinasa izay namokatra ilay fandaharana manokana ho an’ny ankizy tamin’ny fahitalavitra momba an’i Charlie Brown, fandaharana izay nalefa nandritra ny fialan-tsasatra.<sup>1</sup> Lasa mpankafy an’i Charles Shultz sy ny asanoforony aho—*Peanuts*, izay ahitana an’i Charlie Brown, Lucy, Snoopy, ary ireo mpandray anjara mahafinaritra hafa.

Ahitana an’i Lucy ny iray amin’ireo sombin-tantarana sary miaina tiako indrindra. Raha ny fitadidiako azy dia nandray anjara tamin’ny lalao lehibe iray ny ekipa mpilalao baseball an’i Charlie Brown—Nilalao teo amin’ny faritra ankavanana’ny kianja i Lucy, ary voakapoka nisavoana nankeny aminy ny baolina. Efa tsara petraka teo amin’ireo “bases” telo ny ekipa mpifanandrina tamin’izy ireo, ary izay no fizaram-potoana farany tamin’ireo sivy nisy. Raha azon’i Lucy ilay baolina dia

handresy ny ekipany. Raha tsy azony ilay baolina dia handresy ilay ekipa mpifanandrina tamin’ny azy ireo.

Toy ny zavatra izay tsy mitranga raha tsy ao anaty sary miaina ihany dia nihodidina an’i Lucy ilay ekipa iray manontolo rehefa nidina ilay baolina. Nieritreritra i Lucy hoe “Raha azoko ilay baolina dia izaho no ho ilay Maherifo, fa raha tsy azoko izany dia izaho no ho ilay vendrana indrindra.”

Nidina ilay baolina, ary raha dodona ery ireo mpiara-milalao taminy njery izany dia tsy azon’i Lucy ilay baolina. Natsipin’i Charlie Brown teo amin’ny tany ny fonon-tanany noho ny fahadisoam-panantenana. Nitodika tany amin’ireo mpiara-milalao taminy i Lucy sady nitery kiho no nilaza hoe “Ahoana moa no antenanareo ahy hazo ilay baolina kanefa aho manahy ny amin’ny pôlitikan’ny firenentsika eo amin’ny fifandraisana amin’ny any ivelany?”

Irav tamin’ireo baolina maro nisidina ambony ka tsy azon’i Lucy nandritra ny taona iny baolina iny, ary nahita fialan-tsiny vaovao natao foana izy.<sup>2</sup> Na dia nampihomehy aza ireo fialan-tsinin’i Lucy dia fialan-tsiny

enti-manadio tena izy ireo; tsy ireo no antony marina tsy nahazoany ilay baolina.

Nandritra ny asa fanompoana nataon’ny Filoha Thomas S. Monson dia matetika izy no nampianatra fa ny fanapahan-kevitra no mamaritra ny anjara.<sup>3</sup> Ao anatin’ny foto-kevit’izay fitsipika izay no hanoroako hevitra anereo anio hariva mikasika ny fandresena ny fialan-tsiny izay manakana antsika tsy hanao safidy mendrika, indrindra fa mahakasika ny fanompoana an’i Jesoa Kristy. Ampianarina isika ao amin’ny Isaià mba “handà ny ratsy sy hifidy ny tsara.”<sup>4</sup>

Mino aho fa manan-danja manokana amin’iazo androntsika izao, izay hanjakan’i Satana ao am-pon’ny olona amin’ny fomba vaovao maro tokoa sy misoko mangina, ny hanaovantsika safidy sy handraisantsika fanapahan-kevitra amim-pahamalinana, mifanaraka amin’ireo tanjona sy tarigetra lazaintsika fa ifotoran’ny fainantsika. Mila fanolorantena tanteraka amin’ireo didy isika ary fankatoavana amin’ny fomba hentitra ireo fanekempihavanana masina. Rehefa avelantsika hanakana antsika tsy handray ny fanafiana masina any amin’ny tempoly sy hanao asa fitoriana mendrika ary fanambadiana any amin’ny tempoly ny fialan-tsiny dia manimba tokoa izy ireo. Mahavaky fo ny filazantsika fa mino ireo tanjona ireo isika kanefa manao tsinontsinona ny fainana mifanaraka amin’izany isan’andro, izay takina mba hahatratarana azy ireo.<sup>5</sup>

Milaza ny tanora sasany fa manana tanjona ny hanambady any amin’ny tempoly kanefa tsy mampiaraka amin’ireo olona mendrika ny ho any amin’ny tempoly. Raha ny marina dia tsy mampiaraka akory aza ny sasany! Ry lehilahy mpitovo, arakaraky ny hijanonanareo ho mpitovo, rehefa tonga amin’ny taonan’ny fahamatorana ianareo, no mety hahazoanareo aina kokoa amin’ny tsy firotsahanareo amin’ny fanambadiana. Kanefa raha ny marina dia *tokony* ho vao mainka lasa tsy *mahazo* aina kokoa ianareo! Aoka ianareo mba “hazoto hirotsaka”<sup>6</sup> amin’ireo hetsika ara-panahy sy ara-piaraha-monina izay mifanaraka



amin'ny tanjonareo hanambady any amin'ny tempoly.

Ny sasany dia manemotra ny fanambadiana mandra-pahavitany fianarana mandra-pahitany asa. Raha toa ka eken'ny rehetra eny amin'izao tontolo izao izany fomba fisainana izany, dia tsy maneho finoana sady tsy mifanaraka amin'ny torohevitr'ireo mpaminany maoderina no tsy mifanaraka amin'ny fotopampianarana azo itokiana tsara.

Vao haingana aho no nihaona tamin'ny zatovolahy bikàna iray. Ny

tanjony dia ny handeha hanao asa fitoriana, ny hamita fianarana, ny hanambady any amin'ny tempoly ary ny hanana fianakaviana sambatra mahatoky. Tena faly tamin'ireo tanjony aho. Fa rehefa nitohy ny resaka dia lasa nazava tamiko fa tsy nifanaraka tamin'ireo tanjony ny fomba fiaiany sy ny safidy nataony. Tsapako fa tena te handeha marina hanao asa fitoriana izy ary nisoroka ireo fandikan-dalàna goavana izay hanakana azy tsy hanao asa fitoriana, saingy tsy nanomana azy tamin'ireo fanamby ara-batana, ara-pihetsehampo, ara-tsôsialy, arapaiazana, ary ara-panahy izay tsy maintsy hatrehany ireo zavatra fanaony isan'andro.<sup>7</sup> Tsy nianatra niasa mafy izy. Tsy matotra izy tamin'ny fianarana na ny seminera. Nandeha nivavaka izy saingy tsy namaky ny Bokin'i Môrmôna. Nandany fotoana be dia be izy tamin'ny jeux video sy ny tambazotra ifaneraserana. Toy ny hoe mieritreritra izy fa ho ampy ny fandehanany fotsiny manao asa fitoriana. Ry zatovolahy, manolora tena indray mba hanana fitondrantena mendrika sy hanao fiomanana matotra mba ho solontenan'i Jesoa Kristy Tompo sy Mpamonjintsika.

Tsy ireo fanapahan-kevitra lehibe manova ny fiaianantsika ihany no mampanahy ahy fa ireo zavatra hafa heverina ho tsy manan-danja ihany koa—ny fiaianana isan'andro sy ireo fanapahan-kevitra toy ny tsy dia manan-danja izay andaniantsika ny ankamaroan'ny fotoantsika. Amin'ireo sehatra ireo dia ilaintsika hamafisina ny fifehezantena sy ny fandanjalanjana ary indrindra fa ny fahendrena. Zava-dehibe ny mandresy ny fialan-tsiny sy manao ireo safidy tsara indrindra.

Ohatra tena tsara amin'ny filana ny fifehezantena sy ny fandanjalanjana ary ny fahendrena ny fampiasana ny Internet. Azo ampasaina hanaovana asa fitoriana izany, hanampiana amin'ireo andraikity ny fisoronana, hitadiavana ireo razambe sarobidy izay mila ny ôrdônansy masin'ny tempoly, ary zavatra maro hafa. Goavana ny fahafahany mitondra zavatra tsara. Fantatsika ihany koa fa afaka mampita zavatra maro izay ratsy izany, ao anatin'izany ny pôrnôgrafia, ny fanaovan-doza amin'ny hafa

amin'ny alalan'ny fitaovana elektronika,<sup>8</sup> na ny fitenenan-dratsy tsy anonomana anarana amin'ny chat. Afaka mitarika amin'ny fanaovana hadalana tsy misy fiafarany koa izany. Hoy Rahalahy Randall L. Ridd raha nampianatra mafy momba ny Internet tamin'ny fiaonamben'ny Fiagonana farany teo, “[Ny Internet dia mety hahatonga anao] ho voafandrika ao anatin'ny zavatra maro tsy misy fiafarana nefà tsy manan-danja izay handany ny fotoanao ka hampi-hena ny fahafahanao hanao ny tsara.”<sup>9</sup>

Tsy ao amin'ny Internet ihany no ahitana ireo zavatra mahavariana sy manohitra ny fahamarinana; hita eny rehetra eny izy ireo. Tsy miantraika amin'ny tanora fotsiny ihany izy ireo fa amintsika rehetra. Miaina ao anatin'ny tontolo miaina ara-bakiteny ao anatin'ny korontana isika.<sup>10</sup> Voahodidin'ny fanehoana tsy misy fiafarany ny antsoina hoe “hetsika mampiala voly” isika ary ny fiaianana vetaveta sy tsy mandeha araka ny tokony ho izy. Aseho ho toy ny zavatra mety sy mahazatra ireo ao amin'ny maro amin'ireo fampitam-baovao.

Vao haingana ny Loholona David A. Bednar no nampitandrina ny mpikambana mba ho marina amin'ny fampiasana ny tambazotra ifaneraserana.<sup>11</sup> I Arthur C. Brooks izay fanta-daza amin'ny fizarana ny heviny dia namanafy izany. Nilaza izy fa rehefa mampiasa tambazotra ifaneraserana isika dia mirona amin'ny fanehoana ireo antsipiriany mahafinaritra eo amin'ny fiaianantsika fa tsy ireo fotoan-tsarotra lalovana any am-pianaranana na any am-piasana. Maneho fiaianana tsy feno isika—indraindray dia amin'ny fombi izay maneho fa tsara kokoa noho ny tena izy isika. Maneho io fiaianana io isika ary avy eo dia mino ny “fiaian'i-reo naman[tsika] ao amin'ny tambazotra ifaneraserana izay kely fotsiny amin'i-lay izy no marina.” Hoy i Brooks hoe: “Ahoana moa no tsy haharary anao ny mandany ny ampahany amin'ny fotoanao amin'ny fihamboanao ho faly kokoa noho ny tena izy, ary ny ampahany sisà amin'ny fotoanao amin'ny fahitana hoe toy ny sambatra kokoa noho ianao ny hafa.”<sup>12</sup>

Indraindray isika dia toy ny hoe difotr'ireo fahadalana tsy manan-danja

sy fialamboly tsy misy dikany ary fifandirana tsy misy fiafarany. Rehefa mampihena ireo zavatra mahavariana sy mandinika ny zavatra manodidina antsika isika dia hahita fa tena vitsy ny zavatra hanampy antsika hanatratra ny tanjona tsara ananantsika ho amin'ny mandrakizay. Nisy raim-pianakaviana iray izay namaly ireo zanany tamipahendrena tamin'ny fangatahana maro be nataon'izy ireo mba handray anjara amin'ireo fialamboly ireo. Nanontany azy ireo fotsiny izy hoe "Hahatonga anareo ho olona tsara tsara kokoa ve izany."

Rehefa miezaka isika ny hanamarina ireo safidy ratsy ataontsika, izay tsy mi-fanaraka amin'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny, na lehibe izy ireo na kely, dia tsy ho azontsika ireo fitahiana sy fiarovana ilaintsika ary matetika isika no voafandrika ao anaty fahotana na tsy mahita tsota izao ny lalana tokony halehantsika.

Ny mampanahy ahy indrindra dia ny fahadalana<sup>13</sup> sy ny fibahanan'ny fitiavana ny "zava-baovao rehetra" ao an-tsaina. Mamporisika sy manome lanja lehibe ny fahamarinana sy ny fahalalana isan-karazany isika ato amin'ny Fiagonana. Kanefa rehefa misaraka amin'ny drafity ny fahsambarana nataon'Andriamanitra sy ny anjara asan'i Jesoa Kristy izay tena ilaina ny kolontsaina sy ny fahalalana ary ireo fomba fanao mahazatra eo amin'ny fiaraha-monina, dia tsy azo sakanana ny faharavan'ny fiaraha-monina.<sup>14</sup> Amin'izao androntsika izao, na dia eo aza ireo fivoarana tsy mbola nisy toy izany eo amin'ny sehatra maro, indrindra fa ny siansa sy ny serasera, dia nihen-danja ireo soatoavina fototra manan-danja ary nihena ny fahasambarana sy ny fiadanana amin'ny ankapobeny.

Rehefa nasaina handray fitenenana ny Apôstôly Paoly teo amin'ny Areopago tao Atena dia hitany ny sasany amin'ireo filazan-tena ho mahay sy ny tsy fisian'ny fahendrena marina izay misy amin'izao fotoana izao.<sup>15</sup> Misy ity tantara ity ao amin'ny Asan'ny Apôstôly: "Fa ny Ateniana rehetra sy ny vahiny izay nitoetra teo tsy nandany ny androny tamin'ny zavatra hafa, afa-tsy

ny hilaza na hihaino zava-baovao."<sup>16</sup> Ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty no nantitranterin'i Paoly. Rehefa nahatsikaritra ny vahoaka fa hafatra ara-panahy no nentiny dia nihomehy azy ny sasany ary ny sasany dia nandroaka azy tamin'ny fitenenana hoe "Mbola hihaino anao indray izahay ny amin'izany zavatra izany."<sup>17</sup> Niala tao Atena i Paoly, *tsy nahita fahombiazana mihitsy*. Toy izao no nosoratan'i Dean Frederic Farrar momba io fitsidihana io: "Tsy nanangana fiagonana izy tao Atena, tsy nanoratra epistily izy ho an'i Atena, ary rehefa nandalo matetika teny amin'ny manodidina an'i Atena izy dia tsy nandingana tao intsony."<sup>18</sup>

Mino aho fa ny hafatra manazava ny saina amam-panahy nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks izay manavaka ny "tsara sy ny tsara kokoa ary ny tsara indrindra"<sup>19</sup> dia manolotra fomba mahomby handanjalanjana ireo safidy sy laharam-pahamehana. Maro ireo safidy izay tsy voatery ho tonga dia ratsy, kanefa raha mandany ny fotoantsika rehetra izy ireo sy manakana antsika tsy hanao ny safidy tsara indrindra dia lasa mampidi-doza.

Na ireo zavatra atao sy tanjona mendri-piderana aza dia mila fandanjalanjana mba hamaritana raha toa izy ireo ka lasa zavatra tsy mampifantoka amin'ireo tanjona tsara indrindra. Nisy resaka tsy hay hadinoina nifanavako tamin'ny raiko fony aho zatovo. Tsy nino izy hoe betsaka ireo tanora nifantoka na niomana ho amin'ny fanatrarana tanjona maharitra sy manandanja—toy ny asa sy ny famelomana ny ankohonana.

Laharam-pahamehana lehibe indrindra nafatrafaran'ny raiko mandrakariva ny fianarana mafy sy ny fakana traikefa hiomanana amin'ny asa. Tiany raha toa ka mba nisy fifandraisany mivantana tamin'ny sasany tamin'ireo tanjoko manan-danja ny fandraisako anjara tamin'ireo hetsika ankoatra ny fianarana toy ny fifanakalozan-kevitra ataon'ny mpianatra sy ny fitanana andraikitra tany am-pianarana. Tsy naharesy lahatra azy ny fotoana maharitra nolaniako tamin'ny fandraisana anjara tamin'ny baolina Amerikana,

ny basketball, ny baseball ary ny fanaovana hazakazaka. Niaiky izy fa manome tanjaka sy mampisy faharetana ary manampy amin'ny fahaizana miara-miasa amin'ny hafa ny fanta-tanjahantena saingy nolazainy fa ny fifantohana amin'ny fanatanjahantena iray ao anatin'ny fotoana fohy kokoa angamba no ho tsaratsara kokoa. Araka ny fijeriny dia tsara ny fanatanjahantena fa tsy izay no tsara indrindra *ho ahy*. Nanahy izy fa toa namolavola olo-malaza teo an-toerana ny fanatanjahantena sasany tamin'ny fanaovana sorona ireo tanjona maharitra izay manan-danja kokoa.

Noho io zavatra niainako io, dia antony iray itiavako ilay tanta-ran'i Lucy nilalao baseball ny hoe raha ny hevity ny raiko dia tokony nianatra momba ny fifandraisana ara-pôlitikan'ny firenentsika amin'ny firenen-kafa aho fa tsy nitaintaina mikasika ny hoe hahazo ilay baolina sa tsia. Tiako hazava tsara anefa fa tia fanatanjahantena ny reniko. Raha narary tany amin'ny hôpitaly izy angamba izay vao tsy tonga njery ny iray tamin'ireo lalao nandraisako anjara.

Nanapa-kevitra aho hanaraka ny torohevity ny dadako fa tsy hilalao amin'ny fifaninanana arapanatanjahatena any amin'ny ambara-tonga ambony. Taorian'izay dia nilaza tamiko ny mpanazatra anay tamin'ny lalao baolina tao amin'ny lycée fa te hanasa ahy sy Merlin Olsen ny mpanazatra ny ekipa mpilalao baolina tao Stanford hiara-hisakafo aminy. Mety tsy mahafantatra an'i Merlin ianareo izay zandriolona. Iray tamin'ireo vodilaharana mahay indrindra tetu amin'ny firenena Amerikana izy tao amin'ny ekipa mpilalao baolina an'ny Lycée tao Logan, izay nilalaovako teo amin'ny toeran'ny mpandrindra fanafihana sy vodilaharana ary mpisambatra ny baolina nodakan'ny mpifanandrina ka mamono izany baolina izany eny amin'ny tsato-by. Fony tany amin'ny lycée i Merlin dia nalain'ny ankamaroan'ireo ekipa mpilalao baolina mahay indrindra manerana ny firenena. Nahazo ny Amboara Outland izy tany amin'ny sekoly ambaratonga ambony noho

izy mpilalao teo afovoan'ny kianja izay nahay indrindra nanerana ny firenena. Taty aoriana i Merlin dia voafidy ho mpilalao laharana fahatelo tamin'i-reo voafantina hilalao tao amin'ny ekipan'ny Ligy Nasiônalin'ny Baolina Amerikana, ary nandray anjara tamin'ny lalao hilalaovan'ny matihanina inefatra ambiny folo nifanesy be izao. Voahosotra ho ao amin'ny Pro Football Hall of Fame izy, izay natokana ho an'ireo mpilalao matihanina sangany indrindra, tamin'ny 1982.<sup>20</sup>

Tany amin'ny trano fisakafoanana Bluebird ao Logan Utah no natao ilay sakafoto atoandro niarahana tamin'ilay mpanazatra tao Stanford. Rehefa avy nifampiarahaba izahay dia tsy njery ahy intsony izy. Niresaka mivantana tamin'i Merlin izy fa tsy niraharaha ahy mihitsy. Rehefa lany ny sakafonay dia izay izy vao nitodika tany amiko saingy tsy tadinay ny anarako. Dia hoy izy tamin'i Merlin hoe "Raha misafidy ny hianatra sy hilalao ao amin'ny oniversite an'i Stanford ianao ka te hitondra ny namanao miaraka aminao dia azontsika atao tsara izany satria nahazo naoty tsara izy tany amin'ny lycée." Io zavatra nainako io dia nanamafy tamiko fa tokony hanaraka ny torohevitra hendry avy amin'ny dadako aho.

Tsy mikasa ny hamporisika anareo tsy hanao fanatanjahantena aho na tsy hampiasa ny Internet na tsy handray anjara amin'ireo hetsika hafa mahasoa ankafizin'ny tanora. Karazan-javatra atao izay mitaky fifehezantena sy fandanjalanjana ary fahendrena ireo. Rehefa ampasaina amim-pahendrena izy ireo dia manatsara ny fainantsika.

Na izany aza dia mamporisika ny rehetra aho, na ny tanora na ny efa nahazo taona, mba hamerina hijery ireo tanjona ka hiezaka ny hampihatra fifehezana bebe kokoa. Tokony hifanaraka amin'ireo tanjontsika ny fitondrantenantsika isan'andro. Mila mandresy ny fialan-tsiny sy ny zavatra mahavarimbariana isika. Tena manandanja manokana ny manao safidy mifanaraka amin'ny fanekempihavanantsika hanompo an'i Jesoa Kristy amim-pahamarinana.<sup>21</sup> Tsy tokony hiala amin'io ny masontsika ary tsy

tokony hamotsotra an'io baolina iray io mihitsy isika na inona na inona antony.

Izao fainana izao no fotoana hiomanana hihaona amin'Andriamanitra.<sup>22</sup> Olona sambatra sy faly isika. Mankafy ny fampihomezana amin'ny zavatra tsara isika ary manome lanja ireo fotoana tsy voalamina mialoha mba hiarahana amin'ny namana sy ny fianakaviana. Kanefa mila miaiky isika fa misy tanjona lehibe izay tsy maintsya ataosika fototry ny fomba fainantsika sy ny safidy rehetra ataosika. Manimba tokoa ireo zavatra mahavarimbariana sy ny fialan-tsiny izay mametra ny fivoarantsika, fa rehefa mampihena ny finoantsika an'i Jesoa Kristy sy ny Fianganany izy ireo dia tena loza be.

Mivavaka aho mba ho vitantsika mpihazona fisoronana ny hampifanaraka ny fomba fainantsika amin'ireo tanjona mendri-kaja takina amin'ireo izay manompo ny Tompo. Tokony hahatsiaro isika amin'ny zava-drehetra fa ny fahatongavana ho "maherifo amin'ny tenivavolombelon'i Jesoa" no fitsapan-toetra lehibe hanavahana ny olona ho ao amin'ny fanjakana selestialy sy ny ho ao amin'ny fanjakana terrestrialy.<sup>23</sup> Ilay ilany celestially amin'io fizara io no tantsika hisy antsika. Amin'ny maha-iray amin'ireo Apôstoliny ahy no ijoroako ho vavolombelona amin-kafanam-po ny amin'ny fisian'ny Sorompanavotana nataony sy ny maha-Andriamanitra an'i Jesoa Kristy Mpamontjintsika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

## FANAMARIHANA

1. Fandaharana Manokana amin'ny Fahitalavitra Lee Mendelson-Bill Melendez Production.
2. Nitady fialan-tsiny foana i Lucy mikasika ny antony tsy nahazoany ilay baolina, niainga avy amin'ny hoe variana njery ireo volana teo amin'i Saturne izy ary tonga hatrany amin'ny hoe niahiahny amin'ny fisian'ny akora misy poizina tao anatin'ny fonon-tanany.
3. Jereo ny "Decisions Determine Destiny," fizara faha 8 ao amin'ny *Pathways to Perfection: Discourses of Thomas S. Monson* (1973), 57–65.
4. Isaia 7:15.
5. "Raha mora toy ny fahalalana hoe inona no tsara ny fanaovana ny tsara dia ho goavana toy ny trano fianganana lehibe ireo trano fianganana kely ary ho lasa toy
- ny rovan'ireo printsy ny tranobongan'ny mahantra" (William Shakespeare, *Le Marchand de Venise* fizarana 1, sehatra 2, andalana 12–14).
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:27.
7. Jereo ny *Adaptation à la vie missionnaire* (bokikely, 2013), 23–49.
8. Jereo ny Stephanie Rosenbloom, "Dealing with Digital Cruelty," *New York Times*, 24 Aog. 2014, SRI.
9. Randall L. Ridd, "Ilay Taranaka Nofinidy," *Liahona*, Mey 2014, 56.
10. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:26.
11. Jereo ny David A. Bednar, "To Sweep the Earth as with a Flood" (lahateny natao tao amin'ny BYU Campus Education Week, 19 Aog. 2014); lds.org/prophets-and-apostles/unto-all-the-world/to-sweep-the-earth-as-with-a-flood
12. Arthur C. Brooks, "Love People, Not Pleasure," *New York Times*, 20 Jolay 2014, SRI.
13. Mampalahelo fa ny fialamboly iray izay nahazo vahana amin'izao androntsika izao dia ny fahadalana tanteraka. Rehefa nitanisa ny sasany amin'ireo zavatra izay mandoto ny olona ny Mpamony dia nampidiriny tao ny fahadalana (jereo ny Marka 7:22).
14. Nitanga tany Grèce sy Rôma fahiny izany, ary tao amin'ireo rafi-piaianana tao amin'ny Bokin'i Môrmôna ihany koa.
15. Jereo ny Frederic W. Farrar, *The Life and Work of St. Paul* (1898), 302. Nahitana ireo filôzofa isan-karazany tamin'izany, anisan'izany ny épicuriens sy ny stoïciens, vondrona roa tsy nitovy hevitra izay nofaritan'ny olona sasany ho toy ny Fariseo sy ny Sadoseo teo amin'ny tontolon'ny jentilisa. Jereo koa ny Quentin L. Cook, "Looking beyond the Mark," *Liahona*, Mar. 2003, 21–24.
16. Asan'ny Apostoly 17:21.
17. Asan'ny Apostoly 17:32.
18. Farrar, *The Life and Work of St. Paul*, 312.
19. Jereo ny Dallin H. Oaks, "Tsara, Tsara Kokoa, Tsara Indrindra," *Liahona*, Nôv. 2007, 104–8.
20. I Merlin Olsen dia mpilalao baolina tena sangany sy mpilalao sarimihetsika ary mpitantara baolina tamin'ny lalaon'ny Ligy Nasiônalin'ny baolina Amerikana ho an'ny fahitalavitra NBC. Nahazo ny amboara Outland izy raha nilalao tao amin'ny oniversite an'i Utah State. Nilalao Football matihanina tamin'ny ekipa Los Angeles Rams izy. Nitana ny anjara milalao an'i Jonathan Garvey izy tamin'ny fahitalavitra ary niaraka tamin'ilay mpilalao sarimihetsika Michael Landon tao amin'ny *Little House on the Prairie* sy tao amin'ny fandaharana novokariny manokana tao amin'ny fahitalavitra izay nitanany ny anjara milalao an'i *Father Murphy*. Efa nodimandry i Merlin (11 Mar. 2010), ary malahelo azy mafy izayah.
21. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:5.
22. Jereo ny Almà 34:32.
23. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:79.



Nataon'ny Loholona Craig C. Christensen  
Ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy

# Ny Tenako [dia] Mahafantatra Ireny Zavatra Ireny

*Afaka ny ho iray amin'ireo zavatra iainana tsara  
indrindra sy mahafaly indrindra eo amin'ny fainana ny  
fahafantarantsika manokana fa marina ny filazantsaran'i  
Jesoa Kristy izay naverina tamin'ny laoniny.*

Ryahalahiko malala, mitaona ny fo amam-panahintsika mandrakariva ny ohatra asehon'ny Filoha Thomas S. Monson sy ny asa fanompoana ao amin'ny fisoronana izay ataony. Vao haingana izay dia nanontaniana ny diakona maromaro hoe: "Inona no zavatra tianareo indrindra momba ny Filoha Monson?" Ny diakona iray dia niresaka momba ny nanomezan'ny Filoha Monson, tamin'ny fahazzany, ny kilalaony ho an'ireo namany sahirana. Ny iray hafa dia niresaka mikasika ny nikarakaran'ny Filoha Monson ireo vehivavy mananotena maro tao amin'ny paroasiny. Ny fahatelo dia nilaza fa mbola vao heroterony izy dia nantsoina ho Apôstôly ary nanasoa olona maro manerana izao tontolo izao. Dia hoy ny zatovolahy iray avy eo hoe "Ny zavatra tiako indrindra mikasika ny Filoha Monson dia ny fijoroana ho vavolombelona matanjaka ananany."

Tsy isalasalana fa isika rehetra dia voataonan'ny tenivavolombelona

manokan'ny mpaminanintsika momba an'i Jesoa Kristy Mpamonjy sy ny fahafantarantsika manokana fa marina ny filazantsaran'i Jesoa Kristy izay naverina tamin'ny laoniny. Mety tsy maintsy manomboka ny fivoarantsika arapanahy amin'ny alalan'ny fanteherana amin'ireo fijoroana ho vavolombelona ananan'ny hafa isika—amin'ny filazana tahaka ny nataon'ireo zatovolahy mpiady hoe "Tsy miroanahana izahay, nahafantatra izany ny reninay."<sup>3</sup> Fomba tsara hanombohana ny fijoroantsika ho vavolombelona izany kanefa tsy maintsy mampitombo izany isika. Tsy misy zavatra manan-danja kokoa noho ny fahazoana sy ny fanamafisana orina ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika manokana mba hahatonga antsika ho mahery amin'ny fainana ny filazantsara. Tokony ho afaka hanambara tahaka ny nataon'i Almà isika hoe: "Ny tenako [dia] mahafantatra ireny zavatra ireny."<sup>4</sup>

"Ary ahoana no iheveranareo fa fantattro ny maha-azo antoka ireny

ny 112 taona aza ny hafatra zaraiko anio hariva dia miantef amin'ny rehetra ireo fitsipika. Ho valin'ny teny nolazain'ny Filoha Monson dia te hanontany aho hoe: Moa ve isika tsirairay avy mahafantatra ho an'ny tenantsika manokana fa marina ny filazantsara? Afaka miteny amimpahatokiantena ve isika fa tena antsika marina ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika? Hilaza tenin'ny Filoha Monsona indray aho hoe: "Manambara aho fa ny fijoroana ho vavolombelona matanjaka momba ny Mpamonjy sy ny filazantsarany dia . . . hiaro anareo amin'ny fahotana sy ny faharatsiana manodidina anareo. . . . Raha toa ka mbola tsy manana fijoroana ho vavolombelona ny amin'ireo zavatra ireo ianareo dia ataovy izay tokony hatao mba hahazoana izany. Zava-dehibe ho anareo ny fanananareo fijoroana ho vavolombelona anareo manokana, satria ny fijoroana ho vavolombelona an'ny hafa dia tsy afaka ny hanampy anareo ho lasa lavitra."<sup>2</sup>

## Ny Tenako [dia] Mahafantatra Ireny Zavatra Ireny

Afaka ny ho iray amin'ireo zavatra iainana tsara indrindra sy mahafaly indrindra eo amin'ny fainana ny fahafantarantsika manokana fa marina ny filazantsaran'i Jesoa Kristy izay naverina tamin'ny laoniny. Mety tsy maintsy manomboka ny fivoarantsika arapanahy amin'ny alalan'ny fanteherana amin'ireo fijoroana ho vavolombelona ananan'ny hafa isika—amin'ny filazana tahaka ny nataon'ireo zatovolahy mpiady hoe "Tsy miroanahana izahay, nahafantatra izany ny reninay."<sup>3</sup> Fomba tsara hanombohana ny fijoroantsika ho vavolombelona izany kanefa tsy maintsy mampitombo izany isika. Tsy misy zavatra manan-danja kokoa noho ny fahazoana sy ny fanamafisana orina ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika manokana mba hahatonga antsika ho mahery amin'ny fainana ny filazantsara. Tokony ho afaka hanambara tahaka ny nataon'i Almà isika hoe: "Ny tenako [dia] mahafantatra ireny zavatra ireny."<sup>4</sup>

zavatra ireny?" Dia notohizan'i Almà izany. "Indro lazaiko aminareo fa ampa hafantarina ahy amin' ny alalan' ny Fanahy Masin' Andriamanitra ireny. Indro, efa nifady hanina sy nivavaka andro maro aho mba hahazoan' ny tenako mahafantatra ireny zavatra ireny. Ary ankehitriny, mahalala ny tenako fa marina ireny.<sup>5</sup>

### **Maniry Hahita ny Zavatra izay Hitan-draiko Aho**

Tahaka an'i Almà, i Nefia koa dia nahafantatra ho an'ny tenany manokana ny fahamarinana. Rehefaavy nihaino ny rainy niresaka mikasika ny zavatra maro niainany ara-panahy i Nefia dia naniry ny hahafantatra ireo zavatra fantatry ny rainy ireo izy. Mihoatra lavitra ny fahalianana tsota fotsiny izany—zavatra nampangetahetaby mafy izany. Na dia "mbola tena tanora tokoa" aza izy dia efa "nanam-paniriana lehibe ny hahafantatra ny mistery momba an'Andriamanitra."<sup>6</sup> Niriny ny "hahita sy handre ary hahalala ny amin'ireo zavatra ireo, amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina."<sup>7</sup>

Raha mbola "nipetraka nandinika tao am-po[ny]" i Nefia dia nentina "tao amin'ny [Fanahy] . . . hankeny antendrombohitra avo izaitsizy" izy, izay toerana nanontanian'ny Fanahin'ny Tompo azy hoe "Inona no irinao?" Tsota ny valinteniny hoe: "Maniry hahita ny zavatra izay hitan-draiko aho."<sup>8</sup> Noho ny finoana lalina nananan'i Nefia sy ny ezaka tamim-pahazotoana nataony dia nampiaianana zavatra mahatalanjona izy. Nahita maso ny favian'ny fahaterahan'i Jesoa Kristy sy ny fainany ary ny Fonomboana Azy izy, nahita ny fivoahan'ny Bokin'i Môrmôna sy ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara amin'ny andro farany izy—ary ireo rehetra ireo dia vokatry ny faniriany marina mba hahafantatra ho an'ny tenany.<sup>9</sup>

Ireo traikera manokana niainan'i Nefia niaraka tamin'ny Tompo ireo dia nanomana azy tamin'ireo fotoantsaratra sy ireo olana izay hohatrehany atsy ho atsy. Ireo no nahatonga azy hijoro ho matanjaka na dia nijaly aza ireo olona hafa tao amin'ny fianakaviany. Afaka nanao izany izy satria *nianatra*

ho an'ny tenany manokana ary *naha-fantatra* ho an'ny tenany manokana. Nahazo fijoroana ho vavolombelona ho azy manokana izy.

### **Aoka Izy Hangataka amin'Andriamanitra**

Tahaka an'i Nefia, ny Mpaminany Joseph Smith koa dia "mbola tena tanora tokoa" rehefa "voasarika ho amin'ny fandinhana lalina . . . ny sainy" mahakasika ireo fahamarinana ara-panahy. Fotoan'ny "fahasahiranana lehibe" izany ho an'i Joseph, noho izy tafalatsaka teo afovoan'ireo fampianarana marobe mikasika ny fivavahana izay mifanohitra sy mampikorontantsaina. Niriny ny hahafantatra hoe iza no marina tamin'ireo fiangonana.<sup>10</sup> Rehefa nahazo ny fitaoman'ny Fanahy avy amin'ireto teny ao amin'ny Baiboly ireto izy hoe: "Raha misy aminareo tsy manam-pahendrena, dia aoka izy hangataka amin'Andriamanitra,"<sup>11</sup> dia nandeha nitady samirery ny valin'ny fanontaniany. Tamin'ny marainan'ny andro tsara iray tamin'ny lohataonan'ny taona 1820 dia niditra tao anaty ala kely iray izy ka nandohalika nivavaka. Noho ny finoan'i Joseph ary noho Andriamanitra nanana asa manokana tiany hataony dia nahita fahitana iray feno voninahitra izay nisy an'Andriamanitra Ray sy ny Zanany Jesoa Kristy i Joseph, ary nahafantatra ho an'ny tenany ny zavatra tokony hataony.

Mahita ohatra azonareo alaina tahaka amin'ny fanamasiana orina ny fijoroana ho vavolombelona anareo manokana ve ianareo ao anatin'ny zavatra niainan'i Joseph? Navelan'i Joseph hiditra lalina tao am-pony ny soratra masina. Nosaintsainy lalina izany ary nampihariny tamin'ny toe-javatra niainany. Dia nampihatra ny zavatra nianaranay izy avy eo. Ny vokatr'izany dia ilay Fahitana Voalohany feno voninahitra—sy ny fotoan'ny Famerenana amin'ny laoniny izay nitranga taorian'izay. Ity Fiangonana ity dia miorina marina tokoa amin'ilay fitsipika hoe ny olona rehetra na iza na iza—ao anatin'izany ny zazalahy tantsaha iray 14 taona—dia afaka "manontany an'Andriamanitra" ary mahazo ny valin'ny vavaka nataony.

### **Ka inona ary no Atao hoe Fijoroana ho Vavolombelona?**

Matetika isika no mahare ireo mpi-kamban'ny Fiangonana izay milaza fa ny fijoroana ho vavolombelona ananan'izy ireo momba ny filazantsara no fananana sarobidy indrindra amin'izy ireo. Fanomezana masina avy amin'Andriamanitra izany, izay tonga eo amintsika amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina. Izany no ilay fahazoana antoka izay tony sy tsy voahozongozona azontsika rehefa mandalina sy mivavaka ary miaina ny filazantsara isika. Izany dia ny fahatsapana ny Fanahy Masina mijoro ho vavolombelona amin'ny fanahintsika fa marina ny zavatra ianarantsika sy ataontsika.

Ny olona sasany dia miresaka ny fijoroana ho vavolombelona ho toy ny fandrehetana sy famonoana jirona izany mirehitra na maty; na ianao manana fijoroana ho vavolombelona na tsia. Raha ny marina dia mitovy bebe kokoa amin'ny hazo izay mandalo ireo dingan'ny fitsiriana sy ny fitomboana ny fijoroana ho vavolombelona iray. Ny sasany amin'ireo hazo lava indrindra eto an-tany dia hita ao amin'ny Valan-javaboaharim-pirenena Redwood ao amin'ny faritra andrefan'i Etazonia. Rehefa mijoro eo amin'ny fototr'ireo hazo makadiry ireo ianao dia mahavariana ny mieritreritra fa nitsiry avy amin'ny voa kely iray ny tsirairay amin'izy ireo. Toy izany koa ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika. Na dia mety hoe manomboka amin'ny alalan'ny zavatra iray niainana ara-panahy aza izy ireo dia mitombo sy mihalehibe rehefa mandeha ny fotoana amin'ny alalan'ny famahanana azy ireo tsy tapaka sy ireo zavatra ianana matetika ara-panahy.

Tsy mahagaga noho izany raha toa ny mpaminany Almà ka niresaka mikasika ny voa iray lasa hazo rehefa nanazava ny fomba ampitomboantsika ny fijoroana ho vavolombelona izy. "Raha manisy toerana ianareo," hoy izy, "mba hahazoana mamboly voa iray ao am-ponareo, indro, raha tena voa marina izany na voa tsara, raha tsy mandroaka izany hivoaka ianareo noho ny tsy finoanareo, . . .



## Le Cap, Afrika Atsimo

dia . . . hanomboka handrobona ao an-tratranareo izy; ary rehefa tsapnareo ireo fihetsiny mandrobona, dia hanomboka hiteny anakampo ianareo hoe—Tsy azo ihodivirana ny maha tsy maintsy voa tsara azy, na ny teny dia tsara, satria manomboka mampivelatra ny fanahiko izy; eny, manomboka manazava ny fahazavan-tsaiko izy, eny manomboka ho fy amiko izy.”<sup>12</sup>

Toy izao matetika no hiantombohan’ny fananana fijoroana ho vavolombelona: amin’ny alalan’ny fahatsapana masina sy manazava ny saina amam-panahy ary manome antoka izay mampiseho amintsika fa marina ny tenin’Andriamanitra. Na mahafinaritra toy izany aza ireo fahatsapana ireo dia fiantombohana fotsiny izany. Tsy mbola vita ny asa-nao amin’ny fampitomboana ny fijoroana ho vavolombelona—tahaka ny tsy fahavitan’ny asa fambolena hazo séquoia raha iny vao mipoitra avy ao anaty tany iny ny tsimoka kely voalohany. Raha manao tsinontsinona na tsy miraharaha ireo bitsika voalohany avy amin’ny Fanahy ireo isika, raha tsy mikolokolo azy ireo amin’ny fanohizana ny fandalinana ny soratra masina sy ny fanolorana vavaka ary amin’ny alalan’ny fikatsahana traikefa bebe ko-ko a miaraka amin’ny Fanahy isika dia hihena ny fahatsapantsika ary hihena ny fijoroantsika ho vavolombelona.

Tahaka ny nilazan’i Almà an’izany hoe: “Raha tsy miraharaha ny hazo ianareo sy tsy manana eritreritra ny amin’ ny famahanana azy, dia indro tsy hiorim-paka izy; ary rehefa tonga ny hafanan’ ny masoandro, dia mandazo azy, satria tsy niorim-paka izy, ka maina, dia ongotanareo sy arianareo.”<sup>13</sup>

Amin’ny ankapobeny dia hitombo tahaka ny fitombon’ny hazo ny fijoroantsika ho vavolombelona:

mandeha tsikelikely sy tsy tsikaritra akory, vokatry ny fikarakarantsika tsy tapaka sy ny ezaka ataontsika amimpahazotoana. “Nefa raha mamahana ny teny ianareo,” hoy i Almà nampantanena, “eny, mamahana ny hazo raha manomboka mitombo izy, amin’ ny finoanareo miaraka amin’ ny fahzotoana be sy miaraka amin’ ny faharetana, sady miandrandra ny voany, dia hiorim-paka izy; ary indro izy ho tonga hazo maniry hatrany amin’ ny fainana maharitra mandrakizay.”<sup>14</sup>

### Izao no Fotoana; Anio ilay Andro

Nanomboka nanana fijoroana ho vavolombelona aho rehefa nandalina sy nisaintsaina ireo fampianaranara hita ao amin’ny Bokin’i Môrmôna. Rehefa nandohalika nivavaka tamim-panetrentena aho mba hanontany an’Andriamanitra dia nijoro ho vavolombelona tamin’ny fanahiko ny Fanahy Masina fa marina ny zavatra novakiko. Nitarika tamin’ny fahazoako fijoroana ho vavolombelona mikasika ireo fahamarinana maro hafa ao amin’ny filazantsara io tenivavolombelona voalohany io, satria, araka ny nampianarin’ny Filoha Monson hoe: “Rehefa fantatsika hoe marina ny Bokin’i Môrmôna dia manaraka ho azy ny hoe tena mpaminany marina i Joseph Smith ary nahita an’Andriamanitra Ray Mandrakizay sy i Jesoa Kristy Zanakalahiny izy. Manaraka ho azy koa ny hoe naverina tamin’ny laoniny ny filazantsara amin’izao andro farany izao tamin’ny alalan’i Joseph Smith—ao anatin’izany ny famerenana amin’ny laoniny ny Fisoronana Aharôna sy Melkizedeka.”<sup>15</sup> Hatramin’io andro io dia niaina zavatra masina maro niaraka tamin’ny Fanahy Masina aho, izay nanamafy tamiko indray fa i Jesoa Kristy no Mpamonjy izao tontolo izao ary marina ny filazantsarany

izay naverina tamin’ny laoniny. Afaka miteny tsy amim-pisalasalana miaraka amin’i Almà aho fa ny tenako dia mahafantatra ireny zavatra ireny.

Ry zandry namako, izao no fotoana ary anio no andro hianarana na hanamasantsika indray fa marina ny filazantsara. Manana asa lehibe hatao ny tsirairay amintsika. Mba hananteraha izany asa izany, sy ho voaro amin’ireo fitaoman’izao tontolo izao izay toa manambana tsy tapaka, dia tokony banana ny finoana nananan’i Almà sy i Nefia ary i Joseph Smith kely isika mba hahazoana sy hampitomboana ny fijoroana ho vavolombelona antsika manokana.

Izaho koa, tahaka ilay diakona kely noresahiko tany am-piandohana, dia tia ny Filoha Monson noho ny fijoroana ho vavolombelona ananany. Lasa lehibe tahaka ny hazo séquoia mijoalajoala izany, kanefa na ny fijoroana ho vavolombelona ananany’ Filoha Monson aza dia tsy maintsy hoe nihatombo sy nihalehibe teny rehefa nandeha ny fotoana. Afaka mahafantatra ho an’ny tenantsika isika, tahaka ny Filoha Monson, fa i Jesoa Kristy no Mpamonjy antsika sy Mpanavotra an’izao tontolo izao, fa i Joseph Smith no mpaminan’ny Famerenana amin’ny laoniny, ao anatin’izany ny famerenana amin’ny laoniny ny fisoronan’Andriamanitra. Mitondra izany fisoronana masina izany isika. Mivavaka amim-panetrentena aho mba hianarantsika ireo zavatra ireo sy hamantarantsika azy ireo ho an’ny tenantsika, amin’ny anarana masin’i Jesoa Kristy, amena. ■

### FANAMARIHANA

1. Thomas S. Monson, “Sahia Mijoro Irery,” *Liahona*, Nôv. 2011, 62; 67.
2. Thomas S. Monson, “Ny Herin’ny Fisoronana,” *Liahona*, Mey 2011, 66.
3. Almà 56:48.
4. Almà 5:46.
5. Almà 5:45–46.
6. 1 Nefia 2:16.
7. 1 Nefia 10:17.
8. 1 Nefia 11:1–3.
9. Jereo ny 1 Nefia 11–14.
10. Jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:8–10.
11. Jakoba 1:5.
12. Almà 32:28.
13. Almà 32:38.
14. Almà 32:41.
15. Thomas S. Monson, *Liahona*, Nôv. 2011, 67.



Nataon'ny Eveka Dean M. Davies

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Episkôpâ Mpiahy

# Ny Lalàn'ny Fifadian-kanina: Andraikitry ny Tena Manokana mba Hikarakara ny Mahantra sy ny Sahirana

*Amin'ny maha-mpanaradia ny Mpamony dia manana andraikitra an'ny tena manokana isika ny hikarakara ny mahantra sy ny sahirana.*

Ry rahalahy malalako isany, tiako ny fisoronana, ary tiako ny miaraka aminareo. Tena feno fantsirahana lalina aho fa afaka miaramponpo isika amin'ity fanaovana ny asan'Andriamanitra ity.

Miaina ao anatin'ny fotoana tena mahavariana isika. Nampivoatra ny hatsaran'ny fainan'ny maro ireo fivoarana mahagaga eo amin'ny lafiny ara-pitsaboana sy ara-tsiansa ary ara-teknôlôjia. Kanefa misy koa ny porofon'ny fijaliana sy fahorianana goavana eo amin'ny olombelona. Ankoatra ireo ady sy tabataban'ady dia miantraika eo amin'ny fainan'ny olona an-tapitrisany maro ny fitombon'ny loza voajanahary—ka tafiditra ao amin'izany ny tondra-drano, ny

firehetan'ny ala, ny horohoron-tany, ary ny aretina.



***Rehefa ilaina sy misy eo am-pelatanana dia atolotra mba hanampiana ireo mila izany ireo ftaovana fanampiana avy amin'ny Fiagonana ho an'ny vonjy taitra.***

Ireo mpitonundra ny Fiagonana dia mahafantatra tsara sy malina ny amin'izay mahasoa ireo zanak'Andriamanitra na aiza izy na aiza. Amin'ny fotoana sy amin'ny toerana ahafahana manao izany dia atolotra mba hanampiana ireo mila izany ireo loharano avy amin'ny Fiagonana ho an'ny vonjy taitra. Tamin'ny volana Nôvambra lasa teo ohatra, dia namely ny nosin'ny Filipina rivo-doza Haiyan.

Namela fahasimbana sy fijaliana goavambe i Haiyan izay voasokajy ao anatin'ny rivo-doza goavana sokajy fahadimy. Rava tanteraka ny tanàna maro; betsaka ny aina nafoy; trano an-tapitrisany no simba na rava; ary nitsahatra tsy niasa ireo sampan-drahahaha fototra toy ny famatsiana rano sy ny zohindriaka ary ny famatsiana herinaratra.

Hita tany an-toerana ora vitsy monja taorian'ilay loza voajanahary ireo loharonom-panampiana avy amin'ny Fiagonana. Niray hina tamin'ireo ezaka mba hanampy ny rahalahiny sy rahavaviny ireo mpikamban'ny Fiagonana tany Filipina tamin'ny alalan'ny fanomezana sakafô, rano, akanjo, ary kitapo kely misy kojakoja fidiovana ho an'ireo mpikambana sy ireo tsy mpi-kamban'ny Fiagonana.

Nanjary toerana fialofana ho an'ireo tsy manan-kialofana an'arivony ireo trano Fiagonana. Nisy tombantombana natao teo ambany fitarihan'ny Fiadian'ny Vondrom-paritra sy ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana tany an-toerana, izay maro tamin'izy ireo no namoy ny zavatra rehetra nananany, mba hahafantarana ny toe-javatra iainan'ireo mpikambana rehetra ao amin'ny Fiagonana sy hiarovana azy ireo. Nanomboka nijoro sy nampiharina ireo drafitra tena tsara mba hamerenana ireo mpikambana banana toe-piainana azo hiafiana sy banana fizakan-tena.

Loharanom-panampiana tsotra no nomena mba hanampiana ireo mpikamban'ny Fiagonana hanorina indray ireo toeram-pialofana sy ireo tranon'izy ireo izay vita amin'ny hazo. Tsy hoe fanomezana maimaim-poana fotsiny ihany izany. Nampiofanina ireo mpikambana ka dia nanatontosa ny asa nilaina natao tamin'ny trano

fonenan'izy ireo ary avy eo dia tamin'ny an'ny hafa koa.

Fitahiana iray naterak'izany ny hoe afaka nahita asa tsara ny mpikambana rehefa nanomboka naorina indray ireo tanàna sy fiarahamonina manodidina satria nianatra asa fandrafetana sy fikirakirana fantson-drano ary ireo fahaiza-manao hafa amin'ny fanamboarana trano izy ireo.

*Ny fikarakarana ny mahamantra sy ny sahirana dia fotopampianarana fototra sy ampaahany manan-danja ao amin'ny drafitra mandrakizain'ny famonjena.*

Mialohan'ny asa fanompoany tetra an-tany dia nanambara tamin'ny alalan'ny mpaminaniny i Jehovah hoe: "Fa ny tany tsy ilaozan'olo-malahelo, koa izany no andidiako anao hoe: Sokafy tsara amin'ny rahalahinao ny tanaao, dia amin'ny malahelo sy ny mahamantra eo amin'ny taninao."<sup>1</sup>

Amin'izao androntsika izao, ny fikarakarana ny mahamantra sy ny sahirana dia anisan'ireo andraikitra efatra avy amin'Andriamanitra sahanin'ny Fiagonana izay manampy ny olona tsirairay sy ny fianakaviana mba ho mendrika ny fisandrata.<sup>2</sup>

Tafiditra ao anatin'ny fikarakarana ny mahamantra sy ny sahirana ny famonjena ara-batana sy ara-panahy. Ahitana ny asa fanompoana ataon'ny mpikambana tsirairay ato amin'ny Fiagonana izany rehefa mikarakara ny mahamantra sy ny sahirana ny tenan'izy ireo manokana, ao koa ny asa ffanampiana maty paika ataon'ny Fiagonana, izay tantanana amin'ny alalan'ny fahefan'ny fisoronana.

Ivon'ny drafity ny Tompo mba hikarakarana ny mahamantra sy ny sahirana ny *lalàn'ny fifadian-kanina*. "Ny Tompo dia nametraka ny lalàn'ny fifadian-kanina sy ny fanatitra avy amin'ny fifadian-kanina mba hitahiana ny vahoakany sy hanolorana fomba iray hahafahan'izy ireo manompo ireo izay sahirana."<sup>3</sup>

Amin'ny maha-mpanaradia ny Mpamony dia manana andraikitra an'ny tena manokana isika hikarakara ny mahamantra sy ny sahirana. Ireo mpikambana mahatokin'ny Fiagonana na aiza na aiza dia manome tanana amin'ny alalan'ny fifadian-kanina isam-bolana—tsy mihinana sakafy sy tsy misotro rano

mandritra ny 24 ora—ary manome vola ho an'ny Fiagonana mba ho fanatitra amin'ny fifadian-kanina izay farafahakeliny mitovy amin'ny vidin'ny sakafy izay mety ho nohaniny.

Tokony hosaintsainina ombabavaka ny tenin'i Isaia ary tokony hampianarina any amin'ny tokantrano tsirairay:

"Tsy izao va no fifadiana izay anksitrakoko: Dia ny hamaha ny famatoran'ny faharatsiana, sy hanaboraka ny fehin'ny zioga, sy handefa ny ampahariana ho afaka, ary hanapatapaka ny zioga rehetra?

"Moa tsy hizara ny mofonao ho an'ny noana va, sy hampiantrano ny ory manjenjena, ary mba hanafianao izay hitanao mitanjaka, ka tsy hihirimbelona amin'ny namanao hianao?"<sup>4</sup>

Avy eo i Isaia dia nanohy tamin'ny fitanisana ireo fitahiana mahafinaritra nampanantenain'ny Tompo an'ireo izay mankato ny lalàn'ny fifadian-kanina. Hoy izy hoe:

"Fa raha izany, dia hiposaka tahaka ny fahazavan'ny maraina ny fahazavaao, ary ho tonga faingana ny fahasitrananao; ny fahamarinanao ho loha-lalanao, ary ny voninahitr'i Jehovah ho vodi-lalanao.

"Ary amin'izany dia hiantso ianao, ary Jehovah hamaly; Eny, hanandratra ny feonao ianao, ary Izy hanao hoe: Inty Aho. . . .

"Ary afoinao ho an'ny noana izay hanina tianao, ka mahavoky ny ory ianao, dia hiposaka ao amin'ny maizina ny fahazavaao, ary ny aizim-pitonao ho tahaka ny mitataovovanana;

"Ary Jehovah hitari-dalana anao mandrakariva sady hahavoky ny fahahianao ao amin'ny tany karankaina."<sup>5</sup>

Niteny an'izao ny Filoha Harold B. Lee mikasika ity soratra masina ity hoe: "Ireo fitahiana goavana azo [avy amin'ny fifadian-kanina] dia efa nambara mazava tsara tao anatin'ny fotoam-pitantanana tsirairay, ary eto amin'ity soratra masina ity dia ambaran'ny Tompo amintsika amin'ny alalan'ity mpaminany lehibe ity ny antony hisian'ny fifadian-kanina sy ireo fitahiana azo avy amin'ny fifadian-kanina. Raha toa ka mamakafaka ny toko faha 58 ao amin'ny bokin'i Isaia ianareo dia

hahita ny antony hitiavan'ny Tompo ny handovantsika fanatitra amin'ny fifadian-kanina sy ny antony haniriany antsika hanao fifadian-kanina. Dia satria rehefa manao izay hahamendrika antsika isika amin'ny fanaovana ireo zavatra ireo dia afaka miantso ny Tompo ary afaka mamaly antsika Izy. Afaka manandratra ny feontsika isika ary ny Tompo hanao hoe: 'Inty Aho.'

Nampian'ny Filoha Lee hoe: "Efa namiry ny ho tojo toe-javatra iray ve isika, izay ahafahantsika miantso kanefa tsy hamaly Izy? Hiantsoantso ao anatin'ny fahorantsika isika fa tsy hiaraka amintsika Izy? Amiko dia fotoana izao hieritrerentsika momba ireo fitsipika fototra ireo satria ho avy ny andro izay hilantsika bebe kokoa hatrany hatrany ny fitahian'ny Tompo rehefa haidina tsy misy fangarony eo amin'ny tany manontolo ny fitsarana."<sup>6</sup>

Nizara ny fijoroany ho vavolombelona ny mpaminany malalantsika, ny Filoha Thomas S. Monson—fijoroana ho vavolombelona avy amin'ny zavatra niainany manokana momba ireo fitsipika ireo. Hoy izy hoe: "Ireo mpikamban'ny Fiagonana rehetra izay nitondra fanampiana ho an'ireo sahirana dia tsy hanadino mihtisy ny zavatra niainany na hanenina ny amin'ny zavatra vitany. Ny fahazotoana miasa, ny fitsitsiana, ny fizakan-tena, ary ny fizarana amin'ny hafa dia tsy zava-baovao amintsika."<sup>7</sup>

Ry rahalahy isany, vahoaka mpanao fanekempihavanana sy mpitandrina didy ny mpikambana ato amin'ny Fiagonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Tsy misy lalana na didy tonga ato an-tsaiko, ka hoe raha ankatoavina amim-pahatokiana tokoa, dia ho mora tandremana kokoa ary mitondra fitahiana lehibe kokoa noho ny lalàn'ny fifadian-kanina. Rehefa mifady hanina isika ka manome fanatitra amin'ny fifadian-kanina tena marina dia manolotra izay mety ho vola lany tamin'ny sakafy mba ho anjara biriky ao amin'ny trano fitehirizan'ny Tompo. Tsy mitaky fanomezana volabe mihoatra noho izay mety ho lany amin'ny andavanandro izany. Sady ampanantenaina ireo fitahiana mahagaga araka izay efa voalaza tetsy aloha koa isika.

Mihatra amin'ny mpikamban'ny Fiangonana rehetra ny lalàn'ny fifadian-kanina. Na ireo ankizy kely aza dia azo ampianarina hifady hanina, manomboka amin'ny sakafo iray dia avy eo sakafo roa rehefa afaka mahatakatra sy mahavita mitandrina ny lalàn'ny fifadian-kanina amin'ny fifehezany ny vatany izy ireo. Ireo mpivady sy ireo mpikambana tsy manambady sy ireo tanora ary ireo ankizy dia tokony hanomboka ny fifadian-kanina amin'ny vavaka mba hanome fankasitrahana noho ireo fitahiana eo amin'ny faina-n'izy ireo sady mikatsaka fitahiana sy tanjaka avy amin'ny Tompo mandritra ny fotoana hifadian-kanina. Atao hoe tontosa tanteraka ny lalàn'ny fifadian-kanina rehefa atolotra amin'ny solontenan'ny Tompo, dia ny eveka izany, ny fanatitra amin'ny fifadian-kanina.

Ry eveka isany, mitarika ny asa fifampiana ao amin'ny paroasy ianareo. Naharay didy avy amin'Andriamanitra ianareo mba hitady sy hikarakara ny mahattra. Miaraka amin'ny fanohaninan'ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana sy ireo mpitarika ao amin'ny kôlejin'ny Fisoronana Melkizedeka, ny tanjonareo dia ny hanampy ireo mpikambana mba hanampy ny tenany sy ho tonga mizaka tena. Mikarakara ny filàna ara-batana sy ara-panahin'ny mpikambana ianareo amin'ny alalan'ny fampiasana amim-pitandremana ny fanatitra amin'ny fifadian-kanina ho toy ny fanampiana vonjy maika sy ho famenon'ireo loharanom-pivelomana atolotr'ireo fianakaviana lavitra sy ny fiarahamonina. Rehefa ampiasanareo ombam-bavaka mba hanampiana ny mahattra sy ny sahirana ireo fanalahidin'ny fisoronana sy ny fahaizana mamantatra, dia ho fantatrareo fa ny fampiasana araka ny tokony ho izy ny fanatitra amin'ny fifadian-kanina dia natao hanohanana ny aina fa tsy hanondrotana ny fari-piaianana.

Ry filohan'ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna isany, mihazona fanalahidiny ianareo ary manana fahefana hitantanana ireo ôrdônansy ivelany. Miasa miaraka amin'ny eveka ianareo ary mampianatra ireo mpikambana ao amin'ny kôlejy mikasika ireo adidin'izy ireo ao amin'ny fisoronana sy



amin'ny fitadiavana ireo mpikamban'ny Fiangonana mba hanomezana fahafahana azy ireo hitondra anjara biriky amin'ny fanatitra amin'ny fifadian-kanina. Rehefa mananteraka ny andraikitraiseo ao amin'ny fisoronana ianareo mpihazona ny fisoronana Aharôna ka manome ity fahafahana ity amin'ny mpikambana rehetra ato amin'ny Fiangonana dia ianareo no matetika manamora ny ahafahan'ireo fitahiana ampanantenaina amin'ny fifadian-kanina hipaka amin'ireo izay mety tena mila izany. Ho hitanareo fa manana hery hampalefaka ireo fo vato ny toe-panahy tia mikarakara ny mahattra sy ny sahirana ary mitahy ny fainan'ireo izay tsy manatrika matetika ny favoriam-piangonana.

Hoy ny Filoha Monson hoe: "Ireo eveka izay mandrindra ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna ao amin'ny paroasi-n'izy ireo mba handray anjara amin'ny fanangonana ny fanatitra amin'ny fifadian-kanina dia hahita fahombiazana tsy mitsaha-mitombo eo amin'ity andraikitra masina ity."<sup>8</sup>

Ry eveka isany, tadidio fa tena samihafa be ny toe-java-misy isaky ny faritra sy ny firenena. Mety tsy ha-homby any amin'ny faritra honenareo ny fandondònana isam-baravarana ataon'ny mpikambana ao amin'ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna. Manasa anareo anefa izahay mba hisaintsaina ombam-bavaka ny torohevitra avy amin'ny mpaminany ka hikatsaka fitaomam-panahy amin'izay fomba azo atao ahafahan'ny mpihazona ny Fisoronana Aharôna ao amin'ny paroasinareo manatontosa ny andraikiny ao amin'ny fisoronana amin'ny alalan'ny fandraisana anjara amin'ny fanangonana ny fanatitra amin'ny fifadian-kanina.

Ao amin'ny toko faha 27 ao amin'ny 3 Nefia, dia nanontany ilay Tompo efantsangana tamin'ny maty hoe: "Tokony ho karazan'olona toa inona moa ianareo?" Namaly Izy hoe: "Ho toa Ahy."<sup>9</sup> Rehefa mitondra ny anaran'i Kristy eo amintsika isika ka miezaka manaraka Azy dia handray ny endrinys misoritra eo amin'ny tarehindsightsika ka ho tonga toa Azy kokoa isika. Ampahany tsy afamisaraka amin'ny asa fanompoan'ny Mpamony ny fikarakarana ny mahattra sy ny sahirana. Hita ao amin'ny zavatra rehetra ataony izany. Manampy antsika rehetra izy ary mankahery antsika. Fa mora ny ziogany ary maivana ny entany. Manasa antsika tsirairay aho mba ho tonga tahaka ny Mpamony bebe kokoa amin'ny alalan'ny fikarakarana ny mahattra sy ny sahirana, ny fitandremana amim-pahatokiana ny lalàn'ny fifadian-kanina, ary ny fahalalah-tanana amin'ny fanatitra amin'ny fifadian-kanina. Mijoro ho valvolombelona amim-panetrentena aho fa taratry ny fahamatorana ara-panahy ny fikarakarana ny mahattra sy ny sahirana ary sady hitahy ny mpanome no hitahy izay omena. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

## FANAMARIHANA

1. Deuteronomia 15:11.
2. Jereo ny *Boky Torolalana 2: Fitantanana ny Fiangonana* (2010), 2.2.
3. *Boky Torolalana 2*, 6.1.2.
4. Isaia 58:6–7.
5. Isaia 58:8–11.
6. Harold B. Lee, "Listen and Obey" (Welfare Agricultural Meeting, 3 Apr. 1971), tahidikan'ny sora-tanana natao tamin'ny milina fanoratana, 14; Tranombokin'ny Tantaran'ny Fiangonana, Salt Lake City.
7. Thomas S. Monson, "Efa Niomana Ve Isika?" *Liahona*, Sept. 2014, 4.
8. Thomas S. Monson, nandritra ny favoriana iray niaraka tamin'ny Episkopè Mpiahy, 28 Feb. 2014.
9. 3 Nefia 27:27.



Nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf

Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# "Moa izaho va izany, Tompoko?"

*Tokony hanaisotra ny avonavantsika sy tsy hitoetra ao anatin'ny fieboeboantsika isika, ka hanontany amim-panetrentena hoe: "Moa izaho va izany, Tompoko?"*

**A**lina farany niainan'ilay Mpamony malalantsika teto an-tany tamin'izay, hariva talohan'ny nanolorany ny tenany ho onitra hisolo ny olona rehetra. Rehefa namaky ny mofo teo anivon'ny mpianany Izy dia nilaza zavatra izay tsy mantsy tena nampitebitety sy nampalahelo mafy azy ireo tokoa. "Ny iray aminareo hamadika Ahy," hoy Izy tamin'izy ireo.

Tsy niahiahy ny fahamarinan'ny zavatra nolazainy ireo mpianatra na koa nitoditodika dia nanondro olona iray ary nanontany hoe: "Moa izy va izany?"

Fa "nalahelo indrindra [izy ireo], ka samy nanontany Azy hoe: *Moa izaho va izany, Tompoko?*"<sup>1</sup>

Manontany tena aho hoe inona no ho nataontsika tsirairay raha toa ka niteny an'izany tamintsika ny Tompo? Mety ho nitoditodika ve isika ary niteny tao anakampotsika hoe: "Rahalahy Rakoto angamba izany olona tiany holazaina izany. Efa nampiahiahy ahy foana izy io," na "Faly aho fa ato Rahalahy Rabe. Mila maheno izany hafatra izany mihitsy izy" sa ve isika nanao tahaka an'ireo mpianatra fahiny ireo ka nandinika ny tenantsika ary

nametraka fanontaniana lalina hoe: "Moa izaho va izany?"

Ao anatin'ireo teny tsotra ireo hoe: "*Moa izaho va izany?*" no ahitana ny fiandoham-pahendrena ary ny lalana mitondra any amin'ny fiovampon'ny tena manokana sy ny fiovana maharitra.

## Fanoharana mikasika ny Voninkazo Pisanilia

Indray mandeha nisy lehilahy iray tia mandeha an-tongotra isan-kariva manodidina ny toeram-ponenany. Tsy



andriny tokoa izay handalovana eo amin'ny tranon'ilay mpifanolobodirin-drina aminy. Voatapak'io mpifanolobodirindrana aminy io tsara tokoa ilay bozaka eo an-tokotaniny, dia mandrombona tsara foana ny voninkazo ary salama tsara sy manome aloka ny hazo. Mazava ho azy fa nanao ezaka mafy ilay mpifanobodirindrana aminy mba hahazoana izany izay tsara tarehy misy bozaka sy zavamaniry izany.

Saingy indray andro rehefa nandalo ny tranon'ilay mpifanolobodirindrana aminy ilay lehilahy dia nahatsikaritra pisania mavo iray lehibe izay ahi-dratsy teo afovoan'izany tokotany tsara tarehy misy bozaka sy zavamaniry izany.

Hita hoe tsy tokony ho eo izany ka dia tena nanaitra azy. Nahoana no tsy nongotan'ilay mpifanolobodirindrana taminy izany? Moa ve tsy hitany ilay izy? Tsy fantany angaha fa afaka mamoa voa ny pisania ka hampsiray ahi-dratsy fanampiny maro hafa?

Tena nanelingelina ny sainy tokoa io pisania iray io ary te hanao zavatra izy teo anatrehan'izany. Tokony hongotany fotsiny ve ilay izy? Sa hofafazany ranom-panafody mamono ahi-dratsy? Raha mandeha amin'ny alina tsy misy mahita iny izy angamba dia afaka manongotra izany mangininga.

Nibahaha tanteraka tao an-tsainy ireo zavatra ireo rehefa nandeha antongotra nody izy. Niditra ny tronony izy ary tsy nanop maso akory ilay tokotaniny manoloana ny tronony—izay feno pisania mavo an-jatony.

## Andry sy Sombin-kazo

Tsy mampahatsiahy antsika ny tenin'ny Mpamony ve izany?

"Ary nahoana hianao no mijery ny sombin-kazo eo amin'ny mason'ny rahalahinao, fa ny andry eo amin'ny masonao dia tsy mba tsaroanao? . . .

". . . Esory aloha ny andry eo amin'ny masonao, ary amin'izay vao hitanao tsara ny hanesoranao ny sombin-kazo eo amin'ny mason'ny rahalahinao."<sup>2</sup>

Ity tantara mikasika ny andry sy sombin-kazo ity dia misy ifandrainy akaiky amin'ny tsy fahaizantsika mahita mazava tsara ny tenantsika. Tsy azoko hoe ahoana no ahaizantsika

mamantatra tsara ny olan'ny olona hafa sy manolotra vahaolana ho an'i-zany nefo matetika isika sahirana vao mahafantatra ny olan'ny tenantsika manokana.

Nisy tantara iray tao anatin'ny fampahalalam-baovao taona maro lasa izay, mikasika ny lehilahy iray izay nino fa raha hosorany ranom-boasary makirana ny tarehiny dia tsy ho hitan'ireo caméras izy. Dia nasiany ranom-boasary makirana ny endrin iray manontolo, dia lasa nandeha izy, namaky banky roa. Tsy ela akory taorian'izay dia nalefa tamin'ny fampahalalam-baovao ny endrin ny hariva. Rehefa nasehon'ny pôlisy an'ilay lehilahy ireo horonan-tsary avy amin'ireo caméras de surveillance dia tsy nino ny zavatra hitany izy. Niozonozona izy hoe: "Nisy ranom-boasary makirana anie ny tarehiko e!"<sup>3</sup>

Rehefa henon'ny manam-pahaizana iray momba ny siansa tao Cornell University izany tantara izany, dia variana izy tamin'ny tsy fahatsapan'izany lehilahy izany tanteraka ny tsifahampiam-pahaizany manokana. Mba hamantarana raha toa ka olana iraisan'ny rehetra izany dia, nanasa mpianatra tany amin'ny oniversite ny mpanao fikarohana anankiroa mba handray anjara ao anatin'ny karazana fitsapam-pahaizana vitsivitsy mikasika ireo fahaiza-manao hiatrehana ny fiainana, ary nangatahana izy ireo avy eo mba hanome salanisa ny fahaizan'izy ireo. Ireo mpianatra izay tena nanana salanisa ambany no faran'izay tsy mahay manombantombana ny fahaizan'izy ireo manokana—misy ny sasany amin'izy ireo manome salanisa indimy heny amin'ilay salanisa tokony homena azy.<sup>4</sup>

Naverimberina tamin'ny fomba maro dia maro io fikarohana io ary voamaina foana ilay zavatra voasintona avy tamin'izany hoe: maro amintsika no manana olana amin'ny famantarana hoe iza marina moa isika ary na ny olona nahita fahombiazana aza dia hita fa manambonimbony ny anjara biriky entiny ary manambonimbony ireo anjara biriky izay entin'ny hafa.<sup>5</sup>

Mety tsy dia manan-danja loatra ny manambonimbony ny fahaizantsika mamy fiara na ny fahaizantsika mikapoka

lavitra ny baolina kely fanaovana golf. Kanefa rehefa isika izay no manomboka mino fa ny anjara biriky entintsika ao an-tokantrano sy any am-piasana ary ao am-piangonana dia lehibe kokoa mihoatra ny tena izy dia manakana ny tenantsika tsy hahazo fitahiana sy tsy hahita ireo fotoana tsara hahafahana mampivoatra ny tenantsika amin'ny fomba lalina sy manan-danja isika.

### Ireo Toe-javatra Manimba ny Fiainam-panchy

Nisy olona fantattro anankiray izay, izay zatra nanatrika paroasy iray anisan'ny manana antontan'isa ambony indrindra mikasika ireo karazan-javatra hita ao amin'ny Fiagonana—ambony ny isan'ny mpanatrika favoriana, ambony ny salanisan'ny fampianaranana isan-tokantrano, hendry ireo ankizy ao amin'ny Kilonga, nahitana sakafo mafilotra ny fiaraha-misakafo karakarain'ny paroasy ary zara raha misy latsaka amin'ny tany ao amin'ny trano fiagonana izany ary tsy mba nisy velively araka ny eritreritro izany fifandirana mandritra ny filalaovam-baolina teo anivon'ny Fiagonana izany.

Voantsosy hanao asa fitoriana ilay namako sy ny vadiny taty aorianea. Rehefa niverina avy any izy mivady telo taona taty aorianea dia taitra rehefa nahafantatra fa fanambadiana miisa 11 no nifara tamin'ny fisaraham-panambadiana nandritra ny fotoana nanompoan'izy ireo tany lavitra tany.

Na dia hita tety ivelany aza ny fahatokiana sy ny tanjaky ny olona tao amin'ilay paroasy dia nisy zavatra nampalahelo nitranga tao anatin'ireo mpikambana ireo sy teo amin'ny fiainany. Ary ny zavatra manahirana ny saina dia tsy hoe tao amin'io paroasy io ihany io toe-javatra io no nitranga. Mitranga ny zavatra mampalahelo ary matetika tsy ilaina toy izany rehefa tsy miraharaha ireo fitsipiky ny filazantsara ny mpikamban'ny Fiagonana. Mety hita ho toy ny mpianatr'i Jesoa Kristy izy ireo ety ivelany saingy efa nampisaraka ny fony tamin'ny Mpamoranjiny sy ny fampianariny izy ireo any anatin'ny. Nanalavitra tsikelikely ireo zavatra ny Fanahy izy ireo ary nifindra nankany amin'ireo zavatr'izao tontolo.

Misy ireo mphihazona ny fisoronana izay efa mba nanana ny fahamendrehany no manomboka milaza hoe zavatra tsara ho an'ny vehivavy sy ny ankizy ny Fiagonana fa tsy tsara ho azy ireo. Misy mpikambana sasany koa lasa resy lahatra fa noho ny fahafenoan'ny fandaharam-potoan'izy ireo sy ny toe-javatra manokana iainan'izy ireo dia mahazo tsy mandray anjara amin'ireo asa fanehoana fahafoizanta sy asa fanompoana izay hihazona azy ireo mba ho akaikin'ny Fanahy izy ireo. Ao anatin'izao vanim-potoana hihanahan'ny fanamarinan-tena sy ny fankafizan-tena izao dia mora ny mamorona fialan-tsiny amin'ny tsy fanaovana vavaka tsy tapaka amin'Andriamanitra, amin'ny fanemorana ny fandalinana ny soratra masina na amin'ny tsy fanatrehana favoriam-piagonana sy tsy fanaovana takarivan'ny mpianakavy na amin'ny tsy fandoavana fahafolokarena sy fanatitra marina.

Ry rahalahy malalako, aoka ianareo mba handinika ny ao anatinareo ary hametraka ilay fanontaniana tsotra hoe: "Moa izaho va izany, Tompoko?"

Moa ve ianareo efa nanomboka tsy nirahahaha—na dia kely fotsiny aza—"ilay . . . filazantsaran'ny voninahitr'Andriamanitra izay natolotra ho adidi[nareo]?"<sup>6</sup> Moa ve efa navelanareo hanamaizina ny sainareo ny "andriamanitr'izao tontolo izao" mba "tsy hiposahan'ny fahazavan'ny filazantsaran'ny voninahitr'i Kristy?"<sup>7</sup>

Ry namako malala, ry rahalahiko malala, manontaniana tena hoe: "Aiza no itoeran'ny harenako?"

Moa ve ny fonao mirona any amin'ireo zavatra tsaran'izao tontolo izao sa mifantoka amin'ny fampianaran'i Jesoa Kristy izay nazoto tokoa? "Fa izay itoeran'ny harenareo, dia ho any koa ny fonareo."<sup>8</sup>

Moa ve mitoetra ao am-ponareo ny Fanahin'Andriamanitra? Moa ve ianareo "mamaka sy miorina mafy" amin'ny ftiavana an'Andriamanitra sy ny mpiara-belona aminareo? Moa ve ianareo manokana fotoana ampy sy manao zava-baovao mba hitondrana fifaliana eo amin'ny fanambadianareo sy ny fianakavianareo? Moa ve ianareo



manokana hery entina manatratra ilay tanjona ambony indrindra mba hahatakra sy hiaina “izay sakany sy lavany ary haavony sy halalin’ny”<sup>9</sup> filazantsaran’i Jesoa Kristy naverina amin’ny laoniny?

Ry rahalahy, raha toa ka fanirianareo lehibe ny hampitombo ao anatinareo ny “finoana, ny fahatsaran-toetra, ny fahalalana, ny fahononam-po, ny faharetana, ny fifankatiavan’ny mpirahalahy, ny toetra araka an’Andriamanitra, ny fiantrana, ny fanetren-tena, [ary fanompoana],”<sup>10</sup> izay toetra tahaka ny an’i Kristy dia hanao izay hahatonga anareo ho fitaovana eo an-tanany ho famonjena fanahy maro ny Ray any an-danitra.<sup>11</sup>

### Fianana Voadinika

Ry rahalahy, tsy misy amintsika te hiaiky rehefa tsapatsika fa manomboka mivily lalana isika. Matetika no ialantsika ny fandinhiana lalina ny ao anatintsika sy ny fiatrehana mivantana ireo fahalementsika sy ny fetra tsy azo ihoarantsika ary ny tahotsika. Vokatri’zany, rehefa mandinika ny fainantsika isika dia lasa mampiasa hevity ny tenantsika manokana sy fialan-tsiny ary tantara foronintsika ho an’ny tenantsika mba hanamarinana ireo eritreritra sy fihetsika tsy mendrika.

Zava-dehibe ho an’ny fivoarantsika sy ny fahombiazantsika ara-panahy anefa ny fahafahana mahita mazava ny tenantsika. Raha toa ka mitoetra ao anatin’ny faritra maizin’ny aloka ireo fahelementsika, dia tsy afaka hanistrana azy ireo sy hamadika azy ireo ho tanjaka ilay hery manavotry ny Mpamony.<sup>12</sup> Dia toa mahatsikaiky fa ny tsy fahitantsika ireo fahelementsika amin’ny maha-olombelona antsika dia

hahatonga antsika koa tsy hahita ny hery masina ananantsika izay tian’ny Raintsika mba hokolokoloina ao ana-tintsika tsirairay ao.

Ahoana izany no ahafahantsika mampiasa ilay hazavana madion’ny fahamarinan’Andriamanitra mba handinihiana ny ao anatintsika sy mba hahitantsika ny tenantsika araka ny ahitany azy?

Mamela ahy ianareo mba hanoro hevitra fa ny soratra masina sy ireo lahateny zaraina mandritra ny fihaonamben’ny Fiagonana dia fitaratra mahomby azontsika tazonina mba handinihan-tena.

Rehefa mihaino sy mamaky ireo tenin’ny mpaminany fahiny sy maoderina ianareo dia aoka mba tsy hieritreitra hoe olona hafa no iantefan’izany teny izany fa mametraha fanontaniana tsota hoe: *“Moa izaho va izany, Tompoko?”*

Tokony hanatona ny Raintsika any an-danitra amin’ny fo torotoro sy saina manaiky ampianarina isika. Tokony ho vonona ny hianatra sy hiova isika. Ary tena hahazo tombontsoa maro isika rehefa manolo-tena ny hiaina ilay fainana tian’ny Raintsika any an-danitra hainantsika.

Ireo izay tsy maniry ny hianatra sy hiova dia mety tena tsy hianatra sy hiova ary tena hanomboka hanontany tena raha toa ka manana zavatra azo atolotra azy ireo ny Fiagonana.

Saingy ireo izay maniry ny hihatsara sy hivoatra, ireo izay mianatra momba ny Mpamony sy maniry ny ho toa Azy, ireo izay manetry ny tenany toa ny zaza madinika ary mikatsaka ny hampifanaraka ny eritreriny sy ny fihetsiny amin’ny sitrapon’ny Raintsika any an-danitra—dia hahita ny fahagagana

avy amin’ny Sorompanavotan’ny Mpamony. Azo antoka fa hahatsapa ilay Fanahin’Andriamanitra izay tena tsara izy ireo. Hiaina fifaliana tsy hay faritana izay vokatry ny fo malemy paika sy mietry izy ireo. Hanana faniriana sy hanana fifehezan-tena mba ho lasa mpianatra marin’i Jesoa Kristy izy ireo.

### Ny Herin’ny Hatsarana

Nanana fahafahana nifanerasera tamin’ny lehilahy sy vehivavy sasany faran’izay mahay sy mahiran-tsaina nonina tetra amin’ity tany ity aho nandritra ny fainako. Variana tamin’ireo olona manam-pahaizana, manan-talenta sy nahita fahombiazana ary nahazo doka avy amin’izao vontolo izao aho fony mbola tanora. Saingy rehefa nandeha ny taona dia tsapako fa mahavariana ahy lavitra kokoa ireo fanahy mahagaga sy voatahy izay tena feno hatsarana ary tsy mba mamilaka.

Ary tsy izay ve moa no votoatin’ny filazantsara sy zavatra omeny antsika? Vaovao mahafaly izay manampy antsika ho lasa tsara izany.

Miantefa amintsika amin’izao fotoana izao ny tenin’i Jakoba Apôstôly hoe:

“Andriamanitra manohitra ny mpia-vonavona, fa manome fahasoavana ho an’ny manetry tena. . . .

“Manetre tena eo anatrehan’ny Tompo dia hanandratra anareo Izy.”<sup>13</sup>

Ry rahalahy, tokony hanaisotra ny avonavontsika sy tsy hitoetra ao anatin’ny fieboeboantsika isika, ka hanontany amim-panetrentena hoe: *“Moa izaho va izany, Tompoko?”*

Ary raha toa izao no valintenin’ny Mpamony hoe: “Eny ry zanako lahy, misy zavatra izay tokony hatsarainao, zavatra izay azoko hanampiana ny fandresena azy,” dia mivavaka aho mba hanaiky izany valiny izany isika, hanaiky amim-panetrentena ny fahotantsika sy ny fahelementsika ka hanova ny fombantsika avy eo, amin’ny alalan’ny fahatongavana ho vady tsaratsara kokoa, ray tsaratsara kokoa ary zanakalahy tsaratsara kokoa. Enga anie isika manomboka izao mba hikatsaka amin’ny herintsika rehetra ny handeha tsy tapaka amin’ilay lalana masin’ny Mpamony—satria ny

fahitantsika mazava tsara ny tenantsika no fiandoham-pahendrena.

Rehefa ataontsika izany dia hitarika antsika amin'ny tanana ilay Andriamanitra be fitiavana ary hohatanjahina sy tahina avy any ambony<sup>14</sup> isika.

Ry rahalahy malalako, manomboka amin'ny fametrahantsika ity fanontaniana tsotra ity ny dingana voalohany raisina eo amin'ilay lalan'ny mahampianatra marina izay tena tsara ary mitondra fahafahampo:

*"Moa izaho va izany, Tompoko?"*

Izany no ijoroako ho vavolombe-lona ary apetrako aminareo ny tsodrano-koko amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Matio 26:21-22; nampiana fanamafisana.
2. Matio 7:3, 5.
3. Jereo ny Errol Morris, "The Anosognosic's Dilemma: Something's Wrong but You'll Never Know What It Is," *New York Times*, Jona 20, 2010, opinionator.blogs.nytimes.com/2010/06/20/the-anosognosics-dilemma-1.
4. Jereo ny Justin Kruger sy David Dunning, "Unskilled and Unaware of It: How Difficulties in Recognizing One's Own Incompetence Lead to Inflated Self-Assessments," *Journal of Personality and Social Psychology*, Des. 1999, 1121-34.  
"Vokatry ny fikarohana miisa 4 natao, dia hitan'ny mpanoratra fa ireo mpandravajanjara izay nahazo ny salanisa tany amin'ny 25 isan-jato faran'izay ambany indrindra teo amin'ny fitsapam-pahaizana mikasika ny toe-tsaina amam-panahy, ny fitsipipanoratana sy fitenenana ary ny rafipisaina dia nanambony loatra ny zava-bitany sy ny fahaiza-manaony tao anatin'ilay fitsapam-pahaizana nataony. Na dia ambany aza ny salanisan'izy ireo dia nihevitra izy ireo fa nahavita zavatra tsara nandritra ilay fitsapam-pahaizana" (ny famintinana ny valin'ity fikarohana ity dia hita ao amin'ny psychnet.apa.org/?&fa=main.doiLang&doi=10.1037/0022-3514.77.6.1121).
5. Jereo ny Marshall Goldsmith, *What Got You Here Won't Get You There* (2007), toko 3. Nangatahan'ilay mpanao fikarohana ny mpiara-miasa telo mba hanombantombana ny anjara biriky nentin'izy ireo mba hampanhomby ilay orinasa. Tafakatra tany amin'ny 150 isan-jato ny valin'ny tombantombana nataon'izy ireo mikasika ny fandrais'an'ny tenan'izy ireo anjara tamin'izay.
6. 1 Timoty 1:11.
7. 2 Korintiana 4:4.
8. Lioka 12:34.
9. Efesiana 3:18.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanaugh 4:6.
11. Jereo ny Almà 17:11.
12. Jereo ny Etera 12:27.
13. Jakoba 4:6, 10.
14. Fotopampianarana sy Fanekempihavanaugh 1:28.



Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring

Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

## Ny Fisoronana Fiomanana

*Eo amin'ny fiomanana ao amin'ny fisoronana dia manan-danja kokoa ny "fanehoana ohatra tsara" noho ny "fanomezana torolalana tsara."*

**F**eno fankasitrhana aho tafavory miaraka amin' ireo mpihazona ny fisoronan'Andriamanitra, izay manenika an'izao tontolo izao. Mankasitraka ny finoanareo sy ny fanompokaneo ary ny vavakareo aho.

Mikasika ny Fisoronana Aharôna ny hafatro anio hariva. Natao ho antsika rehetra koa izay manampy amin'ny fanatontosana ireo fampanantenan'ny Tompo ho an'ireo izay mihazona ilay faritan'ny soratra masina hoe ilay "fisoronana ambany"<sup>1</sup> izany. Antsoina ihany koa hoe ny fisoronana "fiomanana" izany. Izany no ilay fiomanana be voni-nahitra izay horesahiko anio hariva.

Henika fiomanana ny draftiry ny Tompo ho an'ny asany. Nanomana ny tany ho antsika Izy mba hiainantsika ireo fitsapana sy fahafahana manao zavatra eto an-tany. Raha mbola eto isika dia ao amin'ilay antsoin'ny soratra masina hoe "toetra fiomanana."<sup>2</sup>

Ny mpaminany Almà dia namaritra ny tena maha-manan-danja izany fiomanana izany ho an'ny fainana mandrakizay, izay toerana ahafahantsika miaina mandrakizay miaraka amin'ny fianakaviana, miaraka amin'Andriamanitra Ray sy Jesoa Kristy.

Izao no fomba nanazavany ny antony ilana fiomanana: "Ary hitsika fa tonga amin' ny olombelona ny fahafatesana, eny, ny fahafatesana izay efa notenenin' i Amoleka, izay fahafatesan' ny nofo; na dia eo aza izany dia nisy ny fotoana nomena ny olona izay hahazoany mibebaka ao anatin' izany; noho izany ity fainana ity dia nanjary





fotoana fizahan-toetra; fotoana hiomanana hihona amin' Andriamanitra; fotoana hiomanana ho amin' ilay toetra tsisy fiafarany izay efa nolazainay, izay aorian' ny fitsanganan' ny nodimandry amin' ny maty.<sup>3</sup>

Tsy misy hafa amin'ny hoe entina hiomanana hihona amin' Andriamanitra ny fotoana nomena antsika mba hianana eto an-tany, ny fotoana nomena antsika mba hanompoana ao amin'ny Fisoronana Aharôna, izay fotoana ahafahana manomana antsika mba hianatra ny fomba hanolorana fanampiana goavana ho an'ny hafa. Tahaka ny anomezan'ny Tompo ny fanampiana takina mba handresena ireo fitsapana eo amin'ny fainana an-tany dia mandefa fanampiana ho antsika ihany koa Izy eo amin'ny fiomanantsika ao amin'ny fisoronana.

Ny hafatro dia sady ho an'ireo izay irahin'ny Tompo hanolotra fanampiana hanomana ireo hihazona ny Fisoronana Aharôna no ho an'ireo izay mihausenya ny Fisoronana Aharôna. Miresaka amin'ireo ray aho. Miresaka amin'ireo eveka aho. Ary miresaka amin'ireo mihausenya ny Fisoronana Melkizedeka izay atokisana ho namana sy mpam-pianatra an'ireo zatovolahy ao amin'ny fisoronana fiomanana.

Miresaka amim-piderana sy amimpankasitrahana ho an'ny marobe aminareo manerana izao tontolo izao aho sy ho anareo izay mbola mety hamaky na hijery ity any aorianany.

Diso aho raha toa ka tsy hiresaka momba ny filohan'ny sampana iray sy ny eveka iray nandritra ny fahazazako. Lasa diakona tao amin'ny sampana kely iray tany amin'ny ilany atsinanan'i Etazonia aho tamin'ny faha 12 taonako.

Kely dia kely tokoa ilay sampana hany ka izaho sy ny zokiko lahy ihany no mpihazona ny Fisoronana Aharôna tao mandra-panasan'ny raiko, izay filohan'ny sampana tamin'izany, lehilahy zokinjokiny iray mba hiditra ho mpikamban'ny Fiangonana.

Nandray ny Fisoronana Aharôna ilay mpikambana vaovao, ary niaraka tamini'zany ny antso mba hanara-maso ireo izay mihausenya ny Fisoronana Aharôna. Mbola tsaroako ohatran'ny hoe vao omaly izany. Tadidiko ny ravinkazo tsara tarehin'ny fararano rehefa niaraka tamiko sy ny rahalahiko hanao zavatra ho an'ny mananotena iray io mpikambana vaovao io. Tsy tadidiko hoe inona ilay asa nataonay saingy tsaroako aho nahatsapa fa ny herin'ny fisoronana dia nanampy anay hanao ilay zavatra izay nianarako taty aoriania fa nambaran'ny Tompo hoe tsy maintsy ataantsika rehetra mba ho voavela heloka ka dia ho vonona hahita Azy.

Rehefa mahatsiaro izany zavnitranga izany aho ankehitriny dia mahatsapa fankasitrahana ho an'ny filohan'ny sampana iray izay niantso mpikambana vaovao mba hanampy ny Tompo hanomana zazalahy roa izay aty aoriania ho lasa eveka nodidiana hikarakara ny mahantre sy ny sahirana ary hiahy ihany koa ny mihausenya ny fisoronana fiomanana.

Mbola diakona aho tamin'ny fotoana nifindran'ny fianakaviako ho any amin'ny paroasy lehibe iray tetu Utah. Izany no fotoana voalohany nahatsapako ny herin'ny kôlejy iray manontolo tao amin'ny Fisoronana Aharôna. Raha ny marina dia izay aho vao nahita anankiray toy izany hattrizay. Ary taty aoriania dia izany no fotoana

voalohany nahatsapako ny hery sy fitahiana avy amin'ny fananana eveka iray izay miahay ny kôlejy'ny mpisorona.

Nantsoin'ny eveka aho ho mpanampy voalohany azy ao amin'ny kôlejy'ny mpisorona. Tsaroako fa izy mihitsy no nampianatra ny kôlejy—na dia be atao be aza izy niaraka tamin'i-reo lehilahy manan-talenta maro izay tokony ho azony nantsoina mba hanompihianatra anay. Nasainy nalahatra mba hanome faribolana ny seza tao amin'ny kilasy. Nasainy nippetraka teo amin'ilay seza teo akaikiny aho, teo ankavanany.

Afaka nitsirika ny tarehiny aho rehefa nampianatra izy. Niondrika izy indraindray njery ireo soratra voakaly tao anatin'ilay fitoeran-taratasy kely voafono hoditra teo ambonin'ny feny anankiray sy tao amin'ireo soratra masina efa tonta sy voamarimarika izay nisokatra teo amin'ny feny ilany. Tsaroako ny fientanentanana rehefa nitantara ireo tantara maneho herimpo ao amin'ny bokin'i Daniela izy sy ny fijoroana ho vavolombelona ananany mikasika ny Mpamonjy izay i Jesoa Kristy Tompo.

Ho tsaroako hatrany ny fomba hiantsoan'ny Tompo mpiara-mamangy voafidy tamim-pitandremana ho an'ireo mihausenya ny fisoronany izay eo an-dalam-piomanana.

Nanana mpanolotsaina matanjaka ny evekako, ary noho ny antony izay tsy takatro mihitsy tamin'izany dia tsy indray na indroa izy no niantso ahy an-tariby tany an-trano ka niteny hoe: "Hal, mila anao hiaraka amiko ho namako aho mba hanao famangiana vitsivitsy." Indray mandeha dia nitondra ahy izy ho any amin'ny tranon'ny mananotena iray izay nipetra-drery sy tsy nanan-kohanina tao an-trano. Teny an-dalam-podiana dia najanony ny fiafany, nosokafany ny soratra masiny, ary nolazainy tamiko ny antony nandrain-sany izany mananotena izany ho toy ny vehivavy izay nanana hery tsy hoe hikarakarana ny tenany fotsiny ihany fa ho afaka hanampy ny hafa koa any aorianany.

Ny famangiana iray hafa nataonay dia ho an'ny lehilahy iray izay efa ela be no tsy nanatrika favoriampiangonana. Nanasa azy hiverina

hiaraka amin'ny Olomasina ny eve-kako. Tsapako ny fitiavan'ilay ekekako olona izay toa fahavalo saro-tiavina sy mpikomy teo imasoko.

Tamin'ny fotoana hafa indray dia namangy tokantrano iray izahay ka nirahin'ireo ray aman-dreniny mamo mba hitsena anay teny am-baravarana ireto zanany roa vavy kely. Nambaran'ireo zazavavy roa ireo teo amin'ny varavarana kiloadooaka fa matory ny reniny sy ny rainy. Nanohy niresaka tamin'izy ireo ny eveka, nitsiky sy nidera azy ireo noho ny hatsarany sy ny herimpo nananany nandritra ny 10 minitra na mihoatra teo. Rehefa nandao io tokantrano io ka niara-nandeha teny an-dalana izahay dia hoy izy niteny moramora hoe: "Famangiana tsara ilay teo. Tsy hohadinoin'ireo zazavavy kely roa ireo na oviana na oviana fa nandalo teto isika."

Ny roa amin'ireo fitahiana azon'ny mpiara-mamangy zokiny ao amin'ny fisoronana omena dia fahatokiana sy ohatra amin'ny fikarakarana. Hitako izany rehefa nahazo namana hiaraka hanao fampianarana isan-tokantrano izay nanana traikera bebe lavitra koka tao amin'ny fisoronana noho ny tenany ny zanako lahy. Efa filohan'ny misiona in-droa sy nanompo tamin'ny toeran'ny mpitarika imbetsaka ilay mpiara-mamangy aminy.

Nialohan'ny hamangian'izy ireo ny fianakaviana voatondro hovangiany dia nangataka mba hamangy ny zanako lahy aloha io mpitarika ao amin'ny fisoronana be traikera io. Navelan'izy ireo hihaino aho. Nanokatra tamin'ny vavaka ilay mpiara-mamangy zokiny, nangataka fanampiana. Dia niteny toy izao tamin'ny zanako lahy izy: "Mieritreritra aho hoe tokony hampianatra lesona iray izay ho toy ny fanentanana ity fianakaviana ity hibebaka isika. Mety tsy dia horaisiny tsara izany raha avy amiko. Mieritreritra aho hoe handray tsara kokoa ny lesona izy ireo raha avy aminao izany. Ahoana no fahitanao izany?"

Tsaroako ny tahotra teny amin'ny mason'ilay zanako lahy. Mbola tsapako foana ny hafaliana tamin'izany fotoana izany rehefa nanaiky ilay andraikitra ny zanako lahy.

Tsy kisendrasendra no nampiara-han'ny eveka ireto mpiara-mamangy ireto. Tamin'ny fanomanana feno fitandremana no nahafantar'an'ilay mpiara-mamangy zokiny ny fahatsapa nananan'ilay fianakaviana ho ampianarin'izy ireo. Tamin'ny alalan'ny fitaomam-panahy no nahatsapany fa tsy tokony ho izy no hizara ny hafatra ka hahatoky zatovo tsy manan-traikefa iray mba hiantso zanak'Andriamanitra efa lehibe mba hibebaka sy handray fiarovana.

Tsy fantattro ny vokatry ny famangan'izy ireo saingy fantattro fa ny eveka iray sy ny mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka iray ary ny Tompo dia nanomana zazalahy iray ho tonga lehilahin'ny fisoronana ary ho lasa eveka indray andro any.

Ankehitriny dia mahazatra anareo ny tantaram-pahombiazana mikasika ny fiomanana ao amin'ny fisoronana toy izany noho ireo zavatra hitanareo sy niainanareo teo amin'ny fainanareo manokana. Nahafantatra eveka, sy mpiara-mamangy ary ray aman-dreny toy izany ianareo ary efa avy toy izany. Nahita ny tanan'ny Tompo ianareo teo amin'ny fiomananareo ho amin'ireo adidin'ny fisoronana izay fantany fa miandry anareo.

Isika rehetra ato amin'ny fisoronana dia manana adidy hanampy ny Tompo hanomana ny hafa. Misy zavatra sasan-tsasany izay azontsika atao ka mety ho



tena manan-danja. Mbola mahery vaika kokoa noho ny fampiasana teny ao anatin'ny fampianarantsika ny fotopampianarana ny ohatra asehontsika amin'ny fainana ny fotopampianarana.

Tena manan-danja indrindra ao anatin'ny fanompoantsika ao amin'ny fisoronana ny fanasana ny olona mba hanatona an'i Kristy amin'ny alalan'ny finoana, ny fibebhana, ny batisa ary ny fandraisana ny Fanahy Masina. Ny Filoha Thomas S. Monson, ohatra, dia nanao toriteny mba hampientanentana ny fo sy fanahy mikasika ireo fotopampianarana rehetra ireo. Kanefa mandrisika ahy hanao asa ny zavatra fantattro fa nataony tamin'ny olona sy ny misiônera ary ireo naman'ny Fiagonana tamin'izy niahny ny misionan'i Toronto.

Eo amin'ny fiomanana ao amin'ny fisoronana dia manan-danja kokoa ny fanehoana ohatra tsara noho ny fano-mezana torolalana tsara.

Izany no antony maha-manan-danja tokoa ny soratra masina eo amin'ny fanomanana antsika ao amin'ny fisoronana. Feno ohatra izy ireny. Tsapako toa ireny afaka mahita an'i Almà ireny aho manaraka ny didin'ilay anjely sy miverina faingana mba hampianatra ny vahoaka ratsy fanahin'i Amônihà izay nandà azy.<sup>4</sup> Tsapako ny hatsiaka tao anatin'ny fonja rehefa notenenin'Andriamanitra i Joseph Smith mba tsy hatahotra fa momba azy Izy.<sup>5</sup> Rehefa ao an-tsaina ireo sary ao amin'ny soratra masina ireo dia afaka ny ho vonona hararitra ao anatin'ny asa fanompoantsika isika rehefa toa sarotra izany.

Ny ray iray na eveka iray na mpiara-manao fampianarana isan-tokantrano zokiny iray izay mam-piseho fa matoky mpihazona ny fisoronana zandriny iray dia afaka manova ny fainanay. Nangatahin'ny mpi-kambana iray ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo mba hanoratra taratasy fohy mikasika ny siansa sy ny fivavahana ny raiko indray andro. Mpahay siansa malaza sy mpihazona ny fisoronana mahatoky ny raiko. Saingy mbola tsaroako ilay fotoana nabolorany ahy ilay taratasy nosoratany ka nitenenany hoe: "Inty, mialohan'ny handefasako ity any amin'ny Roambinifololahy dia tiako hamaky izany



ianao. Ho fantatrao raha toa ka marina izany.” Zokiko 32 taona izy ary tena hendry sy maranin-tsaina lavitra.

Mbola mampatanjaka ahy foa izany fahatokiana avy amin’ny ray tsara sady lehilahin’ny fisoronana izany. Fantattro fa tsy dia amiko loatra no mi-petraka ny fahatokiany fa amin’ny hoe Andriamanitra dia afaka milaza ary hilaza amiko hoe inona no marina. Ianareo namana mpiara-mamangy efa ela netezana dia afaka mitahy mpihazona fisoronana zandrinareo izay eo ampiomamana isaky ny mampiseho azy io karazana fahatokiana io. Hanampy azy izany hatoky ilay fahatsapana malefaky ny fitaomam-panahy an’ny tenany manokana rehefa tonga izany raha hametraka ny tanany izy indray andro any mba hamehy ny tsodrano hanasitranana zaza iray izay lazain’ireo dokotera fa ho faty. Nanampy ahy mihoatra noho ny indray mandeha io fahatokiana io.

Ny fahombiazantsika eo amin’ny fanomanana ny hafa ao amin’ny fisoronana dia ho tonga arakaraka ny fatran’ny fitiavantsika azy ireo. Tena ho marina izany indrindra rehefa tsy maintsy manitsy azy ireny isika. Eritrereto ny fotoana iray izay hanaovan’ny mpihazona fisoronana Aharôna

iray fahadisoana eo amin’ny fanatanterhana ôrdônansy iray, mety hoe eo amin’ny latabatry ny fanasan’ny Tompo. Olana lehibe izany. Indraindray dia mitaky fanitsiana ampahibe-maso ilay fahadisoana ka mety hisy fananana lolom-po, sy fahatsapana ho afa-baraka na ho voailika mihitsy aza.

Hotsaroanareo ny torohevity ny Tompo hoe: “Manitsy eo no ho eo amin’ny fomba henjana rehefa entanin’ny Fanahy Masina; ary rehefa izany dia maneho fitiavana sesehena amin’ilay nitsinao, fandrao heveriny ho fahavalony ianao.”<sup>6</sup>

sesehena dia manana heviny miavaka eo amin’ny fanomanana ny mpihazona ny fisoronana rehefa mila fanitsiana izy ireo. Milaza fitiavana sesehena izay efa nisy ilay teny. Ny ilaina aseho dia ilay fitiavana sesehena. Ireo izay manomana mpihazona ny fisoronana aminareo dia tena hahita hadisoana hataon’izy ireo. Mialohan’ny handrais’izy ireo ny fanitsiana ataonao dia tsy maintsy efa nahatsapa ny fitiavanao mialoha ary tsy tapaka aloha izy ireo. Tsy maintsy efa nahatsapa ny fandokafanao marina azy aloha izy ireo mialohan’ny hanekeny ny fanitsianao.

Ny Tompo mihitsy no nandray ireo mpihazona ny fisoronana ambany tamin’ny fomba fiery izay nanome voninahitra ny maha-izy azy ireo sy ny lanjan’izy ireo eo imasonry. Henoy ireto teny ireto izay nambaran’i Jaona Mpanao Batisa rehefa naverina tamin’ny laoniny ny Fisoronana Aharôna: “Ianareo ry mpiara-manompo amiko, amin’ny anaran’ny Mesia no tolorako ny Fisoronan’i Aharôna, izay mihazona ny fanalahidin’ny fanompoan’ny anjely sy ny filazantsaran’ny fibebahana ary an’ny batisa asitrika ho famelana ny fahotana; ary na oviana na oviana dia tsy hoesorina eto an-tany intsony izany, ambara-panatitry ny zanakalahin’i Levy fanatitra amim-pahamarinana ho an’ny Tompo indray.”<sup>7</sup>

Fanampin’ilay Fisoronana Melkizedeka ambony kokoa ny Fisoronana Aharôna.<sup>8</sup> Amin’ny mahafilohan’ny fisoronana rehetra azy ny Filohan’ny Fiagonana dia mpiahy ny fisoronana fionanana ihany koa.

Ny hafany nandritra ny taona maro mikasika ny fandehanana manavotra olona dia mifanaraka tsara amin’ilay didy hoe hitondra ny filazantsaran’ny fibebahana sy ny batisa ho ao amin’ny fiainan’ny hafa.

Mifampidinika tsy tapaka ireo kô-lejin’ny diakona sy mpampianatra ary mpisorona mba hitondrana ny mpikambana rehetra ao amin’ny kôlejy ho any amin’ny Tompo. Manondro mpikambana ireo olona ao amin’ny fiadidiana mba hanolo-tanana amim-pinoana sy amim-pitiavana. Ireo diakona dia mizara ny fanasan’ny Tompo amimpajana sy amim-pinoana fa hahatsapa ny fiantraikan’ny Sorompanavotana ireo mpikambana ka hanapa-kevitra hitandrina ny didy eo am-pandraisany ireo tandindona masina ireo.

Mivavaka miaraka amin’ny mpiara-mamangy aminy ireo mpampianatra sy mpisorona mba hanatontosana ilay andraikitra hoe hiambina ny fiangonana, ny olona tsirairay. Ary miaramivavaka ireo mpiara-mamangy ireo rehefa mahafantatra zavatra ilain’ireo loham-pianakaviana ireo sy antenainy. Rehefa manao izany izy ireo dia mio-mana ho amin’ilay andro lehibe izay hiahian’izy ireo amim-pinoana ny fiannakavian’izy ireo manokana amin’ny maha-ray azy ireo.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ireo rehetra izay miara-manompo ao amin’ny fisoronana dia manomana vahoaka iray ho amin’ny fiavian’ny Tompo ao amin’ny Fiangonany. Velona Andriamanitra Ray. Fantattro—tena fantattro—fa i Jesoa no Kristy ary tia antsika Izy. Mpaminany velon’ny Tompo ny Filoha Thomas S. Monson. Mijoro ho vavolombelona amin’izany aho amin’ny anarana masin’i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA


1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:26, 30; 107:14.
2. Almà 42:10, 13.
3. Almà 12:24.
4. Jereo ny Almà 8:14–18.
5. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 122:9.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:43.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 13:1.
8. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 107:14.




### NY FIADIANA VOALOHANY



### NY KÔLEJIN'NY APÔSTÔLY ROAMBINIFOLO



### NY FIADIAN'NY FITOPOLAHY




## NY KÔLEJY VOALOHANY AO AMIN'NY FITOPOLOLAHY

(manaraka ny abidaj)



## NY KÔLEJY FAHAROA AO AMIN'NY FITOPOLOLAHY



(manaraka ny abidaj)



## NY EPISKÔPÀ MPIAHY



Ôktôbra 2014



*Hita eo amin'ny sary manaraka ny sahazam-pamantaranandro avy eo amin'ny tampony havia ireo mpikamban'ny Fiagonana sy misiônera any Alexandria, Virginia, Etazonia; Johannesburg, Afrika Atsimo; Cuauhtémoc, Mexique; Saipan, Nosy Marianne Avaratra; Peachtree Corners, Georgia, Etazonia; Canoas, Brésil; San Lorenzo, Paraguay; Verona, Wisconsin, Etazonia; sy Waterford, Irlande.*



Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

# Voatarika ka Tody Soa any An-trano

*Mangataka ny fanampian'ny any ambony isika mba hahazoantsika ilay toromarika mahomby mikasika izay lalana tokony hitodihantsika, mba hahafahantsika manoritra sy mandeha amin'ny lalana iray izay voasaintsaina tsara sy tena izy.*

Rahalahy, tafavory eto amin'ny Ivontoeran'ny Fihaonambe isika sy any amin'ireo toerana maro manerana izao tontolo izao amin'ny maha-vondrona matanjaky ny fisoronana antsika. Voninahitra ho ahy kanefa mampanetry tena ahy koa ilay andraikitro mba hilaza teny vitsivitsy aminareo. Mivavaka aho mba hanampian'ny Fanahin'ny Tompo ahy eo am-panaovana izany.

Dimy amby fitopolo taona lasa izay, tamin'ny 14 Febroary 1939, tao Hambourg any Allemagne, dia nisy andro tsy fiasana iray izay nankala-zaina. Nandritra ireo kabary natao tamim-pientanentanana sy ny horakorapifalian'ireo vahoaka ary ny fitendrena ireo hira maneho fitiavan-tanindrazana, dia namonjy ranomasina voalohany ilay sambo mpiady vaovao *Bismarck* rehefa avy nandalo ny [Reniranon'i] Elbe. Io sambo io, izay matanjaka indrindra tamin'ny sambo rehetra izay efa niasa, dia nahitana fitaovam-piarovana sy rafitra ara-mekanika nampitolagaga tokoa. Nila mari-draftra maherin'ny 57.000 ny fanamboarana ireo tilikambo

misy tafondro roa sosona 380 milimetatra izay baikoin'ny radara ny tifitra avy aminy. Ahitana tambazotran-tariby mitondra herinaratra mirefy 45.000 km ilay sambo. Milanja 35.000 taonina izy io ary nanome fiarovana faran'izay mafy indrindra ireo takela-by. Noho ny endrinly mahatalanjona sy ny habeny izay tena goavana ary ny fananany fitaovam-piadiana mahery vaika dia noheverina ho tsy mety rendrika ity sambo goavana ara-tanjaka ity.

Roa taona mahery taty aoriana no nifamotoanan'i *Bismarck* tamin'izay hiafarany rehefa nanomboka niady tamin'i *Bismarck* sy ilay sambo croiseur Alemana *Prinz Eugen*, tamin'ny 24 Mey 1941, ireo sambo mpiady roa natanjaka indrindra tao amin'ny Tafika an-dronomasina Britanika, dia i *Prince of Wales* sy i *Hood*. Tao anatin'ny dimy minitra no nandetehan'i *Bismarck* tany amin'ny fanambanin'ny Atlantika an'ilay sambo *Hood* sy izay rehetra tao anatiny afa-tsy ny telo tamin'ireo miaramila tantsambo miisa 1.400. Voa mafy tokoa ilay sambo mpiady Britanika iray hafa nantsoina hoe *Prince of Wales*, ka dia nitsoaka an-daharana.


Nandritra ny telo andro manaraka dia notafigan'ny sambo mpiady sy fiaramidina mpiady Britanika hatrany hatrany indray i *Bismarck*. Raha atambatra dia nanambatra ny herin'ny sambo mpiady miisa dimy ny Britanika ary niampy sambo roa mpitondra fiaramidina sy sambo croiseurs 11 ary sambo contre-torpilleurs 21 mba hitadiavana sy handrendrehana an'ilay sambo matanjaka *Bismarck*.

Nandritra ireo ady ireo dia fahsimbana kely ety ivelany fotsiny no naterak'ireo balan-tafondro maro be teo amin'i *Bismarck*. Tena tsy nety rendrika marina tokoa ve izy io? Avy teo dia nisy torpille iray avy any ambany ranomasina nahavoa mafy an'i *Bismarck* ka nampikatso ny familiana azy. Tsy nisy vokany ny ezaka natao hanamboarana izany. Na dia efa vonona hitifitra aza ireo tafondro ary efa vonona tsara ireo miaramila tantsambo



rehetra dia tsy afaka nanao afa-tsy ny nandeha niadana nanao faribolana iray lehibe i *Bismarck*. Teo akaiky teo ny tafika an'habakabaka matanjaky ny Alemana. Tsy afaka namonjy ny seranan-tsambo izay tokony hitondra fiarovana ho azy i *Bismarck*. Saingy tsy nisy afaka nanolotra izay toerampialofana izay izy roa ireo satria tsy afaka nandroso nanaraka lalana voasoritra i *Bismarck*. Sady tsy nanana familiiana izy no tsy nahazo fanampiana no tsy afaka nankeny amin'ny seranana. Efa akaiky ho vita hatreo ny aminy. Nirefodrefotra ireo tafondro Britanika, rehefa tsy nanan-kavaly intsony ireo miaramila tantsambo Alemana, ka nandetika ilay sambo izay toa tsy nety rava teo aloha. Namely ireo sisin'ny sambo aloha ireo onja maherin'i Atlantika ary avy eo dia nitelina ilay reharehan'ny tafika an-dranomasina Alemana. Rendrika i *Bismarck*.<sup>1</sup>

Tahaka an'i *Bismarck* dia fahagagna avy amin'ny fahaiza-mamorona



ihany koa isika tsirairay. Tsy voafetransy fahaizan'olombelona anefa ny famoronana antsika. Afaka mamorona ireo milina faran'izay be pitsipitsiny indrindra ny olona saingy tsy afaka manome aina azy ireo na manome azy ireo ny hery enti-misaina sy hahazana mandanjalanja. Fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra ireo, ary Andriamanitra ihany no afaka manome izany.

Ry rahalahy, tahaka ilay familiarina izay tena ilain'ny sambo dia nomena fomba iray koa isika hamantarana ny lalana izay diavintsika. Ny fanilon'ny Tompo no manoro lalana antsika rehefa miampita ireo ranomasimben'ny fainana isika. Ny mandeha amin'ny lalana mahitsy mankany amin'ny tanjona irintsika no tanjontsika—dia ny fanjakana celestrialin'Andriamanitra. Ny olona tsy manana tanjona dia toy ny sambo tsy misy familiarina, ka tsy ho tody eny amin'ny seranana mihtsy. Tonga amintsika ilay toromarika hoe: sorito ny lalanareo, atodiho any amin'ny rivotra ny voalinareo, ataovy vonona ho any amin'ny lalan-kombana ny familiarareo dia miaingà.

Tahaka izay niseho tamin'ilay sambo mahery hoe *Bismarck*, no miseho ihany koa amin'ny olona. Tsy misy ilana azy ny tosik'ireo maotera sy ny herin'ireo tangolimihodina rehefa tsy misy an'io fahaizana mitodika amin'izay lalana hombana io, io fifehezana ny angovo io, io familiarina ny hery io izay ataon'ny familiarina, izay tsy hita maso sy kely tokoa kanefa tena ilaina ny asany.

Ny Raintsika dia nanome ny masoandro sy ny volana ary ny kintana—vahindanitra mba hitari-dalana ireo tantsambo izay mandeha sambo eny amin'ny ranomasina. Rehefa mandeha amin'ny lalam-piainantsika isika dia omeny sarintany mazava ary atorony ny lalana mankany amin'ny toerana iriantsika hahatongavana. Mampitan-drina Izy hoe: tandremo ireo fiolahandalana sy ireo loza ary ireo fandrika. Tsy tokony hamela ny tenantsika ho voafitak'ireo izay hitarika antsika amin'ny lalana diso isika, sy ireo fakam-panahin'ny ota izay miantsoan-to sy eroa. Ny ataontsika kosa

dia ny maka fotoana hivavahana; mihaino ilay feo tony sy malefaka izay milaza hatrany amin'ny atifanahintsika ilay fanasana feno hatsaram-panahy ataon'ny Tompo amintsika hoe: "Avia, manaraha Ahy."<sup>2</sup>

Kanefa ao ireo izay tsy mandre, izay tsy hankatô, ary izay mankafy kokoa ny handeha amin'ny lalana izay ny tenany ihany no nanoritra azy. Matetika loatra izy ireo no trtran'ny fakam-panahy izay manodidina antsika rehetra ary mety ho toy ny manintona tokoa.

Amin'ny maha-mpihazona ny fisoronana antsika dia napetraka ety an-tany ao anatin'ny fotoan-tsarotra isika. Miaina ao anatin'ny tontolo feno zava-tsarotra isika izay ahatsapana sy ahitana ady na aiza na aiza aleha. Mamotika ny tanjak'ireo firenena ireo rafitra ara-politika, mandrombaka fahefana ireo mpanao jadona, ary ampahany manontolo eo amin'ny fiaraha-monina no toa iharan'ny tsindry hazo lena lalandava sy tsy omena fahafahana hanao zavatra ary avela irery miaraka amin'ny fahatsapana ho tsy mahomby. Rentsika lalandava ireo fampianaran'olombelona ary manemitra antsika manodidina ny fahotana.

Andrakitsika ny mitoetra ho mendrika handray ireo fitahiana feno vominahitra rehetra natokan'ny Raintsika any an-danitra ho antsika. Na aiza na aiza alehantsika dia miaraka amintsika ny fisoronana hazonintsika. Moa ve mijoro amin'ny toerana masina isika? Aoka hoeritreretinareo tsara izay mety ho vokatra hitranga alohan'ny hanatonanareo ireo loza mananontona ny tenanareo sy ny fisoronana hazoninareo amin'ny alalan'ny fande-handehanana any amin'ireo karazantuera na ny fanaovana zavatra izay tsy sahaza anareo sy ny fisoronana hazoninareo.

Afaka manova zavatra isika izay notendrena ho amin'ny fisoronan'Andriamanitra. Rehefa mihazona ny fahadiovan'ny tenantsika isika ary manaja ny fisoronana hazonintsika dia lasa ohatra tsara arahan'ny hafa. Nanantara ny Apôstôly Paoly hoe: "Aoka ho tonga fianarana ho an'ny mino hianao amin'ny fiteny, amin'ny fitondrantena,

amin'ny fitiavana, amin'ny finoana, amin'ny fahadiovana.<sup>3</sup> Nanoratra ihany koa izy fa ireo mpanaradia an'i Kristy dia tokony ho "tahaka ny fanazavana eo amin'izao tontolo izao."<sup>4</sup> Ny fanehoana ohatra amin'ny fahamarinana dia afaka manazava ny tontolo izay mihamainzina hatrany.

Maro aminareo angamba no mahaadidy ny Filoha N. Eldon Tanner, izay mpanolotsain'ny Filohan'ny Fiagonana efatra nifandimby. Naneho ohathy ny fahamarinana tsy voahozongozona izy nandritra ny asa fivelomana nataony, nandritra ny asa nataony teo amin'ny governemanta tany Kanada, ary nandritra ny nahe-Apôstolin'i Jesoa Kristy azy. Nanome antsika ity torohivitra mitaona fanahy ity izy: "Tsy hisy zavatra izay hitondra fifaliana lehibe sy fahombiazana mohoatra ny fainana izay mifanaraka amin'ny fampianaran'ny filazantsara. Aoka ianao mba ho ohatra; aoka ianao mba hitaona ny hafa hanao ny tsara."

Dia notohizany hoe: "Efa notendrena mialoha hanao asan'[Andriamanitra] isika tsirairay amin'ny maha-mpanompony voafidy antsika, izay hitany fa mendrika ny handray ny fisoronana sy ny fahefana hanao asa amin'ny Anarany. Tsarovy mandrakariva fa mijery anao ny olona amin'ny maha-mpitarika anao ary misy fiantraikany eo amin'ny fainan'ny hafa ny zavatra tsara na ratsy ataantsika, ary ho tsapan'ireo taranaka ho avy izany fiantraikany izany."<sup>5</sup>

Isika dia hampatanjahan'ilay fahamarinana hoe ny hery lehibe indrindra eto amin'izao tontolo izao amin'izao fotoana izao dia ny herin'Andriamanitra rehefa miasa amin'ny alalan'ny olona izany. Mba hiampitana soa aman-tsara ireo ranomasimbe eto amin'ity fainana ity dia mila ny fitarihan'ilay Tantsambo Mandrakizay isika—dia ilay Jehovah lehibe. Mangatka fanampiana isika ary mangataka amin'ny ao ambony mba hahazoana ny fanampian'Andriamanitra.

Ohatra iray fanta-daza mikasika ny olona iray izay tsy nangataka ny fanampian'ny lanitra ny an'i Kaina, izay zanak'i Adama sy i Eva. Nanana hery anaty tena natanjaka i Kaina saingy tsy ampy finiavana ka dia nomeny vahana

ny fitiavan-karena, ny fitsiriritana, ny tsy fankatoavana, eny fa na dia ny famoana olona aza ka nampikatso ilay familiana an'ny tena manokana izay tokony ho nitarika azy ho any amin'ny toerana azo antoka sy ny fisandratana. Noho i Kaina nikatsaka ny zavatr'izao tontolo izao fa tsy ny zavatry ny lanitra dia lavo izy.

Tamin'ny fotoana iray hafa dia nozahan-toetra tamin'ny alalan'ny mpanjaka ratsy fanahy iray ny mpanompon'Andriamanitra iray. Rehefa nahazo fahazavan-tsaina sy fahalalana avy any an-danitra i Daniela, dia nahadika ilay soratra teo amin'ny rindrina ho an'ny mpanjaka izy. Mahakasika ilay valisoa nomena azy—dia akanjo volomparasy fanaon'ny mpanjaka sy rojo volamena ary fahefana arapôlitika—dia hoy i Daniela hoe: "Aoka ihany ho anao ny fanomezanao, ary ny valim-pitianao omeo ny hafa."<sup>6</sup> Notolotana harem-be sy fahefana i Daniela, valisoa izay maneho ireo zavatr'izao tontolo izao fa tsy izay an'Andriamanitra. Nanohitra izany i Daniela ka nijanona ho mahatoky.

Taty aoriana, rehefa nitsaoka an'Andriamanitra i Daniela na dia nisy lalana nanambara aza fa voarara ny fanaovana izany dia natsipy tao an-davaky ny liona izy. Mitantara amintsika ny ao amin'ny Baiboly fa ny ampiton'io dia "nakarina avy ao an-davaka i Daniela, ary tsy hita nisy naratra izy, satria nino an'Andriamanitra."<sup>7</sup> Nandritra ny fotoana izay nilany fanampiana lehibe dia nitondra fiarovana ho an'i Daniela ny fahavononany hijanona ho mahatoky ary nanome toeram-pialofana ho azy. Afaka mahazo fiarovana toy izany isika rehefa mijanona ho mahatoky ka mizotra mankany amin'ny fonenantsika mandrakizay.

Manamarika ny fandehan'ny fotoana tahaka ireo fasika ao anaty fandrefesam-potoana ny fivoaran'ny tantara. Mpilalao vaovao indray no miakatra eo amin'ny lampihazon'ny fainana. Mampatahotra antsika ireo olana misy amin'izao androntsika izao. Nandritra ny tantaran'izao tontolo izao dia niasa tsy an-kijanona i Satana mba hamotehana an'ireo mpanaradia ny Mpamonjy. Raha manaiky ny

fitaomany isika dia ho simba koa—tahaka ny an'ilay sambo mahery hoe *Bismarck*—ny familiantsika izay afaka mitondra antsika amin'ny toerana azo antoka. Ny tokony hataontsika kosa, na dia voahodidin'ireo zavatra tena avo lentanoforoin'olombelona aza isika, dia ny mangataka ny fanampian'ny any ambony mba hahazoantsika ilay toromarika mahomby mikasika izay Lalana tokony hitodihantsika, mba hahafahantsika manoritra sy mandeha amin'ny Lalana iray izay voasaintsaina tsara sy tena izy. Tsy maintsy hovalin'ny Ray any an-danitra ny fangatahana ataantsika amin-kitsimpo. Rehefa mikatsaka ny fanampian'Andriamanitra isika dia tsy ho simba tahaka ny an'i *Bismarck* ny familiantsika.

Enga anie isika mba ho afaka hiampita soa aman-tsara ireo ranomasimben'ny fainantsika rehefa manomboka ny diantsika tsirairay avy. Enga anie isika mba banana ny herimpoin'i Daniela mba hijanonantsika ho marina sy mahatoky na dia eo aza ny fahotana sy ny fakam-panahy manemitra antsika manodidina. Enga anie ny fijoroantsika ho vavolombelona ka ho Lalina sy mafy orina tahaka ny an'i Jakôba, rahalahin'i Nefia, izay rehefa nifanehatra tamin'ny olona iray izay nikatsaka ny hanimba ny finoany, dia hoy izy hoe: "tsy azo hozongozonina [aho]."<sup>8</sup>

Ry rahalahy, noho ilay familial'ny finoana izay mitarika ny diantsika dia hahita ny lalantsika mody any an-trano koa isika—any amin'Andriamanitra, mba hahafahantsika miara-mitoetra Aminy mandrakizay. Mivavaka aho mba ho toy izany no hiseho amintsika tsirairay avy, amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, ilay Mpamonjy sy Mpavotra antsika, amena. ■

## FANAMARIHANA

1. Jeroo ny Ludovic Kennedy, *Pursuit: The Chase and the Sinking of Bismarck* (1974).
2. Lioka 18:22.
3. 1 Timoty 4:12.
4. Filipiana 2:15.
5. N. Eldon Tanner, "For They Loved the Praise of Men More Than the Praise of God," *Ensign*, Nov. 1975, 74.
6. Daniela 5:17.
7. Daniel 6:24.
8. Jakôba 7:5.

**Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring**

Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Fanambarana Mitohy

*Tsy ho ampy hahazoana ny valin'ireo fanontaniana tena manan-danja eo amin'ny fainana ny hevitra avy amin'ny olombelona sy ny rafipisainana. Mila fanambarana avy amin'Andriamanitra isika.*

**N**y zavatra antenaiko anio dia ny mba hahatsapantsika rehetra fitiavana sy hahazoantsika havaana avy amin'Andriamanitra. Maro amin'ireo olona izay mihaino androany no mahatsapa ny filana mafy izany fahazoana fanambarana ho an'ny tena manokana avy amin'ny Raintsika any an-danitra izany.

Raha ho an'ireo filohan'ny misiona ohatra dia mety ho vavaka feno fitalahoana mba hahafantarana ny fomba hampaherezana misiônera iray manana olana izany. Raha ho an'ny ray na reny iray mipetraka any amin'ny toerana ravaravan'ny ady eto amin'izao tontolo ohatra izany, dia mety ho fikatsahana mafy mba hahafantatra raha toa ka mila mamindra ny fianakaviany any amin'ny toerana azo antoka izy ireo sa tokony hijanona eo amin'ny misy azy ireo ihany. Filohan'ny tsatôka sy eveka an-jatony maro no mivavaka ankehitriny mba hahafantatra ny fomba hanampiana ny Tompo amin'ny famonjena ondry very iray. Ary raha ho an'ny mpaminany, dia ny hahafantatra izay tian'ny Tompo holazainy amin'ny Fiangonana sy amin'ity izao tontolo izao izay mikorontana ity no tadiaviny.

Fantatsika rehetra fa tsy ho ampy hahazoana ny valin'ireo fanontaniana tena manan-danja eo amin'ny fainana ny hevitra avy amin'ny olombelona sy ny rafipisainana. Mila fanambarana avy amin'Andriamanitra isika. Ary tsy hoe fanambarana iray monja ao anatin'ny fotoan-tsarotra iray no hilantsika fa mila fanambarana vao-vao mirotsaka tsy tapaka isika. Tsy fahazoana fahazavana sy fampaherezana indray mandeha fotsiny akory no ilantsika fa fahafahana mifandray tsy tapaka amin'Andriamanitra.

Ny tena nipoiran'ny Fiangonana dia avy amin'ny zatovolahy iray izay nahafantatra ny marina. Fantatr'i Joseph Smith izay zatovolahy tamin'izany fa tsy afaka ny nahafantatra amin'ny alalan'ny tenany manokana izy hoe fiangonana aiza no tokony hidirana. Noho izany dia nanontany an'Andriamanitra izy satria nilaza ny tao amin'ny bokin'i Jakoba fa afaka manao izany izy. Niseho tao anatin'ny ala kely iray Andriamanitra Ray sy ny Zanany Malalany. Namaly ilay fanontaniana izay tsy nahitan'i Joseph valiny izy ireo.

Tsy hoe voantson'Andriamanitra hanorina ny Fiangonana marin'i Jesoa

Kristy fotsiny izy tamin'izay fa naverina niaraka tamin'izany koa ny hery aha-fahana mangataka ny Fanahy Masina mba hitohy hatrany ny fanambarana avy amin'Andriamanitra.

Nofariparitan'ny Filoha Boyd K. Packer ho toy izao io marika ahafantara ny Fiangonana marina io: "Mitohy ny fanambarana ao amin'ny Fiangonana: mandray izany ho an'ny Fiangonana ny mpaminany; ary ny filoha iray dia mandray izany ho an'ny tsatôkany na ny misionany na ny kôlejiny; ary ny eveka dia mandray izany ho an'ny paroasiny; ny raim-pianakaviana ho an'ny fianakaviany ary ny olona tsirairay ho an'ny tenany manokana."<sup>1</sup>

Manomboka, dia mifarana, ary mitohy indray izany fizotra mahafinarity ny fahazoana fanambarana izany rehefa mandray fanambarana ho an'ny tenantsika manokana isika. Ndeha horaisintsika ho ohatra i Nefia, ilay manana ny maha-izy azy, zanakalahin'i Lechia. Nahita fahitana ny rainy. Noraisin'ireo olona hafa tao amin'ny fianakavian'i Nefia ho toy ny porofon'ny fisian'ny fikorontanan-tsaina teo amin'i Lechia io fahitana hitany io. Tao anatin'io fahitana io dia nisy ny fandidian'Andriamanitra ireo zanakalahin'i Lechia mba hanao vy very ny ainy hiverina any Jerosalema haka ireo takelaka misy ny tenin'Andriamanitra ka mba ho azon'izy ireo hoentina mandritra ny diany mankany amin'ilay tany nampanantenaina.

Ampiasaintsika matetika ilay teny feno herimpo nambaran'i Nefia rehefa nangatahan'ny rainy izy ireo hiverina any Jerosalema. Fantatrareo izany teny izany: "Handeha aho ary hanao ny zavatra izay efa nandidian'ny Tompo."<sup>2</sup>

Rehefa henon'i Lechia niteny izany i Nefia, dia milaza ny soratra masina fa "faly izaitsizy izy".<sup>3</sup> Faly izy satria fantany fa i Nefia dia nahazo fanambarana izay nanamafy fa hafatra marina avy amin'Andriamanitra ilay fahitana hitan'ny rainy. Tsy niteny i Nefia hoe: "Handeha aho ary hanao ny zavatra izay nasain'ny raiko hatao." Fa hoe, "Handeha aho ary hanao ny zavatra izay efa nandidian'ny Tompo."

Raha ny zavatra iainanao ao anatin'ny fianakavianao manokana dia fantatrao koa ny antony nahatonga

an'i Lechia ho "faly izaitsizy." Ny fifaliany dia avy amin'ny fahafantarany fa nahazo fanambarana nanamafy izay voalaza i Nefia.

Maro ireo ray aman-dreny no nametrakta lalàna eo anivon'ny fianakaviana mikasika ny ora tokony hodian'ny zatovo iray ny hariva. Saingy mba eritrereto ny fifalian'ny ray aman-dreny iray, toy ny an'ity anankiray ity vao herinandro vitsivitsy izay, rehefa nahafantatra fa ny zanak'izy ireo iray izay vao tsy ela no nandao ny tokantranon'ny ray aman-dreniny, dia tsy vitan'ny hoe nametraka tsara ny ora tokony hodiany any an-trano fotsiny ny hariva fa nanaja ihany koa ny Sabata araka ny nampianarina azy tany an-trano. Ny fanambarana omen'ny ray aman-dreny dia misy fiantraikany maharitra eo amin'ny fanambarana ho an'ny tena manokana izay mitohy ho an'ilay raisin'ny zanaka.

Takatry ny reniko mihitsy io fitsipiky ny fanambarana io. Fony aho zatovolahy, dia hidiko faran'izay mora ny varavarana any ambadiky ny trano rehefa alina aho vao tafody ao an-trano. Tsy maintsy mandalo ny efitrano fatorian'ny reniko anefa aho vao tonga any amin'ny efiranoko. Na dia nijaiko-jaiko faran'izay mora aza aho, raha vao tonga eo amin'ilay varavarany misokatra kely, dia henoko misy miantso

moramora kely ny anarako, "O ry Hal a! Avia kely aty aloha."

Dia miditra aho ary mipetraka eo amoron'ny fandriany. Maizina amin'io ny efitrano. Raha teo ianao tamin'i-zany nihaino anay dia ho nieritreritra hoe resaka mahafinaritra momba ny fainana fotsiny no nataonay. Kanefa hatramin'izao dia mbola miverina ato an-tsaiko amin'ny fomba mahery vaika ny zavatra nolazainy, mitovy amin'ny zavatra tsapako rehefa mamaky ny voasoratra ao anatin'ny tsodranon'ny patriarika nomena ahy.


Tsy fantattro hoe inona no nangatahiny tao anatin'ny vavaka nataony teo am-piandrasana ahy nandritra ireny alina ireny. Mety mikasika ny mba hiarovana ahy ny ampahany amin'i-zany araka ny eritreritro. Kanefa azoko antoka fa nivavaka izy toy ny ataon'ny patriarika iray alohan'ny hanomezana tsodrano. Mivavaka ny patriarika mba hahatsapana ny teniny ho toy ny tenin'Andriamanitra rehefa mirotsaka eo amin'ilay mpandray tsodrano fa tsy hoe teny avy aminy. Voavalny ny vavaka nataon'ny reniko mba hahafahako mahatsapa ny teniny ho toy ny tenin'Andriamanitra rehefa niresaka tamiko izy. Any amin'ny tontolon'ny fanahy izy ary efa 40 taona mahery izy izay no tany. Azoko antoka fa faly izaitsizy izy noho izaho nahazo fitahiana, araka izay

nangatahiny, mba handray ny toroheviny ho toy ny didin'Andriamanitra. Ary niezaka aho nandeha sy nanao izay tokony hataoko araka ny nantenainy.

Nahita fahagagana avy amin'ny fanambarana mitohy mitovy amin'i-zany koa aho teo amin'ireo filohan'ny tsatòka sy eveka ato amin'ny Fiangonana. Ary tsy misy hafa amin'ny mikasika ny fanambarana amin'ireo lohan'ny fianakaviana, ny lanjan'ilay fanambarana dia miankina amin'ny fandraisan'ireo izay tarihina fanambarana manamafy izay voalaza.

Hitako izany fahagagana avy amin'ny fanambarana izany taorian'ny fahasimbana lehibe nateraky ny fahavikan'ny tohodrano Teton tany Idaho tamin'ny 1976. Maro aminareo no mahafantatra ny zava-nitrange. Saingy ilay ohatra maneho ny fisian'ny fanambarana mitohy izay noraisin'ny filohan'ny tsatòka iray dia afaka mitahy antsika rehetra any aoriana.

Olona an'arivony no navoaka hiala ny tranony rava. Ny filohan'ny tsatòka teo an-toerana, izay mpiompy, no nampandraiketina ny fandrindrana ny fanampiana ny olona tra-boina. Tao amin'ny efitrano fianarana iray tao Ricks College aho andro vitsivitsy monja taorian'ilay loza. Tonga tao ny tompon'an-draikitra ambony iray avy amin'ny



sampan-draharaham-panjakana misahana ny voina. Niditra tao amin'ilay efitrano lehibe izay namorian'ny filohan'ny tsatoka ireo evekany sy ireo mpitondra fivavahana hafa teo an-toerana koa izy sy ireo tompon'andraikitra ambony mpanampy azy. Nanatrika teo aho satria maro tamin'ireo tafavoaka velona no nokarakaraina sy nampiantranoina tao amin'ny tobimpianaran'ilay sekoly ambaratonga ambony izay izaho no filohany.

Rehefa nanomboka ny favoriana dia nitsangana ilay solontena avy ao amin'ny sampan-draharaham-panjakana misahana ny voina ary nilaza tamin'ny feo hentiry ny mpitondra ny zavatra tokony hatao. Rehefa avy nitanisa ireo zavatra dimy na enina izay nolazainy fa tsy maintsy tanterahina izy, dia namaly moramora ilay filohan'ny tsatoka hoe: "Efa nataonay daholo izany."

Minitra vitsy taorian'izay dia hoy ilay lehilahy avy amin'ny sampan-draharaham-panjakana misahana ny voina hoe: "Aleo angamba aho hipetraka sy hijery fotsiny aloha." Dia nihaino an'ireo eveka sy filohan'ny kôlejin'ny loholona nanao tatitra ny zavatra nataony izy sy ireo lefiny. Nohazavain'izy ireo ny torolalana azony sy narahany avy tamin'ny mpitarika azy ireo. Nolazain'izy ireo koa ny zavatra tonga dia tsapan'izy ireo fa tokony hatao rehefa nampihaarin'izy ireo ireo torolalana mikasika ny tokony hitadiavana ireo fianakaviana sy hanampiana azy ireo. Efa hariva be tamin'izay andro izay. Tena vizana loatra izy rehetra ka tsy dia afaka nizara ny fihetsehampony be loatra afa-tsy ny fitiavany ny olona.

Nanome torolalalana vitsivitsy farany ho an'ireo eveka ilay filohan'ny tsatoka ary nanambara avy eo fa ny ampitson'io vao maraina be no hanaovana ny favoriana manaraka hitondrana tatitra.

Ny ampitson'io dia tonga 20 minitra talohan'ny fotoana tokony hanombohan'ny favoriana fanaovana tatitra sy fizarana andraikitra ilay lehiben'ny ekipa avy amin'ny fitondram-panjakana. Nijoro teo akaiky teo aho. Henoko izy niteny moramora tamin'ilay filohan'ny

tsatoka hoe: "Filoha a! Inona no tianao hataonay sy ireo ao amin'ny ekipako?"

Nahita fitahiana aho tamin'ny anka-maroan'ny fotoana niainako tamin'ny niantsoana ahy hanaraka mpitarika nentanin'ny fanahy. Mbola vao herotrery aho dia voantso ho mpanolotsain'ny filohan'ny kôlejin'ny loholona. Taty aoriana aho dia lasa mpanolotsain'ny filohan'ny distrika anankiroa, sy mpanolotsaina tao amin'ny Episkôpâ Mpiahy an'ny Fiagonana, mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, ary mpanolotsaina ny Filohan'ny Fiagonana anankiroa. Nahita ny fanambarana nomena azy ireo aho ary ny fanamafisana izany tany amin'ireo mpanaradia azy ireo.

Io fanambarana ho an'ny tena manokana mba hahaizana manaiky io, izay tiantsika rehetra ho azo, dia tsy tonga mora foana ary tsy hoe azo tsotra fotsiny rehefa angatahina. Nanome ity torolalana manaraka ity ny Tompo mba hanampiana antsika hahazo tenivavolombelona avy amin'Andriamanitra toy izany. Torolalana ho an'izay rehetra mikatsaka ny hahazo fanambarana ho an'ny tena manokana izany satria isika rehetra dia tokony hikatsaka izany.

"Aoka ny kibonao koa ho feno fiantrana ny olon-drehetra sy ny mpianakavin'ny finoana, ary aoka handravaka tsy an-kijanona ny eritreritrap ny hatsaram-panahy; dia hihamahery ny fahatokian-tenanao eo anatrehan'Andriamanitra; ary ny fotopampianaran'ny fisoronana dia hitsika ao amin'ny fanahinao toy ny ando avy any an-danitra.

"Ny Fanahy Masina no ho namanao lalandava."<sup>4</sup>

Avy amin'izany no isintonako torohevitra ho antsika rehetra. Aza hamavanina ny fahatsapanao fitiavana ho an'ny mpaminanin'Andriamanitra. Na aiza na aiza alehako ato amin'ny Fiangonana ary na iza na iza no mpamimany amin'ilay fotoana dia hangataka ny mpikambana hoe, "Rehefa miverina any amin'ny foiben'ny Fiagonana ianao dia mba lazao amin'ny mpaminany fa tena tianay tokoa izy!"

Mihoatra lavitra noho ny fankafizana olo-malaza iray izany na ny fahatsapanana ananantsika indraindray rehefa tena mankafy olona mahery fo iray. Fanomezana avy amin'Andriamanitra izany. Hahazo mora kokoa ilay fanambarana manamafy ny zavatra voalaza ianao amin'ny alalan'izany rehefa miteny ao anatin'ilay anjara fanompoany amin'ny maha-mpaminanin'ny Tompo azy izy. Ilay fitiavana tsapanao dia ilay fitiavan'Andriamanitra an'izay notendreny ho mpitondra ny teniny.

Tsy mora ny fahafahana maha-tsapa izany tsy tapaka satria matetika ny Tompo no mangataka ny mpaminaniny hanome torohevitra izay sarotra ho an'ny olona ny manaiky azy. Ny fahavalon'ny fanahintsika dia hiezaka hitarika antsika mba ho tafintohina sy hiahayah amin'ny antso avo ataon'ny mpaminany izay avy amin'Andriamanitra.

Efa hitako ny fomba hitarian'ny Fanahy Masina ny fo malefaka iray mba hiaro ny mpanaradia iray an'i Jesoa Kristy izay be fanetrentena tamin'ny alalan'ny fahazoana fanambarana manamafy ny zavatra voalaza.

Nirahin'ny mpaminany aho mba hanome ny fahefana masina entimamehy ho an'ny lehilahy iray tao amin'ny tanana kely iray lavitra avy teo. Ny mpaminany ihany no manana ny fanalahidy hanapa-kevitra hoe iza no homena izany fahefana masina izany izay nomen'ny Tompo an'i Petera, ilay Apôstôly ela niasana indrindra. Efa nandray izany fahefana enti-mamehy izany koa aho saingy rehefa didin'ny Filohan'ny Fiagonana ihany vao afaka manome izany ho an'ny olona iray hafa.



Ka dia tao anatin'ny efitrano iray tao amin'ny trano fiangonana iray lavitra an'i Salt Lake no nametrahako ny tanako teo ambonin'ny lohan'ny lehilahy iraynofidin'ny mpaminany mba handray izany fahefana enti-mamehy izany. Hita teny amin'ny tanany ny mariky ny fiasana tany nandritra ny androm-piaianany izay hany mba foto-pivelomany. Nipetraka teo akaikiny ilay vadiny pitsana kely. Hita teny aminy koa ny mariky ny fiasana mafy nandritra ny taona maro niaraka tamin'ny vadiny.

Nolazaiko ireo teny nomen'ny mpaminany manao hoe: "Rehefa nomena ahy ny fahefana sy andraikitra avy tamin'ny," dia lazaina ny anaran'ny mpaminany, "izay mihazona ny fanalahidy rehetran'ny fisoronana eto an-tany amin'izao fotoana izao dia manome ity fahefana enti-mamehy ity aho ho an'i," dia nolazaiko ny anaran'ilay lehilahy sy ny anaran'ny tempoly izay hanompoany amin'ny maha-mpamehy azy.

Nitsotsorka teny amin'ny tavany ny ranomasony. Hitako fa nitomany koa ramatoa vadiny. Nandrasako mba hitony aloha izy ireo. Nitsangana ilay vehivavy ary nanatona ahy. Nitraka izy dia niteny tamim-pahamenarana hoe faly ny tenany nefä malahelo ihany koa. Nolazainy fa tena tiany ny mandahe any amin'ny tempoly miaraka amin'ny vadiny, saingy tamin'izay izy dia nahatsapa fa tsy tokony hiaraka aminy satria nofidian'Andriamanitra

hametrahana fitokiana lehibe sy masina tokoa ilay vadiny. Ary avy teo izy dia nilaza fa tonga tao anatin'ny fahatsapany ho tsy mendrika ny ho namana hiaraka amin'ny vadiny any amin'ny tempoly noho izy tsy mahay mamaky teny sy manoratra.

Nanome toky azy aho fa ho voninahitra ho an'ny vadiny ny fiarahany aminy any amin'ny tempoly noho ny hery ara-panahy lehibe nananany. Nanao izay azoko natao tamin'izay kely haiko tamin'ny fiteniny aho mba hilazana taminy fa nanambara zavatra taminy mihoatra noho ny fahalalana azo eto an-tany Andriamanitra.

Fantany tamin'ny alalan'ny fanomezam-pahasooavan'ny Fanahy fa nanome fitokiana masina an'ilay vady tiany tamin'ny alalan'ny mpaminaniny Andriamanitra. Nahazo fahalalana ho an'ny tenany manokana izy fa ireo fanalahidy hanomezana ilay fahefana enti-mamehy dia nohazonin'ny lehilahy iray izay tsy mbola hitany velively kanefa fantany manokana fa mpaminan'Andriamanitra velona izy io. Fantany tsy nilana vavolombelona hoe hilaza izany taminy fa nivavaka mikasika ny anaran'ny vadiny ny mpaminany. Nahafantatra ho an'ny tenany izy fa Andriamanitra no nanome ilay antso.

Fantany koa fa ireo ôrdônansy hotanterahan'ny vadiny dia hamatotra ny olona mandrakizay any amin'ny fanjakana celestially. Nohamafisina tao an-tsainy sy tao am-pony fa mbola

nitohy tao amin'ny Fiagonana ilay fampanantenana nataon'ny Tompo tamin'i Petera: "Na inona na inona fehezinao ety ambonin'ny tany dia hofehezina any an-danitra."<sup>5</sup> Fantany ho an'ny tenany manokana tamin'ny alalan'ny fanambarana avy amin'Andriamanitra izany.

Ndeha isika hiverina any amin'ilay zavatra nolazaina tany am-piandohana. "Mitohy ny fanambarana ao amin'ny Fiagonana: mandray izany ho an'ny Fiagonana ny mpaminany; ary ny filoha iray dia mandray izany ho an'ny tsatôkany na ny misionany na ny kôlejiny; ary ny eveka dia mandray izany ho an'ny paroasiny; ny raim-pianakaviana ho an'ny fianakaviany ary ny olona tsirairay ho an'ny tenany manokana."<sup>6</sup>


Mijoro ho vavolombelona amina-reo aho fa marina izany. Maheno ny vavaka ataonao ny Ray any an-danitra. Tiany ianao, fantany ny anaranao. I Jesoa no Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra sy Mpanavotra antsika. Tia anao mihoatra lavitra noho ny fahatakarao izany Izzy.

Mandrotsaka fanambarana eo amin'ireo zanany amin'ny alalan'ny Fanahy Masina Andriamanitra. Miresaka amin'ny mpaminaniny eto an-tany Izzy izay i Thomas S. Monson amin'izao fotoana izao. Mijoro ho vavolombelona aho fa mihazona sy mampiisa ireo fanalahidy rehetran'ny fisoronana eto an-tany izy.

Eo am-pihainoanareo ny tenin'ireo olona nantsoin'Andriamanitra mba hitondra teny eo amin'ny Toerany mandritra ity fihaonambe ity, dia mivavaka aho mba hahazoanareo fanambarana manamafy ny zavatra voalaza izay ilainareo mba hahitanareo ny lalana mody indray, mba hipetraka hiaraka Aminy ao anatin'ny fianakaviana iray voafehy mandrakizay. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### NOTES

1. Boyd K. Packer, "We Believe All That God Has Revealed," *Ensign*, Mey 1974, 95.
2. 1 Nefia 3:7.
3. 1 Nefia 3:8.
4. Fotopampianarana sy Fanekepahavanana 121:45–46.
5. Matio 16:19.
6. Boyd K. Packer, *Ensign*, Mey 1974, 95.



Nataon'ny Loholona Russell M. Nelson  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Fanohanana ireo Mpaminany

*Ny fanohanantsika ireo mpaminany dia fanolorantena ataon'ny tena manokana fa hanao izay tsara indrina vitantsika isika mba hanohanana ireo laharam-pahamehan'izy ireo amin'ny maha-mpaminany azy.*

Ry Filoha Eyring, misaotra anao izahay noho ny hafatra feno fampianarana sy manentana ny fanahy izay nozarainao. Ry rahalahiko sy anabaviko, misaotra anareo izahay noho ny finoanareo sy ny fanolorantena reo. Omaly isika dia nasaina tsirairay hanohana an'i Thomas S. Monson amin'ny maha-mpaminanin'ny Tompo azy sy Filohan'ny Fianganon'ny Tompo. Ary matetika isika no mihiro ny "Misaotra Anao noho ny Mpaminany."<sup>1</sup> Moa ve izaho sy ianao tena mahatakra ny dikan'izany? Alaivo sary antsaina ny tombontsoa lehibe nomen'ny Tompo antsika amin'ny fanohanana ny mpaminaniny, ary ny hafatr'io mpaminany io dia tsy misy pentina, madio, tsy voatosiky ny tanjon'ny tena manokana ary marina tanteraka!

Ahoana no fomba hanohanantsika marina ny mpaminany iray? Taloha ela tany, nialohan'ny nahalasa azy ho Filohan'ny Fianganana dia nanazava ny Filoha Joseph F. Smith hoe: "Andraikitra manan-danja iantsorohan'ny Olomasina izay . . . manohana ireo manam-pahefana ato amin'ny Fianganana ny

manao izany, tsy amin'ny fananganantanana ihany, izay fanehoana izany ara-batana fotsiny ihany, fa tena manao izany mihitsy, izay hita amin'ny *asa* ataontsika."<sup>2</sup>

Tadidiko tsara ny "asa" miavaka indrindra nataoko mba hanohanana mpaminany iray. Amin'ny maha-dokotera mpitsabo sy mpandidy fo ahy dia nanana andraikitra aho hanatantreka fandidiana fo misokatra tamin'ny Filoha Spencer W. Kimball tamin'ny taona 1972, ary tamin'izany izy dia Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Nila fandidiana sarotra tokoa izy. Kanefa izaho tsy nanana traikefa tamin'ny fanaovana fandidiana toy izany tamin'ny olona 77 taona izay tratran'ny fiatoan'ny fo tampoka. Tsy nandrisika ny hanaovana ilay fandidiana aho ka dia nampahafantatra izany tamin'ny Filoha kimball sy ny Fiadidiana Voalohany. Saingy nisafidy tamim-pinoana ny hiatrika ilay fandidiana ny Filoha Kimball satria ny Fiadidiana Voalohany no nanoro hevitra azy hanao izany. Izany dia maneho ny fomba nanohanany ireo mpitarika azy! Ka

dia nampangovitra ahy io fanapahan-kevitra noraisiny io!

Isaorana ny Tompo fa nahomby ilay fandidiana. Rehefa nanomboka nidoboka indray ny fon'ny Filoha Kimball dia nidoboka tamin-kery lehibe tokoa izany! Tamin'izay fotoana izay mihitsy dia naharay tenivavolombelona mazava avy amin'ny Fanahy aho fa ho lasa Filohan'ny Fianganana io lehilahy io indray andro any!<sup>3</sup>

Fantatrareo ny zavatra nitranga taorian'izay. 20 volana monja taoria-n'izay dia lasa Filohan'ny Fianganana ny Filoha Kimball. Ary nitarika tamimpahasahiana sy tamin-kerimpo nandri tra ny taona maro izy.

Nanomboka tamin'izany fotoana izany isika dia nanohana ny Filoha isany Ezra Taft Benson, Howard W. Hunter, Gordon B. Hinckley, ary ankehitriny i Thomas S. Monson mba ho Filohan'ny Fianganana mpaminany ara-bakiteny!

Ry rahalahiko sy anabaviko, raha nisy angamba ny zavatra nentin'ny Famerenana amin'ny laoniny dia ny fampitsaharany ilay zavatra ninoana hatry ny ela hoe efa nitsahatra tamin'ny firesahany tamin'ireo zanany Andriamanitra. Tsy misy zavatra hafa ampiana intsony hanehoana ny fahamarinan'izany. Nisy foana ny mpaminany iray nitarika ny Fianganon'Andriamanitra tao anatin'ny fotoampitantanana rehetra, nanomboka tamin'i Adama ka hatramin'izao androntsika izao.<sup>4</sup> Ireo



mpaminany dia mijoro ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy—mikasika ny maha-Andriamanitra Azy sy mikasika ny iraka novitainy ary ny asa fanompoany tety an-tany.<sup>5</sup> Manome voninahitra ny Mpaminany Joseph Smith isika satria izy no ilay mpaminany amin'ity fotoampitananana farany ity. Ary omentsika voninahitra ireo lehilahy tsirairay izay nandimby azy amin'ny anjara asa maha-Filohan'ny Fiagonana.

Rehefa manohana ireo mpaminany sy ireo mpitarika hafa isika,<sup>6</sup> dia mampiasa ny lalàn'ny faneken'ny rehetra, satria hoy ny Tompo hoe, "Tsy homena na iza na iza ny handeha hitory ny filazantsarako na ny hanorina ny fiangonako, raha tsy natokan' ny olona izay manana fahefana izy sady fantatry ny fiagonana fa manana fahefana ary efa natokan' ny lohan' ny fiagonana araka ny fitsipika."<sup>7</sup>

Izany dia manome antsika fahatokiantena sy finoana, amin'ny maha-mpikambana antsika ao amin'ny Fiagonan'ny Tompo, eo am-piezahantsika hanaraka ilay torohivitra ao amin'ny soratra masina mba hihaino ny feon'ny Tompo<sup>8</sup> rehefa tonga amin'ny alalan'ny feon'ny mpandompony izany, dia ireo mpaminany.<sup>9</sup> Ireo mpitarika rehetra ao amin'ny Fiagonan'ny Tompo dia antsoina amin'ny alalan'ny fahefana tena izy. Ka raha ny mikasika izany dia tsy misy mihtsy mpaminany na mpitarika hafa ato amin'ity Fiagonana ity izay niantso ny tenany. Tsy mbola nisy mpaminanynofidiana. Nataon'ny Tompo mazava tsara izany rehefa nilaza Izy hoe "Tsy hianareo no nifidy Ahy, fa izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo."<sup>10</sup> Tsy "mifidy" ireo mpitarika ato amin'ny Fiagonana izaho sy ianao na amin'ny sehatra inona izany na inona. Kanefa manana tombontsoa lehibe isika ny hanohana azy ireo.

Ny lalan'ny Tompo dia tsy mitovy amin'ny lalan'ny olona. Ny lalan'ny olona dia manala ny olona ao amin'ny toeram-piasany na eo amin'ny fandraharhana ara-barotra ataony rehefa miha-antitra izy ireo na mihena ny heriny. Kanefa ny lalan'ny olona dia tsy ho lalan'ny Tompo na oviana na oviana. Ny fanohanantsika ireo



mpaminany dia fanolorantena ataon'ny tena manokana fa hanao izay tsara indrindra vitantsika isika mba hanohana ireo laharam-pahamehan'izy ireo amin'ny maha-mpaminany azy. Ny fanohanantsika dia toy ny voady enti-maneho fa ekentsika ny antson'izy ireo amin'ny maha-mpaminany azy mba hahatonga izany hanan-kery, ary ekentsika fa tsy maintsy manaja izany fanohanana izany isika.

Enina amby roapolo taona talohan'ny nahalasa Filohan'ny Fiagonana azy dia hoy i George Albert Smith izay Loholona tamin'izany hoe: "Ny fanolorantena izay ataantsika rehefa manangana ny tanantsika isika . . . dia fanolorantena tena masina. *Tsy midika akory izany hoe miaina ny fainantsika tsy misy mpanelingelina isika ary manaiky ny hitarihan'ny mpaminanin'ny Tompo ity asa ity, fa midika kosa izany . . . hoe hanohana azy isika, hivavaka ho azy isika; hiaro ny laza tsara ananany isika, ary hiezaka ny hanatantre-raka ireo toromarika avy aminy araka izay handidian'ny Tompo."<sup>11</sup>*

Mitarika ny Fiagonany velona ilay Tompo velona!<sup>12</sup> Ny Tompo dia mampahafantatra ny sitrapony mikasika ny Fiagonana amin'ny mpaminaniny. Omaly, taorian'ny nanasana antsika hanohana an'i Thomas S. Monson amin'ny maha-Filohan'ny Fiagonana azy, dia nanana tombontsoa lehibe ihany koa isika mba hanohana azy sy ireo mpanolotsaina ao amin'ny Fiadidiana

Voalahany ary ireo mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo mba ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara. Eritrereto anie izany e! Manohana lehilahy 15 isika mba ho mpaminanin'Andriamanitra! Izy ireo dia mihazona ireo fanalahidy rehetra an'ny fisoronana izay natolotra an'ny olona tao anatin'ity fotoampitananana ity.

Ny fiantsoana lehilahy 15 ho amin'ny fanompoana masina ataon'ny apôstôly dia mitondra fiarovana lehibe ho antsika amin'ny maha-mpikamban'ny Fiagonana antsika. Nahoana? Satria tsy maintsy iray feo ireo mpitarika ireo amin'ny fanapahan-kevitra raisiny.<sup>13</sup> Azonareo an-tsaina ve ny asa tsy maintsy ataon'ny Fanahy mba hitaomana lehilahy 15 hiray feo? Ireo lehilahy 15 ireo dia samy manana ny fianarana sy ny asa nataony, ary samy manana ny heviny mikasika ny zavatra marobe. Matokia ahy fa ireo lehilahy 15 ireo—izay mpaminany sy mpahita ary mpanambara—dia mahafantatra hoe inona no sitrapon'ny Tompo rehefa tratra ilay firaism-peo! Vonona tanteraka izy ireo ny hahita fa tena ny sitrapon'ny Tompo tokoa no ho tanteraka. Ny vavaka nataon'ny Tompo dia manome ny lamina tokony harahan'ny tsirairay amin'ireo lehilahy 15 ireo rehefa mivavaka izy ireo manao hoe: "Hatao anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra."<sup>14</sup>

Ny Apôstôly zokiny indrindra amin'ny naha-tao amin'ny anjara fanompoan'ny Apôstôly no mitarika.<sup>15</sup>

Izany rafitry ny maha-zokiny indrina teo amin'ny fanompoana izany mazàna no mahatonga ny hoe lehilahy efa nahazo taona no lasa ao amin'ny anjara fanompoan'ny Filohan'ny Fiagonana.<sup>16</sup> Izany dia mitazona ny fitohizam-pahefana, mampanana fahamatorana avy amin'ny zavatra niaianana sy traikefa, ary manome fotoana maharitra hiomanana satria ny Tompo no mitarika izany.

Ny Tompo Izy tenany mihitsy no nandamina ny Fiagonana amin'i-zao fotoana izao. Nametraka rafipitananana miavaka Izy, izay ahitana rafitra manana andraikitra mitovy amin'ny an'ny hafa ary olona afaka misolo toerana raha sendra tsy afaka ny iray. Izany rafitra izany dia mahatonga ny fitarihan'ny mpaminany hisy na dia mety hitranga aza ny aretina tsy azo sakanana sy ny tsy fahafahana manao asa noho ny fitomboan'ny taona.<sup>17</sup> Maro be ireo hery mampifandanja sy ireo fiarovana mba hanakana ny fisian'ny olona iray hitarika ny Fiagonana ho any amin'ny lalana diso. Ampianarina tsy tapaka toy izany ireo mpitarika efa ela niasana mba hahavonona azy ireo hanompo ao amin'ny filankevitra avo indrindra. Mianatra ny fomba handrenesana ny feon'ny Tompo izy ireo amin'ny alalan'ny bitsiky ny Fanahy.

Rehefa nanompo tamin'ny naha-mpanolotsaina Voalohany an'ny Filoha Ezra Taft Benson, izay efa akaiky hodimandry, ny Filoha Gordon B. Hinckley dia nanazava hoe:

“Ireo fitsipika sy paikady izay napetraky ny Tompo mba hitantanana ny Fiagonany dia manomana amin'ireo . . . toe-javatra rehetra miseho. Zavadehibe ny . . . tsy hisian'ny ahiahy sy ny olana mikasika ny fitantanana ny Fiagonana ary ny fampiasana ireo fanomezam-pahasoavana mahakasika ny faminaniana, tafiditra ao anatin'izany ny zo hahazo fitaomana avy amin'ny Fanahy sy hahazo fanambaran amin'ny fitantanana ireo raharaha sy fandaharan'asan'ny Fiagonana raha sendra marary na tsy afaka miasa araka ny tokony ho izy ny Filoha.

“Ny Fiadidiana Voalohany sy ny Filankevitry ny Apôstoly Roambinifolo,

izay nantsoina sy notendrena mba hihazona ireo fanalahidin'ny fisoronana, dia manana ny fahefana sy ny andraikitra hitantana ny Fiagonana, hitantana ireo ôrdônansy misy ao, hanazava ny fotopampianarana misy ao, ary matraka sy manao izay hanajana ireo fomba amam-panao hita ao.”

Notohizan'ny Filoha Hinckley hoe:

“Rehefa marary ny Filoha na tsy afaka miasa araka ny tokony ho izy amin'ireo andraikitra rehetra ao amin'ny anjara fanompoany dia mitabtra ho Kôlejin'ny Fiadidiana Voalohany ireo mpanolotsaina azy miisa roa. Izy ireo no manohy ny asan'ny Fiadidiana isan'andro. . . .

“. . . Fa ireo zavatra lehibe kosa izay mahakasika ny fitsipi-pandaminana na ireo paikady na ireo fandaharan'asa na ireo fotopampianarana dia dinihin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Roambinifolalahy miaraka ombam-bavaka ary amin'ny antsipirany.”<sup>18</sup>

Tamin'ny taona lasa teo, rehefa nahatratra ny faha 5 taona nanompoany amin'ny maha-Filohan'ny Fiagonana ny Filoha Monson, dia nieritreritra mikasika ny 50 taona nanompoany tamin'ny naha-apôstoly azy izy ka nilaza an'izao: “Ny fitomboan'ny taona dia misy fiantraikany ratsy eo amintsika rehetra amin'ny farany. Na izany aza dia miombom-peo amin'ny Mpanjaka Benjamina isika, izay nilaza hoe . . . ‘Izaho dia tahaka ny tenanareo andairan’ ny karazany rehetra amin’ ny rofin’ ny vatana sy ny saina; kanefa dia efa nofina[dy] . . . aho . . . ary nato-kan’ ny raiko, . . . ary dia efa notehirizina sy notsimbinina tamin’ ny heriny tsy manan-tsahala aho mba hanompo anareo amin’ ny hery sy saina ary tanjaka rehetra izay efa nomen’ ny Tompo ahy (Môsiâ 2:11).”

Dia notohizan'ny Filoha Monson hoe: “Na dia eo aza ireo olana arapahasalamana izay mety hitranga amintsika, na dia eo aza ireo tsy fahatomobanan’ny vatana na ny saina dia manompo araka izay tsara indrindra vitantsika isika. Manome toky anareo aho fa voatantana tsara araka ny tokony ho izy ny Fiagonana. Ilay rafitra napetraka ho an'ny Filankevitry ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin’ny

[Apôstoly] Roambinifolo dia manome antoka [antsika] fa ho tsara tantana foana izany, ary na inona na inona hitranga, dia tsy tokony hisy hampiahiahy sy hampatahotra. Ny Mpamonjy antsika, Jesoa Kristy, izay arahantsika sy derantsika ary tompointsika dia mitarika mandrakariva ny Fiagonana.”<sup>19</sup>

Ry Filoha Monson, misaotra anao izahay noho ireo fahamarinana ireo! Ary misaotra anao izahay noho ny ohatra asehonao eo amin'ny fomba fainananao sy ny fanompoana feno fanolorantena ataonao. Te hisolo tena ny mpikambana rehetra ato amin'ny Fiagonana manerana izao tontolo izao aho amin'ny fanehoanay miaraka sy amin-kitsimpo ny fankasitranay anao. Manaja anao izahay! Tianay ianao! Manohana anao izahay, tsy amin'ny fananganan-tanana fotsiny ihany fa amin'ny fonay rehetra sy amin'ny ezaka feno fanolorantena ataonay. Amim-panetrentena sy amimpahazotoana tokoa [no] “[ivavahanay] mandrakariva ho anao, ry mpaminany malalanay”!<sup>20</sup> Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

## FANAMARIHANA

1. “Misaotra Anao noho ny Mpaminany,” *Fihiranay sy Hiran'ny Ankizy*, no. 72.
2. *Enseignements des Présidents de l’Église: Joseph F. Smith* (1998), 211; nampiana fanamafisana. Ity fanambarana ity dia natao tamin'ny taona 1898 tamin'ny fotoana naha-Mpanolotsaina Faharoa an'ny Filoha Smith tao amin'ny Fiadidiana Voalohany.
3. Mba hahazoana fanazavana fanampiny dia jereo ny Spencer J. Condie, *Russell M. Nelson: Father, Surgeon, Apostle* (2003), 153–56.
4. Jereo ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, “Fotoampitantanana.”
5. Mpaminany maro ny nilaza mialoha ny fahatongan'ny Tompo, ao anatin'izany i Lehia (jereo ny 1 Nefia 1:19), i Nefia (jereo ny 1 Nefia 11:31–33; 19:7–8), i Jakôba (jereo ny Jakôba 4:4–6), i Benjamina (jereo ny Môsiâ 3:5–11, 15), i Abinadïa (jereo ny Môsiâ 15:1–9), i Almâ (jereo ny Almâ 40:2), ary i Samoela ilay Lamanita (jereo ny Helamâna 14:12). Talohan'ny nahatehahan'ny Mpamonjy tao Betlehema dia nahita mialoha ny Sorompanavotana sy ny Fitsanganana tamin'ny maty nitranga taorian'izany izy ireo.
6. Fototra manan-danja manerana ny fianganan'ny Tompo ny fitsipiky ny fanohanana. Tohanana ny olona iray alohan'ny hanokanana azy amin'ny antso iray na hanendrena azy amin'ny anjara fanompoana iray ao amin'ny fisoronana.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanaugh 42:11. Ny fanohanana ireo mpitarika antsika dia natao nanomboka tamin'ny

6 Aprily 1830 raha naorina ny Fiagonana, sy tamin'ny volana Martsa 1836, izay fo-toana nanohanana ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ho mpaminany sy mpahita ary mpanam-barra (jereo ny *Histoire de l'Eglise*, 1:74–77; 2:417).

8. Ny Bokin'i Môrmôna dia mampitandrina amin'ny loza mety hiseo raha toa isika ka tsy miraharana ireo fampianaran'ny mpaminany. Hitantsika ao anatin'izany fa "io trano lehibe sy malalaka io no fieboe-boan' izao tontolo izao; ary nianjera izany ka lehibe fatratra tokoa ny fianjerany. Dia niteny . . . indray ilay anjelin'ny Tompo nanao hoe: Ho toy izany no faharavan' ny firenena, ny foko, sy ny samy hafa fiteny, ary ny mponina rehetra izay hiady amin' ny apostoly roa ambin' ny folon' ny Zanakondry" (1 Nefia 11:36).
9. Jereo ny Daniela 9:10; Amosa 3:7; Fotopampianarana sy Fanekempihavavana 21:1, 4–5; 124:45–46.
10. Jaona 15:16. Manazava ny fanekem-pinoana fahadimy hoe: "Mino isika fa tsy maitsy voantson' Andriamanitra amin' ny alalan' ny faminaniana sy amin' ny alalan' ny fametrahan-tanana, ataon' ireo izay manana fahefana, ny olona iray vao mitory sy mananteraka ny ôrdônansin' ny Filazantsara."
11. *Enseignements des Présidents de l'Eglise: George Albert Smith* (2011), 64; nampiana fanamafisana. Ity teny nambara ity dia notsongaina tao amin'ny lahatenin'ny fihambe nataon'ny Loholona George Albert Smith tamin'ny taona 1919. Lasa Filohan'ny Fiagonana izy tamin'ny taona 1945.
12. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavavana 1:30, 38.
13. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavavana 107:27.
14. 3 Nefia 13:10; jereo koa ny Matio 6:10; Lioka 11:2.
15. Rehefa maty ny Filohan'ny Fiagonana dia rava ny Fiadidiana Voalohany ary maka ny toerany ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ireo mpanolotsaina. Avy eo dia ny Kôlejin'ny Roambinifolalohy no mitarika ny Fiagonana mandrapahatonga ny fotoana hananganana indray ny Fiadidiana Voalohany. Izany fotoana izany dia fantatra amin'ny hoe tetezamita tantanan'ny apôstôly. Teo amin'ny tantaran'ny Fiagonana dia niovaova tamin'ny faharetany izany tetezamita izany, izay efatra andro ka hatramin'ny Telo taona sy tapany.
16. Marina tokoa fa io lamin'ny fifandimbiasan-toerana io dia tsy nihatra tamin'ny fiantsoana an'i Joseph Smith, izay voatendry mialoha mba ho mpaminan'ny Famerenana amin'ny laoniny sy ho Filoha voalohany tato amin'ny Fiagonana (jereo ny 2 Nefia 3:6–22; jereo koa ny Abrahama 3:22–23).
17. Isika dia mahafantatra fa mety hiantso antsika hody any Aminy amin'ny fotoana izay fidiany ny Tompo izy tenany mihitsy.
18. Gordon B. Hinckley, "God Is at the Helm," *Ensign*, Mey 1994, 54; jereo koa ny Gordon B. Hinckley, "He Slumbers Not, nor Sleeps," *Ensign*, Mey 1983, 6.
19. "Message from President Thomas S. Monson," *Church News*, 3 Feb. 2013, 9.
20. "We Ever Pray for Thee," *Hymns*, no. 23.



Nataon'i Carol F. McConkie

Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy Maneran-tany

## Miaina araka ny Tenin'ireo Mpaminany

*Manohana ny mpaminany sy misafidy ny hiaina araka ny teniny isika mba hifanaraka amin'ireo tanjon'Andriamanitra.*

Tia ny zanany rehetra ny Rain-tsika any an-danitra ary iriany ny hahafantaran'izy ireo sy hahatakaran'izy ireo ny draftry ny fahasambarana. Miantso mpaminany Izy noho izany, izay nomena hery sy fahefana hiasa amin'ny anaran'Andriamanitra mba hamony ireo zanany. Iraka mitondra fahamarinana izy ireo ary vavolombelon'i Jesoa Kristy sy ny hery tsy manam-petran'ilay Sorompanavotany. Mihazona ny fanalahidin'ny fanjakan'Andriamanitra eto an-tany izy ireo ary manome lalana ny hanatanterahana ireo ôrdônansy mitondra famonjena.

Ao amin'ny Fiagonana marin'ny Tompo dia, "tsy misy na oviana na oviana, afa-tsy olona iray ihany isaky ny mandeha eto an-tany no omena izany fahefana izany sy ireo fanalahidin'io fisoronana io."<sup>1</sup> Manohana ny Filoha Thomas S. Monson ho mpaminantsika sy mpahita ary mpanambara isika. Manambara ny tenin'ny Tompo izy mba hitarihana sy hitantanana ny Fiagonantsika *iray manontolo*. Nanzava ny Filoha J. Reuben Clark Zanany hoe: "Ny Filohan'ny Fiagonana . . . irery ihany no manana zo handray fanambarana ho an'ny Fiagonana."<sup>2</sup>

Nandidy ny olona ao amin'ny Fiagonany ny Tompo mba hanao izao manaraka izao mikasika ny mpaminany velona:

"Hampandrifyl sofina amin'ny teniny rehetra sy ny didy rehetra izay homeny anareo [ianareo] araka ny andraisany azy ireny, amin'ny fandehanana amin'ny fahamasinana tanteraka eo anoloako;

"Fa ny teniny dia horaisinareo toa ireny avy amin'ny vavako ireny, amin'ny faharetana sy ny finoana rehetra.

"Fa amin'ny fanaovana ireny zavatra ireny, ny vavahadin'ny helo dia tsy haharesy anareo."<sup>3</sup>

Manohana ny mpaminany sy misafidy ny hiaina araka ny teniny isika mba hifanaraka amin'ireo tanjona masin'Andriamanitra.

Manohana koa ireo mpanolotsain'ny Filoha Monson sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo isika ho toy ny mpaminany sy mpahita ary mpanambara. "Manana ny zo sy ny hery ary ny fahefana izy ireo hanambara ny hevity ny [Tompol] sy ny sitrapony . . . , eo ambanin'ny fitarihan'ny . . . Filohan'ny Fiagonana."<sup>4</sup> Miresaka amin'ny anaran'i Kristy izy ireo. Maminany amin'ny anaran'i Kristy izy ireo. Manao ny zavatra rehetra

amin'ny anaran'i Jesoa Kristy izy ireo. Amin'ny alalan'ny teny zarain'izy ireo no ahenoantsika ny feon'ny Tompo sy hahatsapantsika ny fitiavan'ny Mpamony. "Ary na inona na inona hotenin'izy ireo noho ny fanentanan'ny Fanahy Masina dia ho soratra masina . . . dia ny herin'Andriamanitra ho famonjena."<sup>5</sup> Ny Tompo mihitsy no ni-teny hoe: "Na amin'ny alalan'ny feoko na amin'ny alalan'ny feon'ny mpanom-poko, dia iray ihany izany.<sup>6</sup>

Feno fankasitrahana isika noho ny fiangonana izay "natsangana teo ambonin'ny fanorenan'ny Apostoly sy ny mpaminany, ary Kristy Jesoa no fehizoro indrindra."<sup>7</sup> Tranon'ny filaminana ny tranon'ny Tompo ka tsy tokony ho voafitaka velively isika mikasika ny hoe aiza no hitadiavana ny valin'ny fanontanantsika na ny fisalasalantsika mikasika ny feo tokony harahina. Isika dia tsy tokony "[h]ahilangilana sy [h]ampitambo-limbolen'ny rivotry ny fampianarana samy hafa rehetra."<sup>8</sup> Manambara ny teniny amin'ny alalan'ireo mpanompo notendreny Andriamanitra, "ho fanatanterahana ny olona masina, ho amin'ny asa fanompoana amin'ny fiangonana, ho amin'ny fampandrosoana ny tenan'i Kristy, mandrapahatongantsika rehetra ho amin'ny

firaisan'ny finoana sy ny fahalalana tsara ny Zanak'Andriamanitra."<sup>9</sup> Rehefa misafidy ny hiaina araka ny tenin'ireo mpaminany isika dia eo amin'ilay lalan'ny fanekempihavananana izay mitondra any amin'ny fahalavoriana mandrakizay no misy antsika.

Mianatra ny dikan'izany hoe manohana mpaminany iray izany isika amin'ny alalan'ity vehivavy mpitondra-tena iray ity izay niady mafy mba ho velona nandritra ny vanim-potoan'ny mosary iray. Nodidian'ny Tompo i Elia mpaminany mba handeha any Zare-fata, izay toerana hahitany vehivavy mpitondratena iray efa nodidin'Andriamanitra mba hanohana azy. Rehefa mby teo am-bavahadin'ny tanàna i Elia dia nahita azy nanangona kitay hazo. Niantso azy i Elia ka nanao hoe: "Itondray rano kely amin'ny fisotroana aho mba hosotroiko.<sup>10</sup>

"Ary nony lasa naka ravehivavy, dia niantso [indray] Elia ka nanao hoe, Itondray mofo kely koa eny antananao aho.

"Fa hoy rahavehivavy: Raha velona koa Jehovah Andriamanitao, tsy manana mofo na dia iray akory aza aho, fa koba kely eran-tànànila ao amin'ny barika sy diloilo kely foana ao amin'ny tavoara; ary he! Maka tapa-kazo roa aho izao, ka hiditra hanamboatra

ireo hohaninay mianaka, dia ho faty izahay."

Namaly i Elia hoe: "Aza matahotra, fa andeha miditra, ka manaovala araka izany lazainao izany; nefo anaovy mofo kely ihany aho *aloha*, ka ento ety amiko, ary rehefa izany dia vao manaovala ho anao sy ny zanakao koa."<sup>11</sup>

Alaivo sary an-tsaina ao anatin'ny fotoana fohy ny fahasorotan'ny zavatra nangatahan'ilay mpaminany mba ha-taon'ity reny matin'ny hanoanana ity. Afaka tsara nanome sakafy ho an'ilay mpanompony mahatoky Andriamanitra. Saingy noho i Elia manao asa amin'ny anaran'ny Tompo, dia nana-raka ny torolalana nomeny azy izy, dia ny hangataka ny zanakavavy malalan'Andriamanitra iray mba hahafoy izay nananany mba hanohana ny mpaminany.

Nampanantena fitahiana avy amin'ny fankatoavana ihany kosa anefa i Elia: "Fa izao no nolazain'i Jehovah, Andriamaniry ny Isiraely: Tsy ho lany ny koba ao amin'ny barika, ary tsy ho ritra ny diloilo ao amin'ny tavoara."<sup>12</sup> Nomen'ny Tompo fahafahana ilay vehivavy mpi-tondratena mba hisafidy ny hino sy hankatò ny tenin'ny mpaminany.

Nodidina isika mba hanohana ny mpaminany eo amin'ity izao tontolo izao izay tandindomin'ny tsy faham-pian'ny fahamarinana sy ny mosary arapanahy ity. Rehefa mankatò sy miaro ary manohana ny tenin'ny mpaminany isika dia mijoro ho vavolombelona fa manana finoana hanaiky amimpantrentena ny sitrapon'ny Tompo sy ny fahendreny *ary* ny fotoany.

Mankatò ny tenin'ny mpaminany isika na dia mety hentitra sy hafahafa ary sarotra tanterahina aza izany. Raha eo anatrehan'ny fenitra arahan'izao tontolo izao dia mety ho halan'ny olona rehefa manaraka ny mpaminany na mety ho fihetsika diso ara-pôlitika izany na mety tsy ho ekena eo amin'ny fiarahamonina. Saingy tsara foana ny fanarahana ny mpaminany. "Fa tahaka ny hahavon'ny lanitra noho ny tany no hahavon'ny lâlako noho ny lâlanareo sy ny fihevitra noho ny fihevitrareo."<sup>13</sup> "Matokia an'i Jehovah amin'ny fonaio rehetra fa aza miankina amin'ny fahalalanao."<sup>14</sup>



Omen'ny Tompo voninahitra sy tohanany ireo izay mankatò ny torolalan'ny mpaminany. Ho an'ilay vehivavy mpitondratena tao Zarefata dia nana-votra ny ainy sy ny an'ny zanany lahy tamin'ny farany ny fankatoavany an'i Elia. Tanteraka araka ny nampantan-tenain'ny mpaminany ny hoe, "izy sy ravehivavy mbamin'ny ankohonany dia nanan-kohanina elaela ihany . . . araka ny tenin'i Jehovah izay nampilazainy an'i Elia."<sup>15</sup>

Ny Tompo dia "hanome ny ilain'ireo izay matoky Azy."<sup>16</sup> Toy ny mana ho an'ny fanahintsika ny tenin'ireo mpaminany. Rehefa mandray amin'izany isika dia voatahy ary voaro na ara-nofo na ara-panahy. Rehefa mivoky amin'ny tenin'izy ireo isika dia mahafantatra ny fomba hanatonana an'i Kristy ka ho velona.

Nanoratra ny Loholona Bruce R. McConkie fa amin'ny alalan'ny mpaminany ny Tompo no "manambara ireo fahamarinan'ny famonjena, . . . ilay famonjena ao amin'i Kristy ary izy no mamaritra . . . ny lalana mitondra any amin'ny fiainana mandrakizay. . . . Ao anatin'ny vanim-potoana rehetra dia omen'ny Tompo izay torolalana ilain'izy ireo ny olona amin'ny fotoana hiatrehany zavatra mampidi-doza. Ary azo antoka fa any aoriana any dia hisy fotoana izay tsy hisy zavatra hafa afatsy ny fahendren'Andriamanitra ihany izay hilatsaka avy any an-danitra ary haloaky ny vavan'ny mpaminany no ho afaka hamonjy ny olony."<sup>17</sup>

Raha ho ahy dia ny tenin'ireo mpaminany izay nampianarin'ilay mpam-pianatra ahy tao amin'ny Ravintsara no nanome ahy fahatakarana ny tokony ho endrik'izany hoe fifandraisana ao anatin'ny fanambadiana natao tao anatin'ny fanekempihavanana izany. Nanome ahy finoana sy fanantenana ny tenin'ireo mpaminany fa afaka miomana hiatrika izany hoe tokantrano sambatra izany aho ary afaka ny nahazo izany. Ny fandalinana tsy tapaka ny fampianaran'ireo mpaminany, na fahiny na maoderina, dia nanohana ahy nandritra ireo taona nanahirana ary matetika namizana nitaizana sy nampianarana ary nikarakarana zanaka fito. Ny tenin'ireo mpaminany ao amin'ny



soratra masina ary ampianarina eto amin'ity polpitra ity dia teny mifono fampaherezana, sy ftiavana, manome hery ary fifaliana izay miantefa amin-tsika rehetra.

Rehefa mankatò ny tenin'ireo mpaminany isika dia manorina ny tokantrantsika sy ny fiainantsika eo amin'ny fototra iray azo antoka mandrakizay, "ilay vatolampin'ny Mpanavotra antsika, dia i Kristy ilay Zanak'Andriamanitra, . . . ka rehefa handefa ny rivo Maheriny ny devoly, eny, ny zanatsipikany ao amin'ny tadio, eny, rehefa hamely anareo ny havandrany rehetra sy ny tafiotra Maheriny, dia tsy hanan-kery aminareo izany mba hisintona anareo . . . any amin'ny hantsan'ny fahoriania sy ny loza tsisy fiafarana."<sup>18</sup>

Antsika ny safidy. Afaka misafidy ny tsy hiraharaha na hanamaivana na hanambany na hanohitra ny tenin'i Kristy ambaran'ireo mpanompo voatendrin sy isika. Saingy nampianatra ny Mpamony fa ireo izay manao izany dia hoesorina tsy ho eo anivon'ny vahoakan'ny fanekempihavanany.<sup>19</sup>

Rehefa mamaky sy mandalina ombam-bavaka ny teny masin'ireo mpaminany isika miaraka amin'ny finoana an'i Kristy omban'ny tena finiavana, dia hanambara fahamarinana ao an-tsaintsika sy ao am-pontsika ny Fanahy Masina. Enga anie isika hanokatra ny sofintsika mba handre ary ny fontsika mba hahatakatra ary

hanokatra ny saintsika mba ho azo velabelarina ho an'ny fandininhantsika ny misterin'Andriamanitra.<sup>20</sup>

Mijoro ho vavolombelona aho fa i Joseph Smith dia mpaminany nantsoin'Andriamanitra mba hamerina ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy ny fisoronany teto an-tany. Ary mijoro ho vavolombelona aho fa amin'ny alalan'ny Filoha Monson dia tarihin'ny mpaminanin'Andriamanitra marina iray isika amin'izao fotoana izao. Enga anie isika ka hisafidy ny hiara-hijoro amin'ireo mpaminany ary hiaina araka ny tenin'izy ireo mandra-pahatonga antsika ho iray ao anatin'ny finoana, madio ao amin'i Kristy ary heniky ny fahalalana ny Zanakalahin'Andriamanitra. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

## FANAMARIHANA

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:7; jereo ihany koa ny *Manuel 2: Administration de l'Eglise* (2010), 2.1.1: "I Jesoa Kristy no mihazona ny fanalahidry rehetra ao amin'ny fisoronana mikasika ny Fiagonany. Nomeny ny Apôstôly tsirairay ireo fanalahidry rehetra izay mahakasika ny fanjakan'Andriamanitra eto ambonin'ny tany. Izay Apôstôly efa ela indrindra velona, izay Filohan'ny Fiagonana, no hany olombelona eto ambonin'ny tany nahazo lanala hampiasa ireo fanalahidry rehetra an'ny fisoronana."
2. J. Reuben Clark Jr., "When Are the Writings and Sermons of Church Leaders Entitled to the Claim of Scripture?" (*Lahateny nozaraina tamin'ny mpiasa tao amin'ny seminera sy institiota*, Brigham Young University, 7 Jolay 1954).
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 21:4–6; nampiana fanamasiana.
4. J. Reuben Clark Jr., "When Are the Writings and Sermons of Church Leaders Entitled to the Claim of Scripture?"
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:4.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:38.
7. Efesiana 2:20.
8. Efesiana 4:14.
9. Efesiana 4:12–13.
10. 1 Mpanjaka 17:10.
11. 1 Mpanjaka 17:11–13; nampiana fanamasiana.
12. 1 Mpanjaka 17:14.
13. Isaia 55:9.
14. Ohabolana 3:5.
15. 1 Mpanjaka 17:15–16.
16. Roger Hoffman, "Consider the Lilies" (1991).
17. Bruce R. McConkie, *A New Witness for the Articles of Faith* (Deseret Book Company, 1985), 478; mari-tsoratra nasiana fanovana; nampiasaina rehefa nahazo lanala.
18. Helamâna 5:12.
19. Jereo ny 3 Nefia 20:23.
20. Jereo ny Môsiâ 2:9.



Nataon'ny Loholona **Robert D. Hales**  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ny Fiaianana Mandrakizay—ny Ma- hafantatra ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa Kristy Zanany

*Andriamanitra sy i Kristy dia tena Ray sy Zanaka  
ara-bakiteny—olona misaraka, sy miavaka, ary mitokana  
izay tafaray tanteraka amin'ny Tanjona ananan'Izy ireo.*

Tombontsoa ho ahy taona maro lasa izay ny nandalinako ireo fijoroana ho vavolombelona farany nataon'ireo mpaminany isaky ny fotoampitantanana. Samy nanao fijoroana ho vavolombelona mahery vaika momba an'Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Zanany izy rehetra.

Rehefa namaky ireo fijoroana ho vavolombelona ireo aho—sy maro hafa mitovy amin'izany nandritra ny taona maro—dia nampihetsi-po ahy hatrany ny nahatsapa ny halalin'ny fitiavan'ny Ray any an-danitra ny Zanany Lahimatoa sy ny fanehoan'i Jesoa ny Fitiovany amin'ny fankatoavany ny sitrapon'ny Rainy. Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa ataontsika izay zavatra ilaina mba hahafantarana Azy ireo sy

hahafantarana ny Fifankatiavan'Izy ireo, dia ho azontsika “ilay fanomezana lehibe indrindra amin'ny fanoomezan'Andriamanitra rehetra”—dia ny fiaianana mandrakizay.<sup>1</sup> Fa “izao no fiaianana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesoa Kristy, Izay efa nirahinao.”<sup>2</sup>

Ahoana no hahazoantsika ny fanomezan'ny fiaianana mandrakizay? Tonga amin'ny alalan'ny fanambarana ho an'ny tena manokana izany, izay noresahina sy nampianarina tamin'ity maraina ity.

Tsaraoanao ve ny nahafantarao voalohany hoe misy Andriamanitra sy ny nahafahanao nahatsapa ny Fitiovany? Fony aho mbola zazalahy kely,

dia fanaoko ny nibanjina ny lanitra feno kintana sy nisaintsaina ka nahatsapa fa teo Izy. Nampientanentana ny foko ny nizaha ny hakanton'ny faharia'n'Andriamanitra—hatramin'ny bibikely ka hatramin'ny hazo mijoalajoala. Rehefa mankasitraka ny hatsaran'ity tany ity aho, dia fantatro fa tia ahy ny Ray any an-danitra. Nahafantatra aho fa tena zanaka ara-panahy ara-bakiteny ny tenako, ary isika rehetra dia zanak'Andriamanitra avokoa.

Mety manontany tena ianareo hoe ahoana no nahafantarako izany. Mam-pianatra ny soratra masina hoe: “Ireo sasany dia omen’ny Fanahy Masina ny hahafantatra fa i Jesoa Kristy no zanak'Andriamanitra, . . . ny hafa dia omena hino ny tenin’izy ireo, mba hahazoany koa manana ny fiaianana mandrakizay raha mitoetra ho mahatoky izy.”<sup>3</sup> Araka ny fahitako azy dia tsy midiaka izany fa ny olona sasany dia hiankin-doha foana amin'ny fijoroan'ny hafa ho vavolombelona.

Nitombo ny fijoroako ho vavolombelona rehefa nianatra momba ny Ray any an-danitra sy ny Mpamony aho tamin'ny alalan'ny fampianarana sy ny fijoroana ho vavolombelona nataon'ireo ray aman-dreniko, sy ireo mpampianatra ahy, sy ny soratra masina—izay novakiko tamim-pahazotoana—ary indrindra fa ny Fanahy Masina. Rehefa nino sy nankatô ireo didy aho, dia nijoro ho vavolombelona tamiko ny



Fanahy Masina fa marina ny zavatra izay nianarako. Izay no fomba nahazoako fijoroana ho vavolombelona ho an'ny tenako.

Ao anatin'izany zotran-javatra izany dia ny fikatsahana fanambarana ho an'ny tena manokana no tena zavadehibe. Manasa antsika i Nefia mba “[hivoky] amin'ny tenin’ i Kristy; fa indro hilaza aminareo ny zava-drehetra tokony hataonareo ny tenin’ i Kristy.”<sup>4</sup>

Talohan’ny nahafeno valo taona ahy, dia nikatsaka ny hahafantatra bebe kokoa momba ny batisa aho. Namaky soratra masina sy nivavaka aho. Nianarako fa hahazo ny fano-mezan’ny Fanahy masina aho rehefa raisina ho mpikambana. Nanomboka nahatakatra ihany koa aho fa Andriamanitra sy i Kristy dia tena Ray sy Zanaka ara-bakiteny—olona misaraka, sy miavaka, ary mitokana izay tafaray tanteraka amin’ny Tanjona ananan’Izy ireo. “Isika tia [Azy ireo], satria [Izy Ireo] efa tia antsika taloha.”<sup>5</sup> Niverimberina ny fahitako ny fifankatiavan’Izy Ireo sy ny fiaraha-miasan’Izy Ireo mba hahasoa antsika. Henoy anie ny sanctionany vitsy amin’ireo soratra masina maro izay mampianatra izany fahamrinana izany e!

Raha nampianatra ny fainana talohan’izao fainana izao ny Ray any an-danitra dia toy izao no nilazany an’i Jesoa Kristy “ny Zanaka Malalako, izay Malalako sy nodifidiko hatrany am-piandohana.”<sup>6</sup> Raha namorona ny tany ny Ray, dia “tamin’ny alalan’ny Lahitoka[ny]” no nanaovany izany.<sup>7</sup>

I Maria renin’i Jesoa dia notenenina fa izy no hitondra “ny Zanaky ny Avo Indrindra.”<sup>8</sup> Ary fony Jesoa mbola zatovolahy, dia nilaza tamin’ny Reniny Izy fa tsy maintsy “ho eto an-tranon’ny [Rainy] Izy.”<sup>9</sup> Taona maro taty aoriania, rehefa natao batisa ny Mpamony, dia niteny avy any an-danitra ny Ray any an-danitra nanao hoe: “Ity no Zanako malalako, Izay sitrako.”<sup>10</sup>

Niteny toy izao i Jesoa mba hampianarany ireo Mpianany hivavaka:

“Rainay Izay any an-danitra, hohamasinina anie ny anaranao.

“Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao ety an-tany, tahaka ny any an-danitra.”<sup>11</sup>



Nampianatra an’i Nikodemosy Izy hoe: “Toy izao no nitiavan’Andriamanitra izao tontolo izao, nomeny ny Zananilahy Tokana.”<sup>12</sup> Ary nanazava ireo fahagagana nataony Izy ka nilaza hoe: “Ny Zanaka tsy mahazo manao na inona na inona ho Azy, afa-tsy izay hitany ataon’ny Ray: fa na inona na inona no ataon’ [ilay Ray], dia toy izany koa ny ataon’ny Zanaka.”<sup>13</sup>

Rehefa nanakaika ny fotoana hanatanterahana ny Sorompanavotana, dia nivavaka i Jesoa hoe: “Ray ô, tonga ny fotoana. . . . Izaho efa nankalaza Anao tety ambonin’ny tany: Vitako ny asa nomenao Ahy hataoko.”<sup>14</sup> Avy eo, rehefa nianjady Taminy ny havesatry ny fahotantsika, dia nitalaho Izy hoe: “Raiko ô, raha azo atao, dia aoka hesorina amiko ity kapoaka ity: nef aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao.”<sup>15</sup> Nandritra ny fotoana farany niainany teo ambony hazo fijaliana, dia nivavaka i Jesoa hoe: “Raiko ô, mamelà ny helony; fa tsy fantany izay ataony” ary avy eo Izy nihiaika mafy nanao hoe: “Raiko ô, eo an-tananao no atolotro ny fanahiko.”<sup>16</sup>

Avy eo dia namangy ireo fanahin’ireo izay efa nodimandry tao amin’ny tontolon’ny fanahy Izy mba “[hanome] hery [azy] ireo mba hivoaka aorian’ny fitsanganany amin’ny maty ka hiditra ao amin’ny fanjakan’ny Rainy.”<sup>17</sup> Taorian’ny nitsanganan’ny Mpamony tamin’ny maty dia niseho tamin’i Maria

Magdalena Izy ary niteny hoe: “Mia-katra ho any amin’ny Raiko sy [any amin’ny] Rainareo Aho.”<sup>18</sup>

Rehefa nankany amin’ireo vahoaka tany amin’ny kaontinanta Amerikana Izy, dia nampahafantatra Azы ny Rainy tamin’ny filazana ny hoe: “Indro ny Zanako Malalako, izay ao Aminy no tena ifaliako, izay tao Aminy no efa nankalazako ny anarako.”<sup>19</sup> Rehefa nidina ho eo anivon’ny vahoaka teo amin’ny tempoly i Jesoa, dia toy izao no nampahafantarany ny Tenany: “Indro, Izaho no Jesoa Kristy. . . . efa . . . nankalaza ny Ray [Aho] tamin’ny nitondrako teo Amiko ny fahotan’izao tontolo izao.”<sup>20</sup> Raha nanazava ny fotopampianaranany Izy dia nanazava hoe:

“Izany dia fotopampianaranara izay efa nomen’ny Ray Ahy; ary izaho dia vavolombelona manambara ny Ray, ary ny Ray dia vavolombelona manambara Ahy.”<sup>21</sup>

“Marina tokoa [fa] . . . ny Ray sy Izaho dia iray.”<sup>22</sup>

Moa ve ahitantsika zavatra ao amin’ireo soratra masina ireo izay mijoro ho vavolombelona fa ny Ray sy ny Zanaka dia olona tsirairay avy izay miavaka tsara sy mitokana? Ahoana ary no maha “iray azy ireo”? Tsy hoe satria Izy Ireo dia olona iray ihany fa satria kosa Izy Ireo dia manana tanjona iray, mitovy ny fanolorantenany mba “[h] anatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fainana mandrakizain’ny olona.”<sup>23</sup>

I Jesoa dia Andriamanitra, kanefa avahany hatrany hatrany ny Tenany ho olona tafasaraka sy mitokana rehefa mivavaka amin’ny Rainy Izy sy amin’ny filazany fa manao ny sitrapon’ny Rainy Izy. Nandritra ny asa fanompoana nataony teo anivon’ireo Nefita, dia nitalaho Izy hoe: “Ray ô, tsy mivavaka ho an’izao tontolo izao Aho, fa ho an’ireo izay efa nomenao Ahy kosa avy amin’i-zao tontolo izao, . . . mba ho ao aminy Aho, tahaka Anao Ray ato Amiko, mba ho iray ihany isika, mba hankalazana Ahy ao aminy.”<sup>24</sup>

Raha izany no jerena, dia tsy mahagaga raha toa ny Famerenana amin’ny laoniny ny filazantsara ka nosantolina tamin’ny fisehoan’olon’ny lanitra anankiroa fa tsy iray. Mijoro ho vavolombelona momba izany Fahitana Voalohany



izany ny Mpaminany Joseph Smith manao hoe: "Niteny tamiko ny anankiray Taminy, niantso ahy tamin'ny anarako, sady nanondro ilay anankiray no nanao hoe—*Ity no Zanako Malalako. Henoy Izy!*"<sup>25</sup>

Ilay mpaminany mbola kely, izay nankao amin'ilay alakely mba hamantatra hoe iza tamin'ireo fiangonana no tokony hidirany, dia nandeha tamimpinoana ary tsy nihanahana, ka nivoaka avy tao niaraka tamin'ny fahafantarana sy ny fijoroana ho vavolombelona momba an'ilay Andriamanitra tokana sady marina sy i Jesoa Kristy, izay efa nirahin'Andriamanitra. Noho izany i Joseph, tahaka ireo mpaminany izay nialoha azy, dia lasa fitaovana nentina namerina ho eo amin'izao tontolo izao ny fahalalana izay mitondra mankany amin'ny fainana mandrakizay.

Ianao koa dia afaka mikatsaka ny Raitsika any an-danitra sy "ity Jesoa ity izay efa [nijoroan'ny] mpaminany sy ny apôstôly [ho vavolombelona] ny Aminy,"<sup>26</sup> ao amin'ny soratra masina sy mandritra ity fihaonambe ity. Rehefa mikatsaka fijoroana ho vavolombelona an'ny tena manokana ianao—ny fanambarana ho an'ny tenanao manokana—dia ho hitanao fa nanome fomba miavaka ny Ray any an-danitra mba hahafantarao ny fahamarinana ho an'ny tenanao manokana: amin'ny alalan'ilay mpikambana fahatelo ao amin'Ny Andriamanitra, izay manana vatana Fanahy ka antsointsika hoe Fanahy Masina.

"Ary rehefa handray ireto zavatra ireto ianareo"—anisan'izany ny zavatra nozaraiko androany—"Ta hamporisika anareo aho ny mba hanontanianareo an'Andriamanitra, Ilay Ray Mandrakizay, amin'ny anaran'i Kristy, raha tsy marina ireto zavatra ireto; ary raha manontany amin-kitsimpo ianareo, omban'ny tena finiavana, sady manam-pinoana an'i Kristy, dia haneho ny fahamarinan'izany aminareo Izy, amin'ny herin'ny Fanahy Masina.

Ary amin'ny herin'ny Fanahy Masina dia azonareo fantarina ny fahamarinan'ny zava-drehetra."<sup>27</sup>

Ry rahalahy sy anabavy, mijoro ho vavolombelona aho fa tian'ny Raitsika any an-danitra ny hiktsahantsika izany fahalalana izany ankehitriny. Miantsoantso avy ao amin'ny vovoka ny feon'ny mpaminany Helamàna manao hoe: "Tsarovy, tsarovy fa eo amin'ny vatolampin'ny Mpanavotra antsika, dia i Kristy, Ilay Zanak'Andriamanitra, no tsy maintsy anorenanareo ny fototraeo . . . , fototra izay tsy ahafahan'ny olona mianjera raha miorina eo amboniny izy."<sup>28</sup> Mazava ho azy fa hahomby isika.

Io fototra azo antoka io dia i Jesoa Kristy. Izy no "ilay Vatolampin'ny Lanitra."<sup>29</sup> Rehefa manorina ny tranontsika eo Amboniny isika, ka na ho avy aza ilay oran'ny andro farany, na ho avy aza ny safodrano, ary na hitsoka aza ny rivotra, dia tsy hianjera isika. Hahomby isika satria miorina eo ambonin'i Kristy ny tokantranantsika sy ny fianakavantsika.<sup>30</sup>

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny tokantrano toy izany dia "tranon'ny voninahitra."<sup>31</sup> Mivory ao isika mba hivavaka amin'ny Rain-tsika any an-danitra amin'ny anaran'i Jesoa Kristy Zanany Malalany. Ao no hanomezantsika voninahitra sy fankasitrahana ho Azy Ireo. Ao no handraisantsika ny Fanahy Masina sy "ilay fampanantenana izay [Omeny antsika] ny amin'ny fainana mandrakizay, dia ny voninahitry ny fanjakana celestialy."<sup>32</sup>

Mijoro ho vavolombelona manokana aho fa i Jesoa Kristy no Mpamony antsika, fa velona Izy, fia tia antsika sy mikarakara antsika ny Raitsika Mandrakizay any an-danitra, fa manana mpaminany isika amin'izao fotoampitananana izao—dia ny Filoha Thomas S. Monson—mba hitondra sy hitarika antsika. Mijoro ho vavolombelona ny Fanahy Masina fa marina izany ho an'ny olona tsirairay izay mandeha sy mikatsaka ilay fahalalana. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

## FANAMARIHANA

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:7.
2. Jaona 17:3.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 46:13–14.
4. 2 Nefia 32:3.
5. 1 Jaona 4:19.
6. Mosesy 4:2.
7. Mosesy 2:1.
8. Lioka 1:32.
9. Lioka 2:49.
10. Matio 3:17.
11. Matio 6:9–10.
12. Jaona 3:16.
13. Jaona 5:19; jereo koa ny andininy 17.
14. Jaona 17:1, 4.
15. Matio 26:39.
16. Lioka 23:34, 46.
17. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:51.
18. Jaona 20:17.
19. 3 Nefia 11:7.
20. 3 Nefia 11:10–11.
21. 3 Nefia 11:32.
22. 3 Nefia 11:27.
23. Mosesy 1:39.
24. 3 Nefia 19:29.
25. Joseph Smith—Tantara 1:17.
26. Etera 12:41.
27. Môrônia 10:4–5.
28. Helamàna 5:12.
29. Mosesy 7:53.
30. Jereo ny 3 Nefia 14:24–25.
31. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:119; 109:8, 16.
32. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:4.



Nataon'ny Loholona James J. Hamula  
Ao amin'ny Fitopololahy

# Ny Fanasan'ny Tompo sy ny Sorompanavotana


*Ilaina ny hahatongavan'ny ôrdônan sin'ny fanasan'ny  
Tompo ho tena masina bebe kokoa ho antsika tsirairay.*

**N**y hariva talohan'ny zava-nitrange tany Getsemane sy Kalvary dia nampamory ny Apôstôliny indray mandeha farany i Jesoa mba hivavaka. Tany amin'ny efitrano ambony rihana tao amin'ny tranon'ny iray tamin'ireo mpianatra tany Jerosalema no toerana nanaovana izany ary vanim-potoan'ny Paska tamin'izany.<sup>1</sup>

Teo anoloan'izy ireo ny sakafon'ny Paska izay nahitana ny zanak'ondry natao sorona, divay ary mofo tsy misy masirasira, izay mariky ny famonjena an'i Isiraely fahiny tamin'ny fanan-devozana sy ny fanenjehana ho faty<sup>2</sup> ary mariky ny fanavotana ho avy izay handrasana ho tanteraka.<sup>3</sup> Rehefa nifara ny sakafo, dia noraisin'i Jesoa ny mofo ary notsofiny rano dia novakiny izany,<sup>4</sup> ka natolony an'ireo Apôstôliny ary hoy Izy, "Raiso, hano."<sup>5</sup> "Ity ny tenako izay omena ho anareo; izao no ataovinareo ho fahatsiarovana Ahy."<sup>6</sup> Nitovy tamin'izay ihany no nataony rehefa nandray ny kapoaka nisy divay Izy, dia notsofiny rano izany ary avy eo nampisotroiny ireo nanodidina

Azy, ary hoy Izy hoe: "Ity kapoaka ity no fanekena vaovao amin'ny rako,"<sup>7</sup> "izay aidina . . . ho famelan-keloka."<sup>8</sup> "Izao no ataovinareo ho fahatsiarovana ahy."<sup>9</sup>

Tamin'izany fomba tsotra nefá misy dikany lalina izany no nampidiran'i Jesoa ilay ôrdônan sy vaovao ho an'ny vahoakan'ny



fanekempihavan'an'Andriamanitra. Tsy hisy intsony ny biby halatsa-dra na nofom-biby hohanina ho fiandersana ilay sorona mitondra fanavotana ha-taon'i Kristy izay ho avy indray andro any.<sup>10</sup> Fa ny mariky ny nofo torotoro sy ny ra nalatsak'i Kristy izay efa tonga kosa, dia horaisina sy hohanina ho fahatsiarovana ilay sorona mitondra fanavotana nataony.<sup>11</sup> Ny fandraisana anjara amin'io ôrdônan sy vaovao io dia hidika hoe faneken'ny rehetra amin'ny fomba matotra an'i Jesoa ho ilay Kristy nampantanenaina ary fahavononana tanteraka hanaraka Azy sy hitandrina ny didiny. Ho an'ireo izay vonona ny hanao izany ka hampiseho izany eo amin'ny fainany sy hitondra tena mifanaraka amin'izany, dia tsy hianjadian'ny fahafatesana ara-panahy izy ireo ary ho azo antoka ny fahazoan'izy ireo ny fainana mandrakizay.

Nandritra ireo ora sy andro maromaro taorian'izany, dia niditra tao Getsemane i Jesoa, ary nentina tany Kalvary, ary nivoaka tamim-pandresena avy tao amin'ilay fasan'i Arimatia. Tao-rian'ny nandaozan'i Jesoa azy ireo, dia niara-nivory ireo mpianatra mahatokin'i Jesoa izay tao Jerosalema sy ny manodidina ny andro voalohany amin'ny herinandro mba "hamaky mofo,"<sup>12</sup> ary "naharitra"<sup>13</sup> nanao izany foana izy ireo. Azo antoka fa tsy hoe nanao izany izy ireo mba hahatsiarovana fotsiny ilay Tompony lasa nandao fa mba hanehoana fankasitrahana sy finoana koa an'ilay Fanavotana mahatalanjona nataony ho azy ireo.

Ny zavatra iray niavaka, rehefa nitsidika ny mpianany tany Amerika i Jesoa, dia nanatantreka ny Fanasan'ny Tompo teo anivon'izy ireo koa Izy.<sup>14</sup> Rehefa nanao izany Izy dia nilaza hoe: "Ary izany dia hoezahanareo mandrakariva hatao,"<sup>15</sup> ary "ary izany dia ho vavolombelona amin'ny Ray fa maha-tiaro ahy mandrakariva ianareo."<sup>16</sup> Mbola nampidirin'ny Tompo ihany koa teo anivon'ny mpianany ny fanasan'ny Tompo tany am-piandohan'ny Famerenana amin'ny laoniny ary nomeny torolalana nitovy tamin'izay nomeny an'ireo mpianany tany aloha isika.<sup>17</sup>

Ny ôrdônan sin'ny fanasan'ny Tompo dia nantsoina hoe "iray

amin'ireo ôrdônansy masina indrindra ato amin'ny Fiagonana.”<sup>18</sup> Ilaina ny hahatongavan’izany ho masina kokoa ho antsika tsirairay avy. I Jesoa Kristy mihitsy no nampiditra io ôrdônansy io mba hampahatsiahivana antsika ny zavatra nataony mba hanavotana antsika ary mba hampianarana antsika ny fomba ahafahantsika manararaotra ilay Fanavotany ary hiaina miaraka ami’ndriamanitra indray noho izany.

Amin’ny alalan’ilay mofo nopotipotehina sy notapatapahina no hanehoantsika fa mahatsiaro ny vatan’i Jesoa Kristy isika—vatana izay nianjadian’ny fanaintainana sy ny fahoriania ary fakam-panahy maro samihafa,<sup>19</sup> vatana izay nizaka fampijaliana henjana ka nahatonga ny mason-koditra rehetra hivoa-dra,<sup>20</sup> vatana izay notorotoroina nynofony ary noratrana ny fony rehefa nohomboina teo amin’ny hazo fijaliana.<sup>21</sup> Ampisehontsika ilay finoantsika hoe, rehefa nalevina io vatana io mba hiala sasatra ao amin’ny fahafatesana dia natsangan-ko velona indray avy tao am-pasana ka tsy handairan’ny aretina sy tsy ho lo ary tsy handalo fahafatesana intsony.<sup>22</sup> Ary rehefa mandray ny mofo isika dia manaiky fa hafahana amin’ny famatoran’ny fahafatesana ny vatantsika toy ilay vatan’i Kristy ka hitsangana amim-pandresena avy ao am-pasana ary hatambatra indray amin’ilay fanahintsika mandrakizay.<sup>23</sup>

Amin’ny alalan’ilay kaopy kely misy rano no anehoantsika fa tsaroantsika ny ran’i Jesoa izay nalatsaka ary ny fijaliana ara-panahy nozakainy ho an’ny olombelona rehetra. Tsaroantsika ny fanaintainana mafy niteraka fivoahandra be dia be tao Getsemane.<sup>24</sup> Tsaroantsika ny ratra sy ny kapoka nianady taminy fony teo an-tanan’ireo nisambotra Azy.<sup>25</sup> Tsaroantsika ny ra nivoaka teny amin’ny tanany sy ny tongony ary ny lanivoany fony Izy teo Kalvary.<sup>26</sup> Ary tsaroantsika ny zavatra nolazainy manokana mikasika ny fijaliany: “Mamaivay manao ahoana, tsy fantatrao, mangirifiry manao ahoana, tsy fantatrao, eny, sarotra zakaina manao ahoana tsy fantatrao.”<sup>27</sup> Rehefa mandray ny rano isika dia manaiky fa ny rany sy ny fijaliany no nentina nanonerana ny fahotantsika ary hanonitra

ny fahotantsika Izy rehefa manaraka sy manaiky ireo fitsipika sy ôrdônansin’ny filazantsarsany isika.

Noho izany dia amin’ny alalan’ny mofo sy ny rano no ampahatsiahivana antsika ny Fanavotan’i Kristy antsika tamin’ny fahafatesana sy ny fahotana. Manan-danja lehibe ilay filaharana hoe, ny mofo no voalohany dia ny rano no faharoa. Rehefa mandray ny mofo isika dia mahatsiaro ilay fitsanganan’ny tenantsika amin’ny maty izay tsy azo ihodivirana, izay mifono zavatra hafa ankoatra ny hoe famerenana amin’ny laoniny ny vatana sy ny fanahy fotsiny. Homena fahafahana hiverina eo anatrehan’Andriamanitra isika rehetra amin’ny alalan’ny herin’ny Sorompanavotana.<sup>28</sup> Izany toe-javatra izany dia mahatonga antsika hametraka ilay fanontaniana lehibe eo amin’ny fainantsika. Ilay fanontaniana lehibe ao anatintsika ao dia tsy ilay hoe ho velona indray ve isika fa hoe hiaraka hiaina amin’iza isika aorian’ny fahafatesana. Na dia hiverina eo anatrehany aza isika rehetra dia tsy ny rehetra akory no afaka hijanona hiara-hiaina Aminy.

Voaloton’ny fahotana sy ny fandikan-dalàna isika rehetra mandritra ny fainantsika eto an-tany.<sup>29</sup> Hanana eritreritra sy hamoaka fiteny ary hahavita zavatra tsy dia mendrika loatra isika.<sup>30</sup> Raha fehezina dia haloto isika. Ary nolazain’i Jesoa mazava tsara ny vokatry ny fahalotoana eo anatrehan’Andriamanitra: “Tsy misy zavatra tsy madio afaka mitoetra . . . eo anatrehany.”<sup>31</sup> Nazava tsara tamini’i Almà Zanany izany izay rehefa nifanatrika tamin’ny anjely masina iray dia tena voalevilevy sy kivy ary niferinaina tokoa noho ny fahalotoany ka dia naniry mba ho “fongana na ny fanahi[ny] na ny vata[ny], mba tsy hahazoana mitondra azy hijoro eo anatrehan’Andriamanitra.”<sup>32</sup>

Rehefa mandray ny ranon’ny Fanasan’ny Tompo isika dia mianatra ny fomba ahafahantsika ho voadio amin’ny fahotana sy ny fandikan-dalàna ary hijoro eo anatrehan’Andriamanitra noho izany. Tamin’ny alalan’ny fandatsahana ilay rany tsy manan-tsiny no nanefan’i Jesoa Kristy ny fitakian’ny fahamarinana ho an’ny fahotana sy

ny fandikan-dalàna rehetra. Avy eo Izy dia nanolo-tena hanadio antsika raha toa ny finoantsika Azy ka ampy hanosika antsika hibebaka, sy hanaiky ireo ôrdônansy sy fanekepihavanana rehetra mitondra famonjena, manomboka amin’ny batisa sy ny fandraisana ny Fanahy Masina. Rehefa mandray ny Fanahy Masina isika dia voadio. Nataon’i Jesoa mazava tsara izany fotopampianarana izany:

“Ary tsy misy zavatra tsy madio afaka miditra ao amin’ny fanjakan’ [Andriamanitra]; . . . tsy misy na inona na inona miditra ao amin’ny fitsaharany afa-tsy ireo izay efa nanasa ny fitafany tamin’ny rany. . . .

“Ankehitriny dia izao no didy: Mibe-baha ianareo rehetra faran’ny tany, ary mankanesa aty Amiko ary aoka hatao batisa amin’ny anarako mba hahazoana manamasina anareo amin’ny fandraisana ny Fanahy Masina, mba hahazoanareo mijoro tsisy pentina eo anoloako amin’ny andro farany.”<sup>33</sup>

Izany no fotopampianaran’ny Tompo.<sup>34</sup> Rehefa mandray izany fotopampianarana izany isika ary mitondra tena mifanaraka amin’izany dia tena voasasan’ny ran’i Kristy isika ary lasa madio.<sup>35</sup>

Amin’ny alalan’ireo vavaka amin’ny Fanasan’ny Tompo, no hanehoantsika ny fanekentsika io fotopampianaran’i Kristy io sy ny fahavononantsika hiaina mifanaraka amin’izany. Ao anatin’ny vavaka ataontsika amin’ilay Andriamanitra Raïntsika Mandrakizay dia manambara isika fa “hahatsiaro mandrakariva” ilay Zanany sarobidy. Manamafy ny “fahavononantsika” hahatsiaro aloha isika. Avy eo isika manamafy fa “tena” mahatsiaro. Rehefa manao izany isika dia manao fanolorantena lehibe mba hampihatra finoana an’i Jesoa Kristy sy ny Fanavotany antsika amin’ny fahafatesana sy ny fahotana.

Mbola manambara indray isika fa “hitandrina ny didiny.” Fanolorantena lehibe mba hibebaka izany. Raha toa ka tsy araka ny tokony ho izy ny eritreitsika sy ny fitenintsika ary ny zavatra nataontsika teo aloha dia manolo-tena indray isika mba hampifanaraka bebe kokoa ny fainantsika amin’ny Azy amin’ny ho avy.



Manaraka izany dia manambara isika fa “vononona hitondra ny anaran’ny [Zanaka].”<sup>36</sup> Fanolorantena lehibeavy amintsika izany mba ho eo ambany fahefany sy hanao ny asany izay ahitana ny fandraisana ho an’ny tenantsika ireo ôrdônsy sy fanekempihavanana mitondra famonjena rehetra.<sup>37</sup>

Rehefa manolo-tena hanaraka ireo fitsipika ireo isika dia ampanantenaina antsika ao amin’ireo vavaka amin’ny fanasan’ny Tompo fa “hanana ny Fanahiny miaraka amin[tsika]” isika.<sup>38</sup> Fitahiana lehibe ny fahazoana indray ny Fanahy satria ny Fanahy no mpan-dio antsika amin’ny fahotana sy ny fandikan-dalâna.<sup>39</sup>

Ry rahalahy sy anabavy, ny Sorompanavotan’i Jesoa Kristy no zava-nitranga manan-danja indrindra tao anatin’izao fainana izao ary mandrakizay. Ilay nanatanteraka ny Sorompanavotana no nanome antsika ny ôrdônsin’ny fanasan’ny Tompo tsy hoe mba hanampiana antsika hahatsiaro fotsiny fa mba hanampiana antsika koa hitaky ireo fitahiana rehetra avy amin’io asa lehibe nanehoana famindrampo io. Ny fandraisana anjara tsy tapaka ary amim-pahamatorana amin’io ôrdônsy masina io dia manampy antsika hanohy hanaiky sy hiaina ny fotopampianaran’i Kristy aorian’ny batisa ary avy eo hanohy sy hamita ireo dingan’ny fahamasinana. Marina tokoa fa ny ôrdônsin’ny fanasan’ny Tompo dia tena manampy antsika tokoa haharitra

amim-pahatokiana hatramin’ny farany ary handray ny fahafenoan’ny Ray tahaka ny fomba nanaovan’i Jesoa izany, dia fahasoavana anampy fahasoavana.<sup>40</sup>

Mijoro ho vavolombelona aho ny amin’ny herin’i Jesoa Kristy hanavotana antsika rehetra amin’ny fahafatesana sy ny fahotana ary ny herin’ireo ôrdônsin’ny fisoronany izay ahitana ny Fasan’ny Tompo, mba hanomana antsika “hahita ny tavan’Andriamanitra, dia ny Ray ary ho velona.”<sup>41</sup> Enga anie isika ka handray ny Fasan’ny Tompo amin’ny herinandro ambony ary isan-kerinandro aorian’izany miaraka amin’ny faniriana lalina kokoa sy tanjona matotra kokoa. Izany no vavaka ataoko amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny Matio 26:17–20; Marka 14:12–17; Lioka 22:7–18.
2. Jereo ny Eksodosy 12; Nomery 28:16–25; Bible Dictionary “Feasts.”
3. Jereo ny Eksodosy 13:12–13; Môsià 2:3–4; Mosesy 5:5–8.
4. Jereo ny Matio 26:26; Marka 14:22; Lioka 22:19; 1 Korintiana 11:24. Ny fahasamihafana teto rehefa nampiditra ny Fasan’ny Tompo teo anivon’ny Nefita ny Tompo taorian’ny Fitsanganany tamin’ny maty, dia namaky ny mofo Izy ary nitsodrano izany (jereo ny 3 Nefia 18:3).
5. Matio 26:26; Marka 14:22; 1 Korintiana 11:24.
6. Lioka 22:19; jereo koa ny 1 Korintiana 11:24.
7. Lioka 22:20; jereo koa ny Matio 26:28; Marka 14:24; 1 Korintiana 11:25.
8. Matio 26:28.
9. Lioka 22:19; jereo koa ny 3 Nefia 18:11.
10. Jereo ny 2 Nefia 11:4; 25:24–25; Jakôba 4:5; Almà 34:14; 3 Nefia 9:17, 19–20; Mosesy 5:5–8.
11. Jereo ny Jaona 6:51–57; 1 Korintiana 11:24–26; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:40.
12. Asan’ny Apôstôly 20:7.
13. Asan’ny Apôstôly 2:42.
14. Jereo ny 3 Nefia 9:19–20; 18:1–11; 20:3–9; 26:13.
15. 3 Nefia 18:6.
16. 3 Nefia 18:7.
17. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:75; 27:2; 59:9–12.
18. *Enseignements des Présidents de l’Église: Joseph Fielding Smith* (2013), 96. “Araka ny hevitro dia ny Fanasan’ny Tompo no masina indrindra amin’ireo favorian’ny Fiagonana rehetra” (*Enseignements: Joseph Fielding Smith*, 95).
19. Jereo ny Almà 7:11.
20. Jereo ny Lioka 22:44; Môsià 3:7; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:18.
21. Jereo ny Salamo 22:16; Jaona 19:33–34; 20:25–27; 3 Nefia 11:14; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:37; James E. Talmage, *Jesus the Christ*, boky nivoaka faha 3 (1916), 669.
22. Jereo ny Matio 28:6; Lioka 24:6, 39; Jaona 20:20; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:22–24.
23. Jereo ny Jaona 6:51–59; Almà 11:42–44; 40:23; 3 Nefia 27:13–15.
24. Jereo ny Lioka 22:44; Môsià 3:7; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:18.
25. Jereo ny Isaia 53:5; Matio 26:67; 27:26, 29–30; Marka 14:65; 15:15, 19; Lioka 22:63–65; Jaona 19:1; Môsià 15:5.
26. Jereo ny Matio 27:35; Marka 15:15; Lioka 23:33; Jaona 19:16, 33–34.
27. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:15.
28. Jereo ny Almà 11:42–45; 3 Nefia 27:13–15.
29. Jereo ny Mosesy 6:55.
30. Jereo ny Matio 5:27–28; 12:36; Jakoba 3:1–13; Môsià 4:29–30; Almà 12:14.
31. Mosesy 6:57; Jereo koa ny 1 Korintiana 6:9; Efesiana 5:5; 1 Nefia 10:21; 15:33–34; Almà 7:21; 11:37; 40:26; 3 Nefia 27:19; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:31–32.
32. Almà 36:15; Jereo koa ny andininy 14; Apokalyps 6:15–17; Almà 12:14.
33. 3 Nefia 27:19–20.
34. Jereo ny 2 Nefia 31:2–21; 3 Nefia 11:31–41; 27:13–22; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:40–42, 50–54, 69–70.
35. Jereo ny 3 Nefia 27:19; Jereo koa ny Apokalyps 1:5–6; 7:14–15; Almà 5:21; 13:11–12; Etera 13:10–11; Mosesy 6:59–60.
36. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77; Môrônîa 4:3.
37. Jereo ny Dallin H. Oaks, *His Holy Name* (1998); Dallin H. Oaks, “Taking upon Us the Name of Jesus Christ,” *Ensign*, Mey 1985, 80–83.
38. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77, 79; Môrônîa 4:3; 5:2.
39. Jereo ny Romana 15:16; 1 Korintiana 6:11; 2 Nefia 31:17; Almà 5:54; 13:12; 3 Nefia 27:20; Môrônîa 6:4.
40. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:6–20.
41. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:22.



Nataon'ny Filoha Thomas S. Monson

# [Saino Tsara izay] Alehan'ny Tongotrao

*Rehefa mandray an'i Jesoa ho toy ny Ohatra tokony harahantsika isika ary rehefa manao toy izay nataony dia afaka ny hiverina soa aman-tsara any amin'ny Raintsika any an-danitra.*

**R**y rahalahiko sy anabaviko malala, feno fanetrentena aho raha mijoro eto anoloanareo amin'ity maraina ity. Mangataka anareo aho mba hanam-pinoana sy hivavaka ho ahy eto am-pizarako ny hafatro aminareo.

Niainga mba hanao dia mahatalanjona sy tena ilaina isika rehetra rehefa nandao ny tontolo talohan'ny nahaterahana ary niditra tato anatin'ity dingana iray matetika feno sedra ity izay antsoina hoe fainana an-tany. Ny tanjona voalohany hiainantsika ety an-tany dia ny hahazo vatana nofo sy taolana sy ny hahazo traikefa izay tsy ho azo raha tsy amin'ny alalan'ny fisarahana amin'ireo ray aman-drenintsika any an-danitra ary ny mba hijerena raha toa isika ka hitandrina ireo didy. Ao amin'ny bokin'i Abrahama, toko faha 3, dia ahitantsika ny hoe: "Dia hosedraintsika amin'izany izy ireo, hahitana raha toa izy ireo ka hanao ny zava-drehetra handidian'ny Tompo Andriamaniry azy ireo."<sup>1</sup>

Rehefa tonga teto an-tany isika dia nitondra niaraka tamin-tsika ilay fanomezana lehibe avy

amin'Andriamanitra—dia ny fahafahantsika misafidy. Amin'ny endriny maro, dia manana fahafahana hisafidy ho an'ny tenantsika isika. Mianatra avy amin'ireo zavatra iainana tena mafy isika eto. Afaka mamantatra ny tsara sy ny ratsy isika. Mahay manavaka ny mangidy sy ny mamy koa. Mahafantatra isika fa ireo fanapanahan-kevitra raisina no mamaritra izay hiafarana.

Azoko antoka fa nandao ny Raintsika isika tamin'ny fananana faniriana lehibe ny hiverina any Aminy tao anatintsika tao, mba hahazoantsika ilay fisandratana izay nomaniny ho antsika sy tena nirian'ny tenantsika mafy dia mafy tokoa. Na dia navela ety azo isika mba hitady sy hanaraka ilay lalana izay hitondra antsika hiverina any amin'ny Raintsika any an-danitra dia tsy nalefany tety tsy nisy torolalana sy fitarihana fa nomeny antsika ireo fiتاovana ilaintsika ary hanampy antsika Izy rehefa mikatsaka ny fanampiany isika sy miezaka manao izay tratran'ny herintsika mba haharetana hatramin'ny farany sy hahazoana ny fainana mandrakizay.

Manana ny tenin'Andriamanitra sy ny an'ny Zanany isika izay hita ao amin'ny soratra masintsika mba hanampy hitarika antsika. Manana ny torohevitra sy ireo fampianaran'i-reo mpaminanin'Andriamanitra isika. Zavatra iray faran'izay manan-danja ny nanomezana antsika ohatra iray tonga lafatra ho harahana—dia ny ohatr'i Jesoa Kristy Tompo sy Mpamonjintsi—ary nomena toromarika isika mba hanaraka io ohatra io. Ny Mpamonjy mihitsy no niteny hoe: "Avia, manaraha Ahy."<sup>2</sup> "Ny asa izay efa hitanareo nataoko no hataonareo koa."<sup>3</sup> Nanontany Izy hoe: "Tokony ho kara-zana olona toa inona moa ianareo?" Dia namaly izy avy eo hoe: "Lazaiko amina-reo marina tokoa, ho toa Ahy."<sup>4</sup> "Izy no nanoritra sy nitarika ny lalana."<sup>5</sup>

Rehefa mandray an'i Jesoa ho toy ny Ohatra tokony harahantsika isika ary rehefa manao toy izay nataony dia afaka ny hiverina soa aman-tsara any amin'ny Raintsika any an-danitra mba hiara-hiaina Aminy mandrakizay. Hoy ny mpaminany Nefia hoe: "Fa raha tsy maharitra hatramin'ny farany ny olona amin' ny fanarahana ny ohatr'i Zanak' Ilay Andriamanitra velona, dia tsy ho azo vonjena izy."<sup>6</sup>

Nisy vehivavy iray izay isaky ny mitantara ny zavatra niainany nanditra ny fitsidihany ny Tany Masina dia mihika foana hoe: "Nandeha tany amin'ny lalana nodiavin'i Jesoa aho!"

Nandeha tany amin'ny faritra nипетраи Jesoa sy nampianarany izy. Mety hoe njoro teo amin'ny vato iray izay njoroan'i Jesoa fahiny izy na njery andian-tendrombohitra izay efa nodini-hiny fahiny. Ireo zavatra niainany ireo fotsiny dia efa nampientanentana azy ery, saingy ny fandehanana an-tongotra ara-bakiteny amin'ny *lalana* izay nodiavin'i Jesoa dia tsy manan-danja noho ny mandeha *araka ny fomba* nandehanany. Ny fakana tahaka ireo zavatra nataony sy ny fanarahana ny ohatra nasehony dia manan-danja lavi-tra noho ny fiezahana mitady izay sisa tavela tamin'ireo lalana nandehanany tetu an-tany.

Rehefa nanolotra tamin'ny lehilahy mpanankarena iray ilay fanasana hoe "Avia, manaraha ahy"<sup>7</sup> i Jesoa dia tsy

ny hanarahan'ilay lehilahy mpanankarena Azy hitety ireo vohitra sy lohasaha teo amin'ilay tanàna kely fotsiny ihany no nokasainy.

Tsy mila mandeha eny amoron'i Galilia isika na eny amin'ireo vohitri'i Jodia mba handehanana amin'izay lalana nodiavin'i Jesoa. Afaka mandeha amin'ny lalana nodiaviny isika rehetra rehefa misafidy ny hanaraka Azy mandritra ny fainantsika ety an-tany ka tsaroantsika ao an-tsaina ireo teniny sy manenika ny fontsika ny Fanahiny ary ny fampianaranay no mitarika ny fainantsika. Manazava ny lalana ny ohatra asehony. Hoy izy hoe: "Izaho no lalana sy fahamarinana ary fainana."<sup>8</sup>

Rehefa mandinika ny lalana nodiavini'i Jesoa isika dia hahita fa nolalovany ny maro tamin'ireo olana izay holalo-vantsika eo amin'ny fainana.

Ohatra, nandalo fahadisoam-panantenana i Jesoa. Na dia niaina fahadisoam-panantenana maro aza Izy dia niseho nandritra ny fitomaniany ho an'i Jerosalema ny fahadisoam-panatenana iray izay mampihetsi-po indrindra, rehefa nifarana ny asa fanompoana nataony teo anivon'ny vahoaka. Nandà ny fiarovana teo ambanin'ny elany izay natolony azy ireo ny zanak'i Israely. Rehefa nitazana ilay tanàna izay ho tratran'ny faharavana tsy ho ela Izy dia heniky ny alahelo lalina. Niantsoantso tao anatin'ny fahoriana lalina Izy hoe: "Ry Jerosalema, ry Jerosalema, izay mamono ny mpamiany sy mitora-bato izay nirahina any aminao, impiry Aho no ta-hanangona ny zanakao tahaka ny fanomban'ny akoho ny zanany ao ambanin'ny elany, fa tsy nety hianare!"<sup>9</sup>

Nandalo fakam-panahy i Jesoa. I Losifera, ilay ratsy fanahy, izay nanangona ny heriny lehibe indrindra sy nanambatra ireo laingany manintona indrindra, dia naka fanahy Azy izay nifady hanina 40 andro sy 40 alina. Tsy nanaiky ny ho azo tamin'izany i Jesoa fa notoheriny kosa ny fakam-panahy tsirairay. Hoy Izy raha nanao veloma hoe: "Mandehana hianao, ry Satana."<sup>10</sup>

Nandalo fanaintainana i Jesoa. Eritreto ny tao Getsemane, izay toerana nahatsapany ho "fadiranovana . . . ka dia nivavaka mafimafy kokoa; ary ny



dininy dia tahaka ny ra nipotrapotraka tamin'ny tany."<sup>11</sup> Ary tsy misy afaka manadino ny fijaliany teo amin'ilay hazofijaliana lozabe.

Handalo fahadisoam-panantenana avokoa ny tsirairay amintsika, mety hoe noho isika tsy nahay nivey ny vy dieny mbola mafana, na noho ny tsy fahaizana nampiasa araka ny tokony ho izy ny fahefana nananana, na noho ireo safidin'ny olona iray akaiky antsika, na noho ny safidy nataon'ny tenantsika ihany. Samy handalo fakam-panahy daholo ihany koa ny tsirairay. Toy izao no hita ao amin'ny fizara faha 29 ao amin'ny Fotopampianaranana sy Fanekepiphavanana hoe: "Ary tsy maintsy ilaina ny hakan'ny devoly fanahy ny zanak'olombelona, fa raha tsy izany dia tsy afaka ny hisafidy ho an'ny tenany izy ireo."<sup>12</sup>

Mitovy amin'izany ihany, handalo fanaintainana koa isika. Isika izay mpanompo dia tsy afaka miandranda zavatra tsaratsara kokoa noho izay nolalovan'ny Tompo, izay tsy nandao ity fainana an-tany ity raha tsy nandalo fanaintainana sy fijaliana lehibe.

Na dia handalo fahoriana mafy aza isika eny amin'ny lalantsika dia afaka mahita fahasambarana lehibe ihany koa.

Afaka mandeha amin'ny lalan'ny fankatoavana isika, miaraka amin'i Jesoa. Tsy ho mora foana izany kanefa aoka mba ho ilay lova nave lan'i Samoela ho antsika no ho teny filamatsika, izay manao hoe: "He! ny [mankatô] no tsara noho ny fanatitra, ary ny mihaino no tsara noho ny

saboran'ondrilahy."<sup>13</sup> Aoka isika hahatsiaro fa ny fiafaran'ny tsy fankatoavana dia ny fahababoana sy ny fahafatesana, raha toa kosa ka ny fahafahana sy ny fainana mandrakizay no valisoa azo avy amin'ny fankatoavana.

Afaka mandeha amin'ny lalan'ny fanompoana isika, tahaka an'i Jesoa. Ohatra lehibe maneho hatsaram-panahy ny fainan'i Jesoa tamin'ny fotoana nanompoany teo anivon'ny olona. Nampatanjaka ny rantsambatan'ireo malemy Izy, nampahiratra ny mason'ireo jamba, ary nampalady ny sofin'ireo marenina.

Nandalo tamin'ny lalan'ny vavaka i Jesoa. Nampianatra antsika ny fomba fivavaka izy tamin'ny alalan'ny fano-mezany antsika ilay vavaka kanto izay fantatsika amin'ny anarana hoe Vavaka nampianarin'ny Tompo. Ary tsy hay hadinoina ilay vavaka nataony tao Getsemane manao hoe: "Tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao."<sup>14</sup>



eo amin'ny eritreritsika na amin'ny zavatra ataontsika. Milaza amintsika Izy fa manan-danja lavitra ny mihary harena any an-danitra toy izay ety an-tany.<sup>15</sup>

Mampianatra amin-kery sy fahefana ireo fanoharana nataony. Mampianatra antsika Izy hitia sy hanompo ireo mpiara-belona amintsika amin'ny alalan'ny tantaran'ilay Samaritana tsara fanahy.<sup>16</sup> Mampianatra antsika Izy mba hivoatra sy hiezaka ny ho tanteraka ao amin'ilay fanoharana nataony momba ny talenta.<sup>17</sup> Mampianatra antsika Izy hamony ireo izay niala tamin'ilay lalana ka very ao amin'ilay fanoharana momba ilay ondry very.<sup>18</sup>

Rehefa miezaka mametraka an'i Kristy ho ivon'ny fainantsika isika amin'ny alalan'ny fianarana ny teniny sy ny fanarahana ireo fampianaranay ary amin'ny fanarahana ny zavatra nataony dia nampanantena antsika Izy fa hizara amintsika ilay fainana mandrakizay izay namoizany ny ainy mba hahazoany izany. Tsy misy tanjona ambony kokoa noho izao, dia ny hisafidianantsika ny hanaiky ny fitsipiny sy ho tonga mpianany ary hanao ny asany mandritra ny androm-piaintantsika.

Tsy misy zavatra hafa na safidy hafa ataontsika ka afaka hahatonga antsika ho tahaka izay azony hanefena antsika.

Rehefa mieritreritra an'ireo izay niezaka marina ny hanaraka ny ohatry ny Mpamony aho, ary ireo izay nanao izay nataony, dia tonga ao an-tsaiko avy hatrany ny anaran'i Gustav sy i Margarete Wacker—izay roa amin'i-reo olona manana toetra tena mitovy amin'ny an'i Kristy fantattro hatrami-n'izay. Teratany Alemana izy ireo, izay nifindra monina tany amin'ny faritra atsinanan'i Kanada, ary nihaona tamin'izy ireo aho tamin'izaho filohan'ny misiona tany an-toerana. Mpanety no asa fiveloman-drahalahy Wacker. Na dia tsy nanam-bola firy aza izy ireo dia nizara izay rehetra nananany. Tsy niteraka izy ireo kanefa nobeazin'izy ireo avokoa izay rehetra niditra tao an-tranony. Lehilahy sy vehivavy maro nahita fianarana sy be rendrarendra no nitady an'ireto mpanompon'Andriamanitra manetry tena sy tsy mahay mamaky teny sy manoratra ireto, ary nahatsapa tena ho tsara vintana raha toa ka afaka niaraka tamin'izy mivady ireto nandritra ny adiny iray.

Tsotra ny endrik'izy ireo ety ivelany, niakanakana izy ireo rehefa niteny anglisy ary somary sarotra ny nahazo ny teniny, ary tsotra ny tranon'izy ireo. Sady tsy nanana fiara na fahitalavitra izy ireo no tsy nanao na inona na inona tamin'ireo zavatra izay mazàna ifantohan'ny sain'izao tontolo izao. Kanefa dia namangy azy ireo matetika ireo olona mahatoky mba hahatsapa ilay fanahy nisy tao. Sombin-danitra tety an-tany ny tokantranon'izy ireo ary ilay fanahy mihanaka avy amin'izy ireo dia fanahin'ny fiadanana sy hatsaram-panahy madiorano.

Afaka manana izany toe-panahy izany koa isika ary afaka mizara izany amin'izao tontolo izao rehefa mandeha amin'ny lalan'ny Mpamonijsika ka manaraka ny ohatra tonga lafatra nasehony.

Hitantsika ao amin'ny Ohabolana ny fananarana manao hoe: "Saino tsara izay alehan'ny tongotrao."<sup>19</sup> Rehefa manao izany isika dia hanana ny finoana, eny, ny faniriana mihitsy, handeha amin'ilay lalana izay nodiavin'i Jesoa. Ho azontsika antoka fa eo amin'ny lalana izay tian'ny Raitsika harahantsika isika. Manome antsika lamina mba ho fototr'ireo zavatra rehetra ataontsika ny ohatry ny Mpamony ary manome fitarihana azo itokiana tsara ireo teniny. Hitondra antsika soa aman-tsara any an-trano ny lalany. Mivavaka aho mba ho azontsika izany fitahiana izany, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy izay tiako sy tomipoiko ary iijoroako ho vavolom-belona ny Aminy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Abrahama 3:25.
2. Lioka 18:22.
3. 3 Nefia 27:21.
4. 3 Nefia 27:27.
5. Eliza R. Snow, "Endrey, fahendrena, fitia," *Fihiranana sy hiran'ny ankizy*, p. 35.
6. 2 Nefia 31:16.
7. Lioka 18:22.
8. Jaona 14:6.
9. Lioka 13:34.
10. Matio 4:10.
11. Lioka 22:44.
12. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 29:39.
13. 1 Samoela 15:22.
14. Lioka 22:42.
15. Jereo ny Matio 5; 6.
16. Jereo ny Lioka 10:30–37.
17. Jereo ny Matio 25:14–30.
18. Jereo ny Lioka 15:4–7.
19. Ohabolana 4:26.



**Nataon'ny Loholona M. Russell Ballard**  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Mijanònà ao anaty Sambo dia Mamikira!

*Ampanantenaina fitahiana tsy manam-paharoa isika raha toa ka mihazona ny fifantohantsika amin'ny Tompo.*

Vao tsy ela akory izay ny namako iray no nitondra ny zanany lahy nandeha sambo kely tao amin'ny Reniranon'i Colorado namakivaky ny cañon Cataract, izay any atsimo atsinanan'i Utah. Ilay cañon dia malaza amin'ny fisian'ny renirano mahery fikoriana mirefy 23 km izay azo lazaina fa mampidi-doza tokoa.

Teo am-piomanana hiatrehana izany dia mampangitangitaka izany dia nojeren'izy ireo tsara ny tranonkalan'ny Sampan-draharaha Misahana ny Valan-javaboarim-pirenena, izay ahitana ireo fampahalalana manan-danja momba ny fanomanantena manokana sy ireo zavatra mety mampidi-doza mateti-pitranga.

Namerina nilazalaza ireo toromarika manan-danja mikasika ny vonjy aina ny iray tamin'ireo mpitari-dia an-drenirano izay efa matihanina tamin'ny fanombohan'ilay dia ary nanantirantitra fitsipika telo izay hiantoka ny fierovana ny dian'ilay vondrona rehefa mamakivaky ny renirano mahery fikoriana. "Fitsipika laharana voalohany: mijanònà ao anaty sambo! Fitsipika laharana faharoa: ma-naovà foana salotra mampitsinkafona

ambony rano! Fitsipika laharana fahatelo: mamikira hatrany amin'ny tanana roa!" Avy eo izy dia mbola namerina indray, sady nanantirantitra mafy kokoa hoe: "Ambonin'izany rehetra izany dia tsarovy ilay fitsipika laharana voalohany: mijanònà ao anaty sambo!"

Mampahatsiahy ahy ny diantsika eto amin'ny fainana an-tany izany dia mampangitangitaka izany. Mandalo fotoana izay ankafizantsika ireo fikorinan-drenirano milamina eo amin'ny fainantsika ny ankamaroantsika. Amin'ny fotoana hafa dia miatrika fotoan-tsarotra isika izay azo oharina amin'ilay renirano mirefy 23 km misandrahaka ao amin'ny cañon Cataract—ahitana fanamby izay hiatrehana olana ara-pahasalamana eo amin'ny vatana sy ny saina, fahafatesan'ny olon-tiana iray, faharavan'ireo nofinofy sy fanantana, ary—ho an'ny sasany—dia mety ho fihozongozonan'ny finoana rehefa miatrika ireo olana sy fanontaniana ary ahiahy eo amin'ny fainana aza izany.

Nanome fanampiana ny Tompo noho ny hatsarampony, isan'izany ny sambo iray, sy ireo fitaovana manandanja toy ny salotra mampitsinkafona

ambony rano ary ireo mpitari-dia an-drenirano matihanina izay manolotra fitarihana sy torolalana mahakasika ny vonjy aina izay hanampy antsika handeha eo amin'ny reniranon'ny fainantsika mankany amin'ny tanjontsika farany.

Andao hojerena ilay fitsipika laharana voalohany: "Mijanònà ao anaty sambo!"

Nampiasain'ny Filoha Brigham Young matetika ny sarinteny hoe "ilay Sambo Tsy Tontan'ny Ela atao hoe Ziona" mba entina hilazana Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.

Hoy izy indray mandeha hoe: "Ety afovoan'ny ranomasina isika. Tonga ny rivo-doza dia hoy ireo tantsambo maromaro hoe sahirana ity sambo ity. 'Tsy hijanona ato aho,' hoy ny iray; 'Tsy mino aho hoe ity ilay "Sambo atao hoe Ziona." Fa isika anie ety afovoandrano masina e!' 'Tsy raharahako izany, tsy hijanona ato aho.' Nesoriny ny palitaony ary dia nitsambikina ivelan'ny sambo izy. Moa ve tsy silentika izy? Eny. Ary toy izany koa ireo izay miala amin'ity Fianganana ity. Ity ilay 'Sambo Tsy Tontan'ny Ela atao hoe Ziona,' andeha hijanona ato anatin'ny isika."<sup>1</sup>

Tamin'ny fotoana iray hafa dia nilaza ny Filoha Young fa manahy koa izy ny amin'ireo olona izay mivily lalana rehefa nandray fitahiana—rehefa nilamina ny fainana: "Ao anatin'ny toe-trandro tony, raha iny misosa amin'ny tso-drivotra malefaka iny ilay sambo tsy tontan'ny ela atao hoe Ziona, ary toa milamina ny ao an-tsambo, no te hiondrana amin'ireo sambokely favanotan'aina ireo rahalahy sasantsasany indraindray . . . mba hilomano, ary ao ireo silentika, ny hafa very lalana, ary ny hafa tafaverina teny ambony sambo indray. Handeha isika hitoetra ato amin'ilay sambo tsy tontan'ny ela izay hitondra antsika anatin'ny fierovana mandra-pahatonga eny amin'ny fiansonana. Tsy mila manana ahiahy ianao."<sup>2</sup>

Ary farany dia nampahatsiahivin'ny Filoha Young ireo Olomasina hoe: "Ato amin'ilay sambo tsy tontan'ny ela atao hoe Ziona isika. . . . [Andriamanitra] no mpanamory, ary hijanona eo Izy. . . . Milamina ny zava-drehetra, mihirà



Aleloia; satria eto ny Tompo. Mibaiko sy manoro lalana Izy ary mitarika. Raha mametra-pitokiana tsy misy fepetra amin'ny Andriamaniny ny vahoaka ary tsy manadino mihitsy ireo fanekempi-havanana nataony na ny Andriamaniny dia hitarika antsika tsara Izy.<sup>3</sup>

Manoloana ireo fanamby atrehintsika ankehitriny dia ahoana no fomba ijanonantsika ao anatin'ilay Sambo Tsy Tontan'ny Ela atao hoe Ziona?

Toy izao ny fomba hanaovana izany. Mila miaina fiovampo tsy tapaka isika amin'ny alalan'ny fampitomboana ny finoantsika an'i Jesoa Kristy sy ny fahatokantsika amin'ny Filazantsarany mandritra ny androm-piainantsika—tsy indray mandeha monja, fa atao tsy tapaka. Nanontany i Almà hoe: "Ary ankehitriny, indro lazaiko aminareo ry rahalahiko [sy anabavikol], fa raha efa nandalo fiovam-po ianareo ary raha efa nahatsiaro ny hikalo ny hiran' ny fitiavana manavotra ianareo, dia hanontany aho, tsapanareo ve izany ankehitriny?"<sup>4</sup>

Ireo mpitari-dia an-drenirano matihanina ankehitriny dia azo oharina amin'ireo apôstôly sy mpaminanin'ny Fiagonana ary ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana sy ny vondrona fanampiny eo an-toerana izay entanimpanahy. Manampy antsika ho tonga soa aman-tsara any amin'ny tanjontsika farany izy ireo.

Vao haingana aho no nitondra teny nandritra ny favorian'ireo filohan'ny misiôna ary nanoro hevitra an'ireo mpitarika ireo:

"Afantohy amin'ireo mpitarika ao amin'ny Fiagonana ny mason'ny misiona. . . . Tsy hitarika [anareo] amin'ny lalandiso izahay ary . . . tsy afaka ny hanao izany.

"Ary rehefa mampianatra ireo misioneranareo ianareo hampifantoka ny masonry aminay dia ampianaro izy ireo tsy hanaraka na oviana na oviana ireo izay milaza fa mahay kookoa ny fomba fitantanana ny raharan'ny Fiagonana mihoatra . . . noho ny ataon'ny Ray any an-danitra sy ny Tompo Jesoa Kristy" amin'ny alalan'ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana izay manana ny fanalahidy ahafahana miahay.

"Hitako taratra nandritra ny asa fanompoana nataoko fa ireo izay nivily lalana [syl] very hevitra dia mazâna no ireo izay matetika no . . . nanadino fa rehefa miteny ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifola miray feo dia feon'ny Tompo izany amin'io fotoana io. Mampahatsiayhantsika ny Tompo hoe: 'Na amin' ny alalan' ny feoko na amin' ny alalan' ny feon' ny mpanompoko, dia iray ihany izany' [F&F 1:38]."<sup>5</sup>

Izany hoe raha miala ao amin'ny Sambo Tsy Tontan'ny Ela atao hoe Ziona izy ireo—dia hianjera ary hihemotra. Mampalahelo fa matetika izy ireo no mizaka ireo voka-dratsy tsy niriany izay maharitra fotoana fohy ary amin'ny farany dia lasa voka-dratsy maharitra, tsy ho an'ny tenan'izy ireo ihany fa ho an'ny fianakaviany koa.

Ireo mpitarika ao amin'ny Fiagonana misy antsika, tahaka ireo mpitari-dia an-drenirano efa za-draharaha, dia efa nandray lesona avy tamin'ireo traiekfam-piainana, efa voaofana sy natoron'ireo apôstôly sy mpaminany ary mpitarika hafa ato amin'ny Fiagonana; ary, ny manan-danja indrindra dia efa nandray lesona avy tamin'ny Tompo mihitsy.

Nisy fotoana iray hafa tamin'ity taona ity izay niresahako tamin'ireo tanora tokan-tena sy mpivady vao herotrerony nandritra ny fampitana ny Fampaherezam-panahy an'ny DFF tamin'ny volana Mey. Hoy aho hoe:

"Reko fa ny olona sasany dia mihevitra fa miaina ao anatin'ny 'tontolo iray tsy mifandray amin'izao tontolo izao' ireo mpitarika ato amin'ny Fiagonana. Ny zavatra adinon'izy ireo dia ny hoe lehilahy sy vehivavy manana traikefa maro izahay, efa niaina tany amin'ny toerana maro samihafa, ary niara-niasa tamin'ny olona maro samy hafa faviania. Ireo asa ampanao vina anay amin'izao fotoana izao dia tena mahatonga anay hitety an'izao tontolo izao tokoa, izay hihaonanay amin'ireo mpitondra eo amin'ny sehatry ny politika, sy ny fivavahana, sy ny raharaha-barotra, ary ny fanampiana olona manerana izao tontolo izao. Na dia nitsidika [ireo mpitondra] tao amin'ny Maison Blanche ao Washington, D.C. sy ireo mpitondra firenena sy [mpitondra fivavahana] manerana izao tontolo izao aza izahay, dia notsidihinay ihany koa ireo [fianakaviana sy vahoaka] sahirana indrindra eto ambony tany. . . .

"Rehefa mieritreritra amim-pisainana tsara ny fiainanay sy ny asa fanomponay ianareo dia mety tena hanaiky fa mahita an'izao tontolo izao sy miaina ao anatin'izany izahay amin'ny fomba izay hiainan'ny olom-bitsy hafa an'izany. Ho hitanareo fa tsy dia miaina loatra ao anatin'ny 'tontolo tsy mifandray amin'izao tontolo izao' izahay raha ampitahaina amin'ny ankamaroan'ny olona. . . .

" . . . Kanefa dia misy zavatra mahakasika ny fahendren'ny tsirairay sy ny fahendrena iraisan'ireo [mpitarika ny Fiagonana] izay tokony hahazoana toky. Efa niaina zavatra maro tokoa izahay, ao anatin'izany ny vokatry ny lalana sy ny fitsipika eo anivon'ny fanjakana, ny fahadisoam-panantenana, ireo loza, ary ireo fahafatesana eo anivon'ny fianakavianay tsirairay avy. Takatray ny zava-miseho eo amin'ny fiainanareo."<sup>6</sup>

Aza adino ireo fitsipika laharana faharoa sy fahatelo izay tsy afa-misaraka amin'ilay fitsipika laharana voalohany

araka izay nampiharako azy dia ny hoe: manaova foana salotra mampitsinkafona ambony rano, ary mami-kira hatrany amin'ny tanana roa. Ny tenin'ny Tompo dia hita ao anatin'ny soratra masina sy ny fampianaran'ireo apôstôly ary mpaminany. Manoro hevitra sy manome fitarihana ho antsika izy ireo ka rehefa arahina dia ho toy ny salotra ara-panahy mampitsinkafona eny ambony rano ary hanampy antsika hahafantatra ny fomba hamikirana amin'ny tanana roa.

Mila manao toy ireo zanakalahin'i Môsià isika izay "nihanhery tamin' ny fahalalana ny marina." Afaka ny ho tonga lehilahy sy vehivavin'ny "fahalalana tsy misy tomika" isika. Tsy afaka ho tanteraka izany raha tsy amin'ny alalan'ny "[fandinhantsika] amimpahazotoana tokoa ny soratra masina [mba] hahazoan[tsika] mahalala ny tenin' Andriamanitra."<sup>7</sup>

Rehefa mandalina ireo soratra masina sy ny tenin'ireo apôstôly sy mpaminany fahiny sy ankehitriny isika dia tokony hifantoka amin'ny fandalanana ny fotopampianaran'i Kristy sy ny fampiharana ary ny fitiavana azy.

Mila manao toy ireo zanakalahin'i Môsià isika ary manolotra ny tenantsika hanao "fivavahana fatratra sy ny fifadian-kanina"<sup>8</sup> ankoatry ny fiezahana banana fahazarana hamaky samirery ny soratra masina.

Toa manana lanjany goavana ireo zavatra izay tsy mora tombantombanna ireo. Mifantoha hatrany amin'ireo zavatra tsota ireo ary aza variandriana.

Araka ny hitako tamin'ireo olona fantatro izay tsy nijanona tao anatin'ilay sambo ary tsy namikitra tamin'ny tanana roa nandritra ny fotoam-pitsapana sy ny fahasahiranana, na ireo izay tsy nijanona tao anatin'ny sambo nandritra ny fotoan'ny fandriampahalemana, dia tsikaritro fa maro tamin'izy ireo no niala tamin'ny fifantohana amin'ireo fahamarinana fototra ao amin'ny filazantsara—dia ireo antony nahatonga azy ireo ho tonga mpikamban'ny Fianganana tany am-boalohany; ireo antony nijanona-n'izy ireo ho feno fanolorantena tantekala sy nazoto teo amin'ny fainana ny fitsipiky ny filazantsara ary ny fitahiana ny hafa tamin'ny alalan'ny asa fanompoana natao tamin'ny fahafoizantena sy ny tsy fikelezana aina; ary ireo fomba izay haha—"toerana hahazoana fivokisana sy fivoarana ara-panahy"<sup>9</sup> ny Fianganana teo amin'ny fainan'izy ireo.

Nampianatra ity fahamarinana fototra ity i Joseph Smith: "Ireo fitsipika fototry ny fivavahantsika [dia] ny tenivavolombelon'ireo apôstôly sy mpaminany momba an'i Jesoa Kristy, . . . 'fa maty izy, ka nalevina ary nitsangana tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo ary niakatra tany an-danitra;' ary ireo zavatra hafa rehetra izay misy ifandraisany amin'ny fivavahantsika dia fanampin'ireo fotsiny ihany."<sup>10</sup>

Nampanantenaina fitahiana tsy manam-paharoa isika raha toa ka mihazona ny fifantohantsika amin'ny Tompo: "Noho izany dia tsy maintsy mibosesika handroso amin' ny fiorenana ao amin' i Kristy ianareo, amin'

ny fanananareo fanantenana mamirapiratra sy lavorary omban' ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny olon-drehetra. Koa raha mibosesika handroso ianareo ka mivoky amin' ny tenin' i Kristy ary maharitra hatramin' ny farany, dia indro, izao no lazain' ny Ray: Hahazo ny fainana mandrakizay ianareo."<sup>11</sup>

Indraindray ireo Olomasin'ny Andro Farany mahatoky sy ireo mpikaroka ny fahamarinana amim-piniavana no manomboka mifantoka amin'ireo "fanampin-javatra" fa tsy amin'ireo fitsipika fototra. Izany hoe maka fanahy antsika i Satana mba hahasondriana antsika ka tsy hifantoka amin'ireo hafatra tsota sy mazava ao amin'ny filazantsara naverina amin'ny laoniny. Matetika ireo izay sondriana tahaka izany no tsy mandray ny fanasan'ny Tompo satria lasa mifantoka, na sahiran-tsaina mihtisy aza, amin'ireo fomba fanao sy fampianarana tsy dia manan-danja loatra.

Ny sasany mety mifantoka amin'ireo fanontaniana sy ahiahy lalovany. Marina fa tsy mifanohitra amin'ny maha-mpianatra mahafoy tena ny fannana fanontaniana sy fisalsalana. Vao haingana ny Filankevity ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo no nanambara hoe: "Takatray fa misy fotoana hametrahan'ireo mpikamban'ny Fianganana fanontaniana momba ny fotopampianarana, na ny tantara na ny fomba fanaon'ny Fianganana. Manana fahalahana hatrany ireo mpikambana hametraka fanontaniana toy izany ary hikatsaka fahatakanana bebe kokoa amim-kitsimpo."<sup>12</sup>

Tsarovy fa ny fametrahan'i Joseph Smith fanontaniana no nanombohan'ny Famerenana tamin'ny laoniny. Mpikatsaka ny fahamarinana toa an'i Abrahama izy ary nahazo valiny tamin'ireo fanontaniana manan-danja indrindra eo amin'ny fainana.

Mifantoka amin'izay manan-danja indrindra—dia ny drafity ny Ray any an-danitra sy ny Sorompanavotan'ny Mpamony—ireo fanontaniana goavana. Tokony hahatonga antsika ho mpianatra tsara fanahy, malemy fanahy, be fitiavana, mpamela heloka, maharitra ary feno fanolorantena izany fiktsahantsika izany. Tokony ho vonona isika ny hanaraka izay nampianarin'i



Paoly hoe "mifampitondrà izay mavesatra, ary aoka izany no hahatanteraha-nareo ny lalàn'i Kristy"<sup>13</sup>.

Izany hoe fitondrana ny entamavesatry ny hafa izany dia ahitana ny fanampiana, ny fanohanana ary ny fahazoana an-tsaina ny zava-miseho amin'ny tsirairay, isan'izany ireo marary, ireo manan-kilema, ireo mahantara arapanahy sy ara-batana, ireo mpikatsaka ny fahamarinana sy ireo ao anatin'ny fikorontanan-tsaina ary ireo mpikambana hafa izay mpianatra ihany koa—isan'izany ireo mpitarika ao amin'ny Fianganana izay nantsoin'ny Tompo hanompo mandritra ny fotoana iray.

Ry rahalahy sy anabavy, mijanôna ao anatin'ny sambo, mampiasà ny salotra mampitsinkafona ambony rano ary mamikira amin'ny tanana roa. Ialao ireo zavatra mahasondriana! Ary raha misy iray aminareo tafavoaka ny sambo dia hikaroka anareo izahay, hahita anareo ary hanompo anareo sy hisintonia anareo hiverina soa aman-tsara ato amin'ilay Sambo Tsy Tontan'ny Ela atao hoe Ziona, izay Andriamanitra ilay Raïntsika any an-danitra sy ny Tompo Jesoa Kristy no eo amin'ny fanamoriana ary hitarika antsika amin'ny tsara, izany no ijoroako ho vavolombelona amim-panetrentena amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. *Teachings of Presidents of the Church: Brigham Young* (1997), 82–83.
2. Brigham Young, "Discourse," *Deseret News*, 27 Jan. 1858, 373.
3. Brigham Young, "Remarks," *Deseret News*, 18 Nôv. 1857, 291.
4. Almà 5:26.
5. M. Russell Ballard, "Mission Leadership" (lahateny natao tao amin'ny seminera ho an'ireo filohan'ny misiona vaovao, 25 Jona 2014), 8.
6. M. Russell Ballard, "Mitonia, ary Fantaro fa Izaho no Andriamanitra" (Fampaherezampanahy an'ny Departemantan'ny Fampianaran'ny Fianganana, 4 Mey 2014); lds.org./broadcast.
7. Almà 17:2.
8. Almà 17:3.
9. Taratasy avy tamin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, 28 Jona 2014.
10. Joseph Smith, *Elders' Journal*, Jolay 1838, 44.
11. 2 Nefia 31:20.
12. Taratasy avy tamin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, 28 Jona 2014.
13. Galatiana 6:2.



Nataon'ny Loholona Richard G. Scott  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ataovy Voalohany amin'ny Laharam-pahamehanareo ny Fampiasana Finoana

*Na dia eo aza ireo olana ratsy rehetra atrehantsika eo amin'ny fainana dia tsy maintsy manokana fotoana isika hampiasana amim-pahavitrihana ny finoantsika.*

Raha tao amin'ny Sahan'i Edena i Adama sy i Eva dia nomena azy ireo avokoa ny zavatra rehetra nilainy andavanandro. Tsy niaina fahasrotana na olana na fijaliana izy ireo. Satria tsy niaina fotoan-tsarotra na oviana na oviana izy ireo dia tsy nahafantatra hoe afaka ny ho faly. Tsy nahatsapa disadisa na oviana na oviana izy ireo ka tsy afaka nahatsapa izany hoe fiadanana.

Nandika ilay didy hoe tsy hihinana ny voan'ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy i Adama sy i Eva taty aorianá. Noho izy ireo nahavita izany dia tsy tao amin'ny toetry ny tsy fananan-tsiny intsony izy ireo. Nanomboka niaina ireo fitsipiky ny fifanoherana izy ireo. Nanomboka niaina aretina izay namparefo ny fahasalamany. Nanomboka nahatsapa alahelo sy fifaliana.

Ny fihinan'an'i Adama sy i Eva ilay voankazo voarara no nahatafiditra

ny fahalalana ny tsara sy ny ratsy teo amin' izao tontolo izao. Ny safidin'izy ireo no nahafahantsika tsirairay ho tonga eto amin'ity tany ity mba hosedraina sy hotsapaina.<sup>1</sup> Nomena fahafahana misafidy isika, izay fahafahantsika mandray fanapahan-kevitra sy ho tonga tompon'andraikitra amin'ireo safidy ireo. Ny Fahalavoana no nahafahana nahazo ilay fahatsapana hafaliana na alahelo eo amin'ny fainantsika. Afaka mahatakatra ny atao hoe fia-nana isika satria mahatsapa disadisa.<sup>2</sup>

Fantatry ny Raïntsika any an-danitra fa hitranga amintsika izany. Lafin-javatra ao anatin'ny draftry ny fahasambarany tonga lafatra avokoa izany. Nanomanala lalana iray Izy tamin'ny alalan'ny fainan'ilay Zanany Lahy mpankatô tanteraka, dia i Jesoa Kristy, Mpamonijsitsika, mba handresen'ny Sorompanavotany izay fahasrotana rehetra mety ho atrehantsika eto amin'ny fainana an-tany.

Miaina ao anatin'ny fotoan-tsarotra isika. Tsy mila mitanisa ireo lohara-nony faharatsiana eto amin'izao tontolo izao aho. Tsy ilaina ny mamari-paritra ireo mety ho olana sy ratram-po rehetra izay hita eto amin'ny fainana an-tany. Samy tena mahalala ireo adintsi ka manokana amin'ny fakam-panahy sy ny fanaindianana ary ny alahelo isika tsirairay avy.

Nampianarina isika tany amin'ny fainana talohan'ny nahaterahana fa ny tanjontsika amin'ny fahatongavana eto dia ny hotsapaina sy hosedraina ary hampivelarina.<sup>3</sup> Fantatsika fa hiatrika ireo faharatsian'ny fahavaloo isika. Indraindray isika mety mahatsiaro ho mahalala bebe kokoa ireo zavatra ratsy eto amin'ny fainana an-tany mihoatra noho ny fahalalantsika ireo zavatra tsara. Nampianatra ny mpaminany Lehia hoe: "Satria tsy maintsy ilaina ny hisian'ny fifanoherana amin'ny zava-drehetra."<sup>4</sup> Na dia eo aza ireo olana ratsy rehetra atrehantsika eo amin'ny fainana dia tsy maintsy manokana fotoana isika hampiasana amin-pahavirihana ny finoantsika. Ny fampiasana finoana toy izany dia manasa ilay hery tsara sy vontom-pinoana an'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ho ao amin'ny fainantsika.

Nanome fitaovana ho antsika ny Raitsika any an-danitra mba hanam-piana antsika hanatona an'i Kristy sy hampiasa finoana amin'ny Sorompanavotany. Rehefa lasa zava-dehibe mahazatra ny mampiasa ireo fitaovana ireo dia manolotra ny fomba tsotra indrindra ahitana fiadanana ao anatin'ireo olan'ny fainana an-tany izany. Nisafidy hiresaka ny efatra amin'ireo fitaovana ireo aho androany. Eo ampiresahako, dia tombantombano ny fampiasanareo manokana ny tsirairay amin'ireo fitaovana ireo, dia katsaho avy eo ny fitarihan'ny Tompo mba hahafantarana ny fomba ahafahanareo mampiasa tsaratsara kokoa ny tsirairay avy amin'izy ireo.

### Vavaka

Ny fitaovana voalohany dia ny vavaka. Misafidiana ny hifampiresaka matetika amin'ny Rainareo any an-danitra. Makà fotoana hizarana Aminy



### Fandalinana ny Soratra Masina

Ny fitaovana faharoa dia ny fandalinana ny tenin'Andriamanitra ao anatin'ny soratra masina sy ny tenin'ireo mpaminany velona. Miresaka amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka isika. Matetika Izzy no mamaly antsika amin'ny alalan'ny teniny izay voasoratra. Mba hahafantarana hoe toy ny ahoana sy manao ahoana ny feon'i-lay Masina dia vakio ny teniny, halalino ny soratra masina ary saintsaino izany.<sup>5</sup> Ataovy ho lafin-javatra manan-danja eo amin'ny fainanareo andavanandro izy ireny. Raha tianareo hahafantatra sy hahatakatra ny bitsiky ny Fanahy ny zanakareo ary handray andraikitra mifanarako amin'izany bitsika izany dia tsy maintsy miara-mandalina ny soratra masina amin'izy ireo ianareo.

Aza milefitra amin'ny laingan'i Satana hoe tsy manana fotoana ianareo handalinana ny soratra masina. Misafidiana haka fotoana handalinana azy ireny. Manan-danja kokoa noho ny torimaso, ny sekoly, ny asa, ny fandaharana amin'ny fahitalavitra, ny jeux vidéos, na ny tambazotra ifaneraserana ny fivokisana isan'andro amin'ny tenin'Andriamanitra. Mety mila mamerina mandamina indray ireo laharam-pahamehanareo ianareo mba hanokanana fotoana ho an'ny fandalinana ny tenin'Andriamanitra. Raha ilaina izany dia ataovy!

Misy fampanantenana maro avy amin'ny mpaminany momba ireo fitahiana azo avy amin'ny fandalinana isan'andro ny soratra masina.<sup>6</sup>

Anampiako an'ity fampanantenana ity ny fijoroako ho vavolombelona: rehefa manokana fotoana isan'andro ianareo, mitokana na miaraka amin'ny fianakavianareo, handalinana ny tenin'Andriamanitra dia hanjaka eo amin'ny fainanareo ny fiadanana. Tsy ho avy any ivelany, any amin'izao tontolo izao izany fiadanana izany. Ho tonga avy ao anatin'ny tokantranareo izany, avy ao anatin'ny fianakavianareo, avy ao anatin'ny fonareo ihany. Ho fanomezana avy amin'ny Fanahy izany. Hamirapiratra avy ao anatinareo izany mba hitaona ny hafa ao amin'ny tontolo manodidina anareo. Hanao zavatra tena goavana ianareo mba

isan'andro ireo eritteritra sy fahatsapa na anananareo. Lazao Azy ny zavatra rehetra izay mampiahiahy anareo. Liana amin'ireo lafiny manan-danja indrindra sy ireo lafiny mahazatra indrindra amin'ny fainanareo Izzy. Zarao Aminy avokoa ireo karazana fahatsapa na sy zavatra ianareo.

Satria manaja ny fahafahanareo misafidy ny Ray any an-danitra, dia tsy hanery anareo na oviana na oviana Izzy hivavaka Aminy. Kanefa rehefa mampiasa io fahafahanareo misafidy io ianareo ka mampiditra Azy ao anatin'ny lafiny rehetra amin'ny fainanareo andavanandro, dia hanomboka ho feno fiadanana, fiadanana mahafinaritra ny fonareo. Io fiadanana io no hahafahanareo hijery ireo olanareo amin'ny fomba hijery mandrakizay. Hanampy anareo hitantana ireny olana ireny amin'ny fomba hijery mandrakizay izany.

Ry ray aman-dreny, ampio ny zanakareo mba ho voaro amin'ny fanomezana azy ireo fiarovana izay azo avy amin'ny vavaky ny mpianakavy isa-maraina sy isak'alina. Tototry ny faharatsian'ny fitsiriritana sy ny tsy fahaiza-mionona sy ny fisehosehoana ary ireo fitondrantena feno fahotana marobe hafa ireo zanaka isan'andro. Arovry amin'ireo fitaoman'izao tontolo izao isan'andro ny zanakareo amin'ny fanafiana hery azy ireo amin'ny alalan'ireo fitahiana mahery vaika izay ateraky ny vavaky ny mpianakavy. Tokony ho laharam-pahamehana tsy azo iadiana varatra eo amin'ny fainanareo andavanandro ny vavaky ny mpianakavy.

hanampiana ilay fiadanana miavonava eo amin'izao tontolo izao.

Tsy milaza aho hoe hitsahatra tsy hisy olana intsony ny fainanareo. Tsarovy fa rehefa tao amin'ny Sahan'i Edena i Adama sy Eva dia tsy na-nana olana izy ireo, saingy tsy afaka niaina hasambarana sy fifaliana ary fiadanana izy ireo.<sup>7</sup> Ampahan-javatra manan-danja eo amin'ny fainana an-tany ny olana. Ny fandalinana tsy tapaka ny soratra masina isan'andro no hahitanareo fiadanana eo anivon'ireo disadisa manodidina anareo sy hery hanoherana ny fakam-panahy. Hanana finoana matanjaka ianareo ao amin'ny fahasoavan'Andriamanitra ary hahafantatra fa amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy no hahatonga ny rehetra ho tomombana araky ny fotoan'Andriamanitra.

### Takarivan'ny mpianakavy

Eo am-panaovanareo izay hampantanjaka ny fianakavianareo sy hampisy fiadanana dia tadio ity fitaovana fahatelo ity: ny takarivan'ny mpianakavy isan-kerinandro. Tandremo ny takarivan'ny mpianakavinareo mba tsy ho lasa zavatra tratra aoriana ao anatin'ny andro iray feno fiotorotoana. Manapaha hevitra fa hiaraka ao an-trano ny fianakavianareo amin'ny takarivan'ny Alatsinainy. Aza avela ho manan-danja kokoa noho ny fotoana iarananareo amin'ny fianakavianareo ao an-tokantrano ny zavatra takian'ny asa, na ny fanatanjahantena, na ny hetsika hafa, na ny enti-mody na ny zavatra hafa na inona izany na inona.

Tsy manan-danja kokoa noho ny

fotoana natokana ho an'izany izay mety ho endrikendriky ny takarivanareo. Sady tokony hampianarina amin'ny fotoana efa natokana tsara ho an'izany sy amin'ny fotoana tsotsotra rehetra ny filazantsara. Ataovy lasa traikera manan-danja ho an'ny olona tsirairay ao amin'ny fianakaviana izany. Ny takarivan'ny mpianakavy dia fotoana iray sarobidy hizarana fijoroana ho vavolombelona ao anatin'ny tontolo azo antoka, hianarana mampianatra sy manao drafitra ary mandrindra asa, ary hanamasina orina ny fifandraisan'ny mpianakavy; hikolokoana ireo fomba fanaon'ny fianakaviana, hifampireshana; ary indrindra indrindra, hiarhana mizara fotoana mamy!

Tamin'ny Fihaonambe farany tamin'ny volana Aprily teo dia nanambara tamin'ny fomba hentitra Rahavavy Linda S. Reeves hoe: "Tsy maintsy mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ny fitahiana azo avy amin'ny fandalinana soratra masina sy ny vavaka isan'andro ary ny takarivan'ny mpianakavy. Ireo no tena fomba fanao izay hanampy hanala ny fikorontanan-tsaina, hanoro ny fomba hitantanana ny fainantsika ary hitondra fiarovana fanampiny ho an'ny tokantranontsika."<sup>8</sup> Vehivavy tena hendry Rahavavy Reeves. Mamporisika mafy anareo aho mba hahazo fijoroana ho vavolombelona manokana mikasika ireo fahazarana telo tena manan-danja ireo.

### Fankanesana any amin'ny Tempoly

Ny fitaovana fahefatra dia ny fande-hanana any amin'ny tempoly. Fantatsika rehetra fa tsy misy toerana hafa feno fiadanana kokoa eto ambonin'ny tany

noho ny ao anatin'ny tempolin'Andriamanitra. Raha toa ianareo ka tsy manana fahazoan-dalana ho any amin'ny tempoly dia ataovy izay hahamendrika anareo hahazo izany. Rehefa manana fahazoan-dalana ianareo dia ampiasao matetika izany.<sup>9</sup> Manokàna fotoana raikitra iray hidirana ny tempoly. Aza avela hisy na inona na inona ary na iza na iza hanakana anareo tsy ho ao.

Rehefa ao anatin'ny tempoly ianareo dia henoy ireo teny mandritra ireo ôrdônanisy, saintsaino izy ireny, mivavaha momba azy ireny, ary katsaho ny hahatakatra ny hevit'izy ireny. Anisan'ireo toerana tsara indrindra hahatarana ny herin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ny tempoly. Tadiavo ao *Izy*. Tsarovy fa fitahiana marobe kokoa no tonga avy amin'ny fitondrana ny anaran'ireo razambenareo manokana any amin'ny tempoly.

Fahazarana tena manan-danja hiarovana ny fainanareo ao amin'ny herin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy ireo fitaovana efatra ireo. Tsarovy fa ny Mpamonjintsika no Andrian'ny Fiadanana. Tonga avy amin'ny Sorompanavotany ny fiadanana eto amin'ity fainana an-tany ity. Rehefa mivavaka tsy tapaka maraina sy hariva isika, ka mandalina isan'andro ny soratra masintsika, sy manao takarivan'ny mpianakavy isan-kerinandro, ary mandeha tsy tapaka any amin'ny tempoly dia malmaly amim-pahavitrihana ilay fanasana "hanatona Azy." Arakaraka ny anantsika bebe kokoa ireo fahazarana ireo no vao maika mampanosika bebe kokoa an'i Satana handratra antsika, saingy hihena ny fahafahany manao izany. Amin'ny alalan'ny fampiasana ireo fitaovana ireo no hampiharantsika ny fahafahantsika misafidy mba hanekena ireo fanomezana feno avy amin'ny Sorompanavotany.

Tsy milaza aho akory hoe hanjavanaugh avokoa ireo olana rehetra eo amin'ny fainana rehefa manao ireo zavatra ireo ianareo. Ny hivoatra avy amin'ireo fisedrana sy fitsapana mihitsy no nahatongavantsika tetra amin'ny fainana an-tany. Manampy antsika ho tonga tahaka ny Raitsika any an-danitra kokoa ireo olana, ary ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy no



Cuauhtémoc, Mexique

manao izay ahafahantsika mahazaka ireny olana ireny.<sup>10</sup> Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa manatona Azy amim-pahavitrihana isika dia afaka ny hahatohitra izay fakam-panahy rehetra, sy hahazaka izay ratram-po sy olana rehetra atrehantsika, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

## FANAMARIHANA

1. Jereo ny Mosesy 5:11.
2. Jereo ny Mosesy 4–5.
3. Jereo ny Abrahama 3:25.
4. 2 Nefia 2:11.
5. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihanvana 18:36; jereo ihany koa ny andininy 34–35.
6. Anisan'ny ohatra amin'izany ireto:

Niteny ny Filoha Thomas S. Monson hoe: “Rehefa mamaky sy misaintsaina ny soratra masina isika dia hahazo ilay fitarohana tena tsara omen’ny Fanahy antsika. Afaka maha-hazo ny valin’ireo fanontantsika isika. Mahafantatra ireo fitahiana tonga amin’ny alalan’ny fitandremana ny didin’Andriamanitra isika. Mahazo fijoroana ho vavolombelona azo antoka ny amin’ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa Kristy Mpamony antsika ary ny fitiavan’Izy ireo antsika isika. Rehefa ampiarahantsika amin’ny vavaka ataontsika izany dia afaka mahafantatra marina tokoa isika fa marina ny filazantsarani Jesoa Kristy. . . . Rehefa maha-tsiaro ny vavaka isika ary maka fotoana hamakiana ny soratra masina dia hotahiana kokoa amin’ny fotoana tsy voafetra ny fainantsika ary hohamaivana kokoa ny enta-mavesatsika.” (“Tsy Irery na Oviana na Oviana Isika,” *Liahona*, Nôv. 2013, 122).

Nilaza ny Filoha Gordon B. Hinckley hoe: “Tsy amim-pisalasalana no hampantanenako anareo fa raha mitandrina ity fandaharana tsotra ity ny tsirairay amina-reo, na efa impiry na efa impiry ianareo no namaky ny Bokin’i Môrmôna teo aloha, dia ho tonga eo amin’ny fainanareo sy amin’ny tokantronanareo amin’ny fatra bebe kokoa ny Fanahin’ny Tompo, sy ny fanapanah-kevitra matanjaka kokoa hankatô ny didiny, ary fijoroana ho vavolombelona matanjaka kokoa ny amin’ny maha-velona marina ny Zanak’Andriamanitra” (“A Testimony Vibrant and True,” *Liahona*, Aug. 2005, 6).

Niteny ny Filoha Howard W. Hunter hoe: “Tahina tokoa ny fianakaviana rehefa manangona ny zanany ho eo aminy ka hihara-hamaky ao amin’ireo pejin’ny soratra masina ny ray sy reny hendry, ary avy eo mifampiresaka amin-kalahalhana mikasika ireo tantara mahafinaritra sy ny eritreritra arakaraky ny fahatakaran’ny rehetra. Matetika ireo tanora sy ireo ankizy kely no manana hevitra mahatalanjona sy fitiavana an’ireo bokim-pivavahanana fototra.” (“Reading the Scriptures,” *Ensign*, Nôv. 1979, 64).

Niteny ny Filoha Ezra Taft Benson hoe: “Matetika isika no mandany hery lehibe mba hampitomboana ny isan’ireo mpikambana mazoto ao amin’ny tsatôkantsika. Miasa fatratra isika mba



hampiakatra ny isan-jaton’ireo manatrika ny favorian’ny fanasan’ny Tompo. Miasa isika mba hahazoana isan-jato avo kokoa amin’ireo zatovolahy manao asa fitoriana. Miezaka isika ny hanatsara ny isan’ireo manambady any amin’ny tempoly. Ezaka tsara sy manan-danja amin’ny fampirobo-roboana ny fanjakana avokoa ireo rehetra ireo. Saingy rehefa miroboka ao anatin’ny soratra masina matetika sy tsy tapaka ireo mpikambana tsirairay sy ny fianakaviana dia hisongadina ho azy ireo sehatra hafa hanaovana asa ireo. Hitombo ny fijoroana ho vavolombelona. Hihamatanjaka ny fanolorantena. Hirotsaka ny fanambarana ho an’ny tena manokana.” (“The Power of the Word,” *Ensign*, Mey 1986, 81).

Nanambara ny Filoha Spencer W. Kimball hoe: “Hitako fa rehefa tsy dia miraharaha loatra ny fifandraisaka amin’ny any an-danitra aho sy rehefa toa tsy misy sofina mihaihino avy any an-danitra ary tsy misy feo miteny avy any an-danitra, dia lavitra, tena lavitra aho. Rehefa miroboka ao anatin’ny soratra masina aho dia mihafohy ny elanelana ary miverina ny aim-panahy. Hitako fa tena tia bebe kokoa ireo izay tsy maintsify tiaviko amin’ny foko sy saiko ary tanjako manontolo aho, ary mihatia azy ireo bebe kokoa. Hitako toy ny mora kokoa ny miaina araka ny torohevitr’izy ireo.” (*Teachings of Presidents of the Church: Spencer W. Kimball* [2006], 67).

Niteny ny Filoha Marion G. Romney hoe: “Mahatsapa aho fa any an-tokantranotsika any, raha mamaky ombam-bavaka sy tsy tapaka ny Bokin’i Môrmôna ireo ray aman-dreny, sady manao izany samirery no manao izany miaraka amin’ny zanany, dia hanenika ny tokantranotsika ary hitoetra amin’ireo izay monina ao ny fanahin’io boky manan-danja io. Hitombo ny fanahin’ny fanehoana fanajana. Hitombo ny fifanajana sy ny fifanomezana lanja ny tsirairay. Hisitaka ny fanahin’ny fifandirana. Hitarika ny zanany amimpitiavana sy amim-pahendrena kokoa ireo ray aman-dreny. Hanaraka sy hanoa kokoa ireo torolalan’ny ray aman-dreny ireo zanaka. Hitombo ny fahamarinana. Hitosaka ao an-tokantrano sy eo amin’ny fainanana ny finoana, sy ny fanantenana ary ny fiantrana—ilay fitiavana madion’i Kristy—izay hiteraka fiadanana, sy fihaliana ary fahasbarana” (“The Book of Mormon,” *Ensign*, Mey 1980, 67).

Niteny ny Filoha Boyd K. Packer hoe: “Ny fotopampianarana marina rehefa takatra, dia manova ny fihetsika sy ny

fitondrantena. Ny fandalinana ny foto-pampianaran’ny filazantsara no hanatsara haingankaingana kokoa ny fitondrantena toy izay ny fandalinana ny fitondrantena mba hampivoarana ny fitondrantena” (“Do Not Fear,” *Liahona*, Mey 2004, 79).

Loholona David A. Bednar: “Ny vavaky ny mpianakavy tsirairay, ny fotoam-pandalinana ny soratra masina tsirairay ataon’ny fianakaviana ary ny takarivan’ny mpianakavy tsirairay dia diam-borosy indray mandehan’ilay sary hosodokon’ny fanahintsika. Tsy misy na dia zava-mitranja iray aza mety ho tena hanaitra na tsy hay hadinoina. Saingy rehefa mifameno ireo diam-borosy indray mandehan’ilay boronsindoko miloko mavo sy volom-bolamena ary voluntany ireo dia mamokatra asa tanana mahatalanjona, ary toy izany koa ny vokatry ny fanaovantsika tsy tapaka ireo zavatra izay toa kely nefá mitondra vokatry manan-danja ara-panahy” (“Hazoto sy Hikarakara Bebe Kokoa ao An-tokantrano,” *Liahona*, Nôv. 2009, 19–20).

7. Jereo ny 2 Nefia 2 :13.
8. Linda S. Reeves, “Fiarovana amin’ny Pôr-nôgrafia—Tokantrano Mifantoka amin’i Kristy,” *Liahona*, Mey 2014, 16–17.
9. Niteny ny Filoha Howard W. Hunter hoe: “Ao anatin’izay toe-tsaina izay no hanasako ny Olomasin’ny Andro Farany mba handray ny tempolin’ny Tompo ho toy ny famantara lehiben’ny maha-mpikambana anareo. Tena fanirian’ny foko Lalina indrindra ny hahamendrika ny mpikamban’ny Fianganana tsirairay hiditra ny tempoly. Hahafaly ny Tompo raha toa ka mendrika—sy mitondra—fahazoan-dalana ho any amin’ny tempoly manan-kery ny mpikambana olon-dehibe rehetra. Ireo zavatra tokony hataontsika sy tsy tokony hataontsika mba ho mendrika ny fahazoan-dalana ho any amin’ny tempoly indrindra no zavatra hanome antoka fa ho sambatra isika na amin’ny maha-olona tsirairay na amin’ny maha-fianakaviana antsika. Aoka isika ho vahoaka mpankany amin’ny tempoly. Mankanesa any amin’ny tempoly matetika araka izay azo atao arakaraky ny toe-javatra iainanareo manokana. Asio sarin’ny tempoly ao an-tokantronareo mba ho hitan’ny zanakareeo. Ampianaro momba ireo tanjon’ny tranon’ny Tompo izy ireo. Asaivo manao drafitra izy ireo handehanana any sy hijanonana ho mendrika an’izany fitahiana izany dieny mbola kely” (“Exceeding Great and Precious Promises,” *Ensign*, Nôv. 1994, 8).
10. Jereo ny 2 Nefia 2:2.



Nataon'ny Loholona **Carlos A. Godoy**  
Ao amin'ny Fitopololahy

# Manana Drafitra ho Antsika ny Tompo!

*Raha manohy miaina araka izao iainantsika izao isika,  
moa ve ho tanteraka ireo fitahiana nampanantenaina?*

Tombontsoa lehibe ny mandray anjara amin'izao fotoana manantara izao, izay ahafahan'ireo mpandahateny amin'ny fihaonamben'ny Fiagonana maneran-tany misafidy ny hiteny amin'ny fitenin-drazany. Tamin'ny fotoana farany nitenenako teto amin'ity polipitra ity dia sahirantsaina aho tamin'ny fomba fiteniko amin'ny teny anglisy. Ankehitriny aho dia sahiran-tsaina sao haingana loatra ny fiteniko amin'ny teny Pôrtogey. Tsy tiako hoe tsy haharaka ny fiteniko ireo teny ambara miseho an-tsoratra.

Isika rehetra dia samy niaina na mbola haina fotoana handraisana fanapahan-kevitra manan-danja eo amin'ny fainantsika. Tokony hikatsaka an'ity asa ity ve aho sa ity asa iray hafa ity? Tokony handeha hanao asa fitoriana ve aho? Io ve ilay olona tena tokony ho vadina?

Toe-javatra samihafa eo amin'ny fainantsika izy ireny izay ahitana fa fiovana kely iray eo amin'ny lalana izorana dia mety hisy fiantraikany lehibe any amin'ny hoavy. Hoy ny tenin'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf: "Tamin'ny alalan'ny fanompoako ny Tompo nandritra ny taona maro . . . , dia nianatra aho fa ny fahasamihafana

eo amin'ny fifaliana sy ny fahorianamitranga amin'ny olona iray, sy eo amin'ny fanambadiana, ary eo amin'ny fianakaviana dia matetika no vokatry ny fahadisoana kely fotsiny eo amin'ny mari-drefy" ("Resaka Elanelana kely fotsiny eo amin'ny Mari-drefy," *Liahona*, Mey 2008, 58).

Ahona no fomba ahafahantsika misoroka ireny fahadisoana kely eo amin'ny kajikajy ireny?

Hampiasa zavatra niainako aho mba hanazavana ny hafatro.



Tany amin'ny faramparan'ireo taona 1980, ny fianakavianay dia nahitana an'i Mônica vadiko, ny roa amin'ireo zanakay efatra, ary izaho. Nonina tao Sao Paulo, Brésil izahay tamin'izany ary niasa tao amin'ny orinasas tsara iray aho. Nahavita ny fianaroko tany amin'ny oniversite aho ary vao avy nisiorana tamin'ny naaha-evekan'ilay paroasy izay nisy anay. Tsara ny fainana tamin'izany ary toa araka ny tokony ho izy avokoa ny zava-drehetra mandrapahatongan'ilay andro namangian'ny namana efa ela anankiray.

Tany amin'ny faramparan'ny famangiany dia niteny zavatra iray izy ary nametraka fanontaniana iray izay nanova ny fomba fijeriko. Hoy izy hoe: "Ry Carlos, toa mandeha tsara ny zava-drehetra raha mikasika anao sy ny fianakaviano ary ny asanao sy ny fanompoanao ao am-piangonana, saingy—" ary eto ilay fanontaniana, "raha manohy miaina araka izao fainanao izao ianao dia moa ve ho tanteraka ireo fitahiana nampanantenaina ao amin'ny tsodranon'ny patriarika ho anao?"

Tsy mbola njery ny tsodranon'ny patriarika izay azoko tamin'izay lafiny izay mihitsy aho. Namaky azy io aho tsindraindray saingy tsy mbola nanana tanjona hoe hibanjina ireo fitahiana ampanantenaina amin'ny hoavy sy hoe hanombantombana ny fomba fainako ankehitriny.

Taorian'ny namangiany anay dia nifantoka tamin'ny tsodranon'ny patriarika izay azoko aho, ka nanontany tena hoe "Raha manohy miaina araka izao fainanay izao izahay, moa ve ho tanteraka ireo fitahiana nampanantenaina?" Rehefa nandinika aho dia nahazo fahatsapana fa nilaina ny fovanana sasantsasany, indrindra indrindra raha ny mikasika ny fianaroko sy ny anton'asako.

Tsy fanapaha-kevitra eo amin'ny hoe inona no tsara ary inona no ratsy izany fa eo amin'ny hoe inona no tsara ary inona no tsara kokoa, araka ny nampianarin'ny Loholona Dallin H. Oaks antsika tamin'izy niteny hoe: "Rehefa mandinika safidy samihafa isika dia tokony hahatsiaro fa tsy ampy ny hoe tsara ny zavatra iray. Misy safidy

hafa tsara kokoa, ary mbola misy hafa tena tsara indrindra” (“Tsara, Tsara kokoa, Tsara indrindra,” *Liahona*, Nôv. 2007, 104–5).

Ahoana ary izany no ahafahantsika maka toky fa ny fanapahan-kevitra tsara indrindra no raisintsika?

Ireto misy fitsipika izay nianarako.

#### **Fitsipika voalohany: Mila Mandinika ireo Safidy isika sady Mibanjina ao An-tsaina izay ho Fiafaran’izany**

Ny fandraisana fanapahan-kevitra izay afaka miantraika amin’ny fainantsika sy ny an’ireo malalantsika kanefa tsy manana fahatakarana mivelatra kokoa momba ny fiantraikan’izy ireo dia mety hampidi-doza. Kanefa raha mandinika izay mety ho vokatr’ireo fanapahan-kevitra ireo amin’ny ho avy isika, dia afaka mahita amin’ny fahazavana lehibe kokoa ilay lalana tsara indrindra tokony handehanana amin’izao fotoana izao.

Ny fahatakarana hoe iza moa isika, nahoana isika no tonga ety, ary inona no andrasan’ny Tompo amintsika eto amin’ity fainana ity dia hanampy antsika hahazo ilay fahatakarana mivelatra izay ilaintsika.

Mahita ohatra ao amin’ny soratra masina isika izay ahitana fa ny fannana fahatakarana mivelatra kokoa dia nanome fahazavana mikasika izay lalana tokony hizorana.

Niresaka nifanatrika tamin’ny Tompo i Mosesy, ary nianatra mikasika ny draftry ny famonjena, ka tamin’izany no nahatakarany tsara kokoa ny anjara asany tamin’ny nahampaminany nirahina hanangona an’i Isiraelly azy.

“Ary niteny tamin’i Mosesy Andriamanitra, nanao hoe: Indro, Izaho no Tompo Andriamanitra Tsitoha. . . .

“. . . Dia hasehoko anao ny asan’ny tanako. . . .

“Ary manana asa ho anao Aho ry Mosesy zanakalahiko” (Mosesy 1:3–4, 6).

Rehefa nanana an’io fahatakarana io i Mosesy dia afaka niaritra taona maro nijaliana tany an’efitra ary nitarihana an’i Isiraelly hiverina hody any aminy.

I Lechia, ilay mpaminany lehibe ao amin’ny Bokin’i Môrmôna, dia nanofy,



ary tao amin’ny fahitany izy dia nianatra mikasika ny asa nanirahana azy dia ny hitarika ny fianakaviany ho any amin’ny tany nampantenaina iray.

“Ary ny zava-nitranga dia nandidy an-draiko ny Tompo, na dia tamin’ny nofy aza, ny hakany ny ankohonany sy hiaingany mankany an-tany foana.

“. . . Ary nilaozany ny tranony sy ny tany lovany, ary ny volamenany sy ny volafotsiny ary ny zava-tsarobidiny” (1 Nefia 2:2, 4).

Nahatoky hatrany tamin’io fahitana io i Lechia na dia teo aza ireo fahasartana teny an-dalana sy ny tsy maintsy nandaozana ny fainana tao anaty filaminana tao Jerosalema.

Ohatra iray lehibe hafa koa ny Mpaminany Joseph Smith. Tamin’ny alalan’ny fanambarana maro, nanomboka tamin’ny Fahitana Voalohany, no nahafahany namita ny asa nanirahana azy dia ny hamerina ny zava-drehetra amin’ny laoniny (jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:1–26).

Ary ahoana ny amintsika? Inona no andrasan’ny Tompo amintsika tsirairay?

Tsy voatery mahita anjely isika vao hahazo fahatakarana. Ananantsika ny soratra masina, ny tempoly, ireo mpaminany velona, ny tsodranon’ny patriarika ho antsika, ireo mpitarika entanim-panahy, ary indrindra indrindra, ny zo handray fanambarana ho an’ny tena manokana mba hitarihana ireo fanapahan-kevitsika.

#### **Fitsipika Faharoa: Mila Miomana Isika ho an’ireo Fanamby izay Hitranga**

Ireto lalana tsara indrindra eo amin’ny fainana dia mahalana no hoe mora indrindra. Matetika dia mifanohitra amin’izany mihitsy. Azontsika jerena ny ohatr’ireo mpaminany izay vao noresahiko teo.

Tsy mora ny dian’i Mosesy sy i Lechia ary i Joseph Smith na dia tsara aza ny fanapahan-kevit’izy ireo.

Vonona ve isika hanefa ny saran’ireo fanapahan-kevitsika? Vonona ve isika handao ny faritra mahazatra manodidina antsika mba hahatongavana amin’ny toerana tsara kokoa?

Raha iverenako ilay zavatra nianakao mikasika ny tsodranon’ny patriarika izay azoko, dia nahasin-tona hevitra aho tamin’io fotoana io fa tokony hikatsaka ny handrantso fianarana fanampiny ary hangataka vatsim-pianaranana avy amin’ny oniversite Amerikanina iray. Raha voafantina aho dia ho voatery handao ny asako, sy hivarotra ny fanananay rehetra, ary handeha hifindra monina any Etazonia



ho toy ny mpianatra nahazo vatsim-pianarana mandritra ny roa taona.

Ny fitsapam-pahaizana toy ny TOEFL sy ny GMAT no lasa fanamby voalohany tsy maintsy noresena. Nitaky telo taona lavabe niomanana, ary niaina “fandavana” maro sy “angamba” maro, izay vao voaray tany amin’ny oniversite iray aho. Mbola tsaroako hatrany ny antso an-tariby izay voaraiko tamin’ny fiafaran’ireo telo taona, izay avy tamin’ilay tompon’andraikirity ny vatsim-pianarana.

Hoy izy: “Ry Carlos, manana vaovao tsara sy vaovao ratsy ho anao aho. Ilay vaovao tsara dia hoe anisan’ireo telo tafakatra amin’ny dingana farany amin’ity taona ity ianao.” Iray ihany no toerana tamin’io fotoana io. “Ilay vaovao ratsy dia hoe ny iray amin’ireo mpifananana dia zanak’olona iray manana toerana ambony, ary ilay iray hafa dia zanak’olona manana toerana ambony koa, ary ny farany dia ianao.”

Namaly faingana aho hoe: “Ary izaho . . . izaho zanak’Andriamanitra.”

Soa ihany fa tsy fepetra hanapahana hevitra ny toeran’ny ray aman-dreny ara-nofo, ary dia voaray aho tamin’io taona io, tamin’ny 1992.

Zanak’Andriamanitra Tsitoha isika. Raitsika Izzy. Tia antsika Izzy, ary

manana drafitra ho antsika Izzy. Tsy ny handany ny fotoantsika sy hihaantitra ary ho faty fotsiny no antony nahatongavantsika tety. Tian’ Andriamanitra isika hivoatra ary hahatratra izay tokony hahatongavantsika.

Hoy ny Filoha Thomas S. Monson hoe: “Ianareo tsirairay, na manambady na tsia, na firy taona na firy taona, dia manana fahafahana hianatra sy hivoatra. Hitaro ny fahalalanareo, na aratsaina na ara-panahy mba hitovy haavo tanteraka amin’ilay hery anaty avy amin’Andriamanitra ho anareo.” (“The Mighty Strength of the Relief Society,” *Ensign*, Nôv. 1997, 95).

#### **Fitsipika Fahatelo: Mila Mizara io Fahitana io amin’ireo Olona Tiantsika isika**

Nanao andrana maromaro ihany i Lehia hanampiana an’i Lamana sy i Lemoela hahatakatra ny lanjan’ilay fanovana izay nataon’izy ireo. Ny tsy nahitany ilay fahitan-drainy dia nahatonga azy ireo himonomonona nandrita ny dia. I Nefia kosa tetsy ankilany dia nikatsaka ny Tompo mba hahitany izay zavatra hitan-drainy.

“Ary ny zava-nitrange izaho Nefia, rehefa avy nandre ny tenin-draiko

rehetra momba ny zavatra izay hitany tamin’ny fahitana, . . . Izaho . . . dia naniry koa mba hahita sy handre ary hahalala ny amin’ireo zavatra ireo, amin’ny alalan’ny herin’ny Fanahy Masina” (1 Nefia 10:17).

Noho io fahitana io, i Nefia dia tsy hoe afaka nandresy fotsiny ireo olana nandritra ilay dia fa afaka ihany koa nitari-dalana ny fianakavany rehefa nilaina izany.

Tena mety hitranga mihitsy izany hoe rehefa manapa-kevitra ny handeha amin’ny lalana iray isika dia hisy fiantraikany amin’ireo izay tantsika izany, ary ny sasany aza hifampizara amin-tsika ny vokatr’io safidy io. Ny tena tsara dia tokony hoe afaka mahita izay hitantsika izy ireo ary miray hevitra amintsika. Tsy ary ho tanteraka foana izany, saingy rehefa mitranga izany dia mora lavitra kokoa ny dia.

Teo amin’ilay zavatra niainako manokana izay nampiasaiko ho fano-harana dia tsy hisalasalana fa nila ny fanohanana’ny vadiko aho. Mbola kely ireo zanakay ka tsy dia nanan-kambara firy, fa tena nilaina ny fanohanana’ny vadiko. Tsaroako fa tamin’ny voalohany dia nila nandinika tsara ireo fanovana nokasaina hatao izaho sy Mônica mandra-pandry ny sainy ka nahatonga azy hanolo-tena ihany koa. Io hevitra niraisana io dia nahatonga azy tsy hoe hanohana ilay fanovana fotsiny fa ho tonga mpandray anjara manan-danja ihany koa eo amin’izay hampahomby izany.

Fantatro fa manana drafitra ho antsika ny Tompo eto amin’ity fainana ity. Fantany isika. Fantany izay tsara indrindra ho antsika. Tsy hoe rehefa mandeha tsara ny zava-drehetra dia midika fa tsy tokony handinika isika indraindray sao mety hisy zavatra tsara kokoa. Raha manohy miaina araka izao iainantsika izao isika, moa ve ho tanteraka ireo fitahiana nampanantenaina?

Velona Andriamanitra. Raitsika Izzy. Velona i Jesoa Kristy Mpamonjy, ary fantattro fa amin’ny alalan’ny sorom-panavotana nataony no ahafahantsika mahita hery handresena ireo olantsika isan’andro. Amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■



Nataon'ny Loholona Allan F. Packer  
Ao amin'ny Fitopololahy

## Ilay Boky

*Tokony ho tafiditra ho anisan'ireo zavatra atao n'tenantsika manokana tsy tapaka mba hitsaohana ny fanaovana tantaram-pianakaviana sy ny asa any amin'ny tempoly.*

Fony aho tovolahy Skoto 12 taona, dia nahazo fanomezana tena niriako tokoa aho izay nanampy ireo fitaovana ilai ko ao amin'ny Skoto. Famaky ilay izy izay nisy fonony hoditra matevina! Efa maizina izahay vao tonga teo amin'ny toeram-pilasiana ny ampitson'ilay dia nataonay, ary lena sy nangatsiaka noho ny ranomandry matevina nilatsaka teny an-dalana. Ny zavatra nibahaha tato an-tsaiko dia ny hanamboatra afon-dasy lehibe. Tonga dia lasa aho nanapatapaka hazo irayefa nianjera tamin'ny alalan'ilay famakiko vaovao. Sorena aho teo ampanapahana hazo fa toa tsy manapaka tsara ilay izy. Niegaza mafy ihany aho na dia tao anatin'ny fahasorenana aza.

Diso fanantenana aho ka dia niverina tany amin'ny toeram-pilasiana niaraka tamin'ireo sombin-kazo vitsy kely izay voatapaka. Hitako anefy ny anton'ilay olana tamin'ny alalan'ny hazavan'ny afo narehitry ny olona iray hafa. Tsy nesoriko ny fonon'ilay famaky ary azoko lazaina fa rotidrotika ilay hoditra matevina. Noho izaho nifantoka loatra tamin'ny fanapahana hazo dia lasa variana aho ka tsy nieritreritra ireo zavatra hafa manan-danja.

Rehefa miasa mba hahazoana fisandratana isika dia tsy maintsy manatanteraka ireo fepetra rehetra takina fa tsy tokony ho variana amin'ny fepetra takina iray na roa na amin'ny zavatra hafa tsy misy ifandraisany amin'izany.

Mitondra fifaliana sy fahasambarana ny fikatsahana ny fanjakan'Andriamanitra.<sup>1</sup> Tsy maintsy mivonona ny *hiova* isika raha ilaina izany. Tsy dia mafy sy tsy dia manahirana kokoa ny fanitsiana madimindika atao matetika noho ny fanitsiana goavana atao eo amin'ny fainantsika.

Nitety firenena maro izaho sy Rahavavy Packer vao tsy ela akory izay. Nomaninay ny pasipaoronay sy ireo taratasy hafa. Vitanay ireo tsindrona fiarovana amin'ny aretina rehetra, ny fizahana ara-pahasalamana ary azonay ny visa, ary feno ny fepetra rehetra hampanan-kery ny pasipaoronay. Nosavaina ireo antontan-taratasinay isaky ny tonga tany amin'ny toerana iray iza-hay ary rehefa hita fa feno ny fepetra rehetra dia nahazo niditra izahay.

Mitovy amin'ny fiomanana hiditra any amin'ny firenena iray hafa ny fiomanana mba ho mendrika ny hahazo fisandratana. Tsy maintsy ataontsika tsirairay izay hananana ny pasipaorontsika ara-panahy. Tsy isika no *mametraka* ny fepetra fa ny manatanteraka azy rehetra no tsy maintsy ataontsika tsirairay. Ahitana ny fotopampianarana, ny lalana, ny didy ary ny ôrdônanisy iray manontolo ilain'ny *olona rehetra* mba hahazoana ny fisandratana ny drafity ny famon-jena.<sup>2</sup> Ary, "Noho ny Sorompanavotana nataon'i [Jesoa] Kristy, dia azo vonjena ny olombelona rehetra."<sup>3</sup> Manampy ny Fiagonana, saingy tsy afaka manao izany aza mba hahazoana fisandratana izany ho antsika izy. Ny fiomanana mba ho mendrika ny hahazo fisandratana no tanjona ezahantsika hotratrarina eo amin'ny fainantsika.

Nanorina ny Fiagonany i Kristy mba hanampiana antsika. Niantso lehilahy miisa 15 izay tohanantsika ho toy ny mpaminany sy mpahita ary mpanambara Izy mba hitarika ny Fiagonana sy hampianatra ny olona. Manana hery sy fahefana mitovy ny Fiadidiana Voalohany<sup>4</sup> sy ny Kôle-jin'ny Apôstôly Roambinifolo<sup>5</sup> ary,<sup>6</sup> ny Apôstôly efa ela niasana indrindra no tendrena ho Filohan'ny Fiagonana. Voantso mba hanampy ny Fitopololahy.<sup>7</sup> Tsy ny mpitarika no nametraka ireo fepetra takina hahazoana ny fisandratana fa Andriamanitra! Ireo mpitarika ireo dia voantso mba hampianatra



sy hanazava ary hanentana sy *hampitandrina* mihitsy aza mba hijanonantsika eo amin'ilay lalana.<sup>8</sup>

Ny boky torolalana momba ny fitantanana ny Fiagonana dia manazava hoe: "Mifantoka amin'ireo adidy masina nampiandraiketina azy ny Fiagonana ao anatin'ny fanatantehana ilay tanjony mba hanampy ny olona tsirairay sy ny fianakaviana ho mendrika ny hahazo ny fisandrata. Izany dia ahitana ny fanampiana ireo mpikambana mba hiaina ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, ny fanagonana an'i Isiraely amin'ny alalan'ny asa fitoriana, ny fikarakarana ny mahantara sy ny sahirana, ary ny fanatantehana ny famonjena ny maty amin'ny alalan'ny fanorenana tempoly sy fanaovana ôrdônsy isoloana tena."<sup>9</sup> Tsy maintsy tanterahina fa tsy hoe, tsy voatery atao ireo zavatra efatra ifantohana ireo ary ireo lalana sy didy ary ôrdônsy hafa. Fenotsika tsikelikely ireo fepetra ilain'ny pasipaorontsika ara-panahy amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy sy amin'ny alalan'ny fanaovana ireo zavatra tsirairay ireo.

Ampianarina mikasika ireo fanova izay hanampy antsika rehetra ho tsara omana kokoa isika mandritra ity fihaonambe ity.

Ny fianakaviana no ivon'ny drafity ny famonjena ary izay angamba no antony iantsoana azy koa hoe "drafitra lehiben'ny fahasambarana."<sup>10</sup> Hoy ny Filoha Boyd K. Packer hoe: "Ny tanjona lehibe indrindran'ny zavatra rehetra atao ato amin'ny Fiagonana dia ny mba hanomezana fahafahana ny lehilahy iray sy ny vadiny ary ny zanany ho sambatra ao an-tokantrano."<sup>11</sup>

Hoy ny Filoha Spencer W. Kimball hoe: "Ny fahombiazantsika, na ny an'ny tenantsika tsirairay izany na ny an'ny Fiagonana dia hiankina be dia be amin'ny halehiben'ny fahatokantsika eo amin'ny fiafnana ny filazantsara any an-tokantrano."<sup>12</sup> Tafiditra ao anatin'ny fiafnana ny filazantsara ao an-tokantrano ny momba ny fanaovana asa any amin'ny Tempoly sy ny tantaram-pianakaviana. Tokony ho asa natao ho tanterahan'ny mpianakavy mihitsy aza izany fa tsy asa atao any amin'ny Fiagonana.



Nisy indray ny fanantitranterana vaovao nataon'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinfolo mikasika ny fanaovana tantaram-pianakaviana sy ny asa any amin'ny tempoly.<sup>13</sup> Hampitombo ny fifaliana sy ny fahasambaran'ny tenanareo manokana sy ny fianakavianareo ny fandrainareo andraikitra eo anatrehan'izany.

Hitantsika ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekepohavanana ny hoe: "Efa antomotra ny andro lehiben'ny Tompo. . . . Koa aoka isika amin'ny maha-fiagonana sy vahoaka ary Olomasin'ny Andro Farany antsika, hanatitra fanatitra amim-pahamarinana ho an'ny Tompo; ary aoka isika ho ao amin'ny tempoliny masina, . . . hanolotra ny boky mirakitra ny rakitsoratry ny maty eo amintsika izay ho mendrika ny fankasitrahana rehetra."<sup>14</sup>

Io "boky" io dia harafitra amin'ny alalan'ireo anarana sy ôrdônsy voarakitra ao anatin'ny tahiry fototry ny Rafi-tetiariana an'ny Fiagonana.

Manara-maso sy mampiditra zavatra horaketina ao amin'io tahiry fototra io aho satria tiako ho tafiditra ao anatin'io boky io ny anaran'ireo olona tiako rehetra. Tsy mba tianareo ho ao anatin'izany koa ve ny anareo?

Hitantsika ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekepohavanana fizara 128 ny hoe: "Tsy hatao tanteraka isika raha tsy eo [ireo razambentsika]; tsy hatao tanteraka koa izy ireo raha tsy eo isika."<sup>15</sup>

Mifono zavatra hafa ankoatry ny teiarana, fitsipika arahina, anarana, daty ary toerana ny tantaram-pianakaviana. Mifono zavatra hafa ankoatry ny

fifantohana amin'ny lasa izany. Tafiditra ao anatin'ny tantaram-pianakaviana koa ny ankehitriny rehefa mandrafitra ny tantarantsika manokana isika. Tafiditra ao anatin'izany ny hoavy rehefa volvolaintsika amin'ny alalan'ireo taranatsika ny tantaran'ny hoavy. Manao tantaram-pianakaviana ohatra ny reny vao herotrerony iray rehefa mitantara ny tantaran'ny fianakaviany sy mampiseho sary amin'ny zanany.

Tokony ho tafiditra ho anisan'ireo zavatra ataon'ny tenantsika manokana tsy tapaka mba hitsaohana ny fanaovana tantaram-pianakaviana sy ny asa any amin'ny tempoly tahaka ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo, ny fanatrehana favoriana, ny famakiana soratra masina, ary ny fanaovana vavaka manokana. Ny faneken'ireo tanorantsika sy ny hafa hanatantehana ilay fanasan'ny mpaminany dia nanentana ny fanahy ary nanaporofo fa ity asa ity dia azo sy tokony hataon'ny mpikambana rehetra na firy taona izy na firy taona.

Nanazava ny Loholona Quentin L. Cook hoe: "Ananantsika [izao] ny fotopampianarana sy ny tempoly ary ny teknôlôjia."<sup>16</sup> Mora kokoa ny manao io asa io ankehitriny fa ny isan'ny mpikambana manao izany ho lohalaharana no mety hampitaredretra izany. Mbola mitaky fotoana sy fahafoizantena ihany izany asa izany, kanefa afaka manao izany ny olona rehetra ary azo atao hoe mora ny fanaovana azy amin'izao raha oharina tamin'ireo taona vitsy lasa.

Mba hanampiana ny mpikambana dia nanangona fampahalalana voarakitra sy nanome fitaovana ny Fiagonana mba hahafahana manantehaka ny ankamaroan'ny asa any an-tokantranontsika na any amin'ny trano fiagonantsika na any amin'ny tempoly. Nesorina ny ankamaroan'ireo zavatra manakantsakana. *Na inona na inona* eritreritao taloha mikasika ny fanaovana izany asa izany dia efa hafa mihitsy izy izao ankehitriny!

Misy sakana iray anefa izay tsy vitan'ny Fiagonana ny manaisotra azy. Tsy inona fa ny fisalasalan'ny olona iray hanao izany asa izany. Tsy mitaky afa-tsye fandraisana fanapahan-kevitra sy ezaka kely izany. Tsy mitaky fo-toana be dia be izany. Ny fanokanana

fotoana kely fotsiny tsy tapaka hanaovana izany dia hitondra ilay fifaliana fonosin'io asa io. Manapaha hevitra hanao dingana iray, mba hianatra sy hangataka ny hafa mba hanampy anao. Hanampy tokoa izy ireo! Ho lasa fam-pahalalana voarakitra ao anatin' "ilay boky" ireo anarana hitanao sy entinao any amin'ny tempoly.<sup>17</sup>

Na dia lasa mitombo be aza ny fandraisan'ny mpikambana anjara amin'izany dia hita fa mpikamban'ny Fiagonana vitsy ihany no mitady anarana tsy tapaka sy manatanteraka ireo ôrdônsin'ny tempoly ho an'ny fianakaviany.<sup>18</sup> *Mitaky fanovana ireo zavatra ataontsika lohalaharana izany.* Aza manohitra an'ilay fanovana fa ekeo izany! Tafiditra ao anatin'ny drafitra lehiben'ny fahasambarana ny fanovana.

Ilaina atao ity asa ity, tsy hoe ho tombontsoan'ny Fiagonana fa ho tombontsoan'ireo havantsika efa nodimandry sy ho an'ny tenantsika. Ilaintsika sy ireo havantsika efa nodimandry ny mameno ireo fepetra ilain'ny pasiparontsika ara-panahy.

Any amin'ny tempoly ihany ary amin'ny alalan'ireo ôrdônsin'ny famehezana no ahafahana manatanteraka ny "fampiraisana"<sup>19</sup> ny fianakaviansika hatrany amin'ireo taranaka maro nifandimby. Tsotra ireo dingana arahina: *Mitadiava fotsiny anarana dia ento any amin'ny tempoly izany.* Ho afaka ny hanampy olona hafa koa ianao rehefa mandeha ny fotoana.

Afaka manao ity asa ity ny *olona rehetra* afa-tsy izay vitsivitsy manana ny antony manokana!

Mifono fitahiana azo tsapain-tanana ity asa ity. Maro ireo ray aman-dreny sy mpitarika izay sahiran-tsaina amin'ny toe-javatra misy eto amin'izao tontolo izao amin'izao fotoana izao ary ny fiantraikan'izany eo amin'ny fianakaviana sy ny tanora.

Nampanantena an'izao ny Loholona David A. Bednar: "Manasa ny tano-ran'ny Fiagonana aho mba hianatra sy hahatsapa ny Fanahin'i Elia. . . . Mampanantena anareo aho [fa] ho voaro amin'ny fitarihan'ny fahavaloo izay mihamahery vaika ianareo. Rehefa mandray anjara ao anatin'ity asa masina ity sy mitia izany ianareo dia ho

voaro mandritra ny fahatanoranareo ary mandritra ny fainanareo."<sup>20</sup>

Ry rahalahy sy rahavavy, tonga ny fotoana hanesorantsika ny fonon'ny famaky sy handehanantsika hiasa. Tsy tokony hataontsika sorona ny fisandratan'ny tenantsika sy ny an'ny fianakaviansika mba hanaovana zavatra hafa tsy manan-danja.

Ity no asan'Andriamanitra, izay tokony ho tanterahan'ny mpikambana sy ireo tsy mpikambana koa, tanora sy antitra, lehilahy sy vehivavy.

Hofaranako amin'ny famakiana ny andalana ao amin'ny Fihirana 324 (amin'ny teny Anglisy) izany, izay hanovako ny teny iray:

*"Mitsangana, ry [Olomasin'] Andriamanitra!*

*Ialao ireo zavatra tsy manan-danja.*

*Atolory ny fo, fanahy, saina ary tanjaka*

*Hanompoana ilay Mpanjakana'ny mpanjaka."*<sup>21</sup>

I Jesoa Kristy no ilay Mpanjaka!  
Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

## FANAMAWRIHANA

1. Jereo ny 2 Nefia 2:22–25; 9:18; Môsiâ 2:41.
2. Jereo ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Draftiry ny Fanavotana"; scriptures. lds.org.
3. Fanekem-pinoana 1:3.
4. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempi-havanana 107:22.
5. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempi-havanana 107:23.
6. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempi-havanana 107:24.
7. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempi-havanana 107:25–26.
8. Jereo ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fiadidiana Voalohany," "Apôstôly,"

9. "Fitopololahy"; scriptures.lds.org.
10. Alma 42:8.
11. Boyd K. Packer, "Ilay Fijoroana ho Vavolombelona," *Liahona*, Mey 2014, 95.
12. Spencer W. Kimball, "Living the Gospel in the Home," *Ensign*, Mey 1978, 101.
13. Jeroe ny Thomas S. Monson, "Manafaingana Ilay Asa," *Liahona*, Jona 2014, 4–5; Henry B. Eyring, "The Promise of Hearts Turning," *Liahona*, Jolay 2014, 4–5; Russell M. Nelson, "Miatomboka amin'ny Fitavaka Avokoa ny Zava-drehetra" (horonantsary), lds.org/prophets-and-apostles/unto-all-the-world/it-all-starts-with-love; Russell M. Nelson, "Adding 'Family' to Family History Work," horonantsary hita ae amin'ny lds.org/prophets-and-apostles/unto-all-the-world/adding-family-to-family-history-work; Russell M. Nelson, "Taranaka mifandray amin'ny alalan'ny fitavana," *Liahona*, Mey 2010, 91–94; Richard G. Scott, "Ny Fifaliana avy amin'ny Fanavotana ny Maty," *Liahona*, Nôv. 2012, 93–95; Quentin L. Cook, "Faka sy Sampana," *Liahona*, Mey 2014, 44–48; David A. Bednar, "Hitodika ny Fon'ny Zanaka," *Liahona*, Nôv. 2011, 24–27; Neil L. Andersen, "A Classroom of Faith, Hope, and Charity" (lahateny nataeo ho an'ireo mpampianatra ao amin'ny Departamentan'ny Fampianaranana an'ny Fiagonana), lds.org/broadcasts; Neil L. Andersen, "Find Our Cousins!" (lahateny nataeo nandritra ny fivorianna RootsTech Family History Conference, 8 Feb. 2014), lds.org/prophets-and-apostles/unto-all-the-world/find-our-cousins.
14. Fotopampianarana sy Fanekempi-havanana 128:24.
15. Fotopampianarana sy Fanekempi-havanana 128:18; nampiana fanamafisana.
16. Quentin L. Cook, *Liahona*, Mey 2014, 47.
17. Fotopampianarana sy Fanekempi-havanana 128:24.
18. Jereo ny Quentin L. Cook, *Liahona*, Mey 2014, 47.
19. Fotopampianarana sy Fanekempi-havanana 128:18.
20. David A. Bednar, "Hitodika ny Fon'ny Zanaka," *Liahona*, Nôv. 2011, 26, 27; nampiana fanamafisana.
21. "Rise Up, O Men of God," *Hymns*, no. 324.





Nataon'ny Loholona **Hugo E. Martinez**  
Ao amin'ny Fitopololahy

# Ny Asa Fanompoana Ataon'ny Tenantsika Manokana

*Tokony ho ny fitiavantsika an'i Jesoa Kristy no mpitarika antsika raha tantsika ny hahafantatra ny zavatra ilain'ireo izay azontsika ampiana amin'ny fomba iray.*

**O**mena fahafahana sy fitahiana manokana isika mba hanompo ato amin'ny Fianganan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Nandritra ny naha-mpikambana ahy dia nanompo tamin'ny fomba maro aho. Tahaka ny filazan-dRahalahy Udine Falabella, izay rain'ny Loholona Enrique R. Falabella, hoe "Izay manompo dia misy ilàna azy; ary izay tsy manompo dia tsy misy ilàna azy." Teny tokony hotehirizintsika ao an-tsaintsika sy ao am-pontsika ireo teny ireo.

Rehefa nikatsaka fitarihana aho nandritra ny asa fanompoana nataoko dia nahazo hery tamin'ny fahatsiarovana fa nifantoka tamin'ny olona tsirairay sy ny fianakaviana ny Mpamonjy. Ny fitiavany sy ny fieritreretany am-pitiavana ny olona tsirairay dia nampianatra ahy fa fantany ny hasarobidin'ny tsirairay amin'ireo zanaky ny Ray any an-danitra ary tena ilaintsika ny manao izay hanompoana sy hampatanjahana ny olona tsirairay amin'ny alalan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Hoy ny soratra masina hoe:

"Tadidio fa lehibe ny hasarobidin'ny olona eo imason' Andriamanitra; . . .

"Ary raha toa aza ka miasa amin'ny andronareo *rehetra* ianareo . . . ary mitondra olona *iray monja* ho Ahy,



akory ny halehiben' ny fifalianareo miaraka aminy ao amin' ny fanjakan' ny Raiko!"<sup>1</sup>

Sarobidy amin'Andriamanitra ny olona tsirairay satria zanany isika ary afaka ho tonga toa Azy.<sup>2</sup>

Tokony ho ny fitiavantsika an'i Jesoa Kristy no mpitarika antsika raha tantsika ny hahafantatra ny zavatra ilain'ireo izay azontsika ampiana amin'ny fomba iray. Ireo fampianaran'ny Tompo no manoro antsika ny lalana. Ka toy izao no hiantombohan'ny fanompoana ataon'ny tenantsika manokana: mamantatra ireo zavatra ilaina dia manome izany avy eo. Araka ny voalazan-dRahavavy Linda K. Burton, filohan'ny Fikambanana Ifanam-piana maneran-tany hoe: "Mijere aloha, ary avy eo dia Manompoa."<sup>3</sup>

Ohatra lehibe amin'io fitsipika io ny Filoha Thomas S. Monson. Tamin'ny Janoary 2005 izy dia niahys ny fivoran'ny mpitarika ao amin'ny fisoronana tany Porto Rico, izay fotoana nanehoany ny fomba nanompoan'ny Mpamonjy sy ireo mpanompony tamin'ny alalan'ny asa fanompoana ataon'ny tena manokana. Rehefa tapitra io fivoriana mahafinaritra io dia nanomboka niarahaba ireo mpitarika rehetra ao amin'ny fisoronana izay nanatrika ny Filoha Monson. Tampoka teo dia tsikariny fa ny iray tamin'izy ireo dia nitazana izay rehetra niseho tery alavitra tery sady nitokantokana.

Niala teo amin'ilay vondron'olona ny Filoha Monson dia nanatona io rahalahy io ka niresaka taminy. Nilaza taminy tamim-piontanampo i José R. Zayas hoe fahagagana ny nanatonan'ny Filoha Monson azy ary izany dia valin'ireo vavaka nataon'izy sy i Yolanda vadiny talohan'ilay fivoriana. Nolazainy tamin'ny Filoha Monson fa narary mafy ny zanany vavy ary nisy taratasy avy amin'ny vadiny tany aminy, izay tian'ny vadiny omena ny Filoha Monson. Nilaza tamin'ny vadiny Rahalahy Zayas hoe tsy ho voatolotra ilay taratasy satria ho be hatao tokoa izao ny Filoha Monson. Nihaino ilay tantara ny Filoha Monson ary nangataka ilay taratasy, izay novakiny mangina. Dia nataony tao am-paosin'ny palitaony izany ary nilaza tamin-dRahalahy Zayas izy fa hijery akaiky ny fangatahan'izy ireo.

Tamin'io fomba io no nikasihan'i Jesoa Kristy Tompo an'io fianakaviana io tamin'ny alalan'ny mpanompony. Mino aho fa miantefa amintsika ireo tenin'ny Mpamony ao amin'ny fano-harana momba ilay samaritana tsara fanahy hoe: "Mandehana hianao, ka mba manaova toy izany koa."<sup>4</sup>

Tamin'ny 21 septambra 1998 dia namely an'i Porto Rico ny rivo-doza Georges, ka nanimba zavatra marobe. Tsy maty tamin'io rivo-doza goavana io sy ny tafiotra mahery vaika nentiny izaho sy Rahavavy Martinez ary ireo zanakay dimy satria nijanona tao an-tranonay izahay. Na izany aza anefa dia tapaka nandritra ny roa herinandro ny rano sy ny jironay.

Rehefa lany ny vatsin-dranonay dia sarotra ny nahazo rano fanampiny. Tsy ho adinoiko na oviana na oviana ireo rahalahy izay nanompo anay tamin'ny famatsiana io rano sarobidy io, ary tsy ho adinoiko velively koa ny fomba feno fitiavana izay nanompoan'ireo rahavavy anay ihany koa.

Tonga tao an-tranonay i Germán Colón niaraka tamin'ny fitoeran-drano plastika lehibe izay nentiny tamin'ny fiara tsy mataho-dalana. Nolazainy taminay hoe nanao izany izy satria, hoy izy tamin'ny teniny manokana hoe "fantattro fa manana ankizy kely mila rano ianareo." Andro maromaro taty aoriana dia nampakatra siniben-drano telo lehibe teo amin'ny fiarabe mpitati-tra entana iray ry Rahalahy isany Noel Muñoz sy Herminio Gómez. Nandalo tampoka tao an-tranonay izy ireo ary nofenoiny rano fisotro madio avokoa ireo tavoahangin-drano rehetra azo nampiasaina, ary nanasa ihany koa ireo mpifanolobodirindrina taminay mba hameno ny azy.

Voavaliny ireo vavakay tamin'ny alalan'ny asa fanompoana nataon'izy ireo manokana. Ny endrik'ireo rahalahy telo ireo dia nampiseho ny fitiavan'i Jesoa Kristy anay, ary ny fanompoan'izy ireo—na ny asa fanompoana nataon'izy ireo manokana raha lazaina amin'ny teny hafa—dia nitondra zavatra betsaka lavitra noho ny rano fisotro madio teo amin'ny fiainanay. Ho an'ny zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra tsirairay dia manan-danja aminy



ny fahafantarany fa misy olona mijery izay mahaso azy.

Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa ny ray any an-danitra sy ny Tomponsika, Jesoa Kristy, dia mafantatra antsika tsirairay avy. Noho io antony io dia manome antsika izay ilantsika Izzy ireo mba hananantsika fahafahana ho tody amin'izay tokony hahatongavantsika. Asian'Izzy ireo olona izay hanampy antsika eny an-dalana eny. Ka rehefa lasa fitavana eo am-pelatanan'Izzy ireo isika dia afaka manompo ireo olona izay asehony antsika amin'ny alalan'ny fanambarana.

Amin'io fomba io no hanampian'i Jesoa Kristy Tompo ireo zanaka rehetra an'ny Ray any an-danitra. Hanangona ny ondriny rehetra ilay Mpiandry Tsara. Hanao izany amin'ny olona tsirairay Izzy rehefa mampiasa tsara ny fahafahany manavaka ny tsara sy ny ratsy izy ireo—rehefa mihaino ny feon'ireo mpanompony sy mandray ny asa fonompoan'izy ireo. Dia hahafantatra ny feony izy ireo ka hanaraka Azy. Ny asa fanompoana ataon'ny tena manokana toy izany dia tafiditra ao anatin'ny fana-jana ireo fanekempihavanana'ny batisa izay nataontsika.

Tahaka izany koa dia ny fanehoana hoe tena mpianatr'i Jesoa Kristy marina isika no toy ny taratasy fampahafantarana tsara indrindra antsika amin'ireo izay azontsika hizarana ny filazantsarany. Rehefa manokatra

ny vavantsika isika ary mizara ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny dia lasa "mpiandry ondry eo ambany fitarihany [isika], izay nomena andraikitra hamahana ireo ondriny eo amin'ny tanim-bilony sy ireo zanak'ondry ao am-balany"<sup>5</sup>; lasa "ny malemy sy ny tsotra"<sup>6</sup> isika, "mpanarato olona."<sup>7</sup>

Tsy voafetra amin'ny fiainana eto an-tany ny fanompoantsika sy ny asa fanompoana ataon'ny tenantsika manokana. Afaka manao asa ho an'ny maty koa isika—ho an'ireo miaina any amin'ny tontolon'ny fanahy izay tsy nanana fahafahana nandray ireo ôrdônsin'ny famonjena ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy nandritra ny fiainany teto an-tany. Afaka manoratra diary ihany koa isika ary manoratra ny tantaram-pianakavantsika mba hampitodihana ny fon'ireo velona hanompo ireo mpiara-belona aminy—ary koa ny fon'ireo velona hanompo ireo razambeny. Fampifandraisana ny fianakavantsika isaky ny taranaka mifandimby izany mba ho voafatotra mandrakizay. Rehefa manao izany isika dia lasa "mpamony . . . ao an-tendrombohitra Ziona."<sup>8</sup>

Manana ilay fahafahana manokana isika mba ho tonga fitaovana eo am-pelatanany. Afaka manao izany isika ao anatin'ny fanambadiansika sy ao ana-tin'ny fianakavantsika sy amin'ireo namantsika ary amin'ireo mpiara-belona amintsika. Izany no asa fanompoana

ataon'ny tenantsika manokana amin'ny maha-mpianatra marin'i Jesoa Kristy antsika.

"Ary ny firenena rehetra hangonina eo anatrehany, dia hanavaka azy Izy, tahaka ny mpiandry ondry manavaka ny ondry amin'ny osy;

"Ary hametraka ny ondry eo amin'ny ankavanany Izy, fa ny osy eo amin'ny ankaviany.

"Ary amin'izany ny Mpanjaka dia hilaza amin'izay eo amin'ny ankavanany hoe: Avia hianareo izay nota-hin'ny Raiko, mandovà ny fanjakana izay voavoatra ho anareo hattrizay nanorenana izao tontolo izao;

"Fa noana Aho, dia nomenareo hanina; nangetaheta Aho dia nam-pisotroinareo; nivahiny Aho, dia nampiantranoinareo;

"Tsy nanan-kitafy Aho, dia nota-fianareo; narary Aho, dia notsaboi-nareo; tao an-trano-maizina Aho, dia novangianareo.

"Ary hamaly Azy ny marina ka hanao hoe: Tompoko, oviana no hitanay noana Hianao ka nomenay hanina, na nangetaheta ka nampisotroinay?

"Ary oviana no hitanay nivahiny Hianao ka nampiantranoinay, na tsy nanan-kitafy ka nota-fianay?

"Ary oviana no hitanay narary Hianao, na tao an-trano-maizina, ka novangianay?

"Dia hamaly ny Mpanjaka ka hanao aminy hoe: Lazako aminareo marina tokoa: Araka izay efa nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko."

Mivavaka aho mba hanaovantsika izany, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:10, 15; nampiana fanamafisana.
2. Jereo ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Hasarobidin'ny olona"; scriptures.lds.org.
3. Linda K. Burton, "Mijere aloha, ary avy eo dia Manompoa," *Liahona*, Nôv. 2012, 78.
4. Lioka 10:37.
5. Alexander B. Morrison, "Nourish the Flock of Christ," *Ensign*, Mey 1992, 13.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:23.
7. Matio 4:19.
8. Obadia 1:21.
9. Matio 25:32–40.



Nataon'ny Lohona Larry S. Kacher  
Ao amin'ny Fitopololahy

## Aza Hamaivanina Ireo Zava-masina

*Diniho tsara ny safidy ataonareo amin'ny alalan'ny fanontanianareo ny tenanareo hoe: "Moa ve ireo fanapahan-kevitro mifaka tsara eo amin'ilay tany mamokatry ny filazantsaran'i Jesoa Kristy?"*

**R**y rahalahy sy ranabavy, misy fiantaikany lehibe amin'ny fizotran'ny fainantsika mandrakizay ireo fanapahan-kevitra raisintsika eto amin'ity fainana ity. Sady misy hery hita maso no misy hery tsy hita maso izay misy fiantaikany amin'ny safidintsika izany. Efa ho dimy taona lasa izay no nianarako ny maha-zava-dehibe an'io fitsipika io tamin'ny fomba izay tena efa saika novidiako lafo.

Nitety tany niaraka tamin'ny fiankaviana sy namana maromaro tany atsimon'i Oman izahay. Nanapa-kevitra ny haka aina teny amin'ny morontsiraky ny Ranomasimbe Indiana izahay. Fotoana fohy taorian'ny nahatongavanay, dia niera i Nellie zanakay vavy 16 taona raha toa izy ka afaka milomano mankeny amin'ilay fasika mivohitra toy ny nosikely. Nahatsikaritra aho fa somary nanonja ny rano ka noteneniko izy hoe aleo aloha izaho no handeha voalohany, satria nieritreritra aho hoe mety hisy rian-drano mampidi-doza.

Rehefa avy nilomano nandritra ny fotoana fohy aho, dia niantso ny vadiko ka nanontany azy raha toa ka efa

akaikin'ilay nosikely aho. Dia namaly izy hoe: "Efa nihoatra ilay izy ianao." Tsy nahafantatra akory aho fa voasariky ny sinton-dranomasina mahery hiala amin'ny moron-dranomasina<sup>1</sup> ary vetivety foana aho dia voasintona ho eny afovoan'ny ranomasina.

Tsy fantatro marina izay tokony natao. Ny hany zavatra tonga tao an-tsaiko dia ny hitodi-doha hiverina ka hilomano hamonjy ny moron-dranomasina. Izay mihitsy anefa ilay tsy tokony natao. Nahatsiaro ho very aho. Nisintona ahy lavidavitra kokoa ho eny afovoan-drano ireo hery tsy haiko notohaina. Ny tena naha vao mainka ratsy ny toe-javatra dia nilomano nanaraka ahy ilay vadiko izay noho ny fahatokiany ny fanapahan-kevitra noraisiko.

Ry rahalahy sy ranabavy, nihevitra aho tamin'izay hoe tsy ho tafavoaka velona intsony angamba, ary noho ny fanapahan-kevitra noraisiko dia mety ho nanao izay hahafaty ny vadiko ihany koa. Taorian'ny ezaka mafy nataonay sy izay inoako fa fanampiana avy amin'Andriamanitra, dia nitehaka tamin'ny fanambanin'ny ranomasina

izay feno fasika ihany ny tongotray ka afaka nandeha an-tongotra niverina soamantsara teny amin'ireo namanay sy ny zanakay vavy izahay.

Maro ny rian-drano amin'ity fainana an-tany ity—ao ireo azo antoka ary ao ireo mifanohitra amin'izany. Nampianatra ny Filoha Spencer W. Kimball fa misy hery lehibe maro eo amin'ny fainantsika izay mitovy be amin'ny fikorianan'ny ranomasina izay tsy hita maso.<sup>2</sup> Tena misy ireo hery ireo. Tsy azontsika atao ny minia tsy mahalala azy ireny.

Mamelà ahy ianareo hiresaka momba ny rian-drano iray hafa, avy any andanitra, izay lasa fitahiana iray lehibe toko teo amin'ny fainako. Fiovampo no nidirako ho mpikamban'ny Fiagonana. Talohan'ny nidirako ho mpikambana dia ny hanao ireny fanatanjahantena migorisa amin'ny ranomandry ireny no mba faniriako teo amin'ny fainana ka dia nifindra tany Eropa aho noho izany rehefa vita ny fianarako teny amin'ny lycée mba hanatanterahana io faniriana io. Rehefa avy niaina nandritra ny volana maromaro an'ilay fainana izay noheveriko fa fainana tena andrandraina aho dia nahatsapa fa tokony hifindra. Tsy mbola takatro tamin'izany fotoana izany ny nahatonga io fahatspana io, kanefa nisafidy ny hanaraka izany aho. Tafafindra tany Provo, aho teto Utah, niaraka tamin'ny namana akaiky vitsivitsy izay tsy mpikamban'ny Fiagonana toa ahy koa.

Fony tao Provo dia nihaona tamin'ny olona izay nanana fomba fainana hafa be tamin'ny ahy aho. Nahasarika ahy izy ireo, na dia tsy fantatra aza ny antony. Tamin'ny voalohany dia notoheriko ireo fahatsapana nananako ireo, saingy tsy ela aho dia nahatsapa fainana sy fahatoniana izay tsy mbola tsapako mihitsy. Nanomboka nanaraka rian-drano hafa aho—rian-drano iray izay nahatonga ahy hahatakatra ny Ray any an-danitra be fitiavana sy i Jesoa Kristy Zanany.

Natao batisa niaraka tamin'ireo namako aho tamin'ny taona 1972. Nitondra fitarihana sy nampisy lanjany ny fainako io rian-drano vaovao izaynofidiako mba harahina io, dia ny filazantsaran'i Jesoa Kristy izany. Na izany aza



dia nisy olana tsy maintsy natrehiko tao anatin'izany. Vaovao tamiko avokoa ny zavatra rehetra. Indraindray aho dia nahatsiaro ho very sy very hevitra. Samy nametraka fanontaniana sy olana na ireo namako na ny fianakaviako.

Tsy maintsy nanapa-kevitra aho. Ny sasany amin'ireo fanontanian'izy ireo dia nitondra fisalasalana sy ahiahy. Safidy manan-danja no niandry ahy. Aiza no hahitako ny valim-panontaniako? Maro no naniry handresy lahatra ahy hoe diso ny lalana nizorako—“sinton-drano masina mahery” izay tapa-kevitra ny hisintona ahy hiala amin'ilay rian-drano tony izay efa lasa loharanom-pifaliana mahafiniritra. Nazava tsara tamiko ilay fitsipika hoe, misy “fifanoherana amin'ny zava-drehetra” sy ny maha-zava-dehibe ny manao araka ny safidiko fa tsy mamela ny fahafahako misafidy ho an'ny hafa.<sup>3</sup>

Nanontany tena aho hoe: “Nahoana aho no hiala amin'izay efa nitondra fitoniana lehibe ho ahy?” Tahaka ny nampahatsiahivan’ny Tompo an'i Oliver Cowdery hoe: “Tsy nilaza fiadanana tamin'ny sainao va Aho momba izany?”<sup>4</sup> Nitovy tamin'izany ny zavatra nianako. Noho izany dia nitodika tamimpanolortena bebe kokoa tany amin'ny Ray any an-danitra be fitiavana aho sy tany amin'ny soratra masina ary tany amin'ireo namana nitokisako.

Mbola maro ihany anefa ireo fanontaniana tsy voavaliko. Ahoana no hiatrehako ireo fisalasalana izay nent'izy ireo? Nisafidy ny hanadino azy ireo elaela aho fa tsy namela azy ireo hanimba ilay fiadanana sy fifaliana tonga teo amin'ny fainako, ary natoky aho fa amin'ny fotoana tendren'ny Tompo dia hanambara ny zavatra rehetra Izy. Nitondra fampiononana ho ahy ny teny nataony tamin'ny Mpaminany Joseph hoe:

“Indro, ianareo dia ankizy madinika ka tsy mahazaka ny zavatra rehetra ankehitriny; tsy maintsy mitombo ao amin'ny fahasoavana sy ao amin'ny fahalalana ny marina ianareo.”<sup>5</sup> Nosafidiako ny tsy hamela ny zavatra izay fantatra fa marina ka hoe hanaraka rian-drano tsy fantatra sy mampiahayah—izay mety ho “sinton-drano masina mahery.” Araka ny nampianarin'ny Filoha N. Eldon Tanner, dia nianatra aho fa, “fahendrena kokoa sy zavatra tsara kokoa ho an'ny olona ny manaihy ireo fahamarinana tsotra ao amin'ny filazantsara . . . sy ny manaihy amim-pinoana ireo zavatra izay . . . tsy azony takarina.”<sup>6</sup>

Midika va izany fa tsy azo atao ny mangataka amin-kitsimpo? Anontario ilay zatovolahy izay nitady fialofana tao amin'ny alakely masina iray mba hahafantarana hoe iza amin'ireo fiangonana nisy no tokony hidirany ho mpikambana. Tazony eny an-tananao ny Fotopampianarana sy Fanekempi-havanana, ary fantaro fa ny ankamaroan'izay zavatra nambara ao amin'io rakitsoratra nentanim-panahy io dia vokatry ny fikatsahana ny fahamarinana tamim-panetrentena. Toy ny nahafantaran'i Joseph fa, “raha misy hianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin'Andriamanitra, Izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra, . . . ary dia homena azy izany,”<sup>7</sup> amin'ny fametrahana fanontaniana amin-kitsimpo sy amin'ny fikatsahana valiny avy amin'Andriamanitra, dia mianatra “andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra”<sup>8</sup> isika rehefa mitombo fahalalana sy fahendrena.

Ny fanontaniana mipetraka dia tsy hoe “Azo atao ve ny manontany marina sy amin-kitsimpo?” fa kosa hoe “Aiza no hitodihako mba hahazoako ny fahamarinana rehefa misy fanontaniana mipetraka?” “Moa ve aho ho ampy fahendrena hifikirana amin'izay fantatra fa marina na dia eo aza ireo fanontaniana vitsivitsy mety hananako?” Mijoro ho vavolombelona aho fa misy loharano avy any an-danitra—Loharano iray izay mahafantatra ny zavatra rehetra, ny farany ka hatrany am-boalohany. Ny zava-drehetra dia miharihary eo Anoloany.<sup>9</sup> Mijoro ho vavolombelona ny soratra masina fa

Izy dia “tsy mandeha amin’ny lalana miolinkolika . . . , ary tsy mivadika amin’izay efa nolazainy.”<sup>10</sup>

Mandritra ity fainana ety an-tany ity dia tsy tokony hieritreritra mihitsy isika fa ireo safidy ataontsika dia tsisy fiantaikany afa-tsy amintsika ihany. Vao tsy ela izay dia nisy zatovolahy namangy ahy. Mahatsapa tena izy hoe mety ny ara-panahiny, kanefa nahatsapa aho fa tsy nandray anjara feno tamin’ireo zavatra atao ato am-piagonana izy. Nilaza tamiko izy fa nobeazina tao anatin’ny tokantrano nifototra tamin’ny filazantsara ny tenany mandra-pividiky ny rainy tamin’ny reminy, izay niafara tamin’ny fisaraham-panambadiana ary nahatonga ireo iray tampo aminy rehetra hisalasala momba ny Fiagonana ka lavo. Nalahelo ny foko rehefa niresaka tamin’io raim-pianakaviana vao herotrery io noho izy, amin’izao fotoana izao, manabe ireo zanany izay fanahy sarobidy ireo any ivelan’ireo fitahiana azo avy amin’ny filazantsaran’i Jesoa Kristy satria nisy fiantraikany taminy ny safidy nataon’ny rainy.

Mahafantatra lehilahy iray koa aho, izay mpikambana mahatoky tato amin’ny Fiagonana fahiny, ary nametra-panontaniana mikasika ny fotopampianarana iray. Raha tokony ho nanontany ny Ray any an-danitra izy mba hahazoana valiny, dia na-leony nisafidy ny tsy hiantehitra afa-tsy amin’ireo loharanon’izao tontolo izao mba hahazoana torolalana. Nitodika tany amin’ny lalan-diso ny fony rehefa nikatsaka izay neverina ho voninahitry ny olona izy. Mety nahazo tambiny ny fireharehany, farafaharatsiny nandritra ny fotoana tsy naharitra, kanefa dia tsy afaka nahazo ny herin’ny lanitra.<sup>11</sup> Raha tokony ho nahita ny fahamariana izy, dia lasa very ny fijoroany ho vavolombelona ary notarihiny niaraka aminy ny olona maro tao amin’ny fianakaviany.

Voafandrika tao anatin’ny sinton-dranomasina mahery izay tsy hita maso ireo lehilahy roa ireo ary maro no notarihiny niaraka taminy.

Mifanohitra amin’izay anefa, dia mahatsiaro an’i LaRue sy i Louise Miller rafozako aho, izay na dia tsy nanana firy tamin’ny haren’izao tontolo izao

aza dia nisafidy ny hampianatra ny fotopampianarana madion’ny filazantsara naverina tamin’ny laoniny tamin’ireo zanany, ary hampihatra izany koa mandritra ny androm-piainan’izy ireo manontolo. Rehefa nanao izany izy ireo dia nahatonga ny taranany hahazo ireo fitahiana entin’ny filazantsara sy ny fanantenana ny fainana mandrakizay.

Nametraka lamina harahina tao amin’ny tokantranony izy ireo izay nahitana ny fanajana ny fisoronana, ny ftiavana sy ny firindrana seseheha, ary ireo fitsipiky ny filazantsara no nitarika ny fainan’izy ireo. Nasehon’i Louise sy i LaRue miaraka, ny hevity ny hoe manana fainana manaraka ny ohatra nasehon’i Jesoa Kristy. Hitan’ireo zanany mazava tsara hoe inona avy ireo rian-drano eo amin’ny fainana izay hitondra fiadanana sy hasambarana. Ary nisafidy araka izany izy ireo. Araka ny nampianarin’ny Filoha Kimball hoe: “Raha toa isika ka afaka mamorona . . . rian-drano mahery sy tsy miova izay mikoriana mankany amin’ny tanjontsika banana fainana marina, dia ho voasarika handroso isika sy ireo zanatsika na dia eo aza ny fanoheran’ ireo rivotry ny fotoan-tsarotra, sy ny fahadisoam-panantenana, [aryl ny fakampanahy].”<sup>12</sup>

Manan-danja ve ireo safidintsika? Amintsika irery ihany ve izy ireny no hisy fiantraikany? Nosorantsika mafy tsara ho eo amin’ilay rian-drano mandrakizain’ny filazantsara naverina tamin’ny laoniny ve ny lalam-plainantsika?

Indraindray aho dia mieritreritra zavatra izay miverina matetika ao antsaiko. Nanao ahoana tokoa moa raha toa aho tamin’io volana Septambra io, raha iny mbola naka aina teny amoron’ny Ranomasimbe Indiana iny, ka niteny tamin’i Nellie zanako vavy hoe: “Eny, mandehana e! Milomanosa mankeny amin’ilay nosikely.” Na koa hoe nanaraka ny ohatra izy ary tsy afaka nilomano niverina? Nanao ahoana moa raha toa aho voatery niaina niaraka tamin’ny fahafantarana hoe ny ohatra nasehoko no nahatonga azy ho voasariky ny sinton-dranomasina mahery ho eny afovoan-dranomasina, ka tsy ho tafaverina intsony?

Manan-danja ve ny rian-drano fidiantsika harahina? Manan-danja ve ireo ohatra asehontsika?

Nomen’ny Ray any an-danitra antsika ny fanomezana sarobidin’ny Fanahy Masina mba hitarika antsika amin’ny safidy ataontsika. Nampanantena Izy fa homeny fitaomam-panahy sy fanambarana isika raha toa ka manana fainana mendrika hahazoana izany. Manasa anareo aho handray ireo tombontsoa entin’io fanomezana masina io sy handinika tsara ny safidy ataonareo amin’ny alalan’ny fanontanareo ny tenanareo hoe: “Moa ve ireo fanapahan-kevitro mifaka tsara eo amin’ilay tany mamokatry ny filazantsaran’i Jesoa Kristy?” Manasa anareo aho hanao izay fanitsiana rehetra ilaina, na kely na lehibe, mba hahazoanareo ireo fitahiana entin’ny drafty ny Ray any an-danitra ho anareo sy ireo olon-tianareo.

Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa Kristy no Mpamonjy sy Mpanavotra antsika. Mijoro ho vavolombelona aho fa ireo fanekempihavanana izay ataontsika Aminy dia masina. Tsy tokony hanamaivana ireo zavamasina<sup>13</sup> mihitsy isika. Mivavaka aho ny mba hijanonantsika ho mahatoky mandrakariva, amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

## FANAMARIHANA

1. Sinton-dranomasina mahery: “fisondrotan’ny ranomasina izay mifanena amin’ny fisondrotana iray na maromaro hafa eo amin’ny ranomasina, ka mahatonga ny fikorontanana mahery vaika ao amin’ny ranomasina” (Dictionary.com).
2. Jereo ny Spencer W. Kimball, “Ocean Currents and Family Influences,” *Ensign*, Nôv. 1974, 110–13.
3. Jereo ny 2 Nefia 2:11, 16.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:23.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:40.
6. N. Eldon Tanner, ao amin’ny Conference Report, Oct. 1968, 49.
7. Jakoba 1:5.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 98:12.
9. Jereo ny Mosesy 1:6.
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 3:2.
11. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:35–37.
12. Spencer W. Kimball, *Ensign*, Nôv. 1974, 110.
13. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 6:12.



Nataon'ny Loholona David A. Bednar  
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

## Avia Fa Ho Hitandareo

*Hatrizay ny Fiagonan'i Jesoa Kristy dia fiagonana mitory ny filazantsara ary ho toy izany foana rahatrizay.*

**M**iantefa manokana amin'ireo olona tsirairay izay tsy mpi-kamban'Ny Fiagonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ny hafatro. Hiresaka momba ny fanontaniana iray tena manandanja aho, izay mety manitikitika ny ankamaroanareo: "Nahoana ireo Olomasin'ny Andro Farany no feno fazotoana hiresaka amiko momba ny zavatra inoany sy hanasa ahy hianatra ny momba ny fiagonan'izy ireo?"

Mivavaka aho mba hanampy ahy ny Fanahy Masina hampita amimpahombiazana ny hafatro ary hanampy anareo koa hahatakatra mazava tsara ny valinteny entiko ho an'izany fanontaniana lehibe izany.

### Fanendrena avy amin'Andriamanitra

Hatrizay ireo mpianatr'i Jesoa Kristy feno fanolorantena dia misiônera mazoto hatrany ary ho toy izany foana rahatrizay. Ny misiônera dia mpanaradia an'i Kristy izay mijoro ho vavolombelona ny amin'ny maha-Mpanavotra Azy sy manambara ireo fahamarinan'ny Filazantsarany.

Hatrizay ny Fiagonan'i Jesoa Kristy dia fiagonana mitory ny filazantsara ary ho toy izany foana rahatrizay. Ireo mpikambana tsirairay ao amin'ny Fiagonan'ny Mpamonjy dia nanaiky ilay andraikitra sarobidy

hanampy amin'ny fanatanterahana ilay fanendrena avy amin'Andriamanitra nomen'ny Tompo ireo Apôstôlony, araka ny voasoratra ao amin'ny Testamenta Vaovao:

"Koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'y Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina:

"Sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahaperan'izao tontolo izao. Amena" (Matio 28:19–20).



Manan-danja lehibe ho an'ireo Olomasin'ny Andro Farany io andraikitra io, dia ny hampianatra ny olona rehetra any amin'ny firenena rehetra momba an'i Jesoa Kristy Tompo sy ny filazantsarany naverina tamin'ny laoniny. Mino izahay fa ilay Fiagonana naorin'ny Mpamonjy taloha dia nave-riny indray ety an-tany amin'ny andro farany. Ny fotopampianarana, sy ireo fitsipika, sy ny fahefan'ny fisoronana, sy ireo ôrdônanisy ary ireo fanekempi-havanana'ny Filazantsarany dia misy ao amin'ny Fiagonany ankehitriny.

Rehefa manasa anareo izahay handeha hiangona miaraka aminay na hianatra amin'ireo misiônera amin'ny fotoana feno, dia tsy miezaka mivarotra entana amidy aminareo akory no ataonay. Amin'ny mahampikamban'ny Fiagonana anay, dia tsy mahazo loka tsy akory izahay na mahazo salanisa tombony ho anay ao anaty fifaninanana masina. Tsy hoe mikatsaka fotsiny ny hampitombo ny isan'ny mpikambana ao amin'ny Fiagonana izahay. Ary ny zava-dehibe indrindra dia tsy miezaka manery anareo hino izay zavatra inoanay izahay. Manasa anareo izahay handre ireo fahamarinan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny mba hahafahanareo mandalina, sy misaintsaina, sy mivavaka, ary mahafantatra ho anareo manokana raha toa ka marina ireo zavatra zarainay aminareo.

Mety hamaly ny sasany aminareo hoe: "Efa mino an'i Jesoa sy manaraka ny fampianarany aho," na "Tsy azoko antoka hoe tena misy Andriamanitra." Ny fanasanay anareo dia tsy fikasana hanamaivana ny fomba fivavahanareo hatrizay sy ny zavatra efa niainanareo. Hazony izay rehetra fantatrareo fa marina, sy tsara ary mendri-piderana—ary andramo ny hafatra entinay. Tahaka ny nitaoman'i Jesoa ireo mpianany roa hoe "avia fa ho hitanareo" (Jaona 1:39), no hamporishanay anareo koa ho avy ka hahita raha toa ka manampy sy mampitombo izay efa inoanareo ho marina ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny.

Eny tokoa, mahatsapa ho manana andraikitra goavana izahay ny hitondra ity hafatra ity ho any amin'ny firenena,



ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina rehetra. Ary izany indrindra no ataonay amin'izao fotoana izao miaraka amin'ny andiana misiônera miisa 88.000 mahery izay miasa any amin'ny firenena mahaleo tena mihoatra ny 150 manerana izao tontolo izao. Ireo tovolahy sy tovovavy tena miavaka ireo dia manampy ireo mpikamban'ny Fiangananay hanatanteraka ilay andrai-kritra manokana nomen'Andriamanitra izay mipetraka aminay tsirairay dia ny hanambara ilay filazantsara maharitra mandrakizain'i Jesoa Kristy (jereo ny F&F 68:1).

### Mihoatra noho ny Adidy Ara-panahy

Ny fahavitrihanay manambara io hafatra io anefa dia tsy noho ny fahatsapanay ny adidy ara-panahy iantso-rohanay fotsiny. Fa ny fanirianay hizara ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny aminareo kosa dia taratry ny maha-zava-dehibe an'ireo fahamarinana ireo aminay. Mino aho fa amin'ny alalan'ny fitantarako ny zavatra niainanay sy ny vadiko taona maro lasa izay niaraka tamin'ny roa amin'ireo zanakay lahy dia afaka haneho mazava tsara aho hoe nahoana izahay no tsy mihambahamba rehefa miezaka ny manazava ireo zavatra inoanay aminareo.

Indray takariva izaho sy i Susan dia nitazana avy eo akaikin'ny varavarankely ny roa amin'ireo zanakay lahy izay nilalao teo an-tokontany. Tao anatin'ny

filalaovan'izy ireo, dia naratra kely noho ny voina madinika ilay zandriny. Tsy ela dia fantatray fa tsy voa mafy izy, ary nanapa-kevitra izahay ny tsy hanampy avy hatrany. Naniry izahay ny hitazana sy hijery raha nisy latsa-paka ny fifanakalozan-kevitry ny mpianakavy naotaonay momba ny fifankatia-van'ny mpirahalahy. Ny zava-nitrange taorian'izay dia sady nahaliana no nitondra fampianarana.

Nanambitamby sy nanao izay rehetra hanampiany ilay zandriny hiditra tao an-trano ilay zoky lahy. Nankeo akaikin'ny lakozia izaho sy i Susan mba hahafahanay mahita ny zavatra nitrange avy teo, ary vonona ny hirotsaka an-tsehatra avy hatrany izahay raha toa nisy fahavoazana ara-batana hafa mety ho nitrange na voina nananontanona.

Nisintona sezao eo amin'ny fanovozan-drano tao an-dakozia ilay zoky lahy. Niakatra teo ambonin'ily sezao izy, ary nanampy ilay rahalahiny hankeo amin'ilay sezao, nalefany ny rano ary norarahany ranon-tsavony fanasana lovia teo amin'ilay sandrin'ny zandriny voakiaka. Nanao izay ho afany izy nanesorana ny loto. Ny hany mahalaza ny fietsik'ilay zandriny manoloana izany zavatra nataony izany dia ny filazan'ny soratra masina manao hoe: "Ary ireo dia hanana antony hidradradradrana sy hitomaniana ary hitaraindrainana sy hikitroa-nify" (Môsiâ 16:2). Ary nitradradradra tokoa anie izy e!

Rehefa avy nokosehina ilay sandriny dia nohamainina tsara tamin'ny servieta. Ary nijanona ihany ilay kia-kiaka nony farany. Avy eo ilay zokiny dia niakatra teo amin'ny latabatra fiasana ao an-dakozia, ary nanokatra vata kely, ka nahita fanafody mbola vaovao fanosotra amin'ny fery tao anatin'izany. Na dia tsy lehibe na hoe nivelaatra aza ny kiaka tamin'ny zandriny, dia saika nataon'ilay zokiny teo amin'ilay sandry naratra avokoa ilay fanafody. Tsy nikiakiaka intsony ilay zandriny satria naleony lavitra ilay fampitoniana nentin'ilay fanafody toy izay ilay fandiovan'ny ranon-tsavony fanasana lovia.

Niverina indray nankeo amin'ilay vata kely nangalany ilay fanafody ilay zokiny ary nahita boaty vaovao feno famehezana ratra. Avy eo dia nosokafany izany ka namonosany ny sandrin'ilay rahalahiny—avy eo amin'ny hatotanana ka hatreto amin'ny kiho. Rehefa vita ny famonjena tamin'ilay voina, sady niperitaka eran'ny lakozia ny roatran-tsavony sy ny fanafody ary ny fitaovana famehezana ratra, dia nitsambikina nidina avy eo amin'ny sezao ireo zazalahy roa ary tsiky sy hafaliana no teny amin'ny endriny.

Ny zava-nitrange taorian'izay no tena manan-danja indrindra. Nangonin'ilay zazalahy naratra ny ambain'ireo fitaovana famehezana ratra sy ilay tranom-panafody nisy menaka fanosotra amin'ny fery izay efato ho lany ary nandeha nivoaka ny trano izy. Nitady faingana ireo namany izy ary nanomboka nanisy fanafody sy famehezana ratra teny amin'ny sandrin'izy ireo. Samy talanjona izaho sy i Susan noho ny fahitsiana sy fahazotoana ary fahamailahana teo amin'ny fihetsika nasehony.

Nahoana io zazalahy io no nanao izany? Mba jereo anie fa avy hatrany izy dia naniry ho azy ny hanome ho an'ireo namany ilay zavatra nanampy azy fony izy narary. Tsy nila namporisihana, na notsapaina, na notaomina, na noterena hanao zavatra io zazalahy io. Ny faniriany hizara dia vokatry ny zavatra iray niainany izay nanampy sy nitondra soa ho azy tsotra izao.

Maro amintsika no manana fihetsika

mitovy amin'izany amin'ny maha-olondehibe antsika rehefa nahita fitsaboana na fanasitranana izay nanamaivana ny aretina nijalantsika ela isika, na rehefa nahazo torohevitra izay nanampy antsika hiatrika olana tamin-kerimpo sy hiatrika fotoan-tsarotra tamimpaharetana. Tsy mahagaga mihitsy ny mizara amin'ny hafa ireo zavatra izay manan-danja indrindra amintsika na nanampy antsika.

Ny zavatra toy izany dia miharihary indrindra rehefa mahakasika zavatra manan-danja sy vokatra ara-panahy lehibe. Ohatra, misy tantara iray ao amin'ny rakitsoratra masina antsoina hoe ny Bokin'i Môrmôna izay mam-pianatra momba ny nofy voarain'i Lehia mpaminany sy mpitarika iray fahiny. Ny tena resahina ao amin'ilay nofin'i Lehia dia ny hazon'aina—izay maneho ny "ftiavan'Andriamanitra" izay "mahatsiriritra indrindra amin'ny zava-drehetra" sy "mampiravoravo indrindra ny fanahy" (1 Nefia 11:22–23; jereo koa ny 1 Nefia 8:12, 15).

Nanazava i Lehia hoe:

"Ary ny zava-nitranga, dia nantaona aho ka nihinana tamin'ny voany; ary nahita aho fa tena mamy izany, manoatra noho izay rehetra efa nandramako hatramin'izay. Eny, ary nahita aho fa fotsy ny voany, manoatra noho ny hafotsiana rehetra izay efa hitako hatramin'izay.

*"Ary raha nihinana tamin'ny voany aho, dia nofenoiny fifaliana mitafotofo tokoa ny fanahiko; koa manomboka nangetaheta aho ny mba hihinan'an'ny ankohonako amin'izany koa"* (1 Nefia 8:11–12; nampiana fanamafisana).

Ny asa fanompoana tety an-tany sy ny sorompanavotana ary ny Fitsangana amin'ny maty notanterehin'i Jesoa Kristy Tompo no fanehoana lehibe indrindra ny ftiavan'Andriamanitra ho an'ireo Zanany. Ilay voa teo amin'ilay hazo dia azo raisina ho toy ny fanehoana ireo fitahiana entin'ny Sorompanavotan'ny Mpamony.

Ny fihetsika nasehon'i Lehia avy hantrany rehefa avy nihinana ilay voan'ny hazo sy nahatsapa fifaliana lehibe izy dia faniriana mivaivay hizara izany tamin'ny fianakaviany sy hanompo azy



ireo. Araka izany, rehefa nitodika tany amin'i Kristy izy, dia nitodika tamin'ny hafa ihany koa tamin'ny ftiavana sy ny fanompoana azy ireo.

Misy tranga iray hafa manan-danja ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay maneho ny zavatra nitranga tamin'ny lehilahy iray antsoina hoe Enôsa rehefa nohenoin'Andriamanitra sy novaliny ny vavaka lalina feno fitalahoana izay nataony.

Hoy izy:

"Dia mosarena ny fanahiko; ary nandohalika teo anoloan'ny Mpanao ahy aho ary nitalaho taminy sady nahery nivavaka no nitaraina ho an'ny fanahiko ihany; ary nandritra ny manontolo andro no nitalahoako taminy; eny, ary rehefa tonga ny alina dia mbola nanandratra avo ny feoko aho ka nahatakatra ny lanitra izany.

"Ary nisy feo tonga tamiko, nanao hoe: Ry Enôsa, voavela ny fahotanao ary hotahiana ianao.

"Ary izaho Enôsa dia nahafantatra fa tsy afaka mandainga Andriamanitra; noho izany, dia nofafana ny hadisoako.

"Ary hoy aho: Ahoana no mahatô izany, Tompo ô?

"Ary hoy Izy tamiko: Noho ny finoanao an'i Kristy izay tsy mbola henonao na hitanao na oviana na oviana . . . Koa mandehana, ny finoanao no efa namonjy anao.

*"Ankehitriny, ny zava-nitranga, nony efa nandre ireo teny ireo aho, dia nanomboka nahatsapa faniriana ho an'ny fiadan'an'ny Nefita rahalahiko; koa, ho azy no namborahiko tamin'Andriamanitra ny tao am-poko manontolo"* (Enôsa 1:4–9; nampiana fanamafisana).

Rehefa nitodika tany amin'ny Tompo i Enôsa "[t]amin'ny finiavan'ny fon[y] manontolo" (2 Nefia 31:13), dia nitombo niaraka tamin'izay ny fieritreretany ny amin'izay hahasoa ny fianakaviany, sy ireo namany ary ireo akaiky azy.

Ny lesona mitoetra foana azo tsoanhina avy amin'ireo tantara roa ireo dia ny maha-zava-dehibe ny miaina eo amin'ny fiainanay manokana ireo fitahian'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy alohan'ny hanaovanay fanompoana tena marina sy amin-kitsimpo izay mihoatra lavitra noho ny "manao zavatra noho ny fahazarana fa tsy vokatry ny fo." Tsisy hafa amin'i Lehia sy i Enôsa ary ilay zazalahy notantaraiko, izahay mpikamban'Ny Fianganan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia nahatsapa fangirifiriana miaraka amin'ny fisalsalana ara-panahy sy fahotana. Izahay koa dia nahatsapa ny fanadiovana, ny filaminan'ny feon'ny fieriteretana, ny fanasitranana

sy fihavaozana ara-panahy ary ny fitarihana izay tsy azo raha tsy amin'ny fianarana sy fiaianana ireo fitsipiky ny filazantsaran'ny Mpamony.

Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia manome ny hery fandiovana izay ilaina mba ho lasa tsisy pentina sy madio, ny hery fanasitrana mba hanasitrana ireo ratra ara-panahy sy hanaisotra ny fahamelohana, ary ny fiarovana izay mahatonga antsika ho mahatoky na sarotra na tsia ny fotoana lalovana.

#### Misy ireo Fahamarinana

#### Tsy iadian-kevitra

Ho anareo havana na namana izay tsy mpikamban'ny Fiagonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, dia niezaka aho ny nanazava ireo antony fototra mahatonga anay ho misiônera.

Misy ireo fahamarinana tsy iadian-kevitra eto amin'izao tontolo izao na dia hamaivanina sy ailika aza izy ireny. Any aoriana any dia, “[handohalika] ny lohalika rehetra” ary “[hanaiky] ny lela rehetra fa Jesoa Kristy no Tompo, ho voninahitr’Andriamanitra Ray” (Filipiana 2:10–11). Tena tsy iadian-kevitra fa i Jesoa Kristy no Zanaka Lahitokan’Ilay Ray Mandrakizay. Amin’ny maha-mpikamban’ny Fiagonany anay, dia mijoro ho vavolobelona izahay fa velona Izy ary naverina tamin’ny laoniny amin’ny fahafenoany ny Fiagonany amin’izao andro farany izao.

Ny fanasana ataonay aminareo mba hianatra sy hitsapa ny hafatra zarinay dia vokatr’ireo zava-tsoa nentin’ny filazantsaran’i Jesoa Kristy teo amin’ny fiaianay. Indraindry izahay mety mitavozavoza na mivantambantana na mikiry mafy mihtisy aza amin’ny fanaovana izany. Ny hany faniranay dia ny hizara aminareo ireo fahamarinana izay sarobidy tokoa aminay.

Amin’ny maha-Apôstôlin’ny Tompo ahy, ary amin’ny herin’ny fanahiko manontolo, dia mijoro ho vavolobelona aho fa Andriamanitra Izy ary tena misy. Ary manasa anareo aho mba “ho avy sy hahita” (Jaona 1:39), amin’ny anarana masin’i Jesoa Kristy Tompo, amena. ■



Nataon’ny Filoha Thomas S. Monson

# Mandra-pihaonantsika Indray

*Enga anie isika rehetra ka hisaintsaina ireo fahamarinana izay rentsika, ary enga anie izy ireny ka hanampy antsika mba ho lasa mpianatra mafana fo kokoa.*

Ryahalahiko sy anabaviko, niaina andro roa tena mahafinaritra isika, izay nizarana hafatra nentanimpanahy. Voakasika lalina ny fontsika ary nampatanjahana ny finoantsika rehefa nandray ilay fanahy izay niaraka tamintsika nandritra ireo favoriana tamin’ity fihaonambe ity isika. Eto am-pamaranana dia misaotra ny Raitsika any an-danitra isika noho ireo fitahiana maro nomeny antsika.

Nahazo hery sy fahazavan-tsaina amam-panahy isika avy amin’ny hira mahafinaritra izay natolotra nandritra ireo favoriana. Nampanakaiky antsika tamin’ny lanitra ireo vavaka natao.

Te haneho ny fisaorana avy amin’ny fo avy amin’ny Fiagonana iray

manontolo aho ho an’ireo Rahalahy izay nisaorana tamin’ity fihaonambe ity. Hahatsiarotsiaro azy ireo foana isika. Goavana ny anjara birky nentin’izy ireo tamin’ny fanaovana ny asan’ny Tompo ary ho tsapan’ireo taranaka hifandimby izany.

Enga anie isika ka hody any an-tranontsika miaraka amin’ny fanapahan-kevitra ao am-pontsika ny hanao zavatra tsara kokoa noho izay nataontsika teo aloha. Enga anie isika ka ho tsara fanahy kokoa sy haneho fitiavana bebe kokoa. Enga anie isika ka hanolo-tanana amin’ny hamorampanahy, tsy amin’ireo namantsika mpikambana fotosiny ihany fa amin’ireo izay tsy mitovy finoana amintsika koa.



Enga anie isika ka haneho ny fanajantsika azy ireo rehefa mifandray aminy.

Ao ireo izay miady amin'ireo olana isan'andro. Aoka isika haneho fiahiana amin'izy ireo sy hanolo-tanana hanampy azy ireo. Hotahiana isika rehefa mifampiahy.

Enga anie isika hahatsiaro ireo zokiolona sy ireo izay tsy afaka mivoaka ny trano noho ny olana araphasalamana. Rehefa maka fotoana hamangiana azy ireo isika dia ho fantany fa tiana sy omen-danja izy ireo. Enga anie isika ka hanaraka ilay didy mba “[hamonjy] ny osa, [hampakatra] ny tanana izay miraviravy, ary [hampa-tanjaka] ny lohalika malemy.”<sup>1</sup>

Antenaiko fa ho olona marin-toetra isika, izay miezaka manao ny tokony hatao amin'ny fotoana rehetra sy ao anatin'ny toe-javatra rehetra izay misy. Enga anie isika ka ho mpanaradia mahatoky an'i Kristy sy ho ohatry ny fahamarinana ka ho lasa “fanazavana eo amin'izao tontolo izao.”<sup>2</sup>

Ry rahalahiko sy anabaviko isany, misaotra anareo aho noho ny vavaka ataonareo ho ahy. Manamafy orina sy mampahery ahy izany eo am-piezahako manao ny asan'Andriamanitra amin'ny foko sy ny tanjako rehetra mba hanompoako Azy sy hanompoako anareo.

Raha hifarana izao fihaonambe izao dia mangataka ny tsodranon'ny lanitra aho hirotsaka eo aminareo tsirairay avy. Enga anie ianareo izay lavitra ny tranoareo mba ho tafody soa aman-tsara ary hilamina avokoa ny zava-drehetra ao. Enga anie isika rehetra ka hisaintsaina ireo fahamarinana izay rentsika, ary enga anie izy ireny ka hanampy antsika mba ho lasa mpianatra mafana fo kokoa raha oharina amin'ny toe-panahintsika tany am-piandohan'ity fihaonambe ity.

Mandra-pihaonantsika indray afaka enim-bolana dia mangataka ireo fitahiana avy amin'ny Tompo aho mba hirotsaka aminareo, amintsika rehetra raha ny marina, ary izany dia ataoko amin'ny Anarany masina—dia i Jesoa Kristy, ilay Tompo sy Mpanavotra antsika—amen. ■

#### FANAMARIHANA

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 81:5.
2. Filipiana 2:15.



Nosoratan'i Linda K. Burton

Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany

# Vita Omaha tamin'ny Fomba Izay Tsy Fahita Na Oviana na Oviana

*Enga anie isika mba hiomana tsikelikely handray amim-pahamendrehana ireo ôrdônanisy mitondra famonjena ary hitandrina amin'ny fo tokoa ireo fanekempihavanana mifandray amin'izany.*

**R**ehefa tonga tao an-trano avy niatraka ny androny voalohany tany an-tesekoly ny zanakay faravavy dia nanontaniako hoe: “Nanao ahoana ny tany?”

“Nahafinaritra” hoy izy.

Ny ampitson'izany anefa rehefa nofohaziko handeha hianatra izy dia nampifanindriny ny tanany sady nilaza mazava tsara izy hoe: “Izaho anie efa nandeha nianatra e!” Araka ny hita dia tsy *nomaniko* na nomeko fanazavana izy hoe tsy indray mandeha ihany akory no mandeha mianatra fa mila mandeha mianatra izy mandritra ny dimy andro ao anatin'ny herinandro iray mandritra ny taona maro dia maro.

Raha ho dinihintsika io fitsipiky ny hoe vita omara io dia alaivo sary an-tsaina miaraka amiko ity toe-javatra manaraka ity. Mipetraka ao amin'ny efitrano celestrialin'ny tempoly ianao ary mahatsikaritra mpanambady

tarihina amim-panajana mivoaka sy miditra eo am-piandrasan'izy ireo ny firosoany hivady mandritra izao fiainana izao sy mandrakizay. Misy vehivavy iray hanambady izay miditra ny efitrano celestrialy, mifampitantana amin'ilay malalany. Akanjolavan'ny tempoly izay tsotra sy tsara tarehy no anaovany ary hita soritra eny amin'ny endrinny ny fahatoniana sy fiadanana ary hatsaram-panahy. Tsara ny akan-jony sy ny bika aman'endrinny nefy tsy mahavarimbariana ny saina. Nipetraka izy dia njery kely ny manodidina ary niontam-po tampoka. Raha ny fijery azy dia nilatsaka ny ranomasony noho ny fanomezany hasina sy ny fanajany ilay toerana sy ilay ôrdônanisy masina izay miandry azy sy ilay olon-tiany. Ny fihetsiny dia toy ny maneho hoe: “Tena feno fankasitrahaha aho fa ato amin'ny tranon'ny Tompo androany, vonona ny hanomboka dia mandrakizay miaraka



amin'ilay ho vady malalako mandrakizay!" Toa *vita omama* mba hiatrika zavatra maro hafa fa tsy fotoana iray monja izy.

Nametraka taratasy kely misy soratra teo amin'ny ondako ilay zafikelivavy malalanay vao haingana, izay ahitana ampahany manao hoe: "Ny zavatra iray tena tsapako rehefa miditra ny tempoly aho dia ilay fanahy mitondra fiadanana sy fitiavana izay mitoetra ao. . . . Afaka mandeha any amin'ny tempoly ny olona mba hahazo fitaomam-panahy."<sup>1</sup> Marina ny nolazainy. Afaka mahazo fitaomam-panahy sy fanambarana isika any amin'ny tempoly—ary koa hery hiatrehana ireo olan'ny fainana. Ny zavatra izay ianarany any amin'ny tempoly rehefa mandray anjara tsy tapaka amin'ny fitondranza ny anaran'ny fianakaviany manokana izy, mba hatao batisa any amin'ny tempoly sy horaisina ho mpikambana, dia hanomana azy handray ireo ôrdônanisy sy fanekempihavanana fanampiny any amin'ny tempoly ary handray fitahiana ho azy sy ho an'ireo izay any amin'ny faritra ilan'ny voaly.

Nampianatra ny Loholona Russell M. Nelson hoe: "Satria nomanina ho an'ny olona ny tempoly dia mila manoman-tena koa izany ny olona ho an'ny tempoly."<sup>2</sup>

Eo am-pamakiana indray mikasika ny Kapiteny Môrônia ao amin'ny Bokin'i Môrmôna aho ary tsaroako fa ny iray tamin'ireo zava-dehibe indrindra vitany dia ny fanomanany tsara ireo Nefita mba hanohitra ilay tafika Lamanita mampihorohoro. Tena nomaninny tsara tokoa ny olony rehefa

vakintsika ny hoe, "Nefa indro, akory ny fitalanjonan'ny [Lamanita] tanteraka fa, *vita omama hiatrika azy tamin'ny fomba izay tsy fahita na oviana na oviana*.[ny Nefita]"<sup>3</sup>

Tena nisarika ny saiko ilay andian-teny hoe: "vita omama . . . tamin'ny fomba izay tsy fahita na oviana na oviana."

Ahoana no ahafahantsika miomana tsara kokoa handray ireo fitahiana masina avy amin'ny tempoly? Nampianatra ny Tompo hoe: "Ary ankoatra izany, dia homeko anareo ny fakanta-haka amin'ny zavatra rehetra."<sup>4</sup> Ndeha isika handinika lamina iray ao amin'ny soratra masina izay hanampy antsika hiomana tsara. Nitaky fahavitrihana tsy tapaka ombam-pinoana ny fiomanan'i Môrônia hiatrehana ny fahavalo ka dia hitaky izany ihany koa ity lamina ity.

Tsy mba mamizana ahy velively ny mamaky ilay fanoharana mahafinaritra notantarin'ny Mpamonjy momba ireo vehivavy virijiny dimy hendry sy ireo vehivavy virijiny dimy adala. Na miresaka momba ny fiomanana amin'ny Favian'ny Mpamonjy antsika Fanindroany aza izany dia azontsika oharina koa amin'ny fiomanana amin'ireo fitahiana any amin'ny tempoly izay azo raisina ho toy ny fanasana lehibe ara-panahy ho an'ireo izay vita omama tsara.

Hitantsika ao amin'ny Matio 25 ny hoe:

Ary amin'izany ny fanjakan'ny lanitra dia ho tahaka ny virijiny folo, izay nitondra ny fanalany ka nivoaka hitsena ny mpampakatra.

Ary dimy tamin'ireo dia adala, fa ny dimy kosa hendry. . . .

"[Ireo izay] hendry dia nitondra solika tao anatin'ny fitondrany sy ny fanalany.

"Raha naharitra ela ny mpampa-katra, dia samy rendrehana avy izy rehetra, ka dia natory.

Ary nony mamantonala dia nisy antso hoe: Indrÿ ny mpampakatra! Mivoaha mba hitsena azy.

"Dia nitsangana ireo virijiny rehetra ireo, ka samy nanamboatra ny fanalany.

"Dia hoy ny adala tamin'ny hendry: Mba omeo kely amin'ny solikareo iza-hay; fa efa ho faty ny fanalanay.

"Fa ny hendry namaly ka nanao hoe: Sao tsy ampy ho anay sy ho ana-reo, fa mandehana mankany amin'ny mpivarotra hianareo, ka mividiana ho anareo.

"Fa raha mbola lasa nividy, dia tonga ny mpampakatra, ary izay efa niomana dia niara-niditra taminy tao amin'ny fampakaram-bady, ary dia narindrina ny varavarana.

"Ary rehefa afaka izany, dia tonga kosa ireo virijiny ka nanao hoe: Tom-poko, tomoko, vohay izahay.

"Fa izy namaly hoe: Lazaike aminareo marina tokoa: Tsy fantatro hianareo."<sup>5</sup>

Heveriko fa tsy misy amintsika, indrindra eo anivon'ireo malemy fanahy no tsy halahelo an'ireo tovovavy adala ireo. Ary misy amintsika te hilaza fotsiny amin'iretsy hafa iretsy hoe: "Tsy mba afaka mizara ve ianareo dia faly daholo ny rehetra?" Saingy eritrereto tsara izany. Tantara notantarin'ny Mpamonjy ity ary Izy no niantso ny dimy tamin'izy ireo hoe "hendry" ary ny dimy hafa hoe "adala."

Rehefa raisintsika ho toy ny lamina hiomanana ho any amin'ny tempoly io fanoharana io dia eritrereto ny tenin'ny mpaminanin'ny andro farany iray izay nampianatra fa "tsy azo zaraina ny soliky ny fiomanana ara-panahy."<sup>6</sup> Ny Filoha Spencer W. Kimball dia nitondra fanampim-panazavana mikasika ny antony tsy nahafahan'ireo tovovavy dimy "hendry" ireo nizara ny solika tao amin'ny fanalany tamin'ireo "adala" rehefa nilaza hoe: "Manampy tsikeli-kely ny solika ao anatin'ny fanalantsika rehefa mandeha ny taona ny

fanatrehana ny fivoriana Fanasan'ny Tompo. Ny fifadian-kanina, ny vavaky ny mpianakavy, ny fampianarana isantokantrano, ny famehezana ny filan'ny vatana, ny fitoriana ny filazantsara—ny ezaka atao tsirairay izay maneho fanolorantena sy fahavitrihana dia efa solika indray mitete milatsaka ao anatin'ny tahirintsika. Ny asa fanasoava, ny fandoavana ny fanatitra sy ny fahafolonkarena, ny fananana eritreritra madio sy ny fitondrantena madio . . . —ireo koa dia tena mampitombo ny solika izay azontsika ampasaina amin'ny fotoana mamantonala tokony handrehetana ilay fanalantsika mitady ho faty.<sup>7</sup>

Azonareo an-tsaina ve ilay lamin'ny fiomanana—mandeha tsikelikely—izay afaka manampy antsika rehefa mieritreritra ny fomba ahafahantsika havitrika kokoa eo amin'ny fiomanantsika handray ireo ôrdônanasy masina ho an'ny tenantsika sy ho an'ny hafa isika? Inona koa ireo zavatra kely sy tsotra hafa izay mety hitondra solika sarobidy ara-panahy fanampiny ao anatin'ny fanalan'ny fiomanantsika.

Mampianatra antsika ny Loholona Richard G. Scott fa ny “fahamendrehan’ny tena manokana dia fepetra manan-danja takiana mba hahazoana ireo fitahiana any amin'ny tempoly. . . . Ny toetra mendrika dia tena voatetfy tsara amin'ny alalan'ny fiainana ahitana fanaovana safidy tsara sy tsy miovaova mifototra amin'ny fampianaran’ny Tompo.”<sup>8</sup> Tiako ilay teny hoe *tsy miovaova*. Mifono fahavitrihana sy fahamatorana izany. Famaritana tena tsara mikasika ny fitsipiky ny fahamendrehana tokoa izany.

Ny Bible Dictionary dia mampahatsiahysy antsika hoe: “Ny tokantrano ihany no azo oharina amin'ny tempoly noho ny fahamasinany.”<sup>9</sup> Mifanaraka amin’io famaritana io ve ny tokantronao na ny efiranonao? Nisy zatovovavy mahafinaritra iray tao amin'ny paroasinay tonga tany an-tranonay vao haingana. Fantstro fa vao tonga avy nanao asa fitoriana ny anadahiny ka dia nanontaniako izy hoe, manao ahoana izany mahita ny anadahiny indray ao an-trano izany. Mahafinaritra hoy izy saingy indraindray angatahiny

mba hahena ny feon’ny mozika. “Tsy mozika *ratsy* akory anefa ilay izy!” hoy izy. Tsara raha mba manombantombana ny tenantsika ihany isika indraindray mba hanaovana ny tokantranontsika ho toerana ahafahantsika mahatsapa ny Fanahy. Rehefa manomana ny tokantranontsika ho toerana azo onenan’ny Fanahy isika dia ho voaomana mba hahatsapa “ho toy ny any an-trano” bebe kokoa rehefa miditra ny tranon’ny Tompo.

Handrotsaka “fitahiana [maro dia maro]”<sup>10</sup> eo amintsika ny Tompo rehefa manomana ny tenantsika mba ho mendrika ny hiditra ny tempoly isika sy matoky amin’ireo fanekempihavanany tempoly. Vao haingana ilay namako akaiky Bonnie Oscarson no nanova ny teny tao anatin'ny soratra masina iray rehefa nilaza hoe: “Fa [izay] takina be no [h]omena be.”<sup>11</sup> Marina loatra izany! Satria mandeha any amin'ny tempoly isika mba handray fitahiana *mandrakizay* dia tsy tokony hanaitra antsika hoe misy fepetra ambony kokoa takina mba hahazoana ireo fitahiana ireo. Namerina nampianatra ny Loholona Nelson hoe: “Satria tranon’ny Tompo ny tempoly dia Izy no nametraka ireo fepetra ahafahana miditra ao. Toy ny vahininy ny olona iray miditra ao. Tombontsoa tsy voavidy vola sy marika azo tsapain-tanana

maneho ny fankatoavana an’Andriamanitra sy ny mpaminaniny ny fihazonana fahazoan-dalana hidirana ny tempoly.”<sup>12</sup>

Ny mpanao fanatanjahantena sy ny mpianatra any amin'ny oniversite manomana doctorat dia mandany ora, andro, herinandro, volana ary taona maro mihitsy aza mba hiomanana. Takina amin’izy ireo ny fiomanana tsikelikely isan’andro mba hahatongavan’izy ireo amin’ny ambony indrindra. Torak’izany koa, ireo izay maniry ny hahazo ny fisandratana any amin'ny fanjakana celestially dia mila miaina ny fankatoavana ambony kokoa izay azo avy amin'ny fampiharana isan’andro sy tsikelikely ilay soatoavina dia ny fankatoavana izany.

Rehefa mandraraka tsikelikely tsy tapaka ombam-pahavitrihana solika ao anatin'ny fanalantsika ara-panahy isika ary manao ireo zavatra kely sy tsotra ireo dia “ho voamboatra sy hirehitra”<sup>13</sup> amin'ny alalan’ilay fiomanana mahatalanjona ny fanalantsika. Ilay vadiko mahafatify, izay filohan’ny tsatôka dia nilaza vao haingana fa tsapany foana raha toa ny olona iray ka vonona sy mendrika ny hiditra ny tempoly, satria “mitondra hazavana ao amin’ilay efitrano” izy ireo rehefa tonga mba hangataka fahazoan-dalana hidirana ny tempoly.



Nangataka tamin'ny Tompo ny Mpaminany Joseph Smith tao anatin'ny vavaka fanokanana ny Tempolin'i Kirtland hoe: "mba hahatsapa ny heriny ny olona rehetra izay miditra ny tokonam-baravararan'ny tranon'ny Tompo, . . . hahazoany mitombo ao Aminao sy mandray ny fahafenoan'ny Fanahy Masina, . . . ary miomana mba hahazo ny zavatra rehetra ilaina."<sup>14</sup>

Mivavaka aho mba hifono zavatra bebe kokoa noho ny hoe fotoana indray mandeha atrehana fotsiny ny fandehanana any amin'ny tempoly ho antsika. Enga anie isika mba hiomana tsikelikely handray amimpahamendrehana ireo ôrdônanasy mitondra famonjena ary hitandrina amin'ny fo tokoa ireo fanekempihavanana mifandray amin'izany. Fantattro fa ho mendrika ny hahazo ireo fitahiana nampanantenaina, dia ny fananana ny Fanahy Masina lalandava sy ny herin'ny Tompo ao an-tokantranantsika sy eo amin'ny fainantsika manokana isika raha manao izany. Amin'ny anaaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Taratasy kely manokana avy tany amin'i Aydia Kaylie Melo ho an'i Linda K. Burton, 31 Aug. 2014.
2. Russell M. Nelson, "Miomana amin'ireo Fitahiana avy amin'ny Tempoly," *Liahona*, Ôkt. 2010, 41.
3. Almà 49:8; nampiana fanamafisana; jereo koa ny andininy 6–7.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 52:14.
5. Matio 25:1–2,4–11; Joseph Smith Translation, Matthew 25:12 (in Matthew 25:12, footnote *a*).
6. Marvin J. Ashton, "A Time of Urgency," *Ensign*, Mey 1974, 36.
7. Spencer W. Kimball, *Faith Precedes the Miracle* (1972), 256.
8. Richard G. Scott, "Receive the Temple Blessings," *Liahona*, Jolay 1999, 29.
9. Bible Dictionary, "Temple."
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 104:2.
11. Bonnie L. Oscarson, "Greater Expectations" (Fivorian'ny Seminera sy Institiota Fianarana ny Filazantsara nampitaina tamin'ny alalan'ny zanabolana, Aog. 5, 2014); [lds.org/broadcasts](https://lds.org/broadcasts); jereo koa ny Lioka 12:48; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:3.
12. Russell M. Nelson, "Personal Preparation for Temple Blessings," *Liahona*, Jolay 2001, 38.
13. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 33:17
14. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:13–15.



**Nataon'i Jean A. Stevens**

Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadian'ny Kilonga Manerantany

# Zanakavavin'Andriamanitra Nanao Fanekempihavanana Taminy

*Rehefa misantoka amin'ny tempoly sy amin'ireo fanekempihavanana masina nataony ireo zanakavavin'Andriamanitra dia afaka mandefa fitahiana ho an'ny tsirairay sy amin'ny fomba mahery Andriamanitra.*

**R**y rahavaviko malala, miarahaba anareo amim-pitiavana be aho. Amin'izao fotoana izao, na aiza na aiza no misy anareo eto amin'izao tontolo izao, dia antenaiko fa tsapnareo ny fitiavan'ny Tompo anareo manokana sy ny Fanahy izay mijoro ho vavolombelona ao am-ponareo mikasika ilay hafatra izay vao nohirain'ity amboarampeo mahafinaritra ity. Miombom-peo amin'izy ireo aho ka mijoro ho vavolombelona fa: Velona Ilay Mpanavotra Ahy ary tia antsika tsirairay avy Izzy.

Miara-mivory eto isika izao hariva izao amin'ny maha-zanakavavin'Andriamanitra antsika izay nanao fanekempihavanana Taminy. Tsy afaka mampisaraka antsika ny taonantsika sy ny toe-javatra ianantsika ary ny maha-isika antsika satria ny tena manan-danja indrindra dia Azy isika. Nanao fanekempihavanana isika ny hahatsiaro mandrakariva ny Zanany.

Nahakasika ny foko telo herinandro lasa izay ny herin'io fanekempihavanana ataon'ny tena manokana io rehefa nanatrika fotoam-batisa iray aho. Nipetraka teo alohako ny ankizy valo tsara tarehy izay naneho hafaliana tamim-panajana fa hoe tonga ihany ilay



andro lehibe ho azy ireo. Fa rehefa ni-jery ny endrik'izy ireo miramirana aho dia tsy andian'ankizy fotsiny no hitako. Nahita azy ireo tahaka izay heveriko fa hahitan'ny Tompo azy ireo kosa aho—hitako tsirairay izy ireo. Hitako i Emma sy i Sophia sy i Ian sy i Logan sy i Aden sy i William sy i Sophie ary i Micah. Atao tsirairay ny fanekempihavanana'ny batisa tsirairay. Samy nanao akanjo fotsy daholo izy ireo ary vonona nia-raka tamin'ny faniriana rehetra mety ananan'ny zaza valo taona ao am-pony ny hanao ny fanekempihavanana vo-lohany tamin'Andriamanitra.

Ataovy jery todika ary alaivo sary an-tsaina ny andro nanaovana batisa anao. Na zavatra maro no tadininao na vitsy ihany dia ezaho ny hahatsapa amin'izao fotoana izao ny lanjan'ilay fanekempihavanana nataonao manokana. Rehefa avy notononina ny anaranao dia na-lentika tao anaty rano ianao ary avy eo dia nivoaka avy tao anaty rano amin'ny maha-zanany vavy anao—zanakava-vin'Andriamanitra nanao fanekempihavanana, izay vonona ny ho antsoina amin'ny anaran'ny Zanany Lahy sy nampanantena ny hanara-dia an'Andriamanitra ary hitandrina ny didiny.

Ireo fanekempihavanana atao ami-n'Andriamanitra dia manampy antsika hahafantatra hoe iza marina isika. Mampifandray antsika Aminy izy ireo amin'ny fomba manokana, izay mahatonga antsika hahatsapa ny lanjantsika eo anatrehany ary hahatsapa ny anjara asantsika ao amin'ny fanjakany. Fantany sy tiany isika tsirairay avy, amin'ny fomba izay tsy azon'ny saintsika takarina tanteraka. Eritreto anie e!—hoe manana toerana manan-danja toy izany ao am-pony isika tsirairay avy. Ny fani-riany dia ny hisafidianantsika ilay lalana hitondra antsika hody any Aminy.

Na dia tena ilaina sy manan-danja aza ny fanekempihavanana'ny batisa dia fanombohana ihany izany—vavahady izay mametraka antsika eo amin'ny lalana mankany amin'ny fainana mandrakizay. Any aloha any, eo amin'ny lalantsika mankany amin'ny fainana mandrakizay no misy ireo fanekempihavanana'ny tempoly izay tokony hatao sy ireo ôrdônan-sin'ny fisorona izay tokony horaisina. Araka izay

nampahatsiahivin'ny Loholona David A. Bednar tamintsika hoe "Rehefa mijoro eo amin'ny ranon'ny batisa isika dia manomboka ny diantsika ho any amin'ny tempoly."<sup>1</sup>

Tsy amin'ny alalan'ny fanaovana fanekempihavanana ihany no hiomanantsika hahazo ny fainana mandrakizay fa amin'ny alalan'ny fanajana amipahatokiana ireo fanekempihavanana ireo ihany koa. Ny fainana mandrakizay no antenaintsika sy tanjontsika ary fifalantsika.

Nahita maso ny herin'ny fanekempihavanana aho tamin'ny alalan'ny fijereko ireo ray aman-dreniko marin-toetra izay nitia sy niaina ny filazantsara. Nanana tombontsoa lehibe aho nahita avy amin'ny reny malalako ireo fanapahan-kevitra teo amin'ny fainana andavanandro nataon'ny zanakavavini'Andriamanitra nanao fanekempihavanana taminy. Na dia mbola zazavavy kely aza izy dia hita taratra tamin'ireo safidiny ireo laharam-pahamehany ary nahafahana namantatra fa mpianatra marin'i Jesoa Kristy izy. Hitako ny fiadanana sy ny hery ary ny fiarovana tonga teo amin'ny fainany rehefa nanao fanekempihavanana masina izy sy nitandrina izany teny amin'ny lalany mankany amin'ny fainana mandrakizay. Nahitana taratra ny fitiavany ny Mpamony sy ny faniriany hanaraka Azy ny fainany tetu an-tany. Tena te hanaraka ny ohatra nasehony aho.

Nanomboka tamin'ny fomba tsy dia mahazatra ny fiarahan'ireo ray amandreniko. Tamin'ny 1936 no nisehoan'i-zany. Efa matotra ny fampiarahan'izy ireo ary efa nanao drafitra ny hivady izy ireo raha naharay taratasy nanasa azy hanao asa fitoriana amin'ny fo-toana feno tany Afrika Atsimo ny raiko. Nilaza ilay taratasy fa raha mendrika sy vonona ny hanompo izy dia tokony hanatona ny ekekany. Hitanareo avy hatrany angamba fa hafa mihitsy ny fomba niantsoana olona mba ho misionera tamin'izany! Nasehon'i Dada an'i Helen malalany ilay taratasy ka dia nanapa-kevitra tsy tamim-pisalasalana izy ireo fa hanompo izy.

Nandritra ny roa herinandro talohan'ny nandehanany dia niara-nisakafo isan'andro tany am-pitsangantsanganana

i Dada sy Neny tao Memory Grove akaikin'ny tampon-tanànan'i Salt Lake City. Nandritra ny iray tamin'ireo fotoana niarahan'izy ireo nisakafo, rehefa avy nikatsaka fitarihana tamin'ny alalan'ny fifadian-kanina sy ny vavaka izy ireo, dia nilaza tamin'i Claron malalany ny reniko fa raha mbola tian'ny raiko ny hanambady azy dia hanao izany ny reniko alohan'ny handehanany. Tamin'ny fotoana niandohan'ny Fiagonana dia indraindray ireo lehilahy nantsoina hanao asa fitoriana ka dia namela ny vadiny sy ny fianakaviny tany an-trano. Izany no nitrange teo amin'ny reniko sy ny raiko. Rehefa nahazo ny fanka-toavana avy tamin'ireo mpitarika tao amin'ny fisoronana ny raiko dia nanapakevitra izy ireo ny hivady talohan'ny nandehanany'ny raiko hamita ny iraka nampanaovina azy.

Nandray ny fanafiana masina tao amin'ny tempolin'i Salt Lake ny reniko ary avy eo ny Filoha David O. McKay no nananteraka ny fanambadian'izy ireo mba haharitra eto an-tany sy ho mandrakizay. Tsotra ny nanombohan'ny fainam-panambadian'izy ireo. Tsy nisy mpaka sary, tsy nisy akanjo mariazy tsara tarehy, tsy nisy voninkazo, ary tsy nisy fety nankalazana ilay fotoande-hibe. Ny tempoly sy ny fanekempihavanana nataony no nifantohan'izy ireo mazava tsara. Ireo fanekempihavanana no nanan-danja idrindra tamin'izy ireo. Enina andro monja taorian'ny nanambadiany dia nanainga ho any Afrika Atsimo ny Dadako, tao anatin'ny veloma tamin-dranomaso.

Ny fanambadian'izy ireo anefa dia nihoatra kokoa noho ilay fifankatiavan'i-izy ireo lalina. Tia ny Tompo ihany koa izy ireo ary naniry ny hanompo Azy. Ireo fanekempihavanana masin'ny tempoly nataon'izy ireo dia nanome tanjaka sy hery azy ireo izay nanampy azy ireo niaritra ireo taona roa nisarahany toerana. Nanana fomba fijery mandrakizay izy ireo mikasika ny tanjon'ny fainana sy ireo fitahiana nampanantenaina izay ho azon'ireo mahatoky amin'ny fanekempihavanana nataony. Ireo fitahiana rehetra ireo dia lehibe lavitra noho ny fahafoizan-tena sy ny fisarahan-toerana fohy niainan'izy ireo.



**Las Piñas, Philippines**

Na dia azo antoka aza fa tsy fomba mora hanombohana fainampanambadiana izany dia voaporofa fa fomba iray tsara indrindra hanorenana fototra ho an'ny fianakaviana mandrakizay. Rehefa nitombo isa ny olona tao amin'ny fianakaviana dia fantatray ny zavatra nanan-danja indrindra tamini'reo ray aman-dreninay. Izany dia ny fitiavan'izy ireo ny Tompo sy ny fanolorantenan'izy ireo tsy voahozon-gozona hitandrina ireo fanelempihavanana nataon'izy ireo. Na dia efa samy nodimandry aza ireo ray aman-dreniko dia ohatra maneho ny fahitsiana izay mbola mitahy ny fianakavianay hatramin'izao ny ohatra nasehon'izy ireo.

Voambaran'ny tenin-dRahavavy Linda K. Burton ny ohatra ny fainan'izy ireo: "Ny fomba tsara indrindra hanamafisana orina ny tokantrano misy anao amin'izao fotoana izao sy izay haorinao any aorianao dia ny fanajana ireo fanelempihavanana."<sup>2</sup>

Tsy mbola nifarana ny fotoan-tsarotra sy ny fotoam-pitsapana nolalovan'izy ireo. Telo taona taorian'ny niverena-n'i Dada avy tany am-panaovana asa fitioriana dia nangotraka ny Ady Lehipe Faharoa, ary tahaka ireo maro hafa, dia nirotsaka tao amin'ny tafika izy. Tsy tao an-trano nandritra ny efa-taona fanampiny indray izy raha nanompo tao amin'ny tafika an-dransomasina teny ambony sambo mpiady tany amin'ny ranomasimbe Pasifika.

Fotoan-tsarotra ho an'ireo ray amandreniko ny tafasara-toerana indray. Fa ho an'ny reniko kosa, ireo fotoan'ny

faniery sy ny fitaintainana ary ny fanahiana dia voamarik'ireo bitsika avy amin'ny Fanahy izay nanambara fampanantenana mandrakizay sy fampiononana ary fiadanana teo anivon'ny fahoriania.

Na dia teo aza ireo zava-tsarotra nolalovan'ny reniko dia nanana fainana feno fitahiana izy, izay feno fahasambarama sy fifaliana sy fitiavana ary fanompoana. Hita taratra teo amin'ny fomba fainany ny fitiavany ny Mpamony. Nanana fifandraisana miavaka tamini'Andriamanitra izy ary fanomezam-pahasoavana sy fahaizana mitia sy manasoa ny olona rehetra manodidina azy. Ny finoany an'Andriamanitra sy ny fiandrany ny fampanantenana nomen'ny Ray azy dia hita taratra tamin'ny tenin'ny Filoha Thomas S. Monson momba ny tempoly, manao hoe: "Tsy misy izany fahafoizan-tena lehibe loatra, na sarany mavesatra loatra, na fahoriania sarotra loatra ka tsy mendrika nanaovana izany mba handraisana ireo fitahiana ireo."<sup>3</sup>

Tao anatin'ireo fotoana rehetra isankarazany teo amin'ny fainan-dreniko dia ny fitiavany ny Tompo sy ireo fanelempihavanana nataony sy najainy tamim-pahatokiana no nampatanjaka sy nitahy azy.

Tsy isalasalana fa ho hafa noho ny azy ny zavatra hitranga eo amin'ny fainanareo. Kanefa azo ampiharina amin'ny fainantsika rehetra ireo fitsipika notsoahina avy amin'ny fainany. Rehefa mifantoka amin'ny tempoly sy amin'ireo fanelempihavanana masina

nataony ireo zanakavavin'Andriamanitra dia afaka mandefitahiana ho an'ny tsirairay sy amin'ny fomba mahery Andriamanitra. Tahaka ny ohatra nasehon'ny reniko tamiko dia hamela lovam-pinoana lehibe ho an'ireo tara-naka handimby anareo ny safidinareo ny hino sy hanaja ireo fanelempihavanana. Noho izany ry rahavaviko malala, ahoana no ahafahantsika mahazo ny hery sy ireo fitahiana avy amin'ireo fanelempihavanana'ny tempoly? Inona no azontsika atao amin'izao mba hiomanana amin'ireo fitahiana ireo?

Rehefa nandeha nitety tany aho dia lasa nahafantatra fa misy rahavavy amin'ny sokajin-taona rehetra, ary miaina ao anatin'ny toe-javatra rehetra izay misy, no manana fainana izay manome ny valin'ireo fanontaniana ireo.

Fotoana fohy taorian'ny faha 8 tao-nany no nihaonako tamin'i Mary. Tahaka ny ankamaroan'ny olona hafa dia navitrika tamin'ny fanaovana tantaram-pianakaviana izy ary nanolotra anarana Maherin'ny 1.000 ho an'ny asa atao any amin'ny tempoly. Amin'izao i Mary dia miomana ho amin'ny fitahiana amin'ny fidirana ao amin'ny tempoly rehefa feno 12 taona izy.

Telo ambin'ny folo taona i Brianna, izay tia manao ny tantaram-pianakaviana sy asa any amin'ny tempoly. Nekeny ny fanasan'ny Loholona Neil L. Andersen mahakasika ny tempoly.<sup>4</sup> Nanomana anarana an-jatony izy ho an'ny asa atao any amin'ny tempoly, ary nampidiriny ho isan'ireo hanao ireo batisa miaraka aminy ny fianakaviani sy ireo namany. Tsy mitodika any amin'ireo razambeny eto an-tany fotsiny ny fon'i Brianna eo amin'ity asa masina ity fa mitodika any amin'ny Rainy any an-danitra ihany koa.

Na dia tanora be atao aza i Anfissa, izay sady miasa no manaraka fiana-rana any amin'ny oniversite, dia mbola manokana fotoana izy hankanesana any amin'ny tempoly isan-kerinandro. Mikatsaka fanambarana ary mahita fiadanam-po izy rehefa manompo ao amin'ny tranon'ny Tompo.

I Katya, izay rahavavy malala any Ukraine, dia tena tia tokoa ny tempoly. Talohan'ny nananganana ny tempolin'i Kiev dia nahafoy tena izy

sy ireo olona hafa tao amin'ny sampana nisy azy nandeha tamin'ny fiara fitateram-bahoaka nandritra ny 36 ora mba hankanesana indray isan-taona tany amin'ny tempoly tany Allemagne. Nivavaka, nandalina soratra masina sy nihira tao amin'ny fihirana ary niresaka mikasika ny filazantsara ireo Olomasina nahafoy tena ireo nandritra ny dia nataony. Hoy i Katya tamiko hoe: "Rehefa tonga tany amin'ny tempoly izahay dia efa vonona handray izay tian'ny Tompo omena anay."

Raha te handray ireo fitahiana rehetra omen'Andriamanitra antsika amin'ny fahalalahana-tanana lehibe tokoa isika dia tokony hitondra antsika any amin'ny tempoly ny lalana izorantsika. Fanehoana ny fitiavan'Andriamanitra ny tempoly. Manasa antsika rehetra Izy mba hianatra Aminy sy hahatsapa ny fitiavany ary handray ireo ôrdônsin'ny fisoronana ilaina amin'ny fainana mandrakizay miaraka Aminy. Atao ho an'ny tsirairay ny fanekempihavanana tsirairay avy. Manan-danja amin'ny Tompo ny fiovam-po mahery vaika tsirairay avy. Dia izay no hitondra ny fiovana rehetra eo amin'ny fainanareo. Satria rehefa mandeha mankao amin'ny tranony masina isika dia afaka mitondra ny heriny ho fiadiana, ny anarany ho eo amin-tsika, ny voninahiny hanodidina antsika, ary ny anjeliny hikarakara antsika.<sup>5</sup>

Zaraiko aminareo ny fijoroako ho vavolombelona izay azoko antoka fa velona ny Raitsika any an-danitra be fitiavana. Amin'ny alalan'i Jesoa Kristy, Zanany Malala, no ahatarerahan' ireo fanantenana sy fampanantenana ary fitahiana rehetra avy amin'ny tempoly. Mivavaka aho mba hananantsika finoana hatoky Azy sy ireo fanekempihavanany, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. David A. Bednar, "Hitondra Anarana Iray Amim-pahamendrehana ary Mitoetra," *Liahona*, Mey 2009, 98.
2. Linda K. Burton, "Mitady: Tanana sy Fo Vonona Hanafangana ny Asa," *Liahona*, Mey 2014, 123.
3. Thomas S. Monson, "Ny Tempoly Masina—Fanilo ho an'Izao Tontolo Izao," *Liahona*, Mey 2011, 92.
4. Jereo ny templechallenge.lds.org.
5. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 109:22.



**Nataon'i Neill F. Marriott**  
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy Maneran-tany

# Mizara ny Fahazavano

*Mila mijoro ho mafy orina isika eo amin'ny finoantsika ary manandratra ny feontsika mba hanambarana fotopampianarana marina.*

**A**nio alina aho dia te hitodika amin'ny andraikitra roa manan-danja izay sahanintsika: voalohany, dia ny manampy hatrany ny fahazavana sy fahamarinan'ny filazantsara ao amin'ny fainantsika, ary faharoa dia ny mizara ireo fahazavana sy fahamarinana ireo amin'ny hafa.

Moa ve fantatrareo ny maha-manan-danja anareo? Ianareo tsirairay—amin'izao fotoana izao—dia manan-danja ary tena ilaina eo amin'ilay draftry ny famonjen'ilay Ray any an-danitra. Manana asa ho tanterahina isika. Fantatsika ny fahamarinan'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. Vonona ny

hiaro an'io fahamarinana io ve isika? Mila miaina mifanaraka amin'izany isika, mila mizara izany. Mila mijoro ho mafy orina isika eo amin'ny finoantsika ary manandratra ny feontsika mba hanambarana fotopampianarana marina.

Ao amin'ny *Liahona* volana Septembre 2014 dia manoratra ny Loholona M. Russell Ballard hoe: "Mila bebe kokoa ny fitaomana miavaka ananan'i-reo vehivavy isika sy ny finoan'izy ireo. Ilaintsika izy ireo hianatra ny fotopampianarana ary hahatakatra ny zavatra izay inoantsika mba hahafahany mijoro ho vavolombelona mikasika ny fahamarinan'ny zava-drehetra."<sup>1</sup>



Ry rahavavy isany, mampatanjaka ny finoako an'i Jesoa Kristy ianareo. Nijery ny ohatrareo aho ka naheno ny tenivavolombelonareo ary nahatsapa ny finoanareo raha niainga avy any Brésil ka hatrany Botswana! Manana hery hitaomana ireo manodidina anareo ianareo na aiza na aiza alehanareo. Tsapan'ireo olona manodidina anareo izany—miainga amin'ireo fianakavina-reo ka hatrany amin'ireo voarakitra ao amin'ny telefaoninareo ary miainga amin'ireo namanareo ao amin'ireny tambazotra ifaneraserana ireny ka hatramin'ireo izay mipetraka eo akai-kinareo anio hariva. Miombon-kevitra amin-dRahavavy Harriet Uchtdorf aho izay nanoratra hoe: "Ianareo dia . . . ohatra mavitrika sy feno fientanentana eo anivon'ny tontolo iray izay mi-hamaizina hatrany rehefa asehonareo amin'ny alalan'ny fomba fainanareo fa ny filazantsara dia hafatra mahafaly."<sup>2</sup>

Ny Filoha Thomas S. Monson dia nanamarika fa "Raha te hitondra fahazavana ho an'ny hafa ianao dia tsy maintsy manana fahazavana aloha ny tenanao."<sup>3</sup> Ahoana no ahafahantsika mitahiry ilay fahazavan'ny fahamari-nana hamirapiratra hatrany ao anatin-tsika? Indraindray aho mahatsiaro ho toy ny jiro mitsilopilopy izay tsy miaina tsara ary tsy mizara tsara ny fahamari-nana. Ahoana no fomba ahafahantsika mamirapiratra kokoa amin'izany?

Mampianatra ny soratra masina hoe: "Izay avy amin' Andriamanitra dia fahazavana; ary izay mandray hazavana sy mitoetra ao amin' Andriamanitra dia handray hazavana misimisy kokoa."<sup>4</sup> Tsy maintsy mitoetra ao amin' Andria-manitra isika araka ny voalazan'io sora-tra masina io. Mila mankany amin'ilay loharanon'ny fahazavana—any amin'ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy ary ny soratra masina isika. Afaka mankany amin'ny tempoly ihany koa isika, sady mahafantatra fa ny zava-drehetra ao anatiny dia mampifantoka amin'i Kristy sy ny sorompanavotany.

Diniho ny zavatra entin'ireo tempoly amin'ny manodidina azy ireo. Manatsara ny endriky ny tanàna izy ireny; mamirapiratra eny ambony vohitra manerinerina. Nahoana izy ireny no manatsara sy mamiratra? Satria araka



ny voalazan'ny soratra masina, ny "fahamarinana [dia] mamirapiratra,"<sup>5</sup> ary ireo tempoly dia mitahiry fahamari-nana ary manana tanjona mandrakizay; ianao koa torak'izany.

Nilaza ny Filoha George Q. Cannon tamin'ny taona 1877 hoe: "Ny tempoly tsirairay voatsangana . . . dia mampihena ny tanjak'i Satana eto an-tany."<sup>6</sup> Izaho dia mino fa na aiza na aiza no misy tempoly aorina eto ambonin'ny tany dia mampihemotra ny haizina izany. Ny tanjon'ny tempoly dia ny hanompo ny zanak'olombelona ary ny hanome an'ireo zanaka rehetra an'ny Ray any an-danitra fahafahana hiverina sy hiaina hiaraka Aminy. Moa ve ny tanjotsika tsy mitovitovy amin'ny an'ireny trano voatokana ireny, ireny tranon'ny Tompo ireny? Dia ny hanompo ny hafa sy hanampy azy ireo hampihemotra ny haizina sy hiverina ho amin'ny fahazavan'ny Ray any an-danitra?

Ny asa masina atao any amin'ny tempoly dia hampitombo ny finoantsika an'i Kristy, ary amin'izany isika dia afaka manana fiantraikany tsara kokoa amin'ny finoan'ny hafa. Amin'ny alalan'ilay fanahy mameleona hita ao amin'ny tempoly no ahafahantsika mianatra ny tena fisian'ny Sorompanavotan'ny Mpamony sy ny hery ary ny fanantenana entiny eo amin'ny fainantsika manokana.

Taona maro lasa izay dia nisedra olana lehibe ny fianakavianay. Nan-kany amin'ny tempoly aho ary tany aho dia nivavaka mafy mba hahazo fanampiana. Nahazo fotoam-pitsapana

goavana aho. Nahazo fahatsapana mazava aho momba ireo fahalemeko ka dia tohina. Tamin'io fotoana feno fananarana ara-panahy io aho dia na-hatazana vehivavy feno ambo-po izay manao araka ny fombany manokana, fa tsy voatery ho araka ny fomban'ny Tompo, ary maka voninahitra ho an'ny tena any amin'ny mangingina noho izay mety hoheverina fa zava-bit. Fantatro fa ny tenako io tazako io. Ni-vavaka tao am-poko aho tamin'ny Ray any an-danitra ka niteny hoe: "Tsy te ho io vehivavy io aho, saingy ahoana no fomba hiovako?"

Tamin'ny alalan'ilay fanahin'ny fanambarana tsy misy fangarony tao amin'ny tempoly no nampianaranana ahy ny tena nilako Mpanavotra iray. Nitodika avy hatrany tany amin'i Jesoa Kristy Mpamony aho tato an-tsaiko ary nahatsapa fa nanjavona ny tebitebiko ka fanantenana lehibe no nanenika ny foko. Izy no hany fanantenako ary naniry ny hifikitra Taminy fotsiny aho. Nazava tamiko fa ny vehivavy iray tsy mijery afa-tsy ny tenany sy araka ny nofo "dia fahavalon' Andriamanitra"<sup>7</sup> ary fahavalon'ireo manodidina azy. Nianatra aho tao amin'ny tempoly tamin'io andro io fa amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'ny Jesoa Kristy ihany no ahafahan'ny toetrako feno ambo-po hiova, ary ahafahako hanao ny tsara. Naha-tsapa mafy ny fitiavany aho ary nahafantatra fa hampianatra ahy amin'ny alalan'ny Fanahy Izy ary hanova ahy raha manolotra ny foko ho Azy aho ka tsy mihazona na inona na inona.

Mbola miady amin'ny fahalemeko aho, kanefa mahatoky ny fanampiana masina entin'ny Sorompanavotana. Izany fampianaranana madio izany no azo dia satria niditra tao amin'ny tempoly masina aho ka nikatsaka fanampiana sy vahaolana. Navesatr'entana aho raha niditra tao amin'ny tempoly, ary nony nivoaka avy tao aho dia nahafantatra fa nanana Mpamony mahery sy be fitiavana. Maivamaivana kokoa aho ary falifaly satria nandray ny Fahazavany ary nanaiky ny drafiny ho ahy.

Napetraka manerana izao tontolo izao ireo tempoly ary samy manana ny endrika mampiavaka azy ety ivelany, saingy raha ny ao anatiny dia samy

ahitana fahazavana sy tanjona ary fahamarinana mandrakizay mitovy ihany. Hitantsika ao amin'ny 1 Korintiana 3:16 ny hoe: "Tsy fantatrateo va fa tempolin' Andriamanitra ianareo, ary ny Fanahin' Andriamanitra mitoetra ao anatinareo?" Isika koa amin'ny mahazanakavavin' Andriamanitra antsika dia napetraka manerana an'izao tontolo izao, toy ny tempoly, ary samy manana endrika sy bika ety ivelany mampiavaka antsika tsirairay, toy ny tempoly. Manana fahazavana ara-panahy ihany koa isika ao anatintsika. Io fahazavana ara-panahy io dia taratry ny fahazavan'i Kristy. Ho voasarika ho any amin'io famirapiratana io ny hafa.

Manana ny anjara asantsika manokana isika eto an-tany—miainga amin'ny zanakavavy, sy reny, sy mpitrika ary mpampianatra ka hatramin'ny rahavavy, mpampidi-bola, vady sy ny sisa. Samy manana hery mitaona avokoa ireo. Ny anjara asa tsirairay dia samy manana hery ara-tsaina—rehefa maneho ireo fahamarinan'ny filazantsara sy ireo fanekempihavanana'ny tempoly eo amin'ny fainantsika isika.

Hoy ny Loholona D. Todd Christofferson hoe: "Na inona na inona zava-mitranga, ny reny dia afaka mampihatra fitaomana izay tsy mitovy mihitsy amin'izay vitan'olon-kafa eo amin'izay mety ho fifandraina hafa misy."<sup>8</sup>

Fony mbola kely ireo zanakay dia nahatsiaro tena ho toy ny mpiaramanamory sambo iray miaraka amin'i David vadiko aho, ary azoko sary an-tsaina ho toy ny andian-tsambokely mitsingevana manodidina anay teo amin'ny seranana ireo zanakay 11, miomana hanainga ho eny amin'ny ranomasin'izao tontolo izao. Nahatsiaro ho nila nandray fitaomam-panahy isan'andro avy amin'ny Tompo izaho sy i David mba hahitana ny lalana tsara indrindra handehanana amin'ireo andian-tsambokelinay.

Fenon'ireo zavatra mora adino ny androko, toy ny famalonana lamba sy famakiana bokin'ankizy ary fanangonana vilany ho an'ny sakafotra hariva. Indraindray tao amin'ny seranana'ny tranonay dia tsy tsikaritray fa tamin'ny alalan'ireny fihetsika tsotra sy atao tsy

tapaka ireny—anisan'izany ny vavaky ny mpianakavy sy ny fandalinana soratra masina ary ny takarivan'ny mpianakavy—no anatanterahana zavatra lehibe. Fa mijoro ho vavolombelona aho fa ireny fihetsika ireny mihitsy no manana lanja mandrakizay. Fifaliana lehibe no azo rehefa mitombo ireo sambokely ireo—ireo zanakay izanya ka lasa sambo mahery miampita rano masina izay heniky ny fahazavan'ny filazantsara ary vonona "[h]irotsaka amin'ny fanompoana an' Andriamanitra."<sup>9</sup> Ireo fihetsika madinika feno finoana sy fanompoana nataonay no fomba ahafahan'ny ankamaroantsika mitoetra ao amin' Andriamanitra ary amin'ny farany dia mitondra fahazavana sy voninahitra mandrakizay ho an'ny fianakavantsika, sy ireo namantsika ary ireo izay mifandray amin-tsika. Tena manana fahafahana ianao banana hery hitaomana ny hafa!

Eritreto ny fitaomana mety hananan'ny finoan'ny ankizivavy iray ao amin'ny Kilonga eo amin'ny fianakaviansy. Nitahy ny fianakaviansy ny finoan'ny zanakavavinay raha sendra very ny zanakay lahy kely tany amin'ny zaridaina fialam-boly iray. Nikoropaka tsy nahatombina nanketsy nankeroa ny mpianakavy nitady azy. Farany, nosarihan'ilay zanakay vavy



10 taona ny sandriko ary hoy izy: "Neny a, sao dia tokony hivavaka isika?" Marina ny azy! Nivondrona teo afovoan'ny mpitazana marobe ny mpianakavy ary nivavaka mba hahitana ilay zanakay. Hitanay tokoa izy. Ho an'ireo zazavavy rehetra ao amin'ny Kilonga dia hoy aho hoe: "Ampahatsiahivo hatrany anie azafady ireo ray aman-dreninareo mba hivavaka e!"

Tamin'ny fahavaratra teo aho dia nanana fahafahana nanatrika lasy iray izay nahitana zatovovavy 900, tany Alaska. Lalina ny herin'ny fitaoman'izy ireo teo amiko. Vonona ara-panahy izy ireo raha tonga tany amin'ny lasy, efa nahavaky ny Bokin'i Môrmôna ary nahatadidy tsianjery ny "Ilay Kristy Velona: Ny Fijoroana ho Vavolombelona'ireo Apôstôly." Ny alina fahatelo nilasiana dia niara-nitsangana ireo zatovovavy 900 rehetra ary nanonona ilay fanambarana ka nisy teny iray latsaka.

Nanenika ilay efitrano lehibe ny Fanahy, ary naniry ny hiombom-peo tamin'izy ireo aho. Saingy tsy afaka. Tsy mbola nanao izay tokony hatao hanaovana izany tsianjery izany aho.

Nanomboka nianatra ny tonon'ny "Ilay Kristy Velona" aho ankehitriny tahaka ny nataon'ireto rahavavy ireto, ary noho ny fitaomana nananan'izy ireo dia miaina feno kokoa ireo fanekempi-havanana amin'ny fanasan'ny Tompo aho dia ny hahatsiaro ny Mpamonjy mandrakariva, rehefa mamerimberina hatrany ny tenivavolombelon'ireo Apôstôly momba an'i Kristy. Manomboka misy heviny Lalina kokoa ho ahy ny fanasan'ny Tompo.

Ny antenainko dia ny hanolotra fanomezan'ny Krismasy ho an'ny Mpamonjy amin'ity taona ity dia ny fahavitana tsianjery sy ny fankamamiana ny "Ilay Kristy Velona" hatramin'ny 25 Desambra. Manantena aho ny ho afaka ho lasa fitaomana ho amin'ny tsara—tahaka ny nahe-toy izany an'i-reo rahavavy tany Alaska tamiko.

Afaka mahita ny tenanareo ve ianareo ao anatin'ireto teny ireto izay ao amin'io fanambarana hoe "Ilay Kristy Velona" io? Nitalaho tamin'ny rehetra Izy ny mba hanaraka ny ohatra nasehony. Nandeha teo amin'ireo lalan'i

Palestina izy, nanasitrana ny marary, nampahiratra ny jamba ary nanangana ireo maty.”<sup>10</sup>

Isika vehivavin’ny Fiagonana dia tsy mandeha eo amin’ireo lâlan’i Palestina mba hanasitrana ny marary, kanefa afaka mivavaka isika ary mampihatra ilay fitiavana manasiran’ny Sorompanavotana amin’ny fifandraisana iray izay simba na niharatsy.

Na dia tsy hampahiratra ny jamba araka ny fomban’ny Tompo aza isika, dia afaka mijoro ho vavolombelona mikasika ny drafity ny famonjena amin’izay jamba ara-panahy. Afaka manokatra ny mason’ny fahatakaran’izy ireo isika mba hahitany ny ilâna ny fahefan’ny fisoronana amin’ireo fanekepihavanana mandrakizay.

Tsy hanangana ny maty tahaka ny nataon’ny Mpamonyj isika, saingy afaka mitahy ireo maty amin’ny fikarohana ny anarany hanaovana asa any amin’ny tempoly. Amin’izany isika dia tena hanangana azy ireo avy ao amin’ny tranomaizin’ny fanahy ary hanolotra azy ireo ny lalan’ny fainana mandrakizay.

Mijoro ho vavolombelona aho fa manana Mpamonyj velona isika, dia i Jesoa Kristy, ary raha miaraka amin’ny heriny sy ny fahazavany isika dia ho afaka hampihemotra ny haizin’izao tontolo izao, sy manambara ilay fahamarinana fantatsika, ary mitaona ny hafa hankany Aminy. Amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. M. Russell Ballard, “Men and Women and Priesthood Power,” *Liahona*, Sept. 2014, 36.
2. Harriet R. Uchtdorf, *The Light We Share* (Deseret Book Company 2014), 41; nampiasaina rehefa avy nahazoana lalana.
3. Thomas S. Monson, “For I Was Blind, but Now I See,” *Liahona*, July 1999, 69.
4. Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 50:24.
5. Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 88:7.
6. George Q. Cannon tao amin’ny *Preparing to Enter the Holy Temple* (bokikely, 2002), 36.
7. Môsià 3:19.
8. D. Todd Christofferson, “Ny Herim-panahy Hanao ny Tsara Ananan’ny Vehivavy,” *Liahona*, Nôv. 2013, 30.
9. Fotopampianarana sy Fanekepihavanana 4:2.
10. “Ilay Kristy Velona: Ny Fijoroana Vavolombelon’ireo Apôstôly,” *Liahona*, Apr. 2000, 2.



Nataon’ny Filoha Dieter F. Uchtdorf

Mpanolotsaina Faharoa ao amin’ny Fadihana Voalohany

# Miaina ny Filazantsara Amim-pifaliana

*Miantehera amin’ilay hery manavotr’i Jesoa Kristy; tandremo ny lalany sy ny didiny. Izany hoe—iaino amim-pifaliana ny filazantsara.*

**R**y anabavy malalako isany, ry namako malala sy mpianatr’i Jesoa Kristy voatahy, voninahitra ho ahy ny miaraka aminareo eto amin’izao fanokafantsika fihaonambe iray an’ Ny Fiagonan’i Jesoa Kristy ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany izao indray. Amin’ny herinandro ho avy iny dia hihaona amin’ireo Manampahefana Ambony rehetra sy ireo mpitarika ao amin’ireo vondrona fanampiny maneran-tany ny Fiadidiana Voalohany sy ny Apôstôly Roambinifolo ary ireo favoriana hafa sisa amin’ity fihaonambentsika maneran-tany ity dia hitohy amin’ny Sabotsy sy Alahady ho avy izao. Feno fankasitrahana indrindra aho ho an’ny Filoha Thomas S. Monson, ilay mpaminanin’Andriamanitra amin’zao androntsika izao, tamin’ny nangatuhiny ahy hisolo tena ny Fiadidiana Voalohany eto am-piresahako amin’ireo vehivavin’ny Fiagonana.

Raha nandinika izay ho lazaike aho, dia niverina nankany amin’ireo vehivavy izay namolavola ny fainako sy nanampy ahy hisedra ireo fanambin’ny fainana an-tany ny saiko. Feno fankasitrahana aho noho ny renibeko

izay nanapa-kevitra, am-polon-taona maro izay, ny hitondra ny ankohonany hanatrika favoriana fanasan’ny Tompo an’ny fiagonana Môrmôna. Feno fankasitrahana aho noho Rahavavy Ewig, ramatoa alemana iray efa be taona ary mananotena, izay raha adika amin’ny teny Malagasy ny anarany dia hoe “Rahavavy Mandrakizay.” Izay ilay nanolotra io fanasana feno fahasahiana sy mahagaga io ho an’ny renibeko. Tena feno fankasitrahana tokoa aho noho ny reniko, izay nitarika zanaka efatra namakivaky ny sahotaka tamin’ny Ady Lehibe Faharoa. Tsaroako ihany koa ny zanako vavy, ireo zafikeliko vavy, ary ireo taranaka ho avy ahitana vehivavy mahatoky izay mbola ho avy indray andro any.

Ary mazava ho azy fa feno fankasitrahana mandrakizay aho noho i Harriet vadiko, izay nanintona ahy fony aho zatovo, izay nizaka ny entamavesatra indrindra tamin’ny naharenay azy dia ny ankohonana kelinay, izay mijoro eo anilako amin’ny mahavady azy, ary izay tia sy manakamamy ireo zanakay sy zafikelinay ary zafiafi-nay. Izay no hery tao an-tokantranonay

na nandritra ireo fotoana nampiadana na ireo fotoan-tsarotra. Mitondra fifaliana izy eo amin'ny fiainan'ireo rehetra izay mahafantatra azy.

Farany dia tena feno fankasitrahana aho aminareo rehetra, ireo rahavavy mahatoky an-tapitrisa maneran-tany, ary na firy taona na firy taona, izay miasa mafy mba hananganana ny fanjakan'Andriamanitra. Feno fankasitrahana anareo aho noho ireo fomba tsy tambo isaina izay itaomanareo fanahy sy anolokoloanareo ary itahianareo ireo olona manodidina anareo.

### Zanakavavin' Andriamanitra

Faly aho fa eo anivon'ny zanakavavin'Andriamanitra marobe tokoa. Rehefa mihira ilay hira hoe "Zanaky ny Ray Aho," dia mipaka ao am-pontsika ireo tonony. Ny fandinohana io fahamarinana io—hoe zanaky ny ray aman-dreny any an-danitra isika<sup>1</sup>—dia manome fahatakarana antsika mikasika ny fiavantsika, sy ny tanjontsika ary ny hiafarantsika.

Tsara ny mahatsiaro fa zanak'Andriamanitra foana ianao. Io fahalalana io no hanome hery ho anao mandritra ireo fotoana sarotra indrindra eo amin'ny fiainanao ary hitaona ny fanahinao hanatanteraka zavatra maro tena miavaka. Na izany aza dia zavadehibe ihany koa ny mahatsiaro fa ny maha-zanakavavin'ny ray aman-dreny any an-danitra dia tsy voninahitra izay niezahanao ho azo na hoe ho very velively. Hijanona ho zanakavavin'Andriamanitra hatrany ianao ary mandrakizay. Manana tanjona avo ho anao ny Rainao any An-danitra, fa raha ny fiavianaofotsiny hoe avy amin'Andriamanitra dia tsy miantoka ny hahazoanao lova avy amin'Andriamanitra. Nalefan'Andriamanitra eto ianao mba hiomana ho amin'ny hoavy lehibe kokoa noho izay mety ho azonao neverina.

Ireo fitahiana ampanantenain'Andriamanitra ho an'ireo mahatoky dia tena lehibe ary mitaona fanahy. Anisan'izany ny "fiandrianana, fanjakana, fanapahana sy hery, fizakana, ny avo rehetra sy ny lalina."<sup>2</sup> Ary izay taratasy fanamarinam-pahaterahana ara-panahy na izay "Karatra maha-zanak'Andriamanitra" dia tsy ampy



hahamendrika anao hahazo ireo fitahiana tsy hay takarina ireo.

Ahoana no fomba hahazoantsika izany?

Namaly io fanontaniana io ny Mpamony amin'izao androntsika izao:

"Raha tsy mandray ny lalàko ianareo dia tsy mahatratra izany voninahitra izany.

"Fa ety ny vavahady ary tery ny lanala izay mitondra mankany amin'ny fisandratana. . . .

" . . . Koa raisinareo ny lalàko."<sup>3</sup>

Noho io antony io no hiresahantsika mikasika ny fandehanana eo amin'ny lalan'ny maha-mpanaradia.

Miresaka momba ny fankatoavana ireo didin'Andriamanitra isika.

Miresaka momba ny fiainana ny filazantsara amim-pifaliana isika, amin'ny fontsika, herintsika, saintsika ary ny fanahintsika rehetra.

### Mahafantatra Zavatra izay tsy fantatsika Andriamanitra

Kanefa ho an'ny sasany amintsika, ny fankatoavana ireo didin' Andriamanitra dia tsy voatery hahafinaritra foana. Aleo miaiky isika hoe: mety misy ny sasany amin'izy ireo izay toa sarotra kokoa, na tsy dia mahasarika loatra—ireo didy izay hatrehantsika amin'ny fahazotoana toy ny fahazotoan'ny zaza iray eo anoloan'ny lovia feno legioma mahasalama nefy tsy tiany. Mihidy vazana isika ary manery tena hankatô mba hahafahantsika miroso amin'ny zavatra hafa mahafinaritra kokoa.

Angamba ao anatin'ny fotoana tahaka ireny dia mety hanontany tena isika hoe: "Moa ve isika tena mila mankatô ireo didin' Andriamanitra rehetra?"<sup>4</sup>

Tsotra ny valinteniko amin'izany fanontaniana izany:

Mino aho fa mahafantatra zavatra izay tsy fantatsika Andriamanitra—zavatra izay mihoatra noho ny fahatakrantsika! Ny Raïntsika any an-danitra dia olona mandrakizay izay manana traikefa sy fahendrena ary faharanitan-tsaina mihoatra lavitra noho ny antsika.<sup>4</sup> Tsy izany ihany, fa Izy koa dia tia mandrakizay, sy feno fangorahana ary mifantoka amin'ny tanjona masina tokana: dia ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain' ny olona.<sup>5</sup>

Amin'ny teny hafa dia hoe, tsy vitan'ny hoe *mahafantatra* izay tsara indrindra ho anao Izy; fa tsy andrinhy koa izay *hanirianao hisafidy* ny tsara indrindra ho anao.

Raha mino izany ao am-ponareo ianareo—raha tena inoanareo fa ny asa lehibe an'ny Raïntsika any an-danitra dia ny mampisandratra sy manome voninahitra ireo zanany, ary Izy no tena mahay indrindra ny fanaovana an'izany—moa ve tsy misy dikany ny mandray sy manaraka ireo didiny, eny fa na dia ireo izay toa sarotra aza? Moa ve tsy tokony hotandremantsika tsara ireo jiro manoro lanala izay nomeny ka mitari-dalana antsika hamakivaky ny haizina sy ireo fitsapana eo amin'ny fiainana an-tany? Izy ireo no manoro ny lanala hiverenana mankany amin'ny tokantranantsika any an-danitra! Rehefa misafidy ny lalan'ny Ray any an-danitra ianao dia mamestraka fototra masina ho an'ny fivoaran'ny tenanao manokana amin'ny maha-zanakavavin' Andriamanitra anao, izay hitahy anao mandritra ny androm-piainanao.

Anisan'ny fanamby ho antsika, araka ny hevitro, ny fiheverantsika fa hidin'Andriamanitra ao anatin'ny rahona iray lehibe any an-danitra ireo fitahiany rehetra, ka tsy omeny

antsika izy ireny raha tsy fenontsika ny fepetra hentitra maro izay Izy no nametraka azy. Kanefa tsy toy izany velively ireo didy. Raha ny marina, dia mandrotsaka fitahiana tsy tapaka eo amintsika ny Ray any an-danitra. Ny tahotra sy ny ahiahy ananantsika ary ny fahotantsika no toy ny elo izay manakana ireo fitahiana ireo tsy ho tonga aty amintsika.

Ireo didiny dia toromarika feno fitiavana sy fanampiana masina entimandidy ilay elo, mba hahafahantsika mandray tsy tapaka ireo fitahiana be dia be avy any an-danitra.

Mila manaiky isika fa ireo didin'Andriamanitra dia tsy hoe lisitra lavabe ahitana hevitra tsara fotsiny. Tsy "tetika eo amin'ny fainana" izy ireny izay hoe nalaina tao amin'ny blaogy iray tao amin'ny Internet na koa hoe teny mankahery avy ao amin'ny Pinterest. Fa torohevitra avy amin'Andriamanitra, mifototra amin'ny fahamarinana mandrakizay, izay nomena mba hitondrana "fiadanana eo amin'ity izao tontolo izao ity ary fainana mandrakizay any amin' ny tontolo ho avy."<sup>6</sup>

Koa manana safidy izany isika. Etsy andaniny dia ahitana ny hevit'izao tontolo izao izay miaraka amin'ireo foto-keviny miovaova hatrany sy ireo tanjony mampametra-panontaniana. Etsy ankilany dia ahitana ny tenin'Andriamanitra ho an'ireo zanany—ny fahendreny mandrakizay, sy ireo fampanantenany azo antoka, ary ireo torolalany feno fitiavana hiverenana eo anatrehany amim-boninahitra sy fitiavana ary fiandardianana.

Anareo ny safidy!

Ilay Mpahary ny ranomasina sy ny fasika ary ireo kintana tsy hita isa dia manolo-tanana anao anio! Manolotra ilay fomba lehibe ahazoana fahasambavanaugh sy fiadanana ary fainana mandrakizay Izy!

Mba ho mendrika ireo fitahiana tena lehibe ireo dia tsy maintsy manetry tena ianao, sy mampihatra finoana, ka mandray ny anaran'i Kristy ho eo aminao sy mikatsaka Azy amin'ny teny sy ny atao, ary tapa-kevitra ny "hijoro ho vavolombelon' Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra sy amin' ny zavarehetra ary amin' ny toerana rehetra."<sup>7</sup>

### Ny Antony tokony Hankatoavana

Rehefa takatrazo ny tena toetran'Andriamanitra sy ireo didiny, dia ho takatrazo bebe kokoa ihany koa ny tenanao sy ny tanjona masin'ny fisianao. Rehefa manana izany dia miova ireo antony mamporisika anao hanaraka ireo didy ary dia lasa fanirian'ny fonao ny miaina ny filazantsara amim-pifaliana.

Ohatra, ireo izay mihevitra fa ny fanatrehana ireo favoriam-piagonana dia fomba iray manokana hampitomboan'izy ireo ny fitiavany an'Andriamanitra, sy hahitana fiadanana, sy hampiore-nana ny hafa, sy hikatsahana ny Fanahy ary hanavaozana ny fanolorantenan'izy ireo hanaraka an'i Jesoa Kristy, dia hahazo traikera mafonja lavitra noho ireo izay mipetraka fotsiny eo ambony dabilio. Ry anabavy, *tena zava-dehibe* ny fanatrehantsika ireo favoriana amin'ny Alahady, saingy azoko antoka tsara fa miasa saina kokoa momba ny finoantsika sy ny fibebahantsika ny Ray any an-danitra toy izay momba ny antonta-n'isan'ny fanatrehana favoriana.

Indro misy ohatra iray hafa:

Reny mananotena iray izay manana zanaka madinika anankiroa no voan'ny nendram-boalavo vao tsy ela izay. Mavaza ho azy fa tsy ela taorian'izay dia voa ihany koa ireo zanany. Tena mavesatra loatra ho an'ity reny mbola tanora ity ny fikarakarana samirery ny tenany sy ireto zanany kely. Ka noho izany ilay trano izay mazàna madio tsy misy pentina dia lasa nisavoritaka sy naloto. Nivangongo tao amin'ny fanasam-bilia ny lovia maloto ary neparitaka tetsy sy teroa ireo lamba maloto.

Raha izy sahirana iny tamin'ireo zanany nitomany—sady te hitomany koa ny tenany—dia nisy nandondòna ny varavarana. Ireo rahavavy mpamangy azy no tao. Tsapan'izy ireo ny fahorian'ity reny mbola tanora ity. Hitan'izy ireo ny tranony sy ny lakoziany. Ren'izy ireo ny tomanin'ireo ankizy.

Izao nefo, raha toa ka ny famitana ny famangiana isam-bolana tokony hatao fotsiny ihany no tao an-tsain'ireto rahavavy ireto dia mety ho nanolotra lovia misy mofomamy tamin'ilay renim-pianakaviana izy ireo, dia nilaza fa nalahelo azy izy ireo tao amin'ny Fikambanana Ifanampiana tamin'ny

herinandro, ary niteny zavatra mitovitovy amin'izao: "Milazà raha misy zavatra azonay atao e!" Dia avy eo mety lasa nandeha tamim-pifaliana izy ireo, feno fisaorana fa nahavita 100 isan-jato ny famangian'izy ireo tamin'ny volana iny.

Soa ihany fa tena mpianatr'i Jesoa Kristy marina ireto rahavavy ireto. Tsikaritr'izy ireo ny filan'ity rahavavini'izy ireo ity, ary dia nampiasain'izy ireo ireo talenta maro sy ireo traikera maro nananany. Nalamin'izy ireo sy nodiovin'izy ireo ilay korontana, nitondra fahazavana sy fahadiovana tao amin'ilay tokantrano izy ireo, ary niantso namana iray mba hanatitra vatsy sasantsasany izay tena nilaina. Nony vitan'izy ireo ihany ny asany tamin'ny farany ka nametraka veloma, dia vonton-dranomaso ilay renimpianakaviana tanora raha nilaozan'izy ireo—ranomasom-pankasitrahana sy ranomasom-pitiavana.

Nanomboka tamin'io fotoana io dia niova ny fomba fijerin'ity renimpianakaviana tanora ity ny famangiana isan-tokantrano. "Fantattro," hoy izy, "fa tsy hoe asa tsy maintsy atao fotsiny no nahatonga ireny rahavavy ireny namangy ahy."

Eny, mila mahatoky ireo rahavavy mpamangy eo amin'ny fanatanterahana ireo famangiana fanaony isam-bolana, izy rehetra ary tsy manadino ny tena antony manan-danja ao ambadik'ity didy ity: ny mitia an'Andriamanitra sy ny namana.

Rehefa raisintsika ho toy ny zavatra iray ao anatin'ny lisitr'ireo zavatra tsy maintsy atao ireo didin'Andriamanitra sy ny anjara asantsika eo amin'ny fanorenana ny Fanjakany, dia tsy takatsika ny tena zava-dehibe indrindra eo amin'ny maha-mpianatra. Tsy azontsika ilay fitomboana izay azo avy amin'ny fainana amim-pifaliana ireo didin'ny Raintsika any an-danitra.

Tsy voatery ho toe-javatra mangidy ny fandehanana eo amin'ny lalan'ny maha-mpianatra. Fa "mamy manoatra noho ny rehetra izay mamy"<sup>8</sup> izany. Tsy enta-mavesatra izay mandreraka antsika izany. Ny maha-mpianatra dia mampiakatra ny fanahintsika ary manamaivana ny fontsika. Mitaona ny fanahintsika izany banana finoana sy

fanantenana ary fiantrana. Mamenno fahazavana ao amin'ny fanahintsika izany amin'ny fotoan'ny haizina ary fia-danana ao anatin'ny fotoam-pahoriana.

Manome hery masina ho antsika izany ary fifaliana maharitra.

### **Miaina ny Filazantsara Amim-pifaliana**

Ry anabaviko malala ao amin'ny filazantsara, na valo taona ianao na valo amby zato taona, misy zavatra iray izay antenaiko fa tena takatrareo sy fantatrareo:

Tena tiana ianao.

Ankamamian'ireo ray aman-dreninao any an-danitra ianao.

Mahafantatra anao ilay Mpahary tsisy fetra sady mandrakizay izay nahary ny fahazavana sy ny fiainana! Fantany ny momba anao!

Eny, tia anao Andriamanitra amin'ity andro ity mihitsy ary mandrakizay.

Tsy miandry anao handresy ny fahalemenao sy ireo fahazaran-dratsinao Izy akory vao hoe hitia anao. Tia anao izy androany, amin'ny fahatakarana tanteraka ireo ady atrehanao. Fantany fa mitodika any Aminy ianao ao anatin'ny vavaka avy ao am-po sy feno fanantenana. Fantany ny momba ireo fotoana izay namikiranao tamin'ilay afo mitsilopilopin'ny finoana ary nannanao finoana—na dia teo anivon'ny haizina nisondrotra aza. Fantany ny momba ireo fijalianao. Fantany ny momba ny nenina nanananao noho ireo fotoana izay nahasolafaka anao na tsy nahombiazanao. Kanefa dia mbola tia anao Izy.

Ary fantatr'Andriamanitra ny momba ireo fahombiazanao; na dia toa bitika aminaoaza izy ireny dia ankasitrahany sy ankamamiany ny tsirairay amin'izy ireny. Tiany ianao noho ny fanoloranao tanana amin'ny hafa. Tiany ianao noho ianao manolo-tanana sy manampy ny hafa hitondra ny enta-mavesany—na dia amin'ny fotoana hitolomanao amin'ny anao manokana aza.

Fantany ny zavatra rehetra momba anao. Hitany mazava tsara ianao—Fantany ianao araka ny maha-tena ianao anao. Ary dia tiany ianao—anio ary mandrakizay!

Moa ve ianao mihevitra fa misy hiraharahan'ny Ray any an-danitra hoe tonga lafatra ve ny fihingonao sy ny fitafinao, sy ny volonao ary ny hohonao? Moa ve ianao mihevitra fa mivoa arakaraka ny haben'ny isan'ny olona mpanaraka anao amin'ny Instagram na Pinterest ny lanjanao eo imasonry? Moa ve ianao mihevitra fa tiany hiasa saina sy hikorotan-tsaina ianao rehefa misy olona manala anao tsy ho namana na tsy mamela anao hahalala vao-vao momba azy intsony ao amin'ny Facebook na Twitter? Moa ve ianao mihevitra fa ny endrika manintonana ny haben'ny akanjonao na ny laza dia mampiova zavatra faran'izay kely eo amin'ny lanjanao eo anatrehan' Ilay nahary an'izao rehetra izao?

Tia anao Izy tsy hoe noho ny maha-ianao anao amin'ity andro ity fotsiny, fa eo ihany koa noho ilay olona feno voninahitra sy fahazavana

izay mety hahatongavano sy irianao hahatongavana.

Mihoatra noho izay azonao heverina ny faniriany ny hahatratraranao ilay anjara hiafaranao—dia ny hiverina any an-tranonao any an-danitra amim-boninahitra.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny fomba hanatanterahana izany dia ny mamoy ireo faniriana feno fitiavantena sy ireo tanjona tsy mendrika amin'ny alalan'ny fahafoizantena sy ny fanompoana ny hafa. Ranabavy isany, miantehera amin'ilay hery manavot'i Jesoa Kristy; tandremo ny lalany sy ny didiny. Izany hoe—iaino amim-pifaliana ny filazantsara.

Ny vavaka ataoko dia ny mba hiainanareo fatra navaozina sy betsaka amin'ilay fitiavana tsaran'Andriamanitra eo amin'ny fiainanareo; ny mba hahitanareo ilay finoana sy fahatapahankevitra ary fanolorantena hahafahana mianatra ireo didin'Andriamanitra sy mankamamy azy ireny ao am-ponareo ary miaina azy ireny amim-pifaliana.

Mampanantena aho fa raha manao izany ianareo, dia hahita ilay tena tsara indrindra ao aminareo—ilay *tena* ianareo. Ho hitanareo ny tena dikan'izany hoe zanakavavin'ilay Andriamanitra mandrakizay izany, ilay Tompon'ny fahamarinana rehetra. Momba izany no ijoroako ho vavolombelona sy hametra-hako aminareo ny tsodranoko amin'ny maha-Apôstolin'ny Tompo ahy, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

### **FANAMARIHANA**

1. Andriamanitra dia tsy hoe Mpifehy sy Mpahary antsika fotsiny; Raintsika any an-danitra ihany koa Izy. Ny lehilahy rehetra sy ny vehivavy rehetra dia zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra ara-bakiteny. Ny Filoha Joseph F. Smith dia nampianatra fa "ny olona, amin'ny maha-fanahy azy, dia nateraky ny ray aman-dreny any an-danitra ary terany, ary nobeazina mba ho matotra tany amin'ireo ftoerana mandrakizay izay an'ny Ray, talohan'ny hahatongavany tetra ambony tany tao anaty vatana [nofo]" (*Enseignements des Présidents de l'Eglise: Joseph F. Smith* [1998], 335).
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:19.
3. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 132:21–22, 24.
4. Jereo ny Isaia 55:9.
5. Jereo ny Mosesy 1:39.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:23.
7. Môsiâ 18:9.
8. Almâ 32:42.



**Sobral, Brésil**

# Fanoroam-pejin'ireo Tantara nandritra ny Fihaonambe

Ity lisitra manaraka ity izay ahitana ireo zavatra niaianana nofanterina avy tao amin'ny fihaonamben'ny Fiagonana dia azo ampiasaina amin'ny fandalinan'ny tena manokana sy ny takarivan'ny mpianakavy ary amin'ny fampianaranana hafa. Ny tarehimarika hita eto dia maneho ny pejy voalohan'ilay lohateny.

## MPANDAHATENY TANTARA

<b>Neil L. Andersen</b>	(28) Nanamafy ny fijoroana ho vavolombelona nananan'ny misiônera efa tafaverina iray momba an'i Josphé Smith i Neil L. Andersen.
<b>M. Russell Ballard</b>	(89) Nampitandrina ireo mpandeha an-tsambo kely mba “[h]janona ao anaty sambo” ilay mpitari-dia an-drenirano iray teo am-piomanan’izy ireo handeha hamakivaky ny renirano mahery fikoriana iray.
<b>David A. Bednar</b>	(107) Nizara tamin’ireo namany ny fitsaboana natao taminy ny zanakalahin’i David A. Bednar taorian’ny nitsaboana azy vokatry ny ratra kely nahazo azy.
<b>Linda K. Burton</b>	(111) Nahazo fanahy voatefy tsara ny mpitior filazantsara iray rehefa nahavita ny asa fitiorany izay nanolorany ny fony, ny heriny, ny sainy ary ny tanjany ho an’ny Tompo.
<b>Tad R. Callister</b>	(32) Nanova tanteraka ny fiainan’i Ben Carson ny reniny. Nampianarin’ny reniny ny filazantsara ilay zazavavy kely Libaney. Nampianarin’ny ray aman-dreniny ny filazantsara i Tad R. Callister.
<b>Craig C. Christensen</b>	(50) Nizara ny zavatra tian’izy ireo momba ny Filoha Monson ireo diakona maromaro. Nahazo fijoroana ho vavolombelona tamin’ny alalan’ny fandalinana ny Bokin’i Môrmôna i Craig C. Christensen.
<b>D. Todd Christofferson</b>	(16) Nilaza tamin’ny mpanompony ny Mpanjaka Henry V fa samy tompon’andraikitra amin’ny fanahiny ny tsirairay. Nanaiky ny halevina any amin’ny fasana ny lehilahy iray izay mihevitra ny tsy hikarakara ny tenany.
<b>Quentin L. Cook</b>	(46) Nanamarin-tena tamin’ny tsy fahazoany ireo baolina nisidina ambony i Lucy ao amin’ilay sary miaina mampihomehy <i>Peanuts</i> . Nanao safidy izay tsy mifanaroka amin’ireo tanjony dia ny history ny filazantsara sy hanambady any amin’ny tempoly ny zazalahy iray. Nanamafy ny tokony hanarahan’i Quentin L. Cook ny forohevity ny rainy ny firesahana tamin’ilay mpanazatra baolina tao amin’ny lycée.
<b>Dean M. Davies</b>	(53) Namonij ireo mpikambana sy tsy mpikamban’ny Fiagonana ny Fiagonana sy ireo mpikambana tao Filipina taorian’ilay rivo-doza nandravarava.
<b>Cheryl A. Esplin</b>	(12) Nianatra momba ilay hery manafaky ny fanasan’ny Tompo ny mpitarika iray ao amin’ny Zatovovavy. Mankany am-pianganana ny lehilahy iray 96 taona mba hahafahany mandray ny fanasan’ny Tompo.
<b>Henry B. Eyring</b>	(59) Nanampy an’i Henry B. Eyring kely sy ny rahalahiny hiomana amin’ny asa fanompoana ao amin’ny fisoronana ny mpikambana vaovao iray. Naneho fahatokiana tamin’i Henry B. Eyring ny rainy sy ny ekekany tamin’ny fangatahana ny fanampiany. Naneho fahatokiana tamin’ny zanakalahin’i Henry B. Eyring ny mpiara-mamangy zokiny iray. (70) Niavaka ny renin’i Henry B. Eyring mba handreneseny farany ny tenin’Andriamanitra tamin’ny torohevitra nomeny. Nandray fanambarana hanampiana ireo niharamboina tamin’ny tondra-drano ireo mpitondra ny Fiagonana tany Idaho, Etazonia. Nahfantatra tamin’ny alalan’ny fanambarana ny vadin’ny lehilahy iray izay nandray ny fahefana hanaovana famehezana fa voantson’Andriamanitra ny vadiny.
<b>Eduardo Gavarret</b>	(37) Nianatra lesona mikasika ny fanarahana ny feon’ny Mpamorij i Eduardo Gavarret fony izy mpitior ny filazantsara tamin’ny fotoana feno. Nanaraka ny ohatra nasehon’ny zatovovavy 14 taona ny ray aman-dreniny sy ireo iray tampo aminy ka tonga mpikamban’ny Fiagonana. Nanaiky ny handray ireo misiônera sy ny hafany ny ray amand-renin’i Eduardo Gavarret.
<b>Carlos A. Godoy</b>	(96) Nandranto fianarana fanampiny i Carlos A. Godoy, niaraka tamin’ny fanampian’ny vadiny, mba hahazoana ireo fitahiana nampanantaina tao amin’ny tsodranony avy amin’ny patriaraka.
<b>Robert D. Hales</b>	(80) Nahazo fijoroana ho vavolombelona momba Ny Andriamanitra avy amin’ny ray aman-drenininy, ny mpampianatra azy, sy ny soratra masina ary ny Fanahy Masina i Robert D. Hales fony tanora.
<b>Jeffrey R. Holland</b>	(40) Niverina avy any Alemana tamin’ny kopany i Thomas S. Monson rehefa nomeny olona ny kirarony sy ny palitaony ary ny lobany.
<b>Larry S. Kacher</b>	(104) Voasoriky ny sinto-dränomasina i Larry S. Kacher sy ny vadiny kanefa qfaka namonij ny moron-dränomasina noho ny fanampiana avy amin’Andriamanitra. Nitarika ny fianakaviani hyila ny Fiagonana ny lehilahy roa vokatry ny safidy nataony. Nitondra fitahiana ho an’ireo taranany ny ray aman-drenin’ny vadin’i Larry S. Kacher tamin’ny alalan’ny fiainanana ny filazantsara sy fampianarany an’izany tamin’ireo zanany.
<b>Jorg Klebingat</b>	(34) Nanoro hevitra ny rahavavy iray tao amin’ny Misionan’i Kiev Ukraine i Jörg Klebingat mba tsy hanome tsiny be ny tenany noho ireo fahalemeny.
<b>Neill F. Marriott</b>	(117) Nandao ny tempoly niaraka tamin’ny fahdalana fa afaka mahatoky ny Mpamorij i Neill F. Marriott. Taorian’ny fahaverezan’ny zanakalahy kelin’i Neill F. Marriott dia namporisika ny fianakaviani’izy ireo hivavaka ny zanakavaviny. Nitanisa ny “Ilay Kristy Velona” ireo zatovovavy miisa sivin-jato tany Alaska.
<b>Hugo E. Martinez</b>	(102) Nanampy ilay ray izay nanana zanakavovy marary ny Filoha Monson. Nitatitra rano ho an’ny fianakaviana Martinez ireo rahalahy taorian’ny rivo-doza.
<b>Thomas S. Monson</b>	(67) Voan’ny torpille ny familiana ilay sambo mpiady <i>Bismarck</i> ka nahatonga azy tsy afaka nanaraka ny lalana voasorita. (86) Mitsidika ny tokanfran’ny mpividy mpifindra monina Alemana ireo mpikamban’ny Fiagonana any Kanada mba hahafahan’izy ireo mahatsapa ny fanahy feno fiadanana oo amin’ilay trano.
<b>Russell M. Nelson</b>	(74) Taorian’ny fandidiana nataony tamin’ny Filoha Spencer W. Kimball dia nandray fijoroana ho vavolombelona i Russell M. Nelson fa losa mpaminany ny Filoha Kimball.
<b>Dallin H. Oaks</b>	(25) Natao batisa ilay vady iray tsy mpikamban’ny Fiagonana vokatry ny faharetana sy ny hatsaram-panahin’ilay vehivavy vadiny.
<b>Allan F. Packer</b>	(99) Noho ny fifantohan’i Allan F. Packer kely tamin’ny fanapahana hazo dia hadinony ny nandala ny fonon’ny famakiny.
<b>Boyd K. Packer</b>	(6) Takatry ny vehivavy iray fa efahananitra ireo zavatra tsy rariny natao taminy ny Mpamorij.
<b>L. Tom Perry</b>	(43) Nampahatsiay ny reniny ny maha-zava-dehibe ny vavaka atao alohan’ny hatory ny zafikelilahin’ny Filoha Harold B. Lee.
<b>Lynn G. Robbins</b>	(9) Nanontany an’i Lynn G. Robbins ny Filoha Boyd K. Packer hoe aiza no itodihany mba hampahatsiayvina aminy fa misolo tena ny mpaminany eo anatrehan’ny olona izy.
<b>Jean A. Stevens</b>	(114) Nihazona mafy tamin’ireo fanekepihavanany sy ny fitiavany ny Tompo ny ray aman-drenin’i Jean A. Stevens. Niomana ho amin’ny fanekepihavanany’ny tempoly ireo zatovovavy.
<b>Dieter F. Uchtdorf</b>	(56) Nanahiran-tsaina ity lehilahy iray ny voninkazo pisania mavo iray teo amin’ny tokotanin’ilay mpifanlobodirindrina aminy. Nohosoran’ny mpamaky banky iray voasary makirana ny tarehiny satrira nino izy fa tsy ho hitan’ny caméras raha manao izany. Nifarana tamin’ny fisaraham-panambadiana ny tokantrano 11 tao amin’ny paroasy iray izay toa hita matanjaka izany ety ivelany. (120) Tonga nanampy ity reny tokan-tena izay sahirana tamin’ny zanany roa marary ireo mpamangy isan-tokantrano.

# "Andro Roa Tena Mahafinaritra Izay Nizarana Hafatra Manentana Fanahy"



**Niteny nandritra ny fivoriana Alahady tolakandron'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ny Filoha Thomas S. Monson.**

“Naina andro roa tena mahafinaritra izay nizarana hafatra manentana fanahy isika,” hoy ny Filoha Thomas S. Monson tamin’ny famaranana ny Fihaonamben’ny Fiangonana Maneran-tany faha 184 tamin’ny Alahady 5 Óktôbra 2014.

Voalaza tao amin’ireo hafatra ireo ny maha- zava-dehibe ny mampitombo ny fijoroana ho vavolombelona mba hahafahan’izany manampy anao haharitra amin’ny toe-javatra rehetra mety hisy; sy ny fanarahana ny lalana nalehan’ny Mpamony ary ny fahatongavana ho mpianatra feno fanolorantena; ny fanarahana sy ny fanohanana ireo mpaminany; ny fampiasana amim-pahendrena ny fahafahana misafidy; ary ny fanaovana izay hahatonga ny tokantrano ho toerana feno fitiavana, azo antoka, ahitana ny ohabtra tsara ary hianarana ny filazantsara.

Nilaza ny Filoha Monson nandritra ny teny fanokafana nataony ny Sabotsy fa mitohy ny fitombon’ny Fiangonana. “Ankehitriny isika dia 15 tapitrisa mahery, izay sady matanjaka no tsy mitsaha-mitombo,” hoy ny Filoha Monson. “Mandroso tsy voasakantsana ny ezaka ataontsika amin’ny

asa fitoriana. Manana misiônera matherin’ny 88.000 isika, izay manompo sy mizara ny hafatry ny filazantsara manerana izao tontolo izao.”

Nandritra ny fivoriana Sabotsy tolakandro dia nisaorana sy napetraka eo amin’ny toeran’ny Manampahefana Ambony nahavita ny asany tamim-pahamendrehana ny Loholona Carlos H. Amado sy ny Loholona William R. Walker ao amin’ny Kôlejy Voalohan’ny Fitopololahy. Ny Loholona Arayik V. Minasyan sy ny Loholona Gvido Senkans dia nisaorana tamin’ny naha-Fitopololahin’ny Vondrom-paritra azy ireo.

Voalohany tamin’ny fihaonamben’ny Fiangonana maneran-tany izao no nisy mpandahateny izay nanao ny lahate-niny tamin’ny fitenin-drazany izay tsy teny Anglisy. Niteny Sinoa Kantôney ny Loholona Chi Hong (Sam) Wong, niteny Espaniola ny Loholona Eduardo Gavarret sy ny Loholona Hugo E. Martinez, ary niteny Pôrtogey ny Loholona Carlos A. Godoy.

Hipoky ny olona ny Ivontoeran’ny Fihaonamben’ny Fiangonana, izay maha-zaka olona 21.000, sy ireo faritra teo amin’ny Temple Square ao Salt Lake City, Utah, Etazonia, tamin’ny fivoriana rehetra tamin’ny fihaonamben’ny fiangonana, izay nadika tamin’ny fiteny miisa 90 mahery ary nampitaina tany amin’ny firenena sy tany mohoatra ny 170. Ankoatra izany, ny fizotran’ireo fivoriana dia azo nojerena tamin’ny fahitalavitra, onjam-peo, fampitana amin’ny alalan’ny zanabolana, sy ny Internet, ary tafiditra tao anatin’izany ireo fitaovana elektronika fitondra mandehandeha. Manamarika ny faha 90 taonan’ny fampitana amin’ny alalan’ny onjam-peo sy ny faha 65 taonan’ny fampitana amin’ny alalan’ny fahitalavitra ny fihaonamben’ny Fiangonana ity fihaonambe ity. ■

## Ao amin’ny Hulu ankehitriny ny horonan-tsary mikasika an’i Joseph Smith

**A**nkehitriny dia olona an-tapitrisany no afaka mahita ny horonan-tsary iray novokarin’ny Fiangonana ho fahatsiarovana am-panajana ny Mpaminany Joseph Smith. *Joseph Smith: Prophet of the Restoration*, misy horonan-tsary iray izay mittantara ny fiainan’ny Mpaminany sy ny lova avy aminy, azo jerena maimaim-poana ao amin’ny Hulu, izay tranonkala manolotra horonan-tsary tsy an-kiato.

Io horonan-tsary io no horonan-tsarin’ny Fiangonana voalohany izay tafiditra amin’ny fandefasan-javatra avo lenta sy maro mpijery toa an’i Hulu, izay tranonkala ahafahan’ny olona voasoratra anarana miisa 4 tapitrisa mijery horonan-tsary tsy ankiato amin’ny fotoana itiavany azy amin’ny alalan’ny Roku, fahitalavitra Apple, Xbox, PlayStation, ary smartphone sy tablettes izay mahazo Internet. Ny fisian’ilay horonan-tsary ao amin’ny Hulu dia tsy vitan’ny hoe manamora ny fahitan’ireo mpikamban’ny Fiangonana azy io, fa manome ihany koa fahafahana ho an’ny olona maro kokoa izay tsy mpikamban’ny Fiangonana mba hijery sy hahafantatra bebe kokoa momba ny Fiangonana.

Ireo mpikamban’ny Fiangonana izay mijery sy mamela fanamarihana ary manome salanisa ho an’ilay horonan-tsary dia afaka manamora ny fitadiavan’ny olona hafa ilay horonan-tsary. ■

# Mitohy ny Fivoaran'ny Tempoly

**R**ehefa voavoatra sy voatokana avokoa ireo tempoly rehetra izay nambara dia hanana tempoly am-perinasa miisa 170 isika manerana izao tontolo izao,” hoy ny Filoha Thomas S. Monson nandritra ny fihaonamben’ny Fiagonana manerantany volana Óktôbra 2014. “Noho isika mampioppana ny ezaka ataontsika amin’ny famitana ireo tempoly izay nambara tany aloha dia tsy manambaranay volana Óktôbra 2014. “Noho isika mampioppana ny ezaka ataontsika amin’ny famitana ireo tempoly izay nambara tany aloha dia tsy manambaranay volana Óktôbra 2014. “Noho isika mampioppana ny ezaka ataontsika amin’ny famitana ireo tempoly izay nambara tany aloha dia tsy manambaranay volana Óktôbra 2014. “Noho isika mampioppana ny ezaka ataontsika amin’ny famitana ireo tempoly izay nambara tany aloha dia tsy manambaranay volana Óktôbra 2014.

Rehefa nitokana indray ny Tempolin’i Ogden Utah ny Filoha Monson tamin’ny volana Septambra 2014, dia lasa 143 ny isan’ny tempolin’ny Fiagonana manerana izao tontolo izao.

Notokanan’ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin’ny Fiadidiana Voalohany ny Tempolin’i Fort Lauderdale any Floride tamin’ny volana Mey 2014.



SARY NALAINI SARAH JANE WEAVER CHURCH NEWS

## **Notokanan’ny volana Óktôbra 2014**

Hotokanan’ny volana Nôvambra 2014 ny Tempolin’i Phoenix Arizona ary farafahakeliny hisy tempoly dimy hotokanan’ny volana Óktôbra 2014. ■

## **Ny Fampianarana ho an’izao Androntsika izao**

**M**anomboka ny volana Nôvambra 2014 ka hatramin’ny Marsa 2015, ny lesona ao amin’ny Fisornana Melkizedeka sy Fikambanana Ifanampiana isaky ny Alahady fahefatra dia tokony homanina avy amin’ny lahateny anankiray na mihoatra izay natao nanditra ny fihaonamben’ny Fiagonana volana Óktôbra 2014. Amin’ny volana Aprily 2015 dia azo fidina na avy amin’ny fihaonamben’ny Fiagonana Óktôbra 2014 ireo lahateny na avy amin’ny

fihaonamben’ny Fiagonana Aprily 2015. Tokony hifidy ireo lahateny izay ho ampasaina any amin’ny faritra misy azy ireo ny filohan’ny tsatôka sy distrika, na azon’izy ireo omena ny eveka na ny filohan’ny sampana izany andraikitra izany.

Ireo izay manatrika ny fampianarana isaky ny Alahady fahefatra dia entanina mba handalina mialoha ireo lahateny voafantina. Hita amin’ny fiteny maro ao amin’ny conference. Ids.org ireo lahateny ireo. ■

## **AZON’IREO FILANKEVITRA AMPIASAINA NY MINISTERING RESOURCES (LOHARANOM-PITAOVANA ENTI-MANAMPY)**

Ireo mpikambana ao amin’ny filankevity ny tsatôka sy paroasy dia efa afaka mampiasa pejy iray vaovao ao amin’ny tranonkan’ny Fiagonana antsoina hoe Ministering Resources, hita ao amin’ny ministering.Ids.org, mba hanampiana ny olona tsirairay na ny fianakaviana amin’ny filan’izy ireo ara-panahy sy ara-batana, ka tafiditra ao anatin’izany ireo olana sarotra sy tena manahirana. Azon’ireo mpikambana manana antso ao amin’ny filankevity ny tsatôka sy ny paroasy atao ny miditra ao amin’izy io amin’ny alalan’ny kaonty LDS.

Nasiampanavaozana sy nam-pitomboana ireo loharanom-pitaovana izay ny eveka sy ny filohan’ny tsatôka ihany no afaka nampiasa azy teo aloha ka nampiana torolalana manokana izany mikasika ny fomba hanampiana ireo niharan’ny herisetra, ireo izay manana olana amin’ny fiankinan-doha, ireo bevohoka tsy manambady, ireo mijery zavatra mamoafady, ireo izay manana fironana amin’ny fifankatiavan’ny samy lahy na samy vavy, ary ireo izay manana olana ara-bola sy arak’asa.

Azon’ireo filankevity ny paroasy atao ny mampiasa ny Ministering Resources eo ambany fitarihan’ny eveka mba hananova fifanakalozan-kevitra ho tombontsoan’ny olona tsirairay sy ny fianakaviana izay ao amin’ny paroasin’izy ireo. ■



**MISY FANAMPIANA HO  
AN'IREO IZAY MIZAKA NY  
MAFY NOHO IREO FIHETSIKY  
NY OLONA AKAIKY AZY IZAY  
TRATRAN'NY FIANKINAN-  
DOHA AMIN-JAVATRA**

Ireo vady sy fianakaviana izay mizaka ny mafy noho ireo fihetsiky ny olona akaiky az y izay tratran'ny fiankinan-doha amin-javatra dia afaka mitodika any amin'ny torolalana iray vaovao ao amin'ny tranonkala mba hazaona fanampiana sy fanantena ary fanasitrana.

Ilay Torolalana Hanohana ny Vady sy Fianakaviana hita ao amin'ny AddictionRecovery.lsd.org, dia natao hanampiana ireo vady sy fianakaviana ho sitrana amin'ny olona iainany noho ny fiankinan-dohan'ny olona akaiky az y amin-javatra izay tafaroboka ao anatin'ny zav-mahadomelina, toaka, pôrnô-grafia, na zavatra raisina hafa na zavatra atao hafa izay manimba. Ankoatra ny teny Anglisy dia ho hita tsy ho ela amin'ny teny Espaniola, Pôrtogey, Frantsay, Italiana, Alemà, Sinoa, Japôney ary Kôreana izany.

Misy fizara 12 ao amin'i-lay torolalana izay mifantoka amin'ny fanasitrana, fampitomboana ny fanantenana, ary fitadiavana hery amin'ny alalan'i Jesoa Kristy.

Ahitana torohevitra mahaso maro ao, toy ny fomba hame-trahana ny fefy sy ny lalàna, ny fomba hifanakalozan-kevitra momba ny fiankinan-doha sy ny fahasitrana amin'ireo olona akaiky anao, ary ny fihetsika tokony hataeo raha miverina indray ny fiankinan-doha.

Ampiasaina ilay torolalana mba hanaovana fifanakalozan-kevitra amin'ny favoriana ataon'ny vondrona mitondra fanampiana mangingina ho an'ireo vady sy fianakaviana izay karakarain'ny LDS Family Services. Azo ampasaina ihany koa izy io ho an'ny fandalinan'ny tena manokana na ampasain'i-reo mpitarika ao amin'ny Fiagonana rehefa manao dinidinika sy manome torohevitra. ■

## Hanomboka amin'ny volana Janoary ny Fanovana mikasika ny Fampaherezam-panahy ho an'ireo Tanora Tokan-tena sy Mpivady Vao Herotrerony

Nambaran'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Filankevипитантанан'ny Fiagonana fa hisy fanovana ny hatetiky ny fanaovana ny fampaherezam-panahy ho an'ny tanora tokan-tena sy mpivady vao herotrerony sy ny toerana ary ny famoahaha izany, izay manankery amin'ny Janoary 2015. Hita ao amin'ny fanovana ny:

**Anarana:** Fampaherezam-panahy ho an'ny Tanora Tokan-tena sy Mpivady vao Herotrerony Maneran-tany: Takariva hiarahana amin'i (anaran'ny mpandahateny).

**Hatetiny:** In-telo isan-taona, ny Alahady faharoan'ny volana Janoary, ny Alahady voalohany amin'ny volana Mey, ary ny Alahady faharoa amin'ny volana Septambra.

**Mpanatrika:** Ireo tanora rehetra, na manambady na tsia, dia asaina mba hanatrika. Asaina hanatrika izany ihany koa ireo mpianatra eo am-pamitana fianarana any amin'ny sekoly ambaratonga faharoa (lycée) na izay mitovy lenta amin'izany.

**Toerana:** Ireo fampaherezam-panahy amin'ny Janoary dia hataeo ao amin'ny Brigham Young University ao Provo, Utah; ao amin'ny BYU-Idaho; na ao amin'ny BYU-Hawaii. Ny fampaherezam-panahy amin'ny volana Mey dia hataeo ao amin'ny Ivontoeran'ny Fihaonamben'ny Fiagonana ao Salt Lake City na ao amin'ny toerana hafa ao amin'ny foiben'ny Fiagonana. Ny favoriana fampaherezam-panahy amin'ny Septambra dia hataeo amin'ny toerana hafa any Etazonia.

**Famoahaha:** Ao anatin'ny andro vitsivitsy aorian'ny fampaherezam-panahy tsirairay, ireo lahateny miendrika lahatsoratra, feo, sy horonan-tsary dia ho hita ao amin'ny LDS.org ary ny application Gospel Library dia ho hita ao amin'ny fitehirizana vaovao ho an'ny Tanora Tokan-tena sy mpivady vao herotrerony. Hivoaka aorian'izany amin'ny fiteny hafa ireo lahateny. Hampidirina ao amin'ny *Liahona* ny famintinana ireo lahateny, ary havoaka mivantana sy aorian'ny fampaherezam-panahy ny karazana teny nambara, sary misy teny nambara (hafatra an-tsary), sy horonan-tsary famintinana amin'ny alalan'ireo tambazotra ifaneraserana an'ny Fiagonana, ka tafiditra ao anatin'izany ireo pejy manokan'ny mpandahateny amin'ny tambazotra ifaneraserana.

Mbola avy ao amin'ireo Mampahefana Ambony sy ireo Mpandraikitra maneran-tany ao amin'ny Fiagonana no hifantan'ny Fiadidiana Voalohany ireo mpandahateny.

Nambara tamin'ireo tanora tokan-tena sy mpivady vao herotrerony nandritra ny fampaherezam-panahy an'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiagonana tamin'ny 2 Nôvambra 2014 ireo fanovana, ary tamin'ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana tao anatin'ny tarasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany tamin'ny 28 Aogositra 2014 izay nahitana ny Fandaraham-potoan'ny Fampitana amin'ny taona 2015. ■

# Manome Fanampiana ny LDS Charities

**H**atramin'ny fiandohan'ny Famerenana amin'ny laoniny, dia nahafantarana ny mpikamban'Ny Fianganon'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany ny fahavononana hanampy sy hankahery ireo izay mijaly.

Taona vitsivitsy lasa izay, ireo mpi-kamban'ny Fianganana sy olona hafa dia nanolotra tamim-pahalalan-tanana izay ilaina mba enti-manatanteraka ny fandaharan'asan'ny Sampan-drahara hanampy Fianganana Misahana ny Asa Fanasoavana mba hitahiana ny fainan'ny olona manerana izao tontolo izao. Tamin'ny taona 2013 fotsiny dia nanampy olona mihoatra ny 10.5 tapitrisa tany amin'ny firenena miisa 130 ny fandaharan'asa fanasoavan'ny Olomasin'ny Andro Farany.

Ny ezaka izay natao dia nanomboka tamin'ny fanomezana izay kojakoja ilaina sy ivelomana hatrany amin'ny fanomezana rano madio; sy ny fanofanana mpampivelona sy mpitsabo mba hamonjena ny ain'ireo zaza vao teraka an'arivony; ary ny fanomezana seza misy kodiarana. Ankoatra izany, ny Fianganana dia manampy amin'ny fikarakarana ny maso sy manampy manome fanofanana, ary manampy amin'ny fiarovana amin'ny aretina ary manampy ireo fokonolona hamboly sakafo mahavelona.

## Fanampiana ireo Mpitsoa-ponenana

Nanao ezaka lehibe ny Fianganana mba hanampiana ireo mpitsoa-ponenana sy ireo hafa izay ianjadian'ny ady sy ny tsy fahampian-tsakafo. Vao haingana:

- Nanome trano lay an'arivony sy sakafo fotora ho an'ireo fianakaviana tany Chad ny Fianganana ary nanamboatra fantsakana sintomin-tanana, lava-piringa ary trano fisasana tany amin'ny toeram-pitobian'ireo mpitsoa-ponenana tany Burkina Faso.

- Any Jordanie, Syrie, Liban, Irak, sy ny faritra Kurde, dia mizara kitapo feno sakafo, bodoftsy, fanafody, fitaovana fidiovana, lambam-pandriana ary akanjo mafana ny LDS Charities. Tany Irak sy tany amin'ny faritra Kurde, dia nomena sezamisy kodiarana sy fitaovana hafa manampy amin'ny fivezivezena ireo olona izay naratra nandritra ny ady.

- Tany Gaza dia nomena fanafody sy fitaovana fitsabooana ary vovo-dronono ny hôpitaly foibe.
- Tany Israel dia nomena fitaovana ultrason ny toeram-pitsabooana iray.
- Niara-niasa tamin'ny Programme des Nations Unies Pour le Développement ny Fianganana tany Ukraine sy Russie mba hanome sakafo, lambam-pandriana, fitafiana, sy fitaovam-pidiovana ho an'ny olona 30.000 izay nifindra toerana nandritra ny korontana.

Miezaka ny tsy hiandany na amin'ny atsy na amin'ny aroa ny LDS Charities amin'ny lafiny ara-pôlitika sy miezaka ny manampy ny olona avy amin'ny finoana samihafa.

## Asa Fanampiana

Mamaly antso ihany koa ny Fianganana rehefa misy loza voajanahary.

- Tany Sierra Léone sy Libéria dia mpilatsaka an-tsitraro miisa 1.600 no nampiasain'ny Fianganana mba hanofana mikasika ny fomba hiarovana amin'ny Ebola sy nanome sakafo sy fitaovana fidiovana fotora ary fanafody.
- Taorian'ny tondra-drano nateraky ny oram-baratra tany Pakistan sy Inde dia nanome sakafo sy fitaovana fidiovana ary fanafody ny Fianganana.
- Tany Tonga dia nisy rivo-doza iray nandrava trano an'arivony, anisan'izany ny tranon'ny fianakaviana mpikambana miisa 116. Hanampy azy ireo ny mpikambana amin'ny fanamboarana ny tranony. Nahazo fiofanana momba ny fomba fanamboarana ny trano fialofany izy ireo ary avy eo nasaina nanampy olona efatra farafahakeliny

SARAH JANE WEAVER, CHURCH NEWS



**Nihaona tamin'ireo mpitsoa-ponenana ny Filohan'ny Distirikan'i Amman, Jordanie sy ny zanany vavy.**

amin'ny fanamboarana ny tranony. Manatsara ny voa ihany koa ny Fianganana sy manofana amin'ny fambolena ao an-jaridaina.

- Tany Mexique, rehefa nandrava sy nanimba trano an'arivony ny rivo-doza iray, dia nanome sakafo sy rano ho an'ireo mpikambana tra-boina ireo mpitariky ny Fianganana tany an-toerana, ary niara-niasa tamin'ny fitondram-panjakana ny Fianganana mba hanome vatsy ara-tsakafo.

## Inona no Azonao Atao


Manampy ny Fianganana hirotsaka an-tsehatra avy hatrany rehefa misy fotoan-tsarotra ny Fandrotsahana anjara biriky ao amin'ny Kitapombolan'ny Asa Fanasoavana. Ankoatra izany, ireo mpi-kamban'ny Fianganana na aiza na aiza misy azy ireo dia afaka mampiseho fitiavana tahaka ny an'i Kristy sy manao asa fanompoana ary manao izay hisian'ny fifeajana eo amin'ny rehetra. Fihetsika tahaka ny an'i Kristy izay tsy ho very maina mihitsy ny maka namana sy miraharaha ary mandray tsara ireo mpitsoa-ponenana sy mpifindra monina izay hitantsika ao amin'ny fiaraha-monina misy antsika na ireo izay iharam-boina.

Amin'ny alalan'ny asa fanasoavana ataony, ny Fianganana dia miezaka ny mampita ny torohevity ny Filoha Thomas S. Monson hoe "afaka mifankahery isika; ananantsika ny hery ha-hatsikaritra izay tsy tsikaritry ny olona" Rehefa manana maso mahita sy sofina mahare ary fo mahafantatra sy mahatsapa isika, dia afaka manolo-tanana sy mamony" ("The Call to Serve," *Liahona*, Jan. 2001, 58). ■



Vavaka Masina, nataon'i Linda Curley Christensen

*Nanoratra ny zavatra niainany tao amin'ny Ala Masina fony izy 14 taona ny Mpaminany Joseph Smith :*  
“Nandeha nitokana tao anaty ala aho . . . marainan’ny andro tsara sady nipoaka tamin’izay, tany amin’ny fiandohan’ny lohataonan’ny taona roapolo sy valonjato amby arivo. . . . Fa na dia teo afovoan’ny tebitebiko rehetra aza aho dia tsy mbola nanandrana na oviana na oviana ny nanao tonom-bavaka.  
“Nony . . . njery ny manodidina ahy, ka nahita fa irery aho, dia nandohalika aho ary nanomboka nanolotra an’Andriamanitra ny fanirian’ny foko” (Joseph Smith—Tantara 1:14–15).



"Rehefa miezaka mametrakta an'i Kristy ho ivon'ny fiainantsika isika amin'ny alalan'ny fianarana ny teniny sy ny fanarahana ireo fampianarany ary amin'ny fanarahana ny zavatra nataony dia nampanantena antsika lzy fa hizara amintsika ilay fiainana mandrakizay izay namoizany ny ainy mba hahazoany izany," hoy ny Filoha Thomas S. Monson nandritra ny Fihaonamben'ny Fiangonana Fanao isaky ny Tapa-taona faha 184. "Tsy misy tanjona ambony kokoa noho izao, dia ny hisafidianantsika ny hanaiky ny fitsipiny sy ho tonga mpianany ary hanao ny asany mandritra ny androm-piaintantsika. Tsy misy zavatra hafa na safidy hafa ataontsika ka afaka hahatonga antsika ho tahaka izay azony atao amintsika."